



UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE



DEPARTEMENT DE LA
FORMATION INITIALE LITTERAIRE

C. E. R Langue et Lettres Malgaches

Andiany : Z.A.H.A.T.R.A

Mémoire de fin d'études pour l'obtention de
Certificat d'Aptitude Pédagogique de l'Ecole Normale

NY FANABEAZANA AZO TSOAHANA
AMIN'NY TANTARA FORONINA
VAKIVAKIM-PLAINANA SY ONJAM-
PILAFILA NOSORATAN'Iharilanto
Patrick ANDRIAMANGATIANA

Présenté par :

MALALASOA Hanitriniaina

Directeur de recherche :
Mr ANDRIAMANATSILAVO Seth
Maître de conférence

Date de soutenance : 24 Août 2015
Antananarivo, 2015



Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA

TENY FISAORANA

Fifaliana lehibe no mipololotra avy ao anatinay noho ny nahavitan'izao asa fikarohana izao. Koa mialoha ny hanoloranay izany, dia tsy hainay ny hangina, tsy haneho fisaorana ho an'ireo rehetra nifanome tanana sy nandray anjara tamin'ny fahatongavana amin'izao dingana farany amin'ny fiofananay teto amin'ny « ENS » izao.

Voalohany, Andriamanitra be fitiavana, noho ny fitantanany sy ny famindrampony no nahavitanay izao, ny voninahitra efa Azy hatramin' izay anie, mbola ho Azy mandrakizay.

Isaoranay manokana, Atoa RATREMA William, nanaiky am-pahatsorana hitarika ny fitsarana izao asa izao. Fantatray tokoa ny hamaroan'ny adidy aman'andraikitra sahaninao, nefa tsy nanosi-bohon-tanana ny fiangavianay ianao, Andriamanitra manan-karem-pahasoavana anie hamaly fitia anao, ary hanome hery sy tanjaka ho anao hatrany amin'ny asa rehetra ataonao.

Tolorana fankasitrahana feno toraka izany koa ianao Rtoa RAHARIMALALA Beby Fanja Olive, nanaiky am-pitiavana hitsara ny asanay. Hangidy lavitry ny faty anie ianao, ary ho mamy tian'ny vola.

Tsy hatao ambony tsy tazana tahaka ny handrina, ianao, Andriamatoa ANDRIAMANATSILAVO Seth, nanaiky hitarika anay nandritra ny nanatontosana izao asa fikarohana izao. Tsy nitandro hasasarana, tsy nikely soroka, tsy nandry andro, tsy nandry alina nanara-maso ny fizotry ny asanay. Misaotra anao, tompoko tsy nanilika anay na tao anatin'ny asa na tao anatin'ny harerahana. Ho ambinin-java-manasatra anie ianao ary harovan'Andriamanitra hatrany. Ho ela velona.

Tsy hodinganina koa, ireo mpampianatra rehetra eto amin'ny "ENS", indrindra ny eto amin'ny sampana Malagasy, namolavola anay nandritra ny dimy taona. Singanina manokana amin'ireny Andriamatoa RANDRIAMAHAZO Jean Claude, Filohan'ny Sampana, Ramatoa Lala RAHARINJANAHARY reny mpiahy ny andiany misy anay, sy ny mpampianatra Atoa RAKOTOARISOA Victor James sy Rtoa RATRIMOHERITOMPO Vololonantenaina Holiarinaivo. Ho ela velona anie, ianareo, hahafahanareo manohy izay nataonareo taminay amin'ireo zandry aty aoriana.

Eo koa ny tompona andraikitra samihafa eo anivon'ny sekoly, indrindra ny mpandraharaha ao amin'ny tranomboky. Mankasitraka indrindra anareo tompoko.

Isaorana toy izany koa, ny mpanoratra: RAZAFINDRAKOTO ANDRIAMANGATIANA Iharilanto Patrick Myosotis, nanaiky am-pitiavana nifanerasera taminay. Nanaiky fiangaviana, nanome malalaka ny asa sorany hokirakirainay ary nety nelingelenina tamin'ny fanadihadiana samihafa natao, na teny an-tranony mivantana, na tamin'ny alalan'ny antso an-tariby. Mankasitra anao tompoko.

Tsy odian-tsy hita, ireo masoandro amam-bolana, RALAIHALISAONINA sy RAVAOARIVELO Philippine, namolavola sy nitaiza, nanohana zato isan-jato, na arakevitra na ara-pitaovana. Ny Tompo anie hanonitra avo zato heny sy arivo tsy manam-pahataperana izay nataonareo taminay. Ho ela velona ianareo ary ho tra-jafy manankarena.

Isaorana toy izany koa ny iray tam-po: Lalaina, Nosy sy Stinà, Fenotoky sy Jules, Mbola, Tahiry, nanolo-tsaina sy niara-nihafy taminay. Tsy hadinoina koa ny vadiko Tokinomenjanahary RASOLOHERINDRAINY . Hikapa hahita ny tonony anie ianareo, handidy hahita ny vaniny. Samy ho tonga amin'ny tanjona irina ho valimbabenan'ny ireo ray aman-drenintsika.

Tsy hadinoina koa, ny mpiara-mianatra, andiany ZA.H.A.TR.A, kijeja niara-nita sy ankizy niara-nihosom-bovoka taminay. Tsy hisy latsaka an-dalana anie, samy ho tonga amin'ny tanjona imatimatesantsika. “Zahatra kely misosa, miara-misosa mankany amin'ny fahombiazana.”

Farany, nefa tsy ny kely indrindra, dia ny fianakaviana, namana,... tsy ary ho voatanisa, nanampy anay na mivantana na ankolaka. Zava-dehibe ny vitanareo taminay, ny erikerika tokoa no mahatondra-drano koa mankatelina anareo.

Ho ambinin-drany, handairan-kasina anie, ianareo rehetra, ho tojo ny soa mihoapampana. Sitraka ho enti-matory, tompoko, ka hokoloina hahafaha-mitia, ary hovaliana raha mahatsiahy.

Misaotra, mankasitraka, mankatelina tompoko.

MALALASOA Hanitriniaina

FANONDROAN-TAKILA :

Teny fisaorana.....	1
Fanondroan-takila.....	2
Lisitry ny fafana.....	11
Fanalavan-teny.....	12
Teny fampidirana.....	13
01 Sehatra nirotsahana.....	13
02 Lohatenin'ny asa fikarohana.....	14
03 Anton'ny safidy.....	14
04 Ny fikarohana efa vita.....	16
05 Zava-kendrena.....	16
06 Petraka olana sy petraka hevitra.....	17
07 Ny haitsikera nampiasaina	17
08 Ny fomba nanatontosana ny asa	18
09 Ny olana sy ny Vahaolana	19
010 Ny fetran'ny asa.....	19
011 Drafitra ankapobeny.....	19

FIZARANA I : Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA Mpanabe, ny fanabeazana, ary ny tantara foronina.....21

TOKO I: Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, sy ireo toe-javatra namolavola azy ho mpanabe.....21

1-1	Ny nitaizana azy.....	21
	1-1-1 Ny loharano nipoirany.....	21
	1-1-2 ireo nahitany masoandro.....	22
	1-1-3 ireo olon-kafa niara- nialahy tamin'ny fitaizana azy.....	23
1-2	Ny fanabeazana azony.....	26
	1-2-1 Ny fahazazany sy ny kilalao fanaony.....	26

1-2-2 ny sekoly isan' ambaratonga nandrantoany fahalalana.....	27
1-2-3 ny fikambanana hafa nisy azy.....	28
1-3 Ny ezaka nataony manokana.....	29
1-3-1 Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA sy ny vaky boky.....	29
1-3-2 ny fikambanana misy azy sy ny andraikitra hafa nosahaniny.....	30
TOKO II : NY FANABEAZANA.....	31
2-1 Famaritana	32
2-1-1 ara-piforonan-teny.....	32
2-1-2 araka ny Rakibolana.....	32
2-1-2-1 rakibolana vahiny.....	33
2-1-2-2 rakibolana Malagasy.....	34
2-1-3 araka ny hevitra ny mpandinika vitsivitsy.....	35
2-1-3-1 mpandinika vahiny.....	35
2-1-3-2 mpandinika Malagasy.....	35
2-1-4 araka ny hevitra'IPA manokana.....	36
2-1-4-1 ny fanabeazana amin'ny ankapobeny.....	36
2-1-4-2 ny fanabeazana eo amin'ny sehatry ny asa soratra.....	38
2-2 izay heverina ho mpanabe.....	39
2-2-1 Andriamanitra.....	39
2-2-2 Ny Ray aman-dReny.....	40
2-2-3 ny fiarahamonina sy Zava-boary	42
2-2-4 Ny mpampianatra.....	44
2-2-5 Ny Fiangonana.....	44
2-3 Ny endri-panabeazana taloha sy ankehitriny ary ny sehatra samihafa ivelaran'ny fanabeazan'IPA sy ny endrika isehoany.....	46

2-3-1 ny fanabeazana taloha.....	46
2-3-2 ny fanabeazana ankehitriny.....	47
2-3-3 ny sehatra samihafa ivelaran'ny fanabeazana araka IPA, sy ny endrika isehoany.....	49
2-3-3-1 ny ankohonana sy ny fiarahamonina.....	49
2-3-3-2 ny sekoly	50
2-3-3-3 eo amin'ny sehatry ny literatiora sy ny Faribolana IPA.....	50
TOKO III: NY TANTARA FORONINA.....	53
3-1 Famaritana.....	53
3-1-1 araka ny rakibolana.....	53
3-1-2 araka ny tenina mpanoratra/ mpandinika.....	54
3-1-2-1 mpanoratra vahiny.....	54
3-1-2-2 mpanoratra Malagasy.....	55
3-1-3 araka IPA.....	56
3-2 IPA sy ny tantara foronina <i>vakivakim-piainana</i>	56
3-2-1 momba ny boky amin'ny ankapobeny.....	57
3-2-1-1 fomba nananganana ny boky.....	57
3-2-1-2 famintinana ny boky.....	57
3-2-2 ny singa mandrafitra ny tantara foronina.....	59
3-2-2-1 ny toerana.....	60
3-2-2-2 ny fotoana.....	62
3-2-2-3 ny mpandray anjara.....	67
3-2-3 ny rafitra ankapoben'ny tantara foronina <i>vakivakim-piainana</i>	69

3-3 IPA sy ny tantara foronina <i>Onjam-pilafila</i>	71
3-3-1 ny momba ny boky amin'ny ankapobeny.....	71
3-3-1-1 ny fomba nananganana ny boky.....	71
3-3-1-2 famintinana ny boky.....	71
3-3-2 ny singa mandrafitra ny tantara foronina <i>Onjam-pilafila</i>	75
3-3-2-1 ny toerana.....	75
3-3-2-2 ny fotoana.....	80
3-3-2-3 ny mpandray anjara.....	85
3-3-3 ny rafitra ankapoben'ny tantara foronina <i>onjam-pilafila</i>	87
 FAMINTINANA NY FIZARANA VOALOHANY.....	90
 FIZARANA II: NY BOKY VAKIVAKIM-PIAINANA SY ONJAM-PILAFILA, TANTARA FORONINA MIVOY FANABEAZANA.....	91
TOKO I: Ny fanabeazana tsoahana avy amin'ireo singa mandrafitra ny tantara foronina.....	91
1-1 avy amin'ny mpandray anjara.....	91
1-2 ny fotoana.....	94
1-3 ny habaka.....	95
TOKO II: ny fanabeazana azo tsoahina avy amin'ny hevitra ao amin'ny tantara.....	96
2-1 momba ny fifampitondran'ny mpianakavy.....	97
2-1-1 ny fihavanana.....	97
2-1-1-1 momba ny fihavanana.....	97
2-1-1-2 ny fifandraisana amin-kavana.....	99
2-1-2 ny fifampitondran'ny Ray aman-dReny sy ny zanaka.....	100

2-1-2-1 ny andraikitry ny Ray aman-dreny.....	100
2-1-2-2 ny tokony ho fihetsiky ny zanaka ao an-tokantrano....	103
2-1-3 ny amin'ny mpiray tampo.....	104
2-2 ny fanabeazana arosan'ny mpanoratra ho an'ny tanora.....	105
2-2-1 momba ny fitondran-tena.....	105
2-2-1-1 ny ezaka tokony hatao.....	105
2-2-1-2 ny fitandremana samihafa.....	110
2-2-2 ny fiainam-pitiavana.....	115
2-2-2-1 izay lazain'ny boky hoe fitiavana.....	116
2-2-2-2 ny fiatrehana ny fitiavana.....	117
2-2-2-3 ny fanambadiana.....	120
2-2-3 ny namana.....	122
2-3 ny hafatra ampitain'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ho an'ny fitndram-panjakana.....	124
2-3-1 ny zava-misy eo amin'ny fiarahamonina.....	125
2-3-2 sehatra hafa tokony hojeren'ny Fanjakana.....	127
2-3-3 ny fanabeazana atolotry ny mpanoratra ho fanarenana ny lesoka.....	131
2-3-3-1 momba ny rafi-pampianarana.....	132
2-3-3-2 ny tontolon'ny asa sy ny fihetsiky ny vahiny.....	132
2-3-3-3 ny fitsarana.....	132
2-3-3-4 ny mpitandro filaminana.....	133
2-3-3-5 ny fahasalamana	133
TOKO III: ny fahendrena voizin'ny fanabeazana resahin'ny mpanoratra.....	134

3-1 ny fahendrena Malagasy.....	135
3-2 ny fahendrena kristiana.....	138
3-3 ny fahendrena mifangaro.....	140
 FAMINTINANA NY FIZARANA FAHAROA.....	 143
 FIZARANA FAHATELO: fomba hafa nanehoan’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA fanabeazana, sy fampifandraisana izany amin’ny fandaharam-pianarana.....	 144
TOKO I: ny fandaharam-pianarana.....	144
1-1 Fampahafantarana ny atao hoe fandaharam-pianarana.....	144
1-1.1 Famaritana.....	144
1-1.2 lalàna manambara ny fandaharam-pianarana.....	145
1-2 ny fandaharam-pianaran’ny sekoly ambaratonga faharoa sy ny tanjona.....	147
1-2.1 kilasy faharoa.....	147
1-2.2 kilasy voalohany.....	148
1-2.2.1 kilasy famaranana.....	149
 TOKO II: ny endrika ahitana ny tanjon’ny fandaharam-pianarana ambaratonga faharoa ao amin’ny boky <i>Vakivakim-piainana</i> sy <i>Onjam-pilafila</i>	 151
2-1 zavakanto vita amin’ny teny ny literatiora.....	152
2-1-1 fampiasana ohabolana sy oha-pitenenana Malagasy	152
2-1-2 fampiasana tamberin-teny, andian-teny mirindra	156
2-1-2-1ny tamberin-teny.....	156
2-1-2-2 ny andian-teny mirindra, mitovitovy rafitra, mandravon-kevitra.....	158
2-1-3 fanehoan-kevitra nampiasana rima.....	161
2-2 ny fanabeazana naseho tamin’ny karazan-dahateny.....	162

2-2-1 ny lahateny mampahalala sy manazava.....	163
2-2-1-1 famaritana ny lahateny mampahalala sy manazava....	163
2-2-1-2 ohatra araka ny boky <i>vakivakim-piainana sy onjam-pilafila</i>	164
2-2-2 ny lahateny mitantara.....	165
2-2-2-1 famaritana ny lahateny mitantara.....	165
2-2-2-2 ohatra araka ny tantara foronina <i>vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila</i>	165
2-2-3 ny lahateny manoritsoritra.....	168
2-2-3-1 famaritana ny lahateny manoritsoritra.....	169
2-2-3-2 ohatra araka ny anehoan'ny mpanoratra izany.....	169
2-2-4 ny lahateny mandresy lahatra.....	170
2-2-4-1 famaritana ny atao hoe lahateny mandresy lahatra...170	
2-2-4-2 ohatra araka izay asehon'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA.....	171
2-2-5 tsoa-kevitra momba ny fanabeazana azo tsoahina avy amin'ny fomba filazan-javatra sy ny karazan-dahateny nampiasain'ny mpanoratra.....	172
2-3 ny lohahevitra fandaharam-pianarana vitsivitsy hita ao amin'ny boky <i>vakivakim-piainana sy onjam-pilafila</i>	173
2-3-1 ny Marina, ny Rariny, ny Hitsiny.....	173
2-3-1-1 ny Marina.....	173
2-3-1-2 ny Rariny.....	175
2-3-1-3 ny Hitsiny.....	176
2-3-2 ny fitsimbinana ny aina.....	176
2-3-3 ny Tsiny sy ny Tody.....	178

2-3-3-1 ny Tsiny.....	178
2-3-3-2 ny Tody.....	179
2-3-4 ny Vintana, ny Anjara, ny Lahatra, ny Tendry.....	180
2-3-4-1 ny Vintana.....	180
2-3-4-2 ny Anjara.....	182
2-3-4-3 ny Lahatra.....	184
2-3-4-4 ny Tendry.....	184
TOKO III: santionana takela-panomanan-desona niainga tamin'ny boky <i>vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila</i>	185
3-1 ny marina.....	188
3-2 ny vintana.....	196
Tovana takela-panomanan-desona.....	207
FAMINTINANA NY FIZARANA FAHATELO.....	208
TENY FAMARANANA.....	209
LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA.....	212
FAMINTINANA (Teny Malagasy- Frantsay- Anglisy).....	221

FANALAVAN-TENY

C.E.G: Collège d'Enseignement Générale

C .E .P.E : Certificat d'Etude Primaire Elementaire

ENS : Ecole Normale Supérieure

EPP: Ecole Primaire Publique

F: Fanontaniana

FD: Foto-dresaka

FMMR : Fikambanan'ny Malagasy Mpandala ny Riba

FTK: Foto-kevitra

INC: Indonesien Commun

IPA: Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA

KLA: Kara-panondron'ny Laza Adina

LHT: Lahateny

LJJR: Lycée Jean Joseph Rabearivelo

LMA : Lycée Moderne d'Ampefiloha

MEN: Ministère de l'Education Nationale

OL : Olana

OLF: Olana Fototra

OP : Onjam-pilafila

RP : Révérend Père

SENS : Solidarité des Etudiants Normaliens Supérieure

STELARIM : Sampana TEny sy LAhabolana ary RIba Malagasy

Tak : Takila

TPD: Takela-Panomanan-Desona

UPEM : Union des Poète et des Ecrivains Malgaches

V: Valiny

VKP : Vakivakim-piainana

VHL: Vahaolana

V: Valiny

ZAHATRA: ZAndry Hanandratra Ambony ny Tenin-dRAzana

LISITRY NY FAFANA

Laharan'ny fafana	Lohatenin'ny Fafana	Takila ahitana azy
01	Fitantarana vitsivitsy manaraka ny fizotran'ny fotoana fitantarana ao amin'ny Boky <i>Vakivakim-piainana</i>	49
02	Ohatra vitsivitsy fitantarana tsy manaraka ny fizotran'ny fotoana fitantarana ao amin'ny boky <i>Vakivakim-piainana</i>	52
03	Ireo mpandray anjara ao amin'ny <i>Vakivakim-piainana</i> araka ny sokajiny avy	53
04	Ireo toerana eto Antananarivo, nampiasain'ny mpanoratra hivelaran'ny tantara	62
05	Toerana any Mahajanga	63
06	Toe-javatra vitsivitsy tantaraina manaraka ny fotoana itantarana ao amin'ny boky <i>Onjam-pilafila</i>	66
07	Fitantarana tsy manaraka ny fizotran'ny fotoana itantarana ao amin'ny boky <i>Onjam-pilafila</i>	68
08	Ireo mpandray anjara ao amin'ny <i>Onjam-pilafila</i> araka ny sokajiny avy	70
09	Ny ora arahin'i Tsiry isanandro	94
010	Ohabolana sy fomba fiteny novàna endrika ao amin'ny boky <i>Vakivakim-piainana</i>	134
011	Ohabolana sy fomba fiteny novàna endrika ao amin'ny boky <i>Onjam-pilafila</i>	135

TENY FAMPIDIRANANA

Ny « Ecole Normale Supérieure » eto Antananarivo, dia sekoly fanofanana ireo ho mpampianatra any amin'ny ambaratonga Faharoa manokana eto Madagasikara. Maro ny taranja anofanana amin'izany, fa ny sampam-piofanana taranja malagasy no misy anay sy nanovozanay fahalalana. Dimy taona ny faharetan'ny fianarana. Ho famaranana izany dia tsy maintsy manao asa fikarohana ny mpianatra mba hahazoany ny mari-pahaizana C.A.P.E.N na ny « Certificat d'Aptitude Pédagogique de l'Ecole Normale ».

Mialoha ny hidirana amin'ny vontootin'ny asa fikarohana, dia tsara raha lazaina aloha ny sehatra nirotsahana. Hatolotra ny lohatenin'ny asa sy ny antony nisafidianana ny lohahevitra. Hotsiahivina ireo asa fikarohana efa vita, izay mifandray amin'ny mpanoratra sy ny lohahevitra noraisina. Misy rahateo moa ny zava-kendrenay amin'izany lohahevitra izany. Rehefa fantatra ny amin'ireo , dia hojerena indray ny petraka olana sy ny petraka hevitra. Manaraka izay, holazaina fohifohy ny momba ny fomba nentinay nanatanteraka ny asa. Tao ny olana izay tsy maintsy novahana mba hahafahana miroso. Ary mialoha ny hanolorana ny drafitra nitondrana ny fanadihadiana, dia hasiana teny ny amin'ny haitsikera nofinidy sy ny fetran'ny asa.

0-1 ny sehatra nirotsahana :

Raha ny ao amin'ny « sampana teny malagasy », dia misy zana-taranja maro: ny Literatiora, ny Riba, ny Haiteny ary ny Haifampianarana. Samy azon'ny mpianatra anaovana asa fikarohana avokoa ireo. Ny Literatiora no nanompananay ny safidy. Azo lazaina mantsy fa vavolombelon'ny tantaram-pirenena ny literatiora, sady anisan'ny mamolavola ny maha olona. Manantitra izany ny tenin-dry WELLEK sy WARREN manao hoe: *“ny mpanankato dia mpitatitra ny zava-misy ara-tantara sy ara-piarahamonina”*¹.

Tsy natao hanadinoana ny taranja hafa akory izany fa mifameno avokoa ny taranja rehetra. Ny literatiora dia mbola mizara ho sokajy roa : ao ny am-bava ary ao ny antsoratra. Mbola ahitana karazany maro ihany koa ny literatiora an-tsoratra: dia ny tononkalo, ny tantara fandefa an'onjam-peo, ny tantara tsangana, ny sombin-tantara ary

¹¹ (R.) WELLEK et (A.) WARREN, *La théorie littéraire*, Collectionpoetique, Ed. du seuil, Paris 1971, tak 358
« *l'artiste est porteur de vérité, est nécessairement, il est porteur de vérités historiques* »

ny tantara foronina. Ity farany no nofidianay, noho ny toetra ananany ka mampiavaka azy amin'ny hafa. Miendrika fialamboly izy, kanefa koa mirakitra haren-tsaina lalina tsy mety ritra ary azo anabeazana ny taranaka.

Ankoatra izany, dia maneho ny zava-misy ara-piarahamonina ihany koa ny tantara foronina, ary ireo zava-misy eo amin'ny fiainana andavanandro mihitsy no tateriny. Koa ny tantara foronina *Onjam-pilafila* sy *Vakivakim-piainana* nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA no akora nampiasaina ho vainga sy fototra nentina nananganana izao asa fikarohana izao.

0-2 lohatenin'ny asa fikarohana

Noho ny fankafizanay ny tantara foronina manokana, sy mba ho fandraisanay anjara eo amin'izany sehatry ny fanabeazana izany, dia nomena ny lohateny hoe: ***“ny fanabeazana azo tsoahana avy amin'ny tantara foronina Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA”*** ny asa fikarohana.

Tsy kisendrasendra akory no nahatonga anay hirotsaka amin'izany. Indreto antony vitsivitsy nahatonga ny safidinay hiantefa amin'izao lohahevitra izao.

0-3 Ny anton'ny safidy

Maro ny lohahevitra azo raisina raha ny tantara foronina *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila* no jerena. Inoanay aza fa aorian'izao asa fikarohana izao, dia mbola hisy zandry hamoaka lohahevitra hafa miainga amin'ireo boky ireo, satria mateza roritina ny asa soratra, ka arakaraka ny andiniana azy ela no ahitana hevi-baovao hatrany avy ao anatin'ny.

Nandinika sy namaky manontolo, ary namerimberina matetika ireo boky ireo izahay. Tamin'ny alalan'izany no nanatsoahana ireo hevitra samihafa voizin'ny mpanoratra ao anatin'ny.

Nisongadina , fa ahatarafana endri-panabeazana ho an'ny sokajin'olona tsirairay ireo tantara foronina ireo. Izany no nahasarika anay, ary nahafahanay nanangana ny

lohateny hoe: “Ny fanabeazana azo tsoahana ao amin’ny tantara foronina *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*, nosoratan’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA”

Ny hoe “fanabeazana” dia fototra iaingan’ny fampandrosoana, na amin’ny tena, na amin’ny fiarahamonina, fa indrindra koa ny firenena. Misy àry ny lafiny niteraka ny safidinay hirona ho amin’ny asa soratr’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA sy ny tara-kevitry ny “fanabeazana”:

- momba ny mpanoratra sy ny asa sorany:

-noho ny mpanoratra mbola velona, ka azo atonina sy ifampiresahana. Hafa ihany mantsy ny miresaka mivantana satria tsy voatery hahalala amin’ny antsipiriany izay mahakasika azy rehetra sy ny antony nanoratany, na dia ny olona mety ho akaiky azy indrindra aza.

Ankoatra izay, mpanoratra efa zokinjokiny rahateo izy, ka inoana fa manana fahalalana misandrahaka amin’ny lafiny maro, indrindra ny olana ara-piarahamonina sy ny endriky ny fanabeazana tamin’ny vanim-potoana samihafa nodiaviny.

Eo koa ny nahazoan’ny boky *Vakivakim-piainana* ny laharana voalohany tamin’ny “*Concours des belles lettres malgaches*” sy ny nahatafiditra azy ho anisan’ny boky fandaharam-pianarana ao amin’ny kilasy famaranana. Tianay ny handalina izany manokana, ary haneho, fa tsy ambaka izany velively koa ny boky *Onjam-pilafila*.

- momba ny lohahevitra:

Noraisina manokana ny lohahevitra “fanabeazana”, noho ny fahatsapana fa amin’izao vaninandro iainantsika izao, dia mihasarotra hatrany ny fiainana, hany ka toa variana amin’ny fitadiavana ny ray aman-dreny. Mihen-danja ny fifampiresahana eo amin’ny ray aman-dreny sy ny zanaka. Vokatr’izany, tsy ampy ny fanabeazana ny tanora. Fantatra anefa fa ny tantara foronina dia sady fialamboly no mirakitra anatra samihafa. Koa ny fanabeazana hita taratra ao amin’ny boky dia mety hanampy ny ray aman-dreny sy ny tanora eo amin’ny fiatrehany ny fiainana. Eo ihany koa ny fanampiana ny mpampianatra sy ny mpianatra amin’ny asa ifarimbonana ataon’izy ireo eo amin’ny sehatry ny fampianarana sy ny fanabeazana.

Farany, ny nahatonga ny safidinay, dia ny toetra manokana ananan’ny tantara foronina, izay miresaka momba ny fiainana andavanandro. Hita taratra ao amin’ireo mpandray anjara avokoa ny sokajin’olona samihafa eo anivon’ny fiarahamonina.

Ataon'ny mpanoratra tojo olana mazàna ny mpandray anjara fototra. Ary dia izay fomba iatrehany sy amahany izany olana izany no tena mahaliana.

0-4 ny fikarohana efa vita

Marihana fa tsy mbola izahay irery akory no nirotsaka tamin'ny fanadihadiana ny mpanoratra sy ny asa sorany ka nirona tamin'ny tara-kevitra ny fanabeazana.

Momba ny lohahevitra, dia efa nirotsaka tamin'izany, ohatra, RASOLOARISOA Claudine; izay nanompana ny lohaheviny tamin'ny hoe: “*Ny fanabeazana, tarafina amin'ny amboaran-tononkalo Ako sy Antso nosoratan-dRABENJA Salomon*”(mémoire de CAPEN 2012). I Fanantenana FANOMEZANTSOA TSIRIMALALA, nandray ny lohahevitra hoe: “*IRAKO AMMI sy ny fanabeazana*” (mémoire de CAPEN 2011) . Ny an-dRAOELIMANANA Harizo, dia nivaofy ny lohahevitra hoe: “*Eric RAVALISOA sy ny fanabeazana arosomy ao amin'ny ... fa velona indray*”(mémoire de CAPEN 2012)

Tsy vao izahay koa no nanao fanadihadiana momba ny mpanoratra Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA sy ny asa sorany, fa efa nirotsaka tamin'izany RANDRIANAIVO Louis Zoé, nanadihady ny lohahevitra hoe: “*ny fomba filazan-javatra nentina nanangana ny tantara foronina Vakivakim-piainana*” (mémoire de CAPEN 2010); teo koa i Luciana NOROLALAO, izay nifototra tamin'ny lohahevitra hoe: “*Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, mpitondra tenin'ny tanora tarafina amin'ny boky Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila*”(memoire de CAPEN 2011)

0-5ny zava-kendren'ny asa fikarohana:

Ireto no tanjona amin'izao asa fikarohana izao:

-fampahafantarana misimisy kokoa ny mpamaky ny boky ny *Vakivakim-piainana*, ary koa ny boky *Onjam-pilafila*, izay manana ny maha izy azy tokoa, na eo amin'ny fanehoan-kevitra, na eo amin'ny vontootin'ny tantara.

-fanehoana koa, fa manana adidy maro sy misahana andraikitra feno amin'ny fanabeazana ny maha olona ny mpampianatra sy ny mpanabe, ka tsy tokony hataony tsinontsinona, na ny fomba fiasany, na ny ho avin'ny mpianatra beaziny.

- fanasongadinana ny maha tantara foronina mivoy fanabeazana ny boky *vakivakim-piainana sy onjam-pilafila*, fanabeazana mitodika indrindra amin'ny tanora, mampitandrina azy amin'ny fiatrehany ny fiainana.

Teo am-panatontosana ny asa, dia nisy ny petraka olana sy ny petraka hevitra

0-6 petraka olana sy petraka hevitra

Mihena ny fahazotoan'ny olona, indrindra fa ny tanora mamaky boky ankehitriny. Mety ho ny tsy fahazoany izay tian'ny mpanoratra hampitaina no anton'izany. Eo koa moa ny firoborobon'ny tekinôlôjia vaovao, izay manolotra azy fialamboly tsy dia ampiasana saina loatra.

Raha tsapan'ny olona anefa ny fisian'ny “haren-tsaina tsy mety ritra” raketin'ny literatiora araka ny filazan-dRAVELOJAONA mpitandrina azy, dia ho voasariky ny boky izy, ary hanampy azy tokoa eo amin'ny fiatrehany ny fiainana izany.

Amin'ny asa fikarohana tahaka izao, tsy maintsy mampiasa haitsikera mifanaraka amin'ny sehatra nirotsahana sy ny lohahevitra nofinidy ny mpikaroka mba hahasiantifika ny asa.

0-7 ny haitsikera nampiasaina

Maro ny haitsikera azo isafidianana amin'ny fanadihadiana lahatsoratra, saingy haitsikera roa tamin'ireny ihany no nampiasainay. Voalohany, ny haitsikera mifototra amin'ny tantaram-piainana na “*approche biographique*”, izany hoe, ny tantaram-piainan'ny mpanoratra no ezahina fantarina. Tsy maintsy misy fiantraikany amin'ny asa sorany mantsy ny zava-misy niainany sy manodidina azy.

Hoy i François MAURIAC: “*tsy misy tantara iray miforona ato an-tsaiko raha tsy apetrako amin'ny toerana efa niainako*”².

² (F.) MAURIAC, *Le romancier et ses personnages*, Coll. Livre de Poche, Paris, 1972, p 86 « *aucun drame ne peut commencer de vivre dans mon esprit si je ne le situe dans les lieux où j'ai toujours vécu* »

Izany hoe, ny asa soratra, dia nateraky ny toe-javatra samihafa nitranga teo amin'ny tantaram-piainan'ny mpanoratra. Koa raha hanazava ny asa sorany, tokony hohalalinina aloha ny antsipiriany amin'ny fiainany.

Ankoatra izany, dia nampiasaina koa ny haitsikera ara-piarahamonina na ny “*approche sociologique*”. Anisany nampielio io haitsikera io i Lucien GOLDMAN ao amin'ny *Sociologie de la littérature*, sy i Robert ESCARPIT ao amin'ny *Le Littéraire et le Social*. Tsy afa-misaraka amin'ny fiarahamonina ny literatiora, hoy izy ireo. Avy ao anatin'ny fiarahamonina no ipoiran'ny literatiora; ny fiainana eo anivon'ny fiarahamonina ihany no tovozin'ny mpanoratra, ka asehony ao amin'ny asa sorany. Nilaza ihany koa ry WELLEK sy WEREN fa “*maneho ny fiainana ny literatiora; amin'ny ankapobeny, ny atao hoe fiainana dia ny zava-misy ara-piarahamonina(...)*”³.

Koa dia nampiasainay io lalan-tsaina io handiniana ny fifamatoran'ny mpanoratra sy ny fiarahamonina misy azy. Toy izao manaraka izao kosa ny fomba nanatontosana ny asa:

0-8 ny fomba nanatontosana ny asa

Nandalo dingana maromaro izahay tamin'ny fanatontosana ny asa:

-nanatona ny mpampianatra mpitarika, nifanakalo hevitra taminy ny amin'izay asa soratra sy mpanoratra heverina fa azo anaovana fikarohana.

-rehefa tapa-kevitra fa ny tantara foronina *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila* nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA no hanompanana ny asa fikarohana, dia niroso tamin'ny fanatonana mivantana ny mpanoratra izahay.

-namaky matetika ny asa soratra izahay. Ary rehefa hita ny lohahevitra hanompanana ny asa, dia namaky boky mifanandrify amin'izany.

-nitety sy nijery ireo trano fitahirizam-boky nisy teto an-drenivohitra ary nikaroka tahirin-kevitra sy izay rehetra fantatra fa ilaina mba hanatontosana ny asa.

-nanangona sy nanasokajy ny hevitra rehetra azo nananganana ny drafitra ankapobeny hitondrana ny asa

³ WELLEK sy WEREN, *La théorie littéraire*, Coll. Poétique, Edition du Seuil, paris, 1971
« *la littérature présente « la vie », et « la vie », dans une très large mesure est une réalité sociale* »
p 129

Nisy hatrany ny olana nosedraina teo am-panatontosana ny asa. Tsy natao hahakivy sy hampihemotra izany, fa nitadiavana vahaolana hatrany hahafahana miroso.

0-9 ireo olana sy vahaolana

Ny olana voalohany, dia tsy ampy ny tahirin-kevitra nentina niatrehana ny asa. Tsy misy loatra ny boky momba ny fanabeazana manokana fa tsy maintsy trandrahina any amin'ny asa fikarohana efa vita miresaka fanabeazana izany. Tsy hita amin'ny toerana tokana ihany koa ireo, fa mila fitetezana trano fitahirizam-boky maro. Teo koa ny fijerena tranonkala ary ny fanampian'ireo namana. Natao izany mba hampiroso ny asa.

Olana taminay ihany koa, ny fisian'ireo asa soratra efa vita nifototra tamin'ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*. Tsy maintsy mandalina kokoa izahay ary mikaroka izay mbola tsy voalaza.

0-10 ny fetran'ny asa

Izay tara-kevitra mifandraika amin'ny fanabeazana ihany no noraisina ary nampifandraisina amin'ny fomba nananganan'ny mpanoratra ny tantara . Tsy nijery ireo karazana sarinteny maro eo amin'ny lafiny fanehoan-kevitra sy izay rehetra manodidina izany izahay.

0-11 ny drafitry ny asa

Mizara telo miavaka tsara ny asa.

Ny fizarana voalohany no niresahana momba ny mpanoratra: ireo toe-javatra namolavola azy ho mpanabe. Teo koa ny teôria vitsivitsy momba ny fanabeazana: ireo izay azo atao hoe mpanabe; ary ny mombamomba ny tantara foronina *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*

Ny fizarana faharoa kosa no nitondrana ny fanadihadiana mikasika ireo fanabeazana samihafa azo tsoahina ao amin'ny tantara foronina *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*: ny fanabeazana hita ao amin'ny singa mandrafitra ny tantara foronina,

ny fanabeazana miainga amin'ny hevi-dehibe sy ny vontootin'ny tantara, ary ny hafatra sy ny fahendrena voizin'ny fanabeazana resahin'ny mpanoratra.

Ny fizarana fahatelo sady farany , no nanasongadinana ireo endrika hafa nanehoan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ny fanabeazana, ary ny fampifandraisana izany amin'ny fandaharam-pianarana. Hita ao anatin'izany, ny atao hoe fandaharam-pianarana, ny lohahevitra fandaharam-pianarana vitsivitsy hita taratra ao amin'ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*, ary santionana takelapanomanan-desona miainga avy amin'ireo tantara foronina ireo.

**FIZARANA I: IHARILANTO PATRICK
ANDRIAMANGATIANA, NY FANABEAZANA,
ARY NY TANTARA FORONINA**

Ho hita ato anatin'ity fizarana voalohany ity, ny momba ny mpanoratra Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, ny teôria vitsivitsy mikasika ny fanabeazana, ary ny amin'ny tantara foronina *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila* sy ny manodidina izany.

TOKO I: Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, sy ireo toe-javatra namolavola azy ho mpanabe

Hojerena misesy ny fomba nitaizana ny mpanoratra, ny fianarana norantoviny, ary ny ezaka nataony manokana, izay samy namolavola azy ho tonga mpanabe.

1-1Ny nitaizana azy:

Hifantohana bebe kokoa amin'ity toko ity ny mikasika ny mpanoratra sy ny fanabeazana, koa heverina fa zava-dehibe ny hahafantarana izay niandohan'ny mpanoratra sy ny nitaiza azy, mialoha ny nahatongavany teo amin'ny toerana maha mpanoratra, maha mpanabe ary indrindra maha olom-banona azy.

RAZAFINDRAKOTO ANDRIAMANGATIANA Iharilanto Patrick Myosotis no anarany feno, saingy Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA no anarana entiny amin'ny maha mpanoratra azy. Teraka ny 16 May 1955 tao Mitsinjo- Mahajanga , ampitan'i Katsepy, izay niasan-drainy fahiny ny lehilahy. Manambady ary manana zanaka vavy tokana.

Raha izay no mikasika azy amin'ny ankapobeny, iza kosa àry ireo loharano nipoirany, ny nahitany masoandro, ary ireo olon-kafa niara-nisalahy tamin'ny fitaizana azy?

1-1-1 Ny loharano nipoirany:

Hoy i Charles RAVOAJANAHARY (...) *zava-dehibe teo amin'ny ntaolo ny fahafantarana ny razana niaviana (...) izany hoe, ny Razana no mahatonga antsika hitokian'ny olona mifanerasera amintsika na ifanaovantsika raharaha (...) ny olona tsy fantatra ny razana nipoirany dia nahakaodikaody ny*

olona ka nataony hoe mba zana-jovy?⁴ Araka izany dia tsy nataon'ny Malagasy ho tsinontsinona tokoa ny famantarana ny Razana niaviana.

Hita izany rehefa hangata-bady, dia tononina iray manontolo anaty kabary fangatahana ny tetiaran'ny Razana niavian'ny tovolahy mpangataka mba tsy hampiroaroa saina ny fianakavian'ny tovovavy hampakarina.

Eto àry dia ampahafantarina ny mikasika ireo Razana , loharano nipoiran'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA : Taranak' ANDRIAMANAREFO, Tsimiamboholahy avy eny Ambohitrarahaba izy avy amin'ny lafin-drainy ary taranak' ANDRIAMANELO avy eny Tanjonandriana kosa avy amin'ny lafin-dreniny. Araka izany, taranaka andriana izy avy amin'ny rainy sy ny reniny. Anisan'ny efa nampirisika azy sahady hanao izay tsy haha mena-maso ny razana niaviany izany

1-1-2 ireo nahitany masoandro

“ ***Tsy mba nitsontsorika avy tany an-danitra, tsy nitrebona avy eto an-tany ny olombelona; fa loharanon'andriana olombelona*** ”⁵. Hita teo ireo Razana, loharano nipoiran'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA. Raha ny momba ireo ray aman-dreny nahitany masoandro kosa, dia toy izao: RAZAFINDRAKOTO John David, mpiasam-panjakana tao amin'ny Paositra no ray niteraka azy, ary ramatoa RAZANAMANGA Victorine no reny nitondra azy folo volana an-kibo. Tsy sanatria nilavo lefona tamin'ny fitaizana ny menaky ny ainy akory izy mivady ireto, fa nisy ny fomba iray tao amin'ny fianakaviana, dia ny fifarimbonana tamin'ny fanolokoloana ny ankizy. Ireo zaza na ankizy madinika dia nomena hotaizan'ireo olona vitsivitsy izay heverina fa nitondra soa ho an'ireo zoky teo aloha dia mba tanterahina amin'ny zanaka taty afara ihany koa izany. Hisy fanazavana misimisy kokoa mikasika izany moa etsy ambany.

Na izany aza, dia nahasarotiny an-drainy ny fanabeazana an-janany nandritra izay fotoana vitsivitsy niarahany nitoetra.

⁴ (Ch) RAVOAJANAHARY, Ny Fokonolona, in *Tselatra*, laharana 8

⁵ (WE). COUSINS, *Fomba Malagasy*, Trano Printy Imarivolanitra, Antananarivo 1963

Teo ohatra ny fampianarana azy hitia sy hazoto hamaky gazety, satria “izay liam-baovao tokoa liam-pandrosoana”

Tena nahay teny frantsay ny rainy, ka sarotiny tamin’ny fahaizan-janany io teny io. Mbola kely Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA dia efa nozarina hanao fanadihadiana lahatsoratra amin’ny Teny Frantsay , ary tsy ela koa dia nianatra nanao famoaboasan-kevitra sy famahavahana. Tsy nahagaga raha nanjary taranja tena hainy ny taranja frantsay taty aoriana.

1-1-3 Ireo olon-kafa niara-nisalahy tamin’ny fitaizana an’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA

• **Ramavo sy Ranombana:** fomba iray tao amin’ny fianakaviana ny nampitaiza azy mirahavavy ireto ny ankizy madinika noho izy roa ireo tsy mba niteraka. Teny Ankadimbahoaka teny no fonenany. Ny taona 1958 Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA no nanomboka notaizany, izany hoe vao telo taona monja. Nanamarika tokoa ny fahazazany araka ny nambarany ny fomba nitaizana azy tao. I Neny moa no fiantso azy ireo. Voalaza fa nanjohy an’i Neny tamin’izay toerana rehetra nalehany izy: na mamangy olona , na an-tsaha , na an-tanety, hany ka saika tsy nalefa nianatra tany an-tsekoly raha tsy ny olona manodidina no nanetsika ny sain’ireo Neny handefa azy hianatra.

5 taona izy no nalefa nianatra voalohany. Talohan’izany anefa dia efa nahay namaky teny be izy ary azo lazaina fa efa nahay nanoratra ihany koa noho ny fampianaran’izy mirahavavy ireo tany an-trano. “ ***Mbola tsy tany an-tsekoly akory aho, hoy izy, dia efa nahavaky ny boky Lala sy Noro, ary noho ny fahitana fa nahay namaky teny tsara, dia notolorana Fihirana Protestanta; io no fanomezana azony voalohany***”⁶

Fa ankoatra izay dia fanao tao amin-dry Neny ny manao fotoam-pivavahana kely isan-kariva mialoha ny hatory. Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA no manao solo-pitandriana mitarika izany fotoam-bavaka iombonana izany.

⁶ Fanadihadiana natao tamin’IPA teny an-tranony teny Itaosy ny Talata 13 Janoary 2015 tamin’ny 9-11 ora

Sarotra, hoy izy, ny hilaza fa vetivety dia matotra aho satria taizan'antitra, saingy tsapako fa mbola kely aho dia efa sahy nandray andraikitra, ary vonona ny hiatrika zavatra kokoa raha miohatra amin'ireo ankizy nitovy taona tamiko.

• **Radavida mivady**(dadabe sy bebe): ny taona 1963- 1968 kosa dia notezaina tao amin-dRadavida mivady tany Boanamary- Mahajanga izy. Mbola fomba iray tao amin'ny fianakaviana ihany koa ny fampitaizana ny ankizy madinika tao amin'izy mivady ireo. Tsy Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA irery no notaizana tao, fa nisy vitsivitsy ireo ankizy nitovitovy taona tamin'ny.

Nifanerasera betsaka tamin'ny Anglisy i dadabe Radavida ka nanjary nanahaka ny foto-pisainana amam-piheverana Anglisy. Hentitra dia hentitra izy, ary nanao fitaizana miendrika fitondrana miaramila.

« *Ny andro lany amin'ny tsy antony tokoa dia faty antoka tsy azo onerana* »⁷
hoy RABETAFIKA. Toy izany ny fomba fitaizan-dRadavida mivady. Ny lamina asa tontolo ny andro, dia efa voarindra mialoha, ary izay tokony hatao dia tsy maintsy tanterahina araka ny tokony ho izy. « *Ny zavatra rehetra dia manana ny fotoany avy, tsy azo atao alohan'ny fotoana ary tsy azo atao aoriana, ary ny zavatra tsirairay dia samy manana ny toerana misy azy ary averina tsara araka izany rehefa avy nohetsehina* »⁸

Manomboka vao mifoha ny maraina, dia efa samy manana ny andraikiny ny ankizy tsirairay : manati-pako any an-tsaha, mitoto vary, mamerin-desona kely, izay vao misakafo maraina. Vita an-tsakany sy an-davany izany izay vao mamonjy ny toeram-pianarana, ary fahefatrady mialoha ny ora fidirana vao mahazo miainga avy ao an-trano, nefa ny sekoly ianarana mbola misy iray kilometatra miala avy eo.

Ny fitaizana tao amin-dRadavida mivady dia namantsika tao an-tsainy fa sarobidy ny fotoana ka tokony hohajaina fatratra. Efa nitaiza ny Rain'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA rahateo moa Radavida mivady, ka «(...) *tsy hisalasala aho*

⁷ (J) RABETAFIKA, Tsy kivy, tsy ketraka, sambatra, in *Mpanolontsaina*, lah159, Janoary 1942

⁸ «*Chaque chose a son temps, Chaque chose a sa place* » fomba fitenin'i dadabe Radavida araka ny nitaizana an-dry IPA araka ny nambarany tamin'ny fanadihadiana natao azy

hilaza fa arakaraka ny hazo ny voany »⁹ hoy i SAINTE-BEUVE. Samy mpanoratra moa, na Radavida, na i John David rain'ANDRIAMANGATIANA .

Ankoatra izany, dia i dadabe Radavida no solom-pitandrina teo an-tanàna. Voan'ny cataracte anefa izy, ka voatery novakina, naverimberina taminy ny perikôpa hotorina mba hahafahany manao tsianjery. Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA no manao izany. Vokany, nanjary nazoto namaky Baiboly izy, ka vetivety koa dia nahavaky izany hatramin'ny farany.

Nanana famandrihana tamin'ny gazety *Fanasina* koa io raiben'ny io ka tsy nitsahatra namaky izany ho azy araka izay notakiany Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA. Niteraka fahalianana tanteraka ho azy io gazety *Fanasina* io satria nahalalany zavatra maro mikasika ny lahatsoratra famotopotoran-kevitra, sombin-tantara sy tantara foronina nitohy, ary vaovao eto Madagasikara sy maneran-tany... Toy ny ankizy nampiasa ny aterineto ankehitriny, hoy izy, ny fanarahanay vaovao tamin'izany. Tsy nahagaga raha izy no voalohany tany am-pianarana, na dia anisan'ny zandriny indrindra aza.

Ankoatra izany, dia namana tsy azo nosarahina tamin'ny tena, hoy izy, ny rakibolana Anglisy, hatrany an-tsaha rehetra any. Nanadina voambolana hatrany izy isanandro. Ary tsy tany an-trano ihany no nanaovana izany, fa hatrany am-pihadiana voanjo rehetra any dia nasaina nanazava voambolana vaovao hatrany ny ankizy notaizana tao aminy.

Natao izany mba hampitombo fahalalana mikasika ny teny sy voambolana, ary hanehoana fa tsy ambaka noho ny hafa amin'ny fianarana ny teny vahiny izahay.

Tombony lehibe ho azy ny nitaizana azy tao amin-dRadavida. Samy nanana ny hanitra ho azy, na ny tao amin-dry neny Ranombana, na ny tao amin-dRadavida mivady, na ny tao amin-dry papa sy mama, hoy izy. Ny hany nitoviany angaha dia samy namolavola azy ho tia vaky boky sy ho tia tanindrazana.

⁹ Taterin'i (A)CHASSANG et SENNIGER, Les Lettres littéraire généraux, collection « H ;U », classique Hachette, Paris 1958, p459 « Je dirais volontiers tel arbre, tel fruit »

1-2 Ny fanabeazana azony:

Rehefa fantatsika ireo nitaiza sy nikolokolo azy dia hojerena kosa ny mikasika ireto: ny kilalao fanaony, ny sekoly isan'ambaratonga nandrantoany fahalalana ary ny fikambanana hafa nisy azy.

1-2-1 ny kilalao fanaony:

Na dia eo aza ireo fifehezana samihafa nataon'ny ray aman-dreny sy ny mpitaiza, dia misy hatrany ny kilalao manokana ankafizin'ny ankizy tsirairay. Raha ankizy tsy hilalao, modia ho tanora, hoy ny fomba fiteny. Hamafisin-dRabemolaly izany manao hoe ***“amin’ny maha fialam-boly azy dia antokon-javatra ilain’ny ankizy ny lalao, ary mifanojo indrindra amin’ily faniriany hampiasa ily hery, vao miboiboika ao anatiny ao, mifanojo koa amin’ily fitiavany hianatra sy haka tahaka ny ataon’ny olon-dehibe”***¹⁰

Tsy lalao fe lalao fotsiny mantsy ireny, fa misy hatrany ny fanabeazana azo tsoahina avy ao anatiny, na dia mazàna aza tsy fantatry ny tena izany amin'ny fotoana anatanterahana azy. Ary na dia nolazaina aza fa vorivory saina kokoa raha miohatra amin'ireo ankizy nitovy taona taminy Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, dia nitoviany tamin'ireo kosa ny filalaovana. Tsy nifidy lalao loatra izy, ary tsy nifidy namana ihany koa hanatanterahana izany, fa niovaova araka ny taonany sy ny toerana nisy azy angaha.

Fony izy teny Ankadimbahoaka teny amin-dry Neny Ranombana sy Ramavo, dia ny kilalao iraisana “ diavolana” no tena fanaony. Ankoatra izany, dia ny fangalampierany sy ny raboka mba hanehoana hery sy hifampiderana hafetsifetsena sy hakingana.

Tany Boanamary nandritra ny nitaizana azy tao amin-dRadavida mivady kosa dia voafetra ihany ny fotoana filalaovana, ary tsy nahazo nandeha niala lavitry ny tanàna. Fanaony tamin'izany ny papango, ny kiombiomby ary ny baolina. Sady kilalao hanitarana ny saina ireo, no fanalana hamohamo rehefa reraky ny asa aman-draharaha sy ny fianarana. Mitondra fahalalana ny papango, satria ahaizana mifehy ny lalan'ny

¹⁰ (F) RABEMOLALY, Fary mamy, Kilasy famaranana “ Ny anjara toeran'ny lalao teo amin'ny fanabeazana”, Ed Salohy, tak 91

rivotra sy ny onjan'ny zavatra mety ho zakany. Ny kiombiomby kosa, na dia kilalao heverina fa tsotra aza, satria ny tanimanga no novolavolaina, ary ny tena ihany no manao azy, dia anaporofaana fa haren'ny Malagasy ny omby ka manjary kolontsaina tsy azo avela ny fananana azy. Ny baolina kosa dia iaraha-mahalala fa anehoan'ny zazalahy ny tanjany sy ny heriny, ary amolahany ny tena ho kingakinga sy hahay hiaro ny tena. Amin'ny lalao baolina ihany koa no ianarany miala amin'ny sakantsakana ataon'ny mpifanandrana aminy.

Rehefa lehibe sy nonina taty Antananarivo kosa izy, dia ny lalao ping-pong no anisan'ny tena nahaliana azy.

1-2-2 Ny sekoly nandrantoany fahalalana:

Ny ray aman-dreny rehetra dia mihevitra izay hahasoa sy hahatsara ny taranany ka miezaka fatratra mba hahatonga ny zanany tsy ho ambaka ny zanaky ny hafa. Koa na dia nifindrafindra toerana noho ny fomba nitaizana azy aza Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, dia tsy diso anjara tamin'ny fidirana an-tsekoly.

Tsy vitan'ny fitaizana ao an-trano ihany ny famolavolana ny ankizy ho tonga olom-banona, fa eo indrindra koa ny fampianarana azy any an-tsekoly.

Ireto avy ireo ambaratonga samihafa nandrantoan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA fahalalana.

-Ny taona 1960 izy no niditra an-tsekoly voalohany, ary tao amin'ny Sekoly Protestanta Ankadimbahoaka no nisantarany izany.

- Avy eo nifindra tao amin'ny Ecole Chrétienne d'Ambatomitsangana. Tao no nahazoany ny mari-pahaizana CEPE ny taona 1965

-Natao kilasy mandry herintaona tao amin'ny Lycée Philbert TSIRANANA Mahajanga izy. Nanamafy ny fitaizana azony tany amin'ny dadabe Radavida mivady koa ny fifehezana natao tamin'ny mpianatra tao.

- Rehefa niverina teto Antananarivo izy dia nianatra tao amin'ny LMA, nifindra tao amin'ny LJJR, ary tao no nahazoany ny mari-pahaizana Baccalauréat ny taona 1973

-Araka ny nambarany, dia ny taranja Frantsay sy ny Filôzôfia no tena nanavanana azy, saingy efa ela koa no naniriany handala ny teny sy ny kolontsaina Malagasy, ka ity farany no narahiny rehefa tonga teny amin'ny ambaratonga ambony izy.

-Teny amin'ny Anjerimanontolo Ankatso no nanohizany ny fianarany; Ny STELARIM na ny Sampam-pianarana Teny sy Lahabolana ary Riiba Malagasy no sampana narahiny araka ny voalaza. Ny taona 1978 izy no nahazo ny mari-pahaizana Licence ès-Lettres

Mbola naniry mafy ny hanohy ny fianarany izy taorian'izay, saingy rehefa tonga teo amin'ny fitondrana i Didier RATSIRAKA ny taona 1975, dia nanana fikasana toy izao:

- hasiana EPP isaky ny Fokontany
- CEG, isaky ny Firaiana
- Lycée isaky ny Fivondronana
- ary Oniverisite isaky ny Faritany

Tanteraka ny taona 1978 ny fametrahan'ny fanjakana Lycée isaky ny fivondronana, ka izay nahazo ny mari-pahaizana Licence dia noterena handeha hampianatra. Noho izany dia voatery namonjy ny toeram-piasana nanendrena azy izy.

Ireo sekoly rehetra ireo, na ny teto an-drenivohitra, na ny tany amin'ny faritra, dia samy nanome fahalalana sy fanabeazana feno ho an'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA

1-2-3 Ny fikambanana hafa nisy azy

Na dia tsy nihevitra ny tenany velively ho mpanao hosodoko aza Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, dia azo lazaina fa nisy talenta kely ho amin'izany ihany tao anatiny. Tsy niditra tany anaty fikambanana mpanao hoso-doko akory izy, saingy nisy sary hoso-doko iray nataony ka nahazoany loka tamin'ny “Foire d'Okynawa” tany Japana. Boky maro samihafa sy fampahalalana ny tanànan'i Japon no azony tamin'izany, ka nampirisika azy hitia sy hianatra ny kolontsaina japoney.

Ankoatra izany, dia nanao haiady Karate koa izy mba hananany fifehezan-tena amin'ny lafiny maro; tsy herim-batana ihany, hoy izy, fa ny saina indrindra koa. Vao mainka nanampy azy hitia sy hahalala ny kolontsaina japoney izany, ka nahatonga azy hanaraka ny fomba japoney iray taty aoriana, dia ny “art de Bonzaï”. Io dia fomba

fanao iray manavaka ny Japoney: fitazonana ny ain'ny hazo iray, saingy tsy avela hirobona be, fa atao toy ny voninkazo tahirizina ao an-trano.

Ohatra, izay hita tao aminy: aviavy, kanelina, sns...

Mpikambana tao amin'ny FMMR na Fikambanan'ny Malagasy Mpandala ny Riba koa izy.

1-3 Ny ezaka nataony manokana:

Marihana fa ankoatra izay fomba nanabeazana azy, dia nisy koa ny ezaka nataony manokana teo amin'ny fiainany. Hofantarina amin'izany ny boky famakiny sy ny fikambanana nisy azy ary ny andraikitra hafa nosahaniny.

1-3-1 Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA sy ny vaky boky

Na dia somary tamin'ny endrika an-tery aza ny fampirisihana azy hamaky boky tamin'ny fahazazany, dia tsy vesatra naharitra teo aminy izany, fa nalaky nitsiry tao aminy ny fitiavam-boky noho ny fahatsapany fa maro ny fahalalana azo nosintonina tao.

Nanjary sakafo nentiny niaina ny vaky boky ka tsy tiany hisaraka aminy intsony.

Raha ny boky *Lala sy Noro* no boky voalohany novakiny, miampy ny Fihirana Protestanta sy ny Baiboly, ary ny Gazety *Fanasina* isan-karazany, dia tsy nisy tsy voavakiny koa ireo boky notakina taminy tany an-tsekoly, boky tao anatin'ny fandaharam-pianarana.

Nanomboka teo amin'ny kilasy fahefatra, dia nanana safidy hafa ivelan'ny fandaharam-pianarana izy. Nahasarika azy tamin'izany ny boky “Classique Français” toa andry Andromaque, Le cid, Le malade imaginaire, nosoratan-dry MOLIERE, CORNEILLE, sns...

Ankoatra izany, dia nankafiziny niaraka tamin'ny namany koa ny « Roman d'Aventure » nosoratan'i Bob MORAN. Tsy mbola naharaka ny vola tamin'izany, hoy izy, ka atakalo eny amin'ny mpivarotra boky tonta izay efa voavaky mba hahazoana boky hafa hovakina.

Teo amin'ny Kilasy Fahatelo, dia ireo « Roman policier » sy « Roman d'espionage » nosoratan'i COPLAN no nahaliana azy. Teo koa izy dia nanomboka nitia ireo mpanoratra romantika toa an-dry Hugo, Paul Verlaine , Lamartine, ...

Ny roman an'i Frederic DARD , amin'ny maha San ANTONIO kosa, no famakiny tamin'ny kilasy faharoa. Ilay « style argot » tao anatiny tamin'izany no tena tsy ariny.

Nandritra ny naha taona voalohany azy tao amin'ny LMA, dia ny bokin-dry BAUDELAIRE sy ry GERARD DE NERVAL no novakiny.

Tamin'ny kilasy famaranana kosa , ankoatra ny boky ao amin'ny fandaharam-pianarana, dia namaky asa soratra Malagasy vitsivitsy izy, toy ny *Takelaka Notsongaina II, Ilay Vohitry ny nofy*. Ankoatra ireo, nisy boky Roman hafa koa tamin'ny teny vahiny nankafiziny. Teo ohatra i James HARDLEYCHASE sy i Frédéric DARD tamin'ilay “style académique”

Izany hoe, nanana boky nankafizina foana izy araka ny fiovan'ny taonany sy ny fisondrotany kilasy.

Teny amin'ny ambaratonga ambony, dia niverina nifantoka tamin'ireo asa soratra Malagasy izy : ny boky rehetra nosoratan'i Emilson Daniel ANDRIAMALALA, ny “Traduit de la nuit” sy ny “Presque songe” nosoratan'i Jean Joseph RABEARIVELO.

Mandraka ankehitriny, dia manana boky vaovao vakina foana izy ary tsy mahatsiaro ho maty antoka amin'ny famerenana mamaky ireo boky efa voavakiny teo aloha.

1-3-2 ny fikambanana misy azy sy ny andraikitra hafa nosahaniny

Rehefa tsy afaka nanohy nianatra intsony izy dia nimasoany ny asa fampianarana araka izay nanendren'ny fanjakana azy. “Tena tiako ilay asa” hoy izy.

Tany Moramanga no nanombohany nampianatra. Nisahana ny taranja Malagasy tao amin'ny Lycée izy, ary nampianatra ny taranja frantsay sy filôzôfia tany amin'ny sekoly tsy miankina.

Tsapany fa tsy nijanona tany an-tsekoly ihany ny fianarana, fa misy koa ny fanabeazana amperim-piainana. Misy lesona hita hatrany, hoy izy, teo amin'ny mpiaramiasa, teo amin'ny manodidina, ary indrindra koa teo amin'ny mpianatra nampianarina.

Nafindra tao amin'ny Lycée Andoharanofotsy Antananarivo izy ny taona 1987.

Filoha mpanampy voalohany , sady misahana ny vaomieran'ny teknika literera ao amin'ny HAVATSA/ UPEM izy, ary efa mamarana ny fahasivy taona nitanany izany toerana izany ankehitriny. Fanabeazana maro no ifampizarana ao: fifanakalozana sy ady hevitra samihafa.

Heveriko, hoy izy fa ampy ahy ny andraikitra sahaniko eo anivon'ny sekoly sy ao amin'ny HAVATSA/ UPEM . Fotoana betsaka no laniko amin'ireo ka rariny angamba, hoy izy, raha tsy manana asa aman-draharaha sy andraikitra hafa eo anivon'ny Fiangonana sy ny Firenena, ankoatra ny maha Kristiana tsotra sy maha Malagasy ny tena intsony aho.

Na izany aza, dia fanabeazana maro samihafa no azo tsoahina ao anatin'ireo fikambanana vitsivitsy misy azy ireo ao anatin'ny fifaneraserana samihafa. Ary azo heverina fa samy manome lesona samihafa hamakivakiny ny fiainana maro diaviny.

TOKO II: ny fanabeazana

Re mandrakariva eo amin'ny sehatra samihafa ny teny hoe “Fanabeazana”. Na eny amin'ny fiarahamonina , na any amin'ny haino aman-jery isan-karazany dia ahenoa io voambolana io avokoa.

Araka ny nambaran'i FETY Michel dia **“Fanalahidim-pandrosoana ny Fanabeazana”**¹¹ Noho izany dia tena saro-pady io, satria tsy ho avy mamiratra ho an'ny olona iray ihany no entiny, fa ho an'ny firenena manontolo ihany koa. Manaporofa izany ny fisian'ny sampana manokana momba ny fanabeazana eo amin'ny andrim-panjakana.

Entina hamahavahana ny momba izany fanabeazana izany, dia hojerena aloha ny famaritana io voambolana io, hofantarina koa ireo heverina fa Mpanabe, ary ny endriky ny fanabeazana amin'ny ankapobeny.

¹¹ (M) FETY, *Fanabeazana sy Fiainam-pirenena*, Imprimerie fanotam-boky Malagasy, tak 31

2-1 Famaritana ny Fanabeazana

Hojerena mifanesy ny famaritana ara-piforonan-teny, araka izay lazain'ny rakibolana, ny hevitr'ireo mpanoratra vitsivitsy, ary faranana amin'ny hevitr' Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA manokana.

2-1-1 ara-piforonan-teny

Ny voambolana “Fanabeazana” dia avy amin'ny teny vahiny hoe “**Education**”. Io teny vahiny “Education” io dia niainga avy amin'ny teny latina “**educatio**”; manome ny hoe **ex-ducere**. Ny ducere dia midika hoe mitondra, mitarika ... ary ny ex dia mitovy amin'ny hoe ivelan'ny...

Raha atambatra izany dia manome hoe: mitondra, na mitarika ivelan'ny...

Ny voambolana Fanabeazana kosa raha rasaina: ny f- : dia tovana famoronana anarana toy ny f- amin'ny hoe fanorona, fanjaitra... Noho izany, ny fanabeazana ihany koa dia fitaovana, fitaovana mitondra, mitarika ivelan'ny...

Mipetraka àry ny fanontaniana hoe , mitondra any ivelan'ny inona...?

Raha ny fototeny “ be “ no jerena, dia mitovy amin'ny izay heverina hoe ngeza , maro, na vaventy. Noho izany, ny madinika, ny kely sy ny bitika no tolirana fanabeazana. Azo heverina anefa fa tsy fahakelezana ara-batana ihany no resahina eto , satria raha be vatana fotsiny dia ataon'ny Malagasy hoe “zokim-bomanga”.

Izany hoe ny Fanabeazana dia miainga amin'ny toe-javatra iray tiana hialàna, ka mankany amin'izay heverina fa tsaratsara kokoa. Ny fanabeazana izany dia fitaovana iray manaisotra ny olona avy ao amin'ny fahavotsana sy habadoana, ary mampivoatra azy amin'ny lafiny maha olona rehetra: Vatana, Saina ary Fanahy

2-1-2 araka ny Rakibolana

Raha fandrasan-teny no nentina namoaka ny hevitr'ny voambolana Fanabeazana teo, eto kosa dia hofantarina izay ambaran'ny rakibolana. Hatomboka amin'ny rakibolana vahiny izany.

2-1-2-1 rakibolana vahiny

-LAROUSSE ELEMENTAIRE: ¹²

« Hetsika hampivoarana sy hanatsarana ny lafiny ara-batana, ara-panahy ary ara-tsaina. Fampiharana ny fahalalana mikasika ny fiarahamonina mba hanatanterahana izany amin'ny fomba mendrika. »

Izany hoe, ny fanabeazana dia tsy fahalalana omena fotsiny, fa famolavolana ny lafiny maha olona iray manontolo, mba hahazany miaina eo anivon'ny fiarahamonina, mba hitovitovy fitondran-tena ny mpiara-monina rehetra.

¹³DICTIONNAIRE Français- Malgache nataon'i RP MALZAC : ny voambolana « Education » dia fampianarana, fianarana. Fomba fanajana, ary ny mpampianatra dia mampianatra fomba fanajana »

Ny fanabeazana izany, dia tsy afa-misaraka amin'ny serasera ifanaovan'ny mpianatra sy ny mpampianatra, fanomezana fahalalana feno, ary mifono sotoavina sy fanajana maro hoentiny ny mpianatra mamakivaky ny fiainany iray manontolo.

PLURIDICTIONNAIRE¹⁴ : « Ny fanabeazana dia fampianarana na fampahalalana ny fitsipi-piaina eo amin'ny fiarahamonina, ary fampivoarana ny toetra ara-batana, ara-pitondran-tena ary ara-tsaina izay mamolavola ny maha izy azy ny olona iray »

Ny fanabeazana izany eto, dia ataon'ny olom-piarahamonina iray heverina fa efa ela nihetezana , amin'ny ankizy madinika , mba hamolavolana azy amin'ny lafiny

¹² LAROUSSE ELEMENTAIRE , Imprimerie LAROUSSE, rue d'Arcueil, Montrouge(Haut-de-seine) – Mars 1967 « **Education: action de développer les facultés physiques, intellectuelles et morales, connaissance et pratique des usages de la société** »

¹³ RP MALZAC, Dictionnaire Français-Malgaches, Editions Ambozontany, Analamahitsy Antananarivo-Madagascar 2003

¹⁴ Pluridictionnaire, Edition LAROUSSE, Imprimerie Berger 19 Levrault Nancy, 1977 **p354 « l'éducation c'est l'enseignement des règles de conduites sociales, et formation des facultés physiques, morales, intellectuelles qui président à la formation de la personnalité »**

maha olona rehetra , hahatonga azy hahay hitoetra sy hiaina eo amin'ny tontolon'ny fiarahamonina izay misy azy.

ENCYCLOPAEDIA UNIVERSALIS¹⁵ : « *ny fanabeazana dia fampianarana sy fampahalalana ny olona iray ireo fomba rehetra hampiasaina hiatrehana ny fiainana . Fahalalana sy fitambaran'ireo angom-pahalalana ara-pitondran-tena eo amin'ny olona iray. Ary fampitomboana ireo fahaiza-manao eo amin'ny fahafataran-javatra eo ivelany, na ny taova amin'ny alalan'ny fomba na fampiasana mifandraika amin'izany »*

Izany hoe, fizarana fahalalana ny fanabeazana, na koa fanetsehana ire angom-pahalalana efa ananan'ny olona ka hatsaraina ao aminy mba hahafahany miatrika ny fiainany am-pitoniana kokoa.

MICROSOFT DICTIONNAIRE ENCARTA 2008¹⁶« *Ny fanabeazana dia fampianarana ny lalàna ifampitondran'ny fiarahamonina, fanomezana ara-batana, aratsaina sy ara-panahy mba hampivoarana ny maha izy azy ny tsirairay »*

Tsy dia misy mifanalavitra ireo hevitra ny rakibolana vahiny ireo.

Toy izao raha atao ny fandravonana azy : ny fanabeazana dia fanomezana fahalalana , hanatsarana ny lafiny maha olona feno, mba hananana fiainam-piarahamonina lavorary.

2-1-2-2 rakibolana malagasy

Hoy ny Rakibolana malagasy nosoratan'i Régis RAJEMISA RAOLISON « **Fanolokoloana ny zaza mba hanomezana azy toetra tsara ka hahatonga azy ho lehibe, ho olom-banona** »¹⁷ no atao hoe fanabeazana. Izany hoe, raha ny tokony ho izy, dia miainga any amin'ny zaza mihitsy ny fitaizana sy famolavolana ho tonga olom-banona . Misy fiaingana ao, dia ny zaza. Ny zaza mantsy dia mora atoro, mora ovàna.

¹⁵ Encyclopaedia Universalis, Editions 2010 « **Education: fait de former et d'instruire quelqu'un ; l'ensemble des moyens utilisés pour cette action. Savoir et ensemble d'acquisition morales d'une personne. développement d'une faculté, d'un sens ou d'un organe à l'aide d'une méthode ou exercices appropriés »**

¹⁶ Microsoft Dictionnaire Encarta 2008

¹⁷ R.R RAOLISON, *Rakibolana Malagasy*, Editions Ambozontany Analamahitsy-Antananarivo-Madagasikara 2003

Ny tanjona amin'izany dia ny hahatonga ny olona tsirairay ho tena olom-banona marina, hahay hiara-hiaina soaman-tsara eo anivon'ny ankohonana rahatrizay ka tonga lehibe.

2-1-3 miainga amin'ny hevitra mpandinika

Famaritana ny fanabeazana araka ny rakibolana no hita teo. Ahoana kosa àry ny hevitra ny mpanoratra sy ny mpandinika? Ny mpandinika vahiny no hanombohana izany.

2-1-3-1 mpandinika vahiny

Arak'i DURKHEIM¹⁸ dia *“asa ataon'ny olon-dehibe amin'ireo izay mbola tsy matotra eo amin'ny fiainana ara-piarahamonina no atao hoe fanabeazana. Ny tena tanjony dia ny hanaitra sy hampitombo ny fomba fisaina, ny hetsika izay takian'ny fiarahamonina hisy azy”*

Izany hoe ny fanabeazana dia fampidirana ny madinika izay heverina fa mbola tsy tafiditra amin'ny fiainam-piarahamonina sy ny foto-pisainany.

Raha ny hevitr'i MIALARET¹⁹ kosa, *“nataon'ny fanabeazana ho vaindohan-draharaha ny hahatonga ny olona ho afaka hiatrika ny fiainany, mahafantatra ny zony, ny fahefany, ary ny adidy aman'andraikiny”*. Izany hoe ny fanabeazana dia mikendry indrindra izay tsy hahasahirana ny olona eo amin'ny fiatrehany ny fiainany. Omena fahalalana mikasika ny zony sy ny toerana tokony hisy azy, ny anjara asany amin'izany ary ny fahafahany manoloana zavatra iray sy ny fomba enti-manatanteraka izany. Ny fanatanterahana sy ny fampitana izany fahalalana samihafa izany no antsoina hoe fanabeazana.

2-1-3-2 araka ny mpanoratra malagasy

Maro ireo mpanoratra sy mpandinika malagasy no miresaka mikasika ny fanabeazana. Tsy ary ho voatanisa eto anefa izany fa vitsivitsy ihany no horaisina:

¹⁸ DURKHEIM, Education et sociologie, 4ème, édition PUF, 1980, p 51 « ***L'Éducation est l'action d'exercée par les générations adultes sur celles qui ne sont pas encore mûres pour la vie sociale. Elle a pour objet de susciter et de développer chez l'enfant un certain nombre d'états physique, intellectuelle et moraux, qui reclament de lui et le milieu auquel il est particulièrement destiné*** »

¹⁹ MIALARET, Education nouvelle et monde moderne, Collection . SUP. Editions PUF, Paris 1969, p 18

“famolavolana ny olona hivelatra amin’ny maha olona azy feno ny fanabeazana”²⁰ arak’i IRAKO AMMI, mpanoratra.

Ny fanabeazana izany, dia fanomezana fahalalana feno ny olona iray, fampahafantarana ny tontolo manodidina azy, ary izay fomba fiainan’ny olombelona manolona ny zava-boary.

Ny hevitr’i FETY Michel, araka ny efa nahitana azy tery aloha ***“fanalahidim-pandrosoana ny fanabeazana”***²¹ izany hoe, ny fanabeazana no antoky ny fampandrosoana. Tsy afaka ny handroso ny olona iray, ny fiarahamonina iray, ny firenena iray, raha tsy eo ny fanabeazana. Fikarohana vahaolana hiatrehana ny olona rehetra mianjady, fanomezam-bahaolana hoenti-mandroso izany ny fanabeazana.

RANDRIAMIADANARIVO , dia nanana ny heviny manokana mikasika ny tena fanabeazana. ***“Ny fanabeazana dia fampianarana atao amin’ny izay ho fara ho dimby, handova ny tena rahatrizay.”***²²

2-1-4 araka ny hevitr’IPA manokana

Rehefa hita teo ny fanabeazana araka ny rakibolana sy ny tenina mpandinika samihafa, eto kosa dia hofantarina manokana izay hevitr’ Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA momba io fanabeazana io. Hozaraina roa izany: voalohany, momba ny fanabeazana amin’ny ankapobeny, manaraka izany, ny fanabeazana eo amin’ny sehatry ny asa soratra.

2-1-4-1 ny fanabeazana amin’ny ankapobeny

Ny olona tsirairay dia miaina anaty fiarahamonina, ankoatra ny iainany ao anaty fianakaviana. Ao anatin’ny fiarahamonina, hoy Iharilanto Patrick

²⁰ Irako Andriamahazosoa Ammi , taterin’I FANANTENANA Fanomezantsoa Tsirimalala, Memoire de CAPEN, IRAKO AMMI sy ny fanabeazana, Antananarivo 2011

²¹ M. FETY, *Fanabeazana sy fiainam-pirenena*, op cit

²² RANDRIAMIADANARIVO, *Sekolin’ny ntaolo*, Edisiona Antso, TPFJKM Imarivolanitra- Antananarivo

ANDRIAMANGATIANA dia tsy maintsy misy ny fomba fijery iaraha-manana na iniana ampitoviana hifanakaiky mba hampirindra ny fiaraha-miaina. Ao anatin'io fiarahamonina koa, dia misy ny rafitra an-tanatohatra. Na dia tsy nisy teny ierana aza, dia zary eken'ny rehetra ny fisiany. Toy izao izany amin'ny ankapobeny: ny Ray, ny Reny ary ny zanaka. Amin'ny zanaka indray dia misy ny zoky sy ny zandry.

Tsy mitovy velively ny fomba fisainana amam-piheveran'ireo sokajy samihafa ireo, satria efa niaina zavatra maro sy nahita tranga maro kokoa ireo efa ela niainana. Koa ny fanabeazana izany dia:

- *fampianarana sy fizaràna fahalalana ho an'ny zanaka –zandry mba hampidirana azy ho eo amin'ny tontolon'ny fitoviam-piheverana eo amin'ny fiarahamonina hisy azy.* Beazina ny zaza mba hitovitovy fomba fijery amin'ny mpiarahamonina ka hahay hiara-monina aminy.

- *fampitana fanahy: zava-dehibe amin'ny fiheveran' ny Malagasy ny Fanahy.* Ny fanabeazana dia fampianarana ataon'ny olona iray anti-panahy amin'ireo tanora sy zaza mbola malemy fanahy. Beazina izy ireo ho tonga olona manam-panahy sy ho olon'ny fanahy mba hahay hitondra tena sy hitondra ny manodidina azy.

Ny ray aman-dreny no mitarika sy mitantana, mikolokolo ny saina sy ny fanahy. Tsy nataotao foana ny fitaizana ny ankizy ho amin'izany satria “Ny Fanahy no maha olona”

- *arofanina hiarovana tsy hianjerana anaty fahaverezana.* Izany hoe amin'ny alalan'ny fahalalana samihafa omena anaty fanabeazana no ahafahan'ny olona mandanjalanja ny zavatra ataony manoloana ny zava-misy.

Raha aravona izany dia: *fitantanana ny madinika ny fanabeazana, mba hahatonga azy ireo ho manam-panahy sy hanam-pahalalana hoentiny miatrika izay zava-misy amin'ny fiarahamonina sy firenena misy azy.* Kendrena mba hirindra sy hilamina ny fiaraha-miaina, tsy amin'ny lafiny teknika ihany, fa amin'ny fomba fiheverana amam-poto-pisainana ihany koa.

2-1-4-2 ny fanabeazana eo amin'ny sehatry ny asa soratra

Raha eo amin'ny sehatry ny asa soratra, dia ny mpamaky sy ny mpanoratra no mifanabe ao. Misy fahasamihafana kely amin'ny fanabeazana ataon'ny ray na ny reny amin'ny zanany ny fanabeazana eto.

Eo amin'ny ray aman-dreny sy zanaka: ny ray aman-dreny dia mitarika, manoro, manome fahalalana araka ny sedram-piainana nodiaviny. Ny zanaka kosa, dia mankato sy manaraka tsara izay anatra omeny. Eo amin'ny sehatry ny asa soratra, ankoatra ny fahalalana omena, ny mpanoratra dia mampianatra sy manabe ihany koa, saingy ny mpamaky izay iantefan'ny fanabeazana dia tsy voatery hanaraka sy hankato izay lazaina aminy. Mety hampisaintsaina fatratra ny mpamaky ny hevitra naroso, mampiasaintsaina azy, nefa mety ho laviny raha tsy araka ny fiheverany. Mety hampitsiry hevi-baovao ao anatin'ny koa anefa ka entiny manitsy ny diany.

Ankoatra izany, tsy voatery ho ny zaza, na ny ankizy madinika ihany no mpamaky asa soratra. Misy olona manam-pahaizana noho ny mpanoratra aza mety mamaky ireny asa soratra ireny. Tsy voatery ho mpianatra ihany koa. Izany hoe, amin'ny fanabeazana ataon'ny mpanoratra amin'ny alalan'ny asa soratra, dia ny sokajin'olona rehetra no iantefany.

Hita teo ny nambaran' Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA momba ny fanabeazana amin'ny ankapobeny, raha amin'ny maha olon-tsotra azy no nasian-teny. Hojerena manaraka ny atao hoe fanabeazana araka ny maha mpanoratra azy. Fa ahoana tokoa moa ny fanabeazana eo amin'ny sehatry ny asa soratra? Hevitra vitsivitsy no azo amintinana izany:

- *Ny fanabeazana dia fifandraisana amin'ny sarangam-pahazazana:* ny mpanoratra tsirairay dia nanana ny nampivavaka ny fahazazany sy ny fomba nitaizana azy. Io toe-tsaina nitaizana ny mpanoratra io, izay nanjary foto-pisainany, no ampitainy amin'ny mpamakiny. Mety hivantana izany na tsia. Mety tsy ho sitrapony koa no hisehoan'izany toe-tsaina izany ao anaty asa sorany, saingy mety ho hita taratra ao ihany.

Araka Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, dia nisy tamin'ireny fanabeazana nomena azy fahakely ireny no navelany sy novàny arakaraka ny tontolo

nisy azy. Saingy ny lafika sy fototr'ireny dia nipàka lalina tany anatin'ny, ary zary raiki-tampisaka any am-parahatony.

Na izany aza, dia tsy mihevi-tena ho hendry noho ny hendry velively ny mpanoratra ka hanome moraly na hitompo teny fantatra amin'ny fanabeazana atolony. Kanefa na dia ny fametrahan'ny mpamaky baraingo amin'ny hevitra arosany aza, dia heverina fa efa fanabeazana azy ireo sahadry.

• *Ny fanabeazana dia fampianarana amin'ny endrika fialamboly.* Tsy soratra natao hovakina fotsiny ny asa soratra, fa fialamboly ihany koa. Ny mpanoratra dia mampiala voly ny mpamaky. Toy ny ray aman-dreny mampiala voly ny zanany. Fanabeazana koa izany.

• *Mety hiseho amin'ny endrika fampahafantaran'ny mpanoratra ny aretin'ny fiarahamonina ihany koa ny fanabeazana.* Asehon'ny mpanoratra ny zava-misy tokony hohatsaraina ao anaty fiarahamonina. Dia miezaka ny mpamaky hika-roka vahaolana amin'izany mba tsy hiverenana intsony amin'iny olana iny.

2-2 Izay heverina ho mpanabe

Toy izany sy toy izany ny atao hoe fanabeazana. Iza kosa àry ireo azo heverina ho mpanatanteraka izany? Efa natsidika kely teo araka ny hevitr' Iharilanto Patrick fa ny anti-panahy no manabe amin'ny ankapobeny. Samy mpanabe avokoa anefa Andriamanitra, ny raia mandreny, ny zava-boary, ny fiarahamonina, ny mpampianatra ary ny Fiangonana, sns...

2-2-1 Andriamanitra

Araka ny finoana Kristiana, dia Andriamanitra no nahary izao tontolo izao, ***“Tamin'ny voalohany Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany”***²³. Ny fihariana dia midika ho fitiavana, satria matoa nohariana dia tiana. Ny fitiavana kosa dia midika ho fitahiana. Tahina sy arovana amin'ny ratsy ny zanaka satria tiana. Izany no nandrarany Andriamanitra an'i Adama sy i Eva tsy hihinana ny hazo teo afovoan'ny saha.

²³ *Ny Baiboly*, Genesisy 1: 1

Ny fitahiana izany, dia fanabeazana, satria, fanoroana ny lalana marina heverina fa tsy hahalavo na hahasolafaka ny zanaka. Koa satria Andriamanitra efa teo, talohan'ny namoronany izao tontolo izao, dia Izy izany no mpanabe voalohany indrindra. ***“Raha mikarakara antsika Andriamanitra, mba hanitsiana antsika, dia porofo izany fa zanany isika. Mihevitra antsika Izy ary mitady izay hahasoa antsika. Ary izany fanabeazan'ny Ray izany dia tombontsoa manokana ananan'ny zanaka, fanehoany ny fitiavany tsy mivadika amin'izy ireo”***²⁴

2-2-2 ny ray aman-dreny

Ny ray aman-dreny dia tsy olon-droa natambatry ny fitiavana fotsiny ka hilaza hoe *“ny hanambadian-kiterahana”*, dia hatreo ihany, fa tohizana amin'ny hoe *“ny hiterahan-ko dimby”*. Izany hoe ny ankizy dia tsy ateraka fotsiny hanamaro isa, fa ireny no ho mpandimby rahatrizay.

Ny dimby sy ny fara, kasaina handova dia kolokoloina sy beazin'ny ray aman-dreny tsara mba tsy hanala baraka azy, araka ilay fomba fiteny hoe : *“Ombalahy ratsy anaka ka ny anaran-drainy no voatonom-bolo”*. Ny hahatonga ny zanaka ho tsara fitondran-tena sy ho tena olom-banona tokoa no tanjona.

Manabe ny ray aman-dreny satria ***“Tsy natao hifampieritreritra fotsiny ny mpivady, fa natao hanatontosa ny adidy aman'andraikitra napetraky ny fiarahamonina taminy, hiara-hitantana am-pahalinana ny tokantrano, ary hanabe araka ny tokony ho izy ny taranany”***.²⁵

Araka izany, dia manana anjara adidy sy andraikitra lehibe eo amin'ny fitaizana ny ankizy ny ray aman-dreny amin'ny maha mpanabe azy. Izy ireo no mamolavola ny zanaka ao an-trano, manome fahalalana azy mialoha ny hidirany any an-tsekoly.

“ Ny ankizy rehefa miditra an-tsekoly dia azo heverina fa efa manana fahalalana maro vokatry ny fifampikasohany tamin'ny tontolo manodidina azy sy ny traikefa isan-karazany azony tamin'ny fampiasany ireny zavatra ilaina eo amin'ny

²⁴ Ilay voa tsara nafafy 2015, Bibles et Publications Chretiennes, Imprimerie: Basse Druks, Hagen Allemagne

²⁵ taterin'I Cuvillier, *Textes choisis des auteurs psychologiques*, Armand Colin, Paris 1984 « ***on ne s'épouse point pour penser uniquement l'un à l'autre, mais pour remplir les devoirs de la vie civile, gouverner prudemment et bien élever les enfants*** »

andavanandrom-piainana ary ny mpiara-belona aminy, efa mahafolaka ny tenin-dreny²⁶, araka ny voalazan'i GOANACH sy GOLDER

Izany hoe, tsy mpamelona fotsiny ny ray aman-dreny, fa mpanabe sy mpizara fahalalana. Tsy ny Ray na Reny fotsiny ihany, fa izy roa miaraka mihitsy no miaramisalahy amin'izany satria samy tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanabeazana an-janany.

Hoy RANDRIAMIADANARIVO: ***“tsy tongatonga hoazy ny zaza fa nisy mpanolotra. Andriamanitra no mpanolotra, ary ny ray aman-dreny no mananty azy am-pitiavana (...) andraikiny no manabe azy, tsy azony ialana, tsy azony ailika na ifanjanana amin'ny hafa, ary tsy azony atao an-tsirambina na anaovana ala safay satria io no ho fara, io no ho dimby***”²⁷

Endrika roa no mety hisehoan'ny fanabeazana ataon'ny ray aman-dreny, endrika roa samy hafa, nefa mety hifameno:

- Fanabeazana amin'ny alalan'ny fanehoam-pitiavana : teny mamy, orokoroka, tambitamby. Atao tsapany fa sombin'ny aina tokoa izy .

- Fanabeazana amin'ny alalan'ny kapoka sy famaizana. *“zanaka tiana tsy hitsitsiana rotsan-kazo”* .Ny fanomezana fahafaham-po be loatra ny zaza amin'ny hantahanta dia mety hiteraka ditra ka ilana fitandremana sy fandanjanjana. Fitiavana ny zanaka ihany koa ny famaizana azy raha manao hadalana izy.

Ny fahaizan'ny ray aman-dreny mpanabe mampifanaraka ireo endrika fanabeazana roa ireo no hampahomby ny fanabeazana ataony. Ilana fahaizana mandanjanjana izany. Hoy RAHAJARIZAFY: ***“Raha dongy no ampianao angola, hoy i Dada mananatra an-janany, i rainao ampy ihantana, fa raha ditra no ampianao avona, mandehana fa manam-be hamolahana aho***”²⁸

²⁶ (D) GOANACH et (C) GOLDER, *Manuel de psychologie pour l'enseignement*, Hachette Education, Imprimé en Italie par G. canal et C.S p 218 « (...) lorsqu'ils entrent à l'école, les enfants sont déjà porteurs des savoirs multiples sur leur environnement, expérience variés avec le monde des objets et celui des êtres humains, ils maîtrisent les bases de leur langue maternelle »

²⁷ RANDRIAMIADANARIVO, *Sekolin'ny ntaolo*, op cit

²⁸ A. RAHAJARIZAFY, *Hanitra nentin-drazana*, Librairie Ambozontany, Fianarantsoa 1970

2-2-3 ny fiaraha-monina sy ny zavaboary

Tsy afa-misaraka amin'ny olona ny fiarahamonina sy ny zavaboary. Ny olona tsirairay dia tsy maintsy mitoetra ao anaty fiarahamonina ary tsy maintsy ahitana zavaboary ao.

- mpanabe ny fiarahamonina:

Raha ny marina dia tsy an'ny ray sy ny ren'y niteraka azy ihany ny zaza. Natao hiara-monina amin'ny hafa ny olombelona . Eo ny mpiara-monina mifandray sy mifanerasera marain-tsy hariva. Eo koa ny fitondram-panjakana. Samy mitaiza sy manabe ireo:

-ho an'ny mpiara-monina moa, dia misy ny fitsipika ifanarahan'ny rehetra mba hahazoana miaina finaritra. Ohatra amin'izany ny dinam-pokonolona, izay hazavain'i FETY Michel toy izao: ***“natsangana ny dinam-pokonolona izay tsy hafa fa ny fifaneken'ny mpiara-monina hanao an'izao sy izao hoenti-manatsara ny fiainana. Ary raha sanatriavina misy ny mitsivalam-pandry eo amin'ny fiarahamonina ka tsy manaja ny dinam-pokonolona nifanarahana dia tsy misalasala ny vahoaka manasazy na mandroaka mihitsy izany olona tsy manaja ny satam-bahoaka izany. Araka izany firafetany izany dia mazava ho azy fa tena hery lehibe mihitsy ny fiarahamonina (amin'ny fanabeazana)”***²⁹

-ho an'ny fitondram-panjakana indray, dia misy ireo didy aman-dalàna samihafa natao mba hisakanana izay mety ho fihoaram-pefy ataon'ny sasany, ka hiteraka tsy fandriampahalemana eo amin'ny tany sy ny fanjakana.

Endriky ny fanabeazana avokoa, na ny dinam-pokonolona, na ny didy aman-dalana. Samy mamolavolavola ny ho toetra amam-pihetsiky ny olona mantsy ireo. Ohatra amin'izany didy aman-dalàna izany ity: ***“Ho faizina telo volana ka hatramin'ny roa taona an-tranomaizina ary sazy vola iray hetsy ka hatramin'ny iray tapitrisa iraimbilanja izay manao fihetsika mamofady imasom-bahoaka, raha natao imason'ny zaza tsy ampy taona ilay fihetsika dia herintaona ka hatramin'ny telo***

²⁹ M. FETY, *Fanabeazana sy fiainam-pirenena*, op cit

taona ny sazy an-tranomaizina ary dimy tapitrisa ka hatramin'ny roapolo tapitrisa iraimbilanja ny sazy vola “³⁰

Ny ray aman-dreny: mpiteraka, fa ny zaza iaraha-manana ary ifarimbonana ny fitaizana azy. Izany no mahatonga ny Fanjakana hametraka lalàna manasazy ireo izay tratra manao fihetsika mamoehatra imasom-bahoaka:

• mpanabe ny zavaboary:

Na dia tsy miteny mivantana aza ny zavaboary, dia manabe ny olona tokoa izy. Hoy RAHARIMANGA: ***“Ny zava-boary no fanabeazana tonga lafatra indrindra ho an'ny ankizy. Ny fifampikasohana amin'izy ireny no hanjariako ho tena lehilahy”³¹***

Ambarany amin'izany fa ny fifampikasohan'ny olombelona amin'ny zavaboary dia azony anovozana fanabeazana. Andeha haka ohatra iray, dia ny vitsika :

Bibikely anisan'ny madinika indrindra ny vitsika, kanefa dia manana toetra ambony azon'ny olombelona ho alaina tahaka tsara. Tsy inona izany fa ny fahaizana miray hina sy ny fitsinjovana ny vodiandro merika. Toy izao izany raha hazavaina:

-*Miray hina*: tena mahay miray hina ny vitsika. Raha mahita potika hanina ohatra ny vitsika iray, dia tsy ny hihinana izany avy hatrany no ao an-tsainy, fa miantso namana hafa izy, hiara-hitondra izany.

-*Mitsinjo lavitra*: ankoatra ny firaisankina ananany, dia mbola fomba fanao tsara ataon'ny vitsika koa ny mitsinjo lavitra. Kely sy maivana mantsy izy ireo ka mora lasan'ny rano rehefa tonga ny fotoanan'ny orana. Noho izany, raha mbola maimaina ny tany, dia manangona sakafo maro izy ireo hotahirizana hitsinjovana ny vody andro ho merika, mba tsy hahamosarena azy amin'ny fotoana tsy ahafahany mivoaka ny fonenany.

Dia toy izany no maha mpanabe ny zavaboary manodidina antsika. Mendrika hotahafina izany toetran'ny vitsika izany. Ny vitsika aza mahay mifankatia sy mifanampy anaty firaisankina tanteraka, mainka fa isika olombelona?

³⁰ *lalàm-panorenana Malagasy Taona 2010, code penal, section IV attentats aux mœurs*

³¹ EF. RAHARIMANGA, (MS) Raveloarimanga, Rakoto Ratsimamanga Albert, *Ny malagasin'ny taonjato faha XX*, Imprimerie MAMI, Ambondrona Antananarivo

2-2-4 ny mpampianatra

Ankoatra ny fitaizan'ny ray aman-dreny ao an-trano, sy ny fanabeazana samihafa tovozina eny anivon'ny fiarahamonina, ny zaza rehetra dia tokony ho samy handranto fahalalana any an-tsekoly. **“(Ny sekoly) dia toerana anovozana traikefa vaovao isanandro, ahazoana mampihatra fampiaraha-monina vaovao ary ahazoana fahalalana vaovao”³²**. Ao amin'ny Sekoly no misy ny mpampianatra. Araka izany anarana izany, dia mpampianatra izy, manome fahalalana samihafa. Manomboka any amin'ny kilasy madinika indrindra, dia misy ny fampianarana hahay hiara-miaina amin'ny hafa amin'ny alalan'ny fiarahamonina kely vaovao iainana ao an-dakilasy. Fiarahamonina miovaova no iainana ao an-dakilasy fa tsy maharitra.

Mitombo sy miova arakaraka ny taona sy ny kilasy ny fanabeazana omena ny mpianatra tsirairay. Manomboka amin'ny fampianarana manoratra, miteny, maneho hevitra ka hatramin'izay heverina fa fampianarana mipàka amin'ny sehatra samihafa sy fahalalana maro.

Tsy misy fetra ny fampianarana. Eo am-pelatanan'ny mpampianatra ny ho avin'ny ankizy ka tsy tokony hataony an-tsirambina izany amin'ny maha mpanabe azy. Ohatra vitsivitsy amin'ireo andraikitry ny mpampianatra araka ny nambaran'i Marline RAKOTOMAMONJY no indro atolotra: **“Miomana (araka izay azony atao) mialoha ny fampianarana mba hazava ny lesona ka hifanandrify amin'ny fahaizantsika sy ny toerana misy antsika ary ny toetr'andro ivelomantsika**.

Ao anatin'ny sekoly, manazava, manontany, mitsara. Na dia efa sasatra aza nony hariva dia mbola mitsara ny fampiasana natao”³³

Tsy olonolom-poana araka izany ny mpampianatra fa mpanabe miavaka, ary manana andraikitra feno. Efa nandalo dingana maro rahateo izy vao tonga mpampianatra, ka heverina fa hahatontosa an-tsakany sy an-davany ireo andraikitra takina aminy ireo.

2-2-5 ny Fiangonana

Tsy trano natokana hivavahana amin' Andriamanitra ihany ny fiangonana, fa natao hibeazana sy hifanabeazana ihany koa. Natao ho amin'izany ny litôrjia arahina

³² Agnès Florin, (D) GOANACH-(C)GOLDER, Manuel de psychologie pour l'enseignement, op cit « ***l'école va constituer pour tous le lieu de nouvelles expériences, de nouvelles occasions de socialisation, de nouveaux apprentissages*** » p 195

³³ (M) RAKOTOMAMONJY , *Ny fianarana sy fiainam-bahoaka*, Edisiona salohy, 1968, tak3

vavaka, hira, toriteny, sns... Eo koa moa ireo sampana velona eo anivon'ny fitandremana izay samy mikendry ny hanabe ireo mpikambana ao aminy. Ohatra amin'izany ny sampana sekoly alahady, ny skoto, ny sampana Kristiana Tanora mpihira, ny sampana Kristiana Tanora Fanatanjahantena, ny vokovoko manga, sns³⁴

-*Ny Sekoly Alahady*: fitaizana ny ankizy amin'ny Soratra Masina , manomboka amin'ny zaza 2 taona eo ho eo. Beazina ho mpitory ny filazantsara amin'ny alalan'ny Sekoly Alahady hatrany izy rehefa lehibe.

-*Ny Skoto*: famolavolana ny ankizy hahafolaka ny voary manodidina azy mba ho tompon'andraikitra amin'ny lafiny rehetra. Miainga hatrany amin'ny tenin'ny Soratra Masina izany. Ny Baiboly no basy enti-miady satria miaramilan'i Kristy ireo.

-*Ny Kristiana Tanora Mpihira*: fampianarana Soratra Masina sy fitoriana. Famohazana ny talenta nomen'ny Tompo. Fitoriana teny amin'ny alalan'ny hira sy vavaka.

-*Ny Kristiana Tanora Fanatanjahantena*: tanora lehilahy sy vehivavy, mandresy ny fanaon'izao tontolo izao ka mampiseho amin'ny tanora namana fa talenta avy amin'Andriamanitra ny hery sy tanjaka, ary azo anehoana ny voninahiny.

-*Ny Vokovoko Manga*: sampana mandinika lalina ny Baiboly. Fanabeazana manoloana ny voka-dratsin'ny zava-mahadomelina.

....

Hita araka izany fa tena manabe ny Fiangonana. Tsy ny lafiny ara-panahy ihany, fa ny ara-batana sy ara-tsaina koa. Izany hoe ny lafiny maha olona iray manontolo mihitsy.

³⁴ sampana misy ao amin'ny FLM Ambatovinaky ireo, araka ny nambaran'i Pastora RABARIMANANA Herimandimby Alfred. Nandritra ny fampianarana Kofermanda, taona 2012

2-3 Ny endri-panabeazana amin'ny ankapobeny ary ny sehatra samihafa ivelaran'ny fanabeazan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA sy ny endrika isehoany

Voambolana “diachronique” na ilay lazaina fa mahatety vanim-potoana ny teny hoe Fanabeazana. Nisy noho izany ny fiovana, tsy teo amin'ny lafiny voambolana, fa teo amin'ny endrika isehoan'ny fomba fampitana azy.

Haseho manaraka eto àry ny endriky ny fanabeazana taloha, ny ankehitriny, ny sehatra samihafa isandrahan'ny fanabeazan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, ary ny endrika isehoan'izany.

2-3-1 ny fanabeazana taloha

Fahiny, dia tao an-tokantrano tao no tena nisian'ny fanabeazana namolavolana ny ankizy ho tena olom-banona.

Lazain-dRANDRIAMIADANARIVO fa **“*teo amorom-patana teo ny sekoly voalohany izay nianaran'ny ankizy ny fiainam-pahendrena*”**³⁵ izany hoe tao an-trano ny ankizy no nomena fahalalana voalohany. Tsy fahalalana hoentiny any an-tsekoly velively izany fa hoentiny hiatrika ny fiainany manontolo mihitsy.

Fanabeazana feno no natao tamin'izany, ary samy nampianatra ny zanany ny isan-tokantrano. **“*Ny reny na ny renibe no mpampianatra. Io no tena sekolin-dreny marina(Classe maternelle)*”**³⁶

Araka izay nambaran-dRANDRIAMIADANARIVO hatrany, dia arakaraka ny taona ny fanabeazana nomena tamin'izany.

-Ny menavava hatramin'izay mbola fohazi-matory dia beazina eo amorom-patana. Nantsoina hoe **“*sekoly amorom-patana*”** izany.

-Ny vaton-jaza sy izay andalam-pialana sakana kosa no mianatra ao amin'ny **“*sekolin'ny tsiambaratelo*”**. Ny ankizilahy amin'izany dia beazin-drainy any am-piasana any, ny ankizy vavy kosa dia ampianarin-dreniny any am-pambolena na any am-pantsakana any.

Ampahafantarina azy ireo amin'izany ny mikasika ny fiovana eo amin'ny toe-batany, ny fitsirian'ny zava-baovao ao am-po, dia ny fitiavana, ny fitiavan'olon-droa, ny fomba hitondrana izany, ary ny mikasika ny vady rahatrizay tonga taona.

³⁵ RANDRIAMIADANARIVO, *Sekolin'ny ntaolo*, op cit

³⁶ RANDRIAMIADANARIVO, *Sekolin'ny ntaolo*, op cit

-Ny efa lehibe kosa dia miatrika ny “*sekoly amorom-pahitra*” , na koa ilay antsoina hoe “*tafasirin’olon-dehibe*” . Resaka no atao eo , mandalina sy mandinika izay hanatsarana ny fambolena, ny fiompiana, ny fitaizana, ny fahasalaman’ny ankizy, sns.

Ankoatra ny fanabeazana ataon’ny isan-tokantrano, dia teo koa ny fanabeazana iombonan’ny mpiara-monina. Izany hoe, na dia misy aza ny fampianarana ny zaza isan-tokantrano, dia natao zaza iaraha-manana hatrany. Niaraha-nanao ny fanaraha-maso ny ankizy teny ivelan’ny trano. “ *Nizara roa ny fanabeazana dia izay nataon’ny tao ankohonana mivantana sy izay niarahany tamin’ny mpiara-monina*”³⁷

Ampy sy feno tokoa ny fanabeazana tamin’izany satria dia mahakasika ny lafiny rehetra maha olona: saina , vatana, fanahy.

-teo amin’ny ara-tsaina: *nianatra nanisa, nianatra tsianjery*
nanao ankamantatra: inona ary izany?
sy ankanonona, na ankifidy

-teo amin’ny ara-batana: fanatanjahan-tena tamin’ny hazakazaka sy ny ankanenjika

-fanolokoloana ny Fanahy: fampahafantarana ny fanao sy ny tsy fanao; ny masina sy ny fady, sns...

Ankoatra izany, dia mbola natao koa ny fandinihana ny zavaboary. Fantarina ny zava-maniry fanao fanafody. Sady fampianarana izany no fialamboly ny lalao” ady ravina.

2-3-2 Ny fanabeazana ankehitriny

Nanomboka tamin’ny andron-dRADAMA I no nisian’ny sekoly voalohany teto Madagasikara.

Ny 26 Martsa 1823 no noraiketina ny fomba fanoratra ny abidia malagasy. Nanomboka teo dia nalefa nianatra nandranto fahalalana tany an-tsekoly ny zaza malagasy.

Ny sekoly moa, dia anabeazana mpianatra maro avy amin’ny toerana sy fianakaviana samihafa. Misy tompon’andraikitra vitsivitsy isan’ambaratonga, mitantana sy mandrindra ny tontolon’ny sekoly.

³⁷ RANDRIAMIADANARIVO, *Sekolin’ny ntaolo*, op cit

-eo indrindra koa ny mpampianatra izay mamolavola ny zaza hiatrika ny fiainany rahatrizay: **“Manana anjara asa lehibe ny sekoly eo amin’ny fampivoarana ny maha olona sy ny fampitomboana ny fahalalana”**³⁸

Na izany aza anefa, dia tsy ny mpampianatra no mamorona ny zavatra hampianarina ny ankizy, fa misy rafitra efa apetraky ny Fanjakana harahina **“Ny Fanjakana mihitsy no mandrindra ny rafi-panabeazana sy ny fampianarana ary ny fanofanana mba hampivelarana ny saina, ny vatana, ny fitondran-tena sy ny famoronana ao amin’ny tsirairay”**³⁹

“Matoa tokoa mantsy mandroso ny firenena iray dia manana ny rafi-panabeazana tsara rindra(...)”⁴⁰ ka tsy nataon’ny Fanjakana ho tsinontsinona izany.

-Nisokatra, sady nihamaro ny sekoly tsy miankina taty aoriana. Nihena ny salantaona noraisiny. Nihena toy izany koa ny fotoana nanabeazan’ny ray aman-dreny ny zanaka tany an-tokantranony.

Ny taona nidiran’ny firehana miralenta teto, dia nampiditra tsikelikely tao antsain’ny vehivavy fa tokony hiasa sy hiara-hikaroka amin’ny lehilahy izy mba hanatsarana ny fari-piainan’ny ankohonany. Dia nitsiry ny sain’ny renim-pianakaviana fa tsy hanaiky hijanona ho fanaka malemy ao an-tokantrano fotsiny fa mba hiasa hampidi-bola tahaka ny vadiny.

Ary nony niasa izy, dia nikaroka hevitra ny amin’izay hametrahany ny zanany mbola kely. Novahan’ny sekoly tsy miankina amin’ny ampahany izany. Misy sekoly tsy miankina, tsy mpampianatra na manabe fotsiny, fa tena misolo andraikitra tanteraka ny reny. Ireny no sekoly fitaizana sy fanabeazana ankizy madinika. Manomboka amin’ny zaza telo volana ka mandra-pahalehibeny dia any an-tsekoly foana ny androatokon’androny.

³⁸ D)GOANACH et (C) GOLDER, Manuel de Psychologie pour l’enseignement, op cit

« l’école exerce évidemment un rôle essentiel sur le développement cognitif et l’acquisition des connaissances »

³⁹ (S) Andriar, Philosophie de ‘Education vues à travers les lois sur l’éducation à Madagascar, Antananarivo Mai 2007 **« l’Etat s’engage à instaurer un système d’éducation, d’enseignement et de formation capable d’assurer l’épanouissement intellectuel, physique, moral, civique, et artistique de chaque individu »**

⁴⁰ (H.M) RABEMANAHAKA, *Tantara sy Fanabeazana*, Edisiona Antso, Antananarivo, tak 50

Zary fotoana fohy sisa no itoerany eo anilan-dray sy reniny. Fotoana kely no iatrehany ny fanabeazana avy amin'ireo nahitany masoandro ireo.

Fa ankoatra ny fandefasana azy an-tsekoly, dia misy koa ny ray aman-dreny no mametraka ny zanany amin'ny mpanampy an-trano. Dia ny mpanampy an-trano no misahana ny fitaizana ny zaza, manome fahalalana samihafa azy mandra-pidirany an-tsekoly: “**mampalahelo anefa** hoy i FETY Michel **fa zaza be dia be no tsy mahazo ny fitaizan'ny reny intsony fa dia mpiasa an-trano no miambina azy (...)**⁴¹

Ahiana noho izany, ny tsy fahampian'ny fanaraha-maso ataon'ny ray aman-dreny ny zanany noho ny fotoana vitsy iarahany aminy. Misy ray aman-dreny mahatsapa izany, ka miezaka mameno ny fotoana malalaka ananan'ny roa tonta anatanterahan-javatra miaraka na ifampiresahana tsara.

Ao koa ireo miezaka mampiditra ny zanany anaty fikambanana samihafa mba hisorohana ny mety ho fitaran-tsain'ny ankizy amin-javatra hafa, amin'ny fotoana tsy andehanany any an-tsekoly.

Ohatra: fikambanana manao fanatanjahan-tena; lomanon, haiady, fikambanana mampianatra manao sakafo, mampianatra mitendry zava-maneno, sns

2-3-3 ny sehatra samihafa ivelaran'ny fanabeazana'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA sy ny endrika isehoan'izany

Hita teo ny mikasika ny endriky ny fanabeazana taloha sy ankehitriny raha ny ankapobeny no jerena. Ndeha hitodika manokana amin'ny endri-panabeazana tanterahin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA. Hanombohana azy aloha ny sehatra samihafa ivelany: ny ankohonana sy ny fiarahamonina, ny sekoly, ary ny literatiora.

2-3-3-1 ny ankohonana sy ny fiarahamonina

Amin'ny maha raim-pianakaviana azy, dia tsy maintsy misy ny fanabeazana atolony an-janany. Ny fanabeazana azony nandritra ny fahazazany, izany hoe, ny toetsaina sy fampianarana namolavolan'i Neny Ramavo sy Ranombana, dadabe Radavida mivady, ary Papa sy Mama no nosivaniny hoentiny manabe ny zanany. Tsy hoe misy tsy nety ireny fanabeazana ireny, saingy tsy maintsy atao ny sivana noho ny fotoana sy ny tontolo misy azy.

⁴¹ M. FETY, *Fanabeazana sy fiainam-pirenena*, op cit

Eo amin'ny fiarahamonina kosa, satria olon'ny fiarahamonina ny lehilahy, ary azo lazaina fa anisan'ny maromaro mpahalala sy be mpahafantatra, dia miezaka izy hanao fihetsika maotina sy mendrika hatrany.

Hoy RAHAJARIZAFY momba ny eritreritry ny fiarahamonina manoloana ny fihetsika ataon'ny olona iray. ***“tadidiny ianao rehefa tsy mahay manaja azy tamin'ny vavanao, ka ahiany sy andosirany ny hifanehatra sy hiresaka aminao; tadidiny ianao rehefa tsy mahay manaja amin'ny vavanao, ka tsy te hiherika anao intsony izy fa monaina”***⁴²

Araka izany, dia tokony hotandremana fatratra izay atao eo anivon'ny fiarahamonina sy ny firenena. Halavirana ny miteniteny foana, ny manao fihetsika tsy voahevitra. Mifanabe mantsy ny mpiara-monina. Manabe tena; manabe ny hafa.

2-3-3-2 ny sekoly

Amin'ny maha mpampianatra sady mpanabe an'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, dia mahatsiaro ho tompon'andraikitra izy amin'izay hahatonga ny mpianany ho olom-banona hiatrika ny fiainany iray manontolo. Mety hizara fahalalana sy manome lesona fotsiny ny mpampianatra sasany. Fa ny mpanabe kosa, dia mihevitra ny lafiny maha olona iray manontolo. Solon-dray aman-dreny izy hameno izay fanabeazana mety tsy ho vita tany an-tokantrano.

Koa Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, dia miezaka tsy hijanona amin'ny fanomezan-desona sy fahalalana tsotra fotsiny, fa miditra amin'izay heverina fa lalina kokoa. Ny taranja Malagasy rahateo moa no taranja tazoniny, koa dia ataony izay hahatonga ny mpianatra ho tia sy hanaja ny tenin-drazany. Ary na dia eo aza ny fanatontoloana misy, dia tsy ho *“valalan'amboa ny teny malagasy ka ny tompony aza tsy tia”*

2-3-3-3 eo amin'ny sehatry ny literatiora sy ny Faribolana IPA

Ny Literatiora dia zava-kanto atao amin'ny teny na soratra. Sady natao hialana voly no hanatsoahana fanabeazana.

⁴² (A) RAHAJARIZAFY, *Hanitra nentin-drazana*, op cit

Araka izany, dia fanabeazana maro samihafa no tokony ho hita ao anaty asa soratra na literatiora. Tsy mihevi-tena ho faratampom-pahalalana Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, ka hanome moraly ny mpamaky anaty asa sorany. Apetrako, hoy izy, ny olana samihafa, dia mametraka baraingo, manontany tena ny mpamaky, ary mikaroka vahaolana. Dia izany no fanabeazana ataoko anaty asa soratra.

Ny fanabeazana amin'ny alalan'ny literatiora sy ny asa soratra izany, ho azy, dia tsy voatery hivantana be, fa manana safidy ny mpanoratra, hanehoany izany araka ny fahaiza-manaony sy ny traikefany.

-Tsy mpanabe ny Faribolana IPA velively Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, fa ivon'io fikambanana io. Izy no antom-pisian'io, satria izy amin'ny maha mpanoratra azy no tohanan'ny fikambanana.

Fifanabeazana no atao ao anatin'io fikambanana io. Na Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA aza, araka ny nambarany, dia mbola ahitsy sy atoro. Toy izao no endrika isehoan'izany: mialoha ny hamoahany boky na asa soratra iray, dia entina dinihina sy iadian-kevitra ao amin'ny Faribolana IPA izany. Misy ahitsy ao, misy ovàna, misy koa ady hevitra. Dia izany no fanabeazana ao anatin'ny Faribolana IPA. Fanabeazana ifampizaràna.

Misy koa, mpanoratra, mpikambana ao amin'ny Faribolana, mitondra ny asa sorany mba hahitsin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA. Fanabeazana koa izany.

Ankoatra ny famokarana asa soratra sy ny fifampitaizana eo anivon'ny Faribolana IPA anefa, dia mbola misy hetsika hafa fanaon'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ho fanabeazana ny olona eo amin'ny sehatry ny literatiora. Tsy inona izany fa ny fampirantiana, ny fitsidihana sekoly ary ny fanaovana famelabelarana:

- ny fampirantiana: misafidy toerana iray, ny Tahala Rarihasina, ohatra, ny mpanoratra sy ny Faribolana IPA mba hampirantiana ireo asa soratra rehetra novokarin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA. Ampahafantarina amin'izany koa ny tsara ho fantatra momba azy. Azon'ny mpitsidika ny fampirantiana atao tsara ny mangataka fanazavana amin'izay rehetra manitikitika ny sainy sy mahaliana azy. Amin'ny alalan'ny famaliana ireny fanontaniana ireny Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA no mampita fanabeazana.

•Fitsidihana sekoly: Maro ny sekoly, na eto Antananarivo, na any amin'ireo tanàna ivelan'ny renivohitra, na any amin'ny faritra somary lavidavitra mihitsy aza no miantso an'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA mba hitsidika azy. Mety ho noho ny bokiny *Vakivakim-piainana* tafiditra ao amin'ny fandaharam-pianarana no anton'izany, kanefa koa mety ho noho ny fankafizana literatiora mihitsy. Efa nomeny fahafaham-po tamin'izany ohatra, i Fenerive-Est, Vavatenina, Toamasina Moramanga, Ankazobe, Betafo, Faratsiho, Fandriana, Fianarantsoa...

Mizara telo ny fotoana amin'izany:

-fampahafantarana ny mpanoratra, tontosain'ny Faribolana IPA

-resadresaka momba ny boky nangatahan'ilay sekoly hanomezana tombom-pahalalana ny mpianany. Anisan'izany ny *Vakivakim-piainana*

-ny Takalo na ny fanabeazana miampita. Eto no anabeazan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ireo mpianatra rehetra na manao fanontaniana izy na tsia.

Nisy vokany tokoa ireny fitetezan-tsekoly ireny. Tsy vitsy ireo tanora ao amin'ny sekoly na fikambanana no efa niezaka hampiaina an-tsehatra ny tantara. Anisan'izany ireo mpianatra ao amin'ny Sampana Teny Anglisy eto amin'ny Ecole Normale Supérieure teo ambany fitarihan'ny Solidarité des Elèves de l'Ecole Normale(SENS) nilalao ny *vakivakim-piainana*.

Teo koa ny Tropy Vonona ho Iray nampiaina ny *onjam-pilafila*

Tsapako, hoy Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, fa voarain'ny mpamaky ny hafatra tiako hampitaina, ka miezaka izy hifampizara izany amin'ny hafa ho fanabeazana azy.

•Famelabelarana : Indraindray ny sekoly na ny Fikambanana iray miantso an'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA mba hanao famelabelarana miompana amina lohahevitra iray. Efa maromaro ihany, hoy izy, ny famelabelarana nataoko. Amin'izany izy no manararaotra manantitra ny fanabeazana tiany homena.

TOKO III: NY TANTARA FORONINA

Hovahavahana aloha ny atao hoe tantara foronina amin'ny alalan'ny fanomezana andram-pamaritana. Aorian'izay dia hatolotra mifanesy ny mombamomba ny boky vakivakim-piainana sy onjam-pilafila.

3-1 Andram-pamaritana

Hojerena izay voalazan'ny rakibolana. Avy eo ny hevitra ny mpanoratra / mpandinika vitsivitsy. Hofaranana amin'izay ambaran'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA.

3-1-1 araka ny rakibolana

PLURIDITIONNAIRE LAROUSSE 1977: *“asa soratra foronin'ny saina ny tantara foronina ka ny fitantarana zotram-piainana samihafa, ny fanadihadiana fomba amam-panao ary ny famakafakana fihetseham-po sy ny firehetam-po no tena mahaliana ao”*⁴³

Ny tantara foronina izany, dia tantara noforonina, mikendry izay hahaliana ny mpamaky amin'ny alalan'ny fanehoana ireo lafin-javatra samihafa mikasika ny foto-pisainana sy ny fiainana amin'ny ankapobeny.

DICTIONNAIRE ROBERT 1958: *“Asa soratra noforonin'ny saina, somary lava ary maneho sy mampiasaina eo anivona tontolo iray, mpandray anjara toy ny olona tena misy ny tantara foronina, ary mampahafantatra ny toe-tsainy, ny anjarany ary ny zotram-piainana”*⁴⁴

⁴³ Pluridictionnaire Larousse 1977, op cit, *“(un roman est une) oeuvre d'imagination en prose dont l'intérêt est dans la narration d'aventures, l'étude de mœurs ou de caractères, l'analyse de sentiments ou de passions »*

⁴⁴ Dictionnaire Robert 1958, dictionnaire alphabétique et analogique, 1959-1964 « *((le roman est) une œuvre d'imagination en prose, assez longue, qui présente et fait vivre, dans un milieu, des personnages donnés comme réels, nous fait connaître leur psychologie, leur destin, leur aventure »*

ROY CLAUDE, *Description Critique* DICTIONNAIRE DE CITATIONS: “**ny tantara foronina dia tantara manomboka eo amin’ny andro nisehoan’ny fahamarinana**”⁴⁵

Izany hoe, ny tantara foronina dia tantara maneho fiainana mifanandrify amin’izay tena misy, ahafantaran’ny mpamaky zavatra maro sy mampisaina azy lalina.

Ny tantara foronina araka izany, dia tantara milaza zavatra tena nisy. Mety ho nisy noforonina ihany ao anatiny, saingy ny mpamaky no mahita ny fifanandrifian’izay zavatra lazaina amin’ny fiainany, ka manambara ny fahamarinana lazain’ny tantara.

I STENDHAL kosa dia nilaza fa: “**toy ny fitaratra mitety lalambe ny tantara foronina**”⁴⁶ Izany hoe ny tantara foronina no ahafantaran’ny mpamaky ny zavatra rehetra misy; ny zava-misy ambaran’ny tantara no mahatonga ny olona hanontany tena ny amin’ny zavatra ataony.

3-1-2 araka ny hevitra ny mpanoratra/ mpandinika

Toy izao ny hevitra ny mpanoratra vitsivitsy. Ny mpandinika vahiny no andeha hanombohana izany, avy eo ny mpanoratra/ mpandinika Malagasy.

3-1-2-1 ny hevitra mpanoratra vahiny

Hoy i François MAURIAC : « **Mialoha ny zavatra rehetra: ny tantara foronina dia fanovana endrika ny zava-misy, fa tsy fandikana azy fotsiny** »⁴⁷

Izany hoe, ny tantara foronina dia tsy maintsy miainga amin’ny zavatra tena misy. Tsy famerenan’ny mpanoratra ny zava-misy fotsiny anefa, fa fanovana izany amin’ny endrika kanto sy mahaliana ny mpamaky.

⁴⁵ Roy Claude, *Descriptions critique*, Argon Romancier, Dictionnaire de citations Lingua-Tech International, Le logiciel de Grand livre électronique édité par Larousse à partir des Dictionnaire Larousse 1992-1993 « **un roman est l’histoire à partir des jours où une vérité se fait jour** »

⁴⁶ STENDHAL, *Roman et société*, Dictionnaire de Citations, op cit, « **un Roman est un miroir qui se promène sur une grande route** »

⁴⁷ (F) MAURIAC, *Le Romancier et ses personnages*, Ed Buchet Chastel, Imprimerie Jean-Grou. Radenez Paris, 1970 « **l’art du roman est, avant tout, une transposition du réel et non une reproduction du réel** »

I Edmond JALOUX, indray nilaza toy izao: ***“Ny tantara foronina dia zavatra tsotra, teny alahatra, manohina, mandresy lahatra, malefaka, toa mihantsy, tsy mirehareha, ary tena manan-danja”***⁴⁸

Ny tantara foronina, araka izany, dia asa soratra tsotra sy manetry tena, kanefa itoeran’ny fahatsarana rehetra.

Ary hoy i Michel ZERAFFA: ***“ny tantara foronina dia maneho fa tsy misy fiarahamonina tsy manana tantara, ary tsy misy tantara tsy avy amin’ny fiarahamonina. Ny tantara foronina no hairaha voalohany maneho ny olombelona amin’ny endrika tantara sy fiarahamonina”***⁴⁹

Araka izany, ny tantara foronina, dia tantara tsy hafa fa an’ny fiarahamonina, mitantara ny zava-misy ao, ary tsy natao ho an’iza, fa ho an’ny fiarahamonina ihany.

Raha toy izany ny hevitra ny mpanoratra vahiny, ahoana kosa ny hevitr’ireo mpanoratra Malagasy?

3-1-2-2 ny hevitra ny mpanoratra/ mpandinika Malagasy

Hatomboka amin’i Esther RANDRIAMAMONJY izany: ***“Ny tantara foronina dia sarim-piainana misy, nefa mety ho nisy; atsangan’ny mpanoratra , arafiny, arindrany hanana ny endriky ny fiainana tena nisy, ary anasongadinana ny marina sy ny kanto”***⁵⁰

Ny tantara foronina izany, dia tantara nisy na tsia. Tantara, mitaky ny fahaizan’ny mpanoratra eo amin’ny fanehoan-kevitra mba ho azo inoana ny zavatra ambarany.

RANDRIAMIADANARIVO, kosa, nilaza fa: ***“Ny tantara, na dia noforonina aza, dia misy lafiny marina daholo, saingy ny tsirairay fa tsy izy rehetra, fa nisy***

⁴⁸ (E) JALOUX, préface, *Le Romancier et ses personages*, op cit. « ***le roman est une chose simple très touchante ; il y a un style brisé , souple , éloquent , humble , arrogant*** »

⁴⁹ (M) ZERAFFA, *Roman et société*, P. réf Coll Sup, Paris 1971 , **p16** « ***l'apparition du genre romanesque signifie essentiellement qu'il n'y a pas de société sans histoire et d'histoire sans la société. Le roman est le premier art qui signifie l'homme d'une manière historico-société*** »

⁵⁰ (E) RANDRIAMAMONJY, *Rary Kanto*, 1995, , tak 7

marina tarý sy tatsy no nangonina, dia nanjary ohatra ny dabilio nakambana, dia nahavita sary vaovao⁵¹

Ny tantara foronina izany, dia tsy noforonina manontolo, fa niainga tamin'ny zavatra tena nisy marina, saingy nasiana fanamboarana.

Tsy mifanalavitra velively amin'izany ny hevitr' Emilison Daniel ANDRIAMALALA: manao hoe ***“Ny tantara foronina, na dia noforonina aza, dia miompana hatrany amin'ny zava-misy sy marina (...) zavatra tsy azo lavina fa iaraha-mahita***⁵²

Andeha hojerena manaraka kosa ny hevitr' Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA momba io tantara foronina io.

3-1-3 araka ny nambaran'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA

Raha nanontaniana izay ataony hoe tantara foronina Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, dia nanambara toy izao: Ny antsoiko hoe, tantara foronina, dia araka izany anarany izany, noforonina izy aloha, saingy ireo tenona na singa samihafa mandrafitra azy dia miainga amin'ny zavatra tena misy, narindran'ny mpanoratra, ary nokantoiny hanome zavatra manokana tsara sy azo inoana.⁵³

Fehiny: tsy dia mifanalavitra araka izany ny hevitr'ireo mpandinika/ mpanoratra ireo. Samy manambara izy rehetra fa ny tantara foronina dia miainga avy amin'ny zava-misy eo amin'ny fiainana andavanandro, fa nasiana fanamboarana mba ho kanto sy hahaliana. Ahitana taratra izany ve ny *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila* ?

3-2 Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA sy ny boky *vakivakim-piainana*

Araka ny nambara tany aloha, dia efa nisy ireo zoky nitari-dalana nanadihady ny boky *vakivakim-piainana sy onjam-pilafila*. Koa tsy hamerina intsony ny efa voalaza, fa ireo zava-baventy ifantohan'ity asa fikarohana ity no havoitra. Indreto lafin-javatra

⁵¹ RANDRIAMIADANARIVO, *Aingam-pivoarana*, 1995, laharana 6, tak 5

⁵² (ED) ANDRIAMALALA, Intervue Radio-Université, Antananarivo, 12 Décembre 1966

⁵³ resadresaka nifanaovana tamin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA teny an-tranony ny 12 janoary 2015 tamin'ny 8-11 ora

telo ireto no hodinihina: ny mombamomba ny boky amin'ny ankapobeny, ireo singa mandrafitra ny tantara ary ny rafitra ankapoben'ireo tantara ireo:

3-2-1 momba ny boky amin'ny ankapobeny

Ireto ny lafin-javatra horeshana: ny fomba nananganana ny boky, ary ny famintinana ny tantara, amin'ny ankapobeny aloha, vao ny isaky ny fizarana lehibe.

3-2-1-1 ny fomba nananganana ny boky

Toy izao, araka ny nambarany, ny fomba namolavolan'ny mpanoratra ny boky: notantarainy tamin'ny tenany aloha ilay tantara . Rehefa fantany ny 2/3 vao manomboka manoratra izy. Nandritra ny valo na sivy volana teo ho eo no namolavolany ny boky *vakivakim-piainana* tany an-tsainy tany. Efa masaka tsara tao an'eritreriny ilay tantara vao nosoratany, hany ka 20 andro monja dia efa voadika hatramin'ny farany tao anaty taratasy tsotra izy rehetra. Naveriny fanindroany tao anaty kahie avy eo. Efa fandikana fahatelo izany ny natao tamin'ny milina.

3-2-1-2 famintinana ny boky

- Famintinana amin'ny ankapobeny:

Nonina tao amin'i Voahangy anabaviny i Tsiry rehefa tsy nahomby teny amin'ny ambaratonga ambony. Naneho toetra hafahafa taminy anefa ny sasany tamin'ny ankohonan'ity anabaviny: Ramily sy i Miaro zanany lahy dia nanao toetra tsy zaka taminy. Lafo loatra ny saran'ny ***tsikalalankalam-pihavanana*** nasehon'ingahy zaodahy taminy. Tapa-kevitra handeha i Tsiry rehefa roa taona niasalalana. Tsy nanan-kavana hafa hiantorahana anefa izy, ka dia nanaraka an'i Meja, zazavavin'ny alina iray sendra tojo azy teny Tsaralalàna. Tany an-tokantranon'io tovovavy io no nahitany indray an'i Mino, ilay olon-tiany fahiny. Niara-nonina tao izy telo mianadahy, ary vokatry ny fifaneraserana tao, dia tapa-kevitra ny hifankatia indray i Mino sy i Tsiry na dia ho ***tsikalankalam-pitia*** ihany aza. Nahita asa ho an'i Tsiry i Meja: mpiambina tao amin'ingahy Aziz, karana iray. Tsy izy irery no tao, fa nisy mpiambina hafa koa, dia Rakotovao sy i Fano. Betsaka ny tsy rariny nihatra tamin'izy ireo. Nihafiana anefa, na

dia **tsikalankalam-bola** aza no noraisina mba hivelomana. Voafitaky ingahy Aziz i Tsiry rehefa tsy nihaino ny anatanatra nataon'i Fano azy. Tsy fantany fa nataon'ny mpanana **tsikalankalan'olona** fotsiny izy. Tratra teny Ivato ireo vovo-bolamena nasisik'ingahy Aziz tany anaty entany raha nirahin'ity mpampiasany haka entana any Maorisy izy. Resy tamin'ny famotorana sy fitsarana natao azy i Tsiry, dia naiditra amponja.

- Famintinana isaky ny fizarana:

FIZARANA I: Tsikalankalam-pihavanana

TOKO I: Nanjary boto mpantsaka rano sy misahana ny asa aman-draharaha rehetra tao amin'i Voahangy anabaviny i Tsiry rehefa tsy nahavita hatramin'ny farany ny fianarany ho mpitantan-draharaha teny amin'ny ambaratonga ambony. Na dia teo aza ny latsalatsa azony tamin-dRamily zaodahiny, dia tsy nanakana azy tsy hanefa ny anjara raharaha rehetra nankinina taminy izany.

TOKO II: Zandary no asan-dRamily. Nisy famindran-toerana ka voatendry ho mpiasa birao izy, raha mpisava ny fiarakodia teny amin'ny lalam-pirenena no asany teo aloha. Nihena vokatr' izany ny vola noraisiny. Nisy fiantraikany betsaka tao antokantrano izany. Nitombo ary niarahany ny fankahalany an'i Tsiry. Tapa-kevitra ny hiala tao ity farany.

FIZARANA II: Tsikalankalam-pitia

TOKO I: Nony niala tao amin-dRamily i Tsiry, dia tsy nahita hisitrihana. Nanaraka an'i Meja, zanaky ny alina iray sendra tojo azy teny Tsaralalana izy. Tao antranon'io tovovavy io no nahitany an'i Mino, ilay olon-tiany fahiny.

TOKO II: Mitantara ny nandaozany an'i Tsiry i Mino: ny niarahany tamin'ilay vazaha, ny nandaozan'io azy, ny aretina nahazo azy... i Meja no zary namelona azy telo mianadahy satria i Mino marary, ary i Tsiry mbola tsy an'asa. Niverina nifankatia indray i Mino sy i Tsiry.

FIZARANA III: Tsikalakalam-bola

TOKO I: Nahazo asa i Tsiry: mpiambina tao amin'Ingahy Aziz, karana naman'i Meja. Velom-bolo i Tsiry fa mba handray karama amin'izay.

TOKO II: Tsy izy irery no mpiambina tao amin'ingahy Aziz, fa teo koa i Fano, tovolahy vao herotreronny, sy Rakotovao, efa zokiolona iray. Betsaka ny tsy rariny nihatra tamin'izy telo ireo, na teo amin'ny lafiny fitondrana, na teo amin'ny valinkasasarana nomena azy.

TOKO III: nisy entana nampidirin'ingahy Aziz tao amin'ny magazay. Nangalaran'i Fano valonan-damba iray izany. Ny andro moa alina ka tsy nisy nahita afa-tsy i Tsiry ny nanaovany izany. Nomeny ampahany tamin'ny vola azony i Tsiry avy eo.

FIZARANA IV: Tsikalankalan'olona

TOKO I: noho ny tsy fahasalaman-dRanaivo mpanao kaonty, dia i Tsiry no nisolo toerana azy. Tonga mose Ratsiry izy: nanankinana zavatra maro, nifanakaiky tamin'ny mpampiasa, notendrena hamita iraka any Maorisy.

TOKO II: tsy lasa tany Maorisy anefa i Tsiry noho ireo vovo-bolamena tratra tany anaty entana nampitondraina azy. Nodian'ingahy Aziz tsy fantatra izany. Teo vao gina i Tsiry.

TOKO III: tsy afaka niaro tena i Tsiry. Teo vao tsapany ny fandrika nahazo azy. Nogadraina izy rehefa avy niaritra fampijaliana maro nandritra ny fanadihadiana natao taminy. Indreo tonga namangy azy tany am-ponja ireo hany havana aman-tsakaiza tsy mahafy.

3-2-2 ireo singa mandrafitra ny tantara

Misy ireo singa mandrafitra ny tantara foronina; iombonan'ny rehetra izany. Ambaran'i BOURNEUF sy OUELET, manao hoe: *“(Ny singa mandrafitra) ny*

*tantara foronina dia fitambaran'ny toerana, ny fotoana, ary ny toe-javatra tantaraina(...)*⁵⁴

Izany hoe, ny toerana, ny fotoana, ary ny mpandray anjara no fototra maha tantara foronina ny tantara foronina. Hojerena mifanesy ireo:

3-2-2-1 ny toerana

Teto Antananarivo no nanehoan'ny mpanoratra ny ankamaroan'ny tantara. Tsy mahagaga loatra izany, satria mponin'Antananarivo izy. Raha ny taona 1987 Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA no nampianatra voalohany tao amin'ny Lycée Andoharanofotsy, azo heverina fa efa nahalala sy nahafantatra tsara an'Antananarivo sy ny manodidina kosa izy valo taona taty aoriana, dia ny taona 1995 nivoahan'ny boky *vakivakim-piainana*.

Hozaraina roa ireo toerana voasoritsoritra ao amin'ny tantara: andaniny, ireo toerana ilazalazan'ny mpanoratra ny fombafombam-piainan'ny olona eto an-drenivohitra, ary ankilany ireo toerana ivelarana sy irosoan'ny tantara.

a) ireo toerana ilazalazan'ny mpanoratra ny fombafombam-piainan'ny olona eto an-drenivohitra

Indraindray faritan'ny mpanoratra mazava ilay toerana, toy ny hoe: Tsaralalàna, Ankadindramamy; indraindray kosa, ny trangan-javatra miseho na mpiseho ao amin'ilay toerana no ambarany.

ohatra:

-Tsaralalàna: *maresaka ny alina (...), midonaka ny fofon-kitoza fitelemana toaka*⁵⁵. Anisan'ny toerana be mpandeha amin'ny alina ny faritra Tsaralalana: ao ireo sakaizan'ny zava-pisotro mahamamo sy ny zava-mahadomelina isan-karazany, ao ireo voasariky ny zazavavin'ny alina.

-Ankadindramamy: *teny ambanimbanin'Ankadindramamy no naleha. Vao niala ny fiara dia tanin-tsaonjo no notetezina, tata-drano no nodinganina, dia elanelan-trano niolikolika*.⁵⁶ Efa somary amin'ny sisiny antsinanan'Antananarivo no misy

⁵⁴ Bourneuf & Ouelet, *L'univers du roman*, PUF, 4ème edition, Paris, Janvier, 1985, P 61 « **une scène dans un roman est soumise à des principes d'unité-lieu, temps, action-(...)** »

⁵⁵ VKP tak 19

⁵⁶ VKP tak 21

an'Ankadindramamy, ka tsy mahagaga ny fisian'ny tanin-tsaonjo sy ny tata-drano. Tsy mamorona ny mpanoratra fa tena misy tokoa izany.

-ny fanaon'ny vehivavy mpantsaka: *nikotaba atao andrefan-trano(...) miady laharana, mifosa namana dia manao farahehy.*⁵⁷ Fanaon'ny vehivavy mpantsaka tokoa ny mitabataba sy manao resa-behivavy eo am-piandrasana ny anjarany amin'ny fanovozan-drano.

-ny fanaon'ny karana mpampiasa: *tonga tamin'ny ora voatondro izahay, saingy mbola sahirana, hono, izy ka dia nasainy niandry. Teo an-tokontany ihany no nijaridina(...)*

Angamba ilay hoe'izahay" no nanaitra ity mpampiasako, fa toa izay vao mba "tazany" aho.

Nodinihiny tsara, nalainy ambony, nalainy ambany; norefesiny tamin'ny masonry(...)

*Tsy lasa, tsy lasa! Izy mahia! Mahavita miambina io? Olo mahia karaha io, hiambina?... izy tsy hilefa mahita mpangalatra.*⁵⁸

Tarehin-javatra tsy vaovao amin'ny Malagasy miasa amin'ny karana no ahariharin'ny mpanoratra eto. Toa efa sakafon'izy ireo isanandro ny teny maharary sy ny fanambaniana.

Araka izany, ireo toerana nolazain'ny mpanoratra sy nampiasainy ato amin'ny boky *vakivakim-piainana* dia maneho fa mponin'Antananarivo ny mpanoratra. Ny fampiasany ireo toerana samihafa ireo, dia ahafantarana amin'ny ampahany ny fanaon'ny mponina eto amin'ny renivohitra amin'ny andavanandro .

Misy koa toerana tsy nataon'ny mpanoratra hampahafantarana ny zava-misy ataon'ny mponina ao aminy, fa nataony kosa hivelaran'ny tantara sy hirosoan'ny vontootin-javatra tantaraina.

⁵⁷ VKP tak 03

⁵⁸ VKP tak 34-35

b) Ireo toerana ivelarana sy irosoan'ny tantara

-*tao an-tokantranon'i Voahangy*: toerana nonenan'i Tsiry raha naloan'ny ny oniversité izy. Toerana niaretany ireo fampijaliana maro: latsalatsa, esoeson-teny, fandroahana.

-*varo-mitsangana iray*: toerana nihaonan'i Tsiry tamin'i Meja, ilay zazavavin'ny alina.

-*anatin'ny trano bongo kely*: fonenan'i Mino sy i Meja. Toerana nialokalofan'i Tsiry rehefa tsy nahita hisitrihana izy. Toerana niverenan'ny fifankatiavan'izy sy i Mino indray.

-*trano kely eo am-pototry ny vavahadin'ny magazay iasan'i Tsiry*: toerana nahafantaran'i Tsiry fisainana roa samy hafa, dia ny hoe: “*aleo mihinan-kely toy izay mihinana ny tsy fihinana(...) na manaraka ny adala amin'ny hadalany (...) mionona amin'ny horonan-damba (halatra) tsindraindray ihany*”⁵⁹. Toe-tsain'i Fano sy Rakotovao ireo. Teo anelanelan'izy roalahy i Tsiry. Rakotovao mionona amin'izay atolotry ny mpampiasa azy, i Fano kosa manana hevi-petsy hahazoana karama ambony ampanga hivelomana tsindraindray. Teo amin'io trano kely am-pototry ny vavahady io no nifamahofaho izany toe-tsaina samihafa izany.

Toy izany ny mikasika ny toerana. Ny fotoana kosa no ndeha hasiana resaka manaraka.

3-2-2-2 ny fotoana

Tsy ny toerana na ny habaka ihany no zava-dehibe amin'ny tantara foronina, fa eo indrindra koa ny fotoana. Manana anjara asa lehibe io. Hoy i Guy MICHAUD: “*ny literatiora, indrindra ny tantara foronina, dia zava-kanto mivelatra amin'ny fotoana*”⁶⁰

Lafiny roa mikasika ny fotoana ao amin'ny boky *vakivakim-piainana* no hojerena : ny fanarahan'ny toe-javatra tantaraina amin'ny fizotran'ny fotoana na tsia, ary ny faharetan'ny tantara.

⁵⁹ VKP tak 44-72

⁶⁰ MICHAUD (G), *L'oeuvre et ses techniques*, Librairie Nizet, Paris 1983, p 129 « *la littérature, et singulièrement le roman, est un art de temps* »

a)Fanehoana toe-javatra araka ny fizotran'ny fotoana:

Tsy miara-dalana mandrakariva ny fotoana itantarana toe-javatra iray sy ny fotoana nisehoany, izany hoe, mety ho toe-javatra efa lasa na vao hitranga no tantaraina. Hoy i TODOROV hoe: *“mitsinjara ho roa miavaka tsara izy io, dia ny fitantarana toe-javatra mitranga amin'ny fotoana efa nilaozana, ary ny fitantarana toe-javatra mbola vao hiseho”*⁶¹

•ny toe-javatra manaraka ny fizotran'ny fotoana:

Eto dia ampifanarahin'ny mpanoratra amin'ny fotoana itantarany azy ny toe-javatra mitranga.

Ohatra vitsivitsy amin'izany:

-tsy nahatody ny fiofanana ho mpitantan-draharaha teny amin'ny oniversite i Tsiry	-Nipetraka tao amin-dry Voahangy izy
-nanaovan-dRamily toetra tsy zaka i Tsiry	-tapa-kevitra ny handeha izy
-nolavin'ny sain'i Tsiry ny hatory an-dalambe	-nanaraka an'i Meja izy
-nifankahita tamin'i Mino i Tsiry	-niverina nifankatia indray izy ireo
-nahitan'i Meja asa i Tsiry	-niasa tao amin'ingahy Aziz izy
-tratra teny Ivato ireo vovobolamena nampitondraina an'i Tsiry	-nodian'ingahy Aziz tsy fantatra ny mikasika izany. Nogadraina i Tsiry

Fafana 1 : maneho fitantarana vitsivitsy manaraka ny fizotran'ny fotoana itantarana

Miezaka ny mpanoratra eto hampifanaraka ny toe-javatra tantaraina amin'ny fotoana itantarana. Ny hitohizan'ny hevitra sy ny hifandrohizan'ny toe-javatra

⁶¹ (T) TODOROV, *Poétique*, Coll. Points., Ed du Seuil, Paris 1968. P. 58 : « (...)on distinguera évidemment deux espèces principales : les rétropections ou retour en arrière et les prospections ou antipations »

tantarainy moa no tena kendreny amin'izany. Misy koa anefa toe-javatra tantarainy tsy mifanaraka amin'ny fizotran'ny fotoana.

- Ny toe-javatra tantaraina tsy manaraka ny fizotran'ny fotoana

Eto dia mbetika ny mpanoratra mitantara ny toe-javatra iainan'ny mpandray anjara ankehitriny. Mbetika izy mampahatsiahy ny fiainan'ny mpandray anjara tany aloha, indraindray moa ataony eo ambavan'ny mpandray anjara ihany izany fampahatsiahivana izany.

Ny hetsika ataon'ny mpandray anjara amin'ny fotoana itantarany azy	Fampahatsiahivana ny fiainan'ny mpandray anjara tany aloha	Ny fehezanteny anehoan'ny mpanoratra izany ao amin'ny boky
- ny ataon'i Tsiry ao an-trano rehefa lasa miasa sy mianatra ry Ramily mianakavy:	- ny ezaka nataon'i Tsiry teny Ankatso talohan'ny naha voaroaka azy:	“ rehefa avy nitsotsotra izy mianakavy, dia miara-miainga indray hanohy ny lahasany. (...) dia niadana indray aho fa irery, dia nikosoka, namafa, nandamina, nanjaitra, nanasa, nipasoka, namalona...Lasa ihany ny eritreritro rehefa mby ao an-tsaiko ilay tenin-dRamily hoe kamolahy (...) nampanaintaina ahy koa ny momba io tsy nahatontosako ny Fianarana Ambony io. Mba niezaka ihany; niari-tory tamin'ny labozia sy ny hatsiaka fa te ho afaka. Nifoha maraina talohan'ny masoandro sy ny olo-miadana fa te ho mari-pidirana; nisakafo rivotra tam-pitsanganana teny ho eny fa te hitsitsy ny vatsy... Mba nataoko avokoa izay

		<i>tokony ho fihafian'ny mpianatra te ho tafita. Indrisy anefa....</i> ⁶²
- ny nahitan'i Tsiry an' i Mino tao an-tranon'i Meja	- ny fahitan'i Tsiry an'i Mino teny Ankatso	<i>“ nitampify teo am-pandriana i Mino, niforitra tsy nihetsika toa biby saro-tahotra. I Mino! (...) tovoavavy niarananatra tamiko teny Ankatso; anisan'ireo be mpaniry tokoa noho ny bika aman'endriny kanto sy ny toetrany maotina. I Mino, ilay nirehareheko satria natoraky ny vintana teny an-tratrako (...)”</i> ⁶³
- ny henatr'i Mino teo am-pahitana an'i Tsiry	- ny nandaozany an'i Tsiry, ny fifankatiavan'i Mino tamin'ilay vazaha sy ny fiainana tao anatin'izany	<i>“nivaloarika ny endrik'(i Mino) nipatrapatra-katsembohana; toy ny nohetsehin-tazo izy, nangovitra noho ny hataraina(...) nanao nanapatapaka tamin'ny fianarana izay i Mino; somary nilanila vaniny tamiko, dia izay: tsy hitako intsony(...) nifankatia tamin'ny tovolahy vazaha iray izy(...) nolazain'ilay vazaha àry fa manelingelina ny fiiarahan'izy roa, hono, ny fianarana, sady efa hoentiny hovadiana any Andafy rahateo ity malalany. Dia natsahatra ny teny Ankatso. (...) efa nitoe-jaza i Mino tamin'izay(...) kanjo roa volana</i>

⁶² VKP tak 10

⁶³ VKP tak 22

		<i>talohan'ny hahavelomany, lasa ilay vazaha...</i> ⁶⁴
- ny resak'izy telo mianadahy manodidina ny fitadiavan'i Tsiry asa	- ny hafatry ny rain'i Mino fahiny raha nampirisika an-janany hianatra	“-Asa inona no hainao? -Angaha misy safidy izany, ry Meja a, na ho mpanampy an-trano aza, hataoko! (...) tena mampalahelo isika tanora ankehitriny. (...) fahiny, rehefa miteny i Dada mialoha ny taom-pianarana vaovao dia hoe: mianara tsara! Tsy mba nanan-kolovana afa-tsy ny fahaizana ianareo. Mianara dia ho tafita!”⁶⁵
-I Tsiry mifoha maraina ao am-ponja	-mitantara izay nolazain'ny Havana aman-tsakaiza tonga namangy azy	“ny akoholahy mpamoha ahy isamaraina dia feo garerarerera(...) hira izy io: Aza manadino Ahy ry mpihaino vavaka(...) efa mba nandalo nijery ahy ny ankamaroan'ny Havana aman-tsakaizako. i Voahangy sy i Vony kely nanatitra ranomaso(...) Rakotovao nivimbina anatanatra(...) i Fano nivatsy fampanenenana(...) i Meja nitondra fifonana...”⁶⁶

Fafana 2: maneho ohatra vitsivitsy, fitantarana tsy manaraka ny fizotran'ny fotoana fitantarana

b)Ny faharetan'ny tantara

Tsy ny fiainan'i Tsiry iray manontolo no resahin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ao amin'ny boky *vakivakim-piainana*. Raha jerena araka ny toe-javatra tantaraina ny faharetan'ny fiainan'i Tsiry resahina ao dia toy izao.

⁶⁴ VKP tak 22-23

⁶⁵ VKP tak 26

⁶⁶ VKP tak 74

-nandritra ny 2 taona: Tsiry no nonina tao amin'i Voahangy anabaviny, tak 03-17
 -1 andro: niala tao amin-dRamily, nirenireny tsy nahita haleha. Tak 18-20
 -herinandro: nipetraka tao amin'ny tranon'i Meja sy Mino. Tak 26-28
 -1andro: nahita asa ho azy i Meja. Nandeha tany amin'ingahy Aziz izy ireo. Tak 32-36
 -1volana: niasa tao amin'ingahy Aziz. Tak 40-48
 -volana maromaro: Nisolo an-dRanaivo teo amin'ny toeran'ny mpanao kaonty. Tak 59-64
 -2andro: i Tsiry teny Ivato, ka hatrany am-ponja. Tak 65-73
 -1volana: i Tsiry tany am-ponja. Tak 74-75
 Araka izany, dia ampaham-piainan' i Tsiry nandritra ny telo taona eo ho eo no taterin'ny mpanoratra ao amin'ny boky.

3-2-2-3 ny mpandray anjara

Ankoatra ny fotoana sy ny habaka, tsy azo odian-tsy hita ihany koa, ny mpandray anjara. Hoy i Yves REUTER: ***“ny mpandray anjara, dia manana andraikitra lehibe ao amin'ny firafitry ny tantara. Izy ireo no mametra ny fihetsika ao, manatanteraka sy mampifandray ireny hetsika ireny mba hisy heviny. Ny tantara mihitsy, raha lazaina amin'ny fomba hafa, dia tantaran'ny mpandray anjara”***⁶⁷

Ny mpandray anjara fototra no iorenan'ny tantara iray manontolo. Koa hitsingevaheva fotsiny ny tantara raha esorina ny mpandray anjara fototra. Hoy i GOLDEINSTEIN hoe: ***“ ny mpandray anjara fototra ao amin'ny tantara foronina no ifantohan'ireny toe-javatra tantaraina ireny”***⁶⁸ Tsy ny mpandray anjara fototra ihany anefa, fa ao koa ireo mpandray anjara samihafa izay samy manana ny andraikitra sahaniny avy amin'ny firosoan'ny tantara.

Indro hatolotra ireo sokajina mpandray anjara sy ny hevitra fonosin'ny anarany avy.

⁶⁷ REUTER(Y) , *Introduction à l'analyse du Roman*, Bordas, Paris, 1991 « ***les personnages ont un rôle essentiel dans l'organisation des histoires. Ils déterminent les actions, les subissent, les relient et leur donnent sens. D'une certaine façon, toutes histoire est histoires des personnages*** »

⁶⁸ GOLDEINSTEIN, *Pour lire le roman*, éditions J. Duculot , Paris 1991. « ***le héros ou héroïne de roman représente celui à qui l'aventure est arrivée*** »

- a) Ireto avy ireo mpandray anjara ireo, araka ny sokajiny avy

Mpandray anjara fototra	I Tsiry na i Besapaka
Mpandray anjara mpanampy	Ramily, Voahangy, i Vony, i Miaro, i Meja, i Mino, i Fano, Rakotovao, ingahy Aziz
Mpandray anjara haingo	-ireo mpantsaka rano -ireo mpamily eny an-dalana -ireo olona mivarotra sy mivezivezy eny Tsaralalàna -ilay lehilahy iray nanatitra entana tao amin'i Aziz -ny mpiasan'ny seranana Ivato sy mpandeha hafa -ny mpiasan'ny fitsarana sy ny mpanao famotorana -ingahibe iray teny am-pigadrana

Fafana 3: maneho ireo mpandray anjara araka ny sokajiny avy

- b) Ny hevitra ny anaran'ireo mpandray anjara araka ny nametrahan'ny mpanoratra azy

Na dia olona noforonina aza ireo mpandray anjara ao anaty tantara foronina, dia tsy nataon'ny mpanoratra kitoatoa izany fa nisy safidiny manokana na teo amin'ny anaran'izy ireo, na teo amin'ny toetrany. Toy izao ny fanazavana nomen' Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA momba ny anaran'ireo mpandray anjara ireo.

-Tsiry: tanora andalam-pitsiriana; matoa mitsiry dia mitombo, mihalehibe, miova... izy no ifotoran'ny tantara iray manontolo. Andalam-pitsiriana toa an'i Tsiry ny ankamaroan'ny tanora heverina fa mandray sy mamaky ny boky. Mampisaintsaina lalina ny tanora malagasy ny fiainan'i Tsiry. Toa tsy dia mifanalavitra amin'izay niainan'i Tsiry mantsy ny fiainana diavin'ny ankamaroan'ny tanora ankehitriny.

-Voahangy: ravaky ny tokantrano. Toa tsy dia nisy andraikiny nanao ahoana tao amin'ny tantara, kanefa ny fisiany dia anisan'ny mampiroso ny tantara.

-Ramily: tompon'ny familiana. “*Nangina tsara manodidina an-dRamily ny ankohonany.*”⁶⁹ Ny fahefana nananan-dRamily sy ny toetrany no nanova ny zotram-piainan'ny mpandray anjara fototra, dia i Tsiry izany.

-Miaro: miaro izay ataon'ny rainy. Na dia tsy mivantana loatra aza izany, dia izay efa ataon-drainy sahady no tahafiny sy ianarany.⁷⁰

-Vony: manambara hatsarana. Naneho fitiavana an'i Tsiry izy. “*Toa nahita elatra anjely i Tsiry raha mijery azy*”.⁷¹

-Rakotovao: “*ela nihetezana ka maizim-pijery*”⁷². Nampitontan'ny taona sy ny fahantrana ka miandry izay higadonany fotsiny.

-Fano : manana hevitra roa ny hoe « fano » : bibikely mpanimba, na koa soka-dranomasina. Ity hevitra faharoa no raisina. Ny soka-dranomasina dia matanjaka rehefa any anaty rano. Tsy afaka kosa izy rehefa ety an-tanety. Dia toy izany i Fano, naman'i Tsiry: sakaizany ny alina ka matanjaka izy amin'izany; mahatsiaro ho teritery kosa izy amin'ny antoandro.⁷³

-Meja: milaza hatsaram-bika, ho meva.⁷⁴ Hatramin'ny hatsaram-panahy, hatsaran-toetra dia tao amin'i Meja avokoa. Porofon'izany ny nanampiany an'i Tsiry, sy ny nandraisany an-tanana an'i Mino.

-Mino: nino sy natoky izay rehetra nataony.⁷⁵

Araka izany, misy dikany avokoa ny anarana nomen'ny mpanoratra ny mpandray anjara Nataony mifandray amin'ny toetrany sy ny anjara asany ao amin'ny tantara izany.

3-2-3 ny rafitra ankapoben'ny tantara *vakivakim-piainana*

Rehefa fantatra àry ireo singa samihafa mandrafitra ny tantara foronina *vakivakim-piainana*, dia hofantarina manaraka kosa ny rafitra ankapobeny

⁶⁹ VKP tak 04

⁷⁰ VKP tak 14

⁷¹ VKP tak 06-15

⁷² VKP tak 38

⁷³ VKP tak 38-39

⁷⁴ VKP tak 19

⁷⁵ VKP tak 23

nananganana azy. Amin'izany, dia hojerena mifanesy ny toe-javatra iandohana, ny toe-java-mananelana, ary ny toe-javatra iafarana.

Mizara telo miavaka tsara ny fiainan'i Tsiry mpandray anjara fototra: ny fianany tao amin'ny i Voahangy anabaviny, ny tao an-tokantranon'i Meja, ary ny tao amin'Ingahy Aziz. Amin'ireo ampaham-piainana tsirairay ireo, izay mamaritra rahateo ny toe-javatra iandohana, mananelana, ary iafarana, dia mifamadibadika hatrany ny olana sy ny vahaolana. Toy izao izany raha fintimpitinina:

• **Ny toe-javatra iandohana:** ny fianan'i Tsiry tao amin' i Voahangy anabaviny, vadin-dRamily

OL: tsy nahatody ny fianarany teny Ankatso i Tsiry

VHL: nandeha nialokaloka tao amin' i Voahangy anabaviny izy

OL: nanaovan-dRamily zaodahiny toetra tsy zaka izy

VHL: niala tao

• **Ny toe-javatra mananelana:** ny fiainany tao an-tokantranon'i Meja

OL: nanaiky hipetraka tao an-tranon'i Meja izy, saingy sahirana izy telo mianadahy satria izy tsy an'asa nefa i Mino olon-tiany taloha , narary.

VHL: nitady asa ho azy tao amin'ingahy Aziz i Meja, ary dia voaray ho mpiambina tao izy.

• **Toe-javatra iafarana:** ny fiainany tao amin'ingahy Aziz

OL: tsy araka ny nifanarahana ny valin-kasasarana nomen'ingahy Aziz an-dry zareo mpiasa tao

VHL: nangalaran'i Fano iray ny valonan-damban'i Aziz

OL: narary Ranaivo mpanao kaonty

VHL: nantsoina hisolo azy i Tsiry, nanaiky izy satria mifanandrify amin'ny fianarana nataony io asa io

OL: nanararaotra ny fahatsorany i Aziz ka nampitondra vovo-bolamena izay tsy fantany akory ho any Maorisy. Tratra i Tsiry, ary dia nigadra.

Raha toy izany ny mikasika ny boky *vakivakim-piainana*, dia hidirana manaraka eto kosa ny momba ny boky *onjam-pilafila*.

3-3 Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA sy ny tantara foronina *onjam-pilafila*

Toa izay natao tamin'ny boky *vakivakim-piainana*, dia lafin-javatra telo no hovahavahana: ny mombamomba ny boky amin'ny ankapobeny, ireo singa mandrafitra ny tantara, ary ny rafitra ankapoben'ny tantara .

3-3-1 momba ny boky amin'ny ankapobeny

Ireto no lafin-javatra horesahana: ny fomba nananganana ny boky, ny famintinana ny tantara, amin'ny ankapobeny aloha, vao isaky ny fizarana lehibe.

3-3-1-2 ny fomba nananganana ny boky

Tsy miova ny fomba fiasan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA raha manoratra tantara foronina. Araka ny nambarany dia tsy maintsy tantarainy amin'ny tenany,hono, aloha ilay tantara. Efa masaka ao an-tsainy ny 2/3 vao manomboka manoratra izy. Somary naharitra kosa hono, ny famolavolana ny boky *onjam-pilafila* raha oharina amin'ny boky *vakivakim-piainana*. Roa taona teo ho eo no faharetany raha atambatra ny fotoana namolavolana azy, ka hatramin'ny nahavitana ny fanoratana azy manontolo.

3-3-2-2 famintinana ny boky

- Famintinana amin'ny ankapobeny

Noho ny tsy fahasalaman'ny reniny, sy ny fahasahiranana tamin'izy dimy mianadahy zandriny, dia diso fidirana matetika i Bako rehefa mamonjy ny toeram-piasany. Orinasa afakaba moa ity niasana ka betsaka ny tsindrio fa lavo nahazo ny ankamaroan'ny mpiasa. Nampanantsoin'ny sefony i Bako momba izany fahatarany

izany. Tsy ho voarainy ny karamany iray volana raha tsy manaiky hifanaraka amin'io mpampiasany io izy. Nanaiky tsy fidiny ny **“filan’ny nofo”** nahatra taminy i Bako rehefa namisavisa ny fahasahiranana’ny ankohonany. Nitoe-jaza vokatr’ilay fanolanana anefa izy, ka very hevitra tanteraka. Niantsampy tany amin’i Fara sakaizany izy. Niserana tao an-tsain’izy roa vavy ny hitory an-dRabontsina mpampiasa azy, saingy raha nisaintsaina ny dingana maro samihafa atao amin’izany, dia nihemotra i Bako. Nokasainy hoesorina indray ity menaky ny ainy, saingy vola be no notakian’ireo mpampivelona taminy. Hany heriny nitantara ny zava-misy rehetra tamin’ny ray aman-dreniny, ka niarahan’izy ireo nikaroka ny vahaolana. Ny hanambadiana ny rain-janany no hevitra hany naharesy lahatra an-dRainibako mivady. Nanery an-kolaka an’i Bako izy ireo. Tapi-dalan-kaleha i Bako ka nanaiky tsy satry ny **“filan’ny sainan”** ireo nahitany masoandro. Tanteraka soa aman-tsara ny fanambadian’i Bako sy Ratiaray. Antery setra tamin’i Bako anefa izany, ka tsy nisy nahafaly azy izay rehetra teo anoloany: na ny tambitamby nataon-dRatiaray, na ny fikarakarana nataon-drafozany, dia samy nataony ho fitaka teo anatrehany avokoa. Tao anatin’ny adin-tsaina tanteraka i Bako no tonga i Nirina Ratiaray, zanany. Tsy naharototra azy akory ny fitaizana an’io zanany io. Ny varavarankeliny teo andrefana ihany no nahafatifaty azy isanandro. Taty aoriana, dia nanomboka namoron-dia nikatsaka izay mahafinaritra azy tany ivelan’ny trano izy. Tratra alina tany. Nahasorena an-dRatiaray izany, saingy tsy nahoan’i Bako akory. Tany am-pandehandehanana tany no nahitany an’i Fetra, tovolahy mpamily iray. Nifankatia fatratra izy ireo. Tsy nankasitrahan’i Fetra loatra ny nahalala fa efa niteraka i Bako. Nikasa handositra tany Mahajanga izy. Nafoin’i Bako ny vady aman-janany. Nanaraka an’i Fetra izy. Tsapany fa tena nameno ny **“filan’ny fony”** loatra i Fetra. Niara-nonina tany izy roa. Taty aoriana dia nikasa ny hanan-janaka izy ireo. Tsy nisy nahomby anefa ny fitsaboana natao tany Mahajanga ka niakatra taty Iarivo. Teny amin’i Fara i Bako no namantana. Rehefa nampahafantarina ity sakaizany ny anton-diany, dia nentiny nijery an’i Nirina i Bako. Tazan-davitra ihany anefa izany. Nanomboka teo amin’ny nahitan’i Bako an’i Nirina zanany anefa, dia niontana ny fony. Teo vao tsapany ny hasarobidin’ny nateraka. Nivaly ny fitiliana nataony. Fantatra fa i Fetra no tsy miteraka. Nifamahofaho teo amin’i Bako ny safidy mikasika an’i Fetra sy i Nirina zanany. Tsy afa-miaraka anefa ireo. Tsy homen-dRatiaray azy mihitsy i Nirina. Tena tiany i Fetra, tsy foiny intsony koa i Nirina. Mba hamalian’i Bako ilay **“filan’ny fanahy”** tao anatin’ny, dia nijanona teo anilan-janany izy. Nanaiky ny safidiny ny rehetra.

- Famintinana isaky ny fizarana

FIZARANA I: FILAN'NY NOFO

TOKO I: Marary efa ho iray volana ny renin'i Bako. Sahirana mikarakara azy 5 mianadahy zandriny izy ka diso fidirana matetika. Nolazain'ny mpampiasa azy fa "fotsy" ny karamany iray volana noho io fahadisoam-pidirany io. Nibosesika tao an-tsain'i Bako ireo trosa isan-karazany. Hany heriny nanaiky izay notadiavin'ity mpampiasa azy. Ny vatany no notakian-dRabontsina ho takalon'ny fahatarany.

TOKO II: Nanenina noho ny zava-bitany tamin'i Bako, Ratiaray ka nifona taminy. Tsy nihaino izany i Bako. Mafy taminy izay natao azy. Tsaroan-dRatiaray ho naharary koa ny tao anatiny. Nofohazin'i Bako ny halemeny taloha izay nafeniny tao ambadiky ny hasiahana. Nahatsapa naharary koa izy ka nilefitra. Tsy noheverin'i Bako anefa izany.

FIZARANA II: FILAN'NY SAINA

TOKO I: Nitoe-jaza vokatr'ilay fanolanana i Bako. Sahirana mafy izy: ny henatra, ny hatezerana, ny fahoriana, samy nibahana tao an-tsainy avokoa. Nambarany tamin'i Fara sakaizany izany. Samy nibosesika tao an-dohany, na ny hitory an-dRabontsina, na ny fahasahiranan'ny ray aman-dreniny, ka nanatona mpampivelona izy hanalàna ilay zaza. Niverin-dalana hatrany anefa, raha nahare ny vola be notakian'ireo mpampivelona nohatoniny.

TOKO II: rehefa very hevitra tanteraka i Bako, dia nivonon-kilaza tamin'ireo ray aman-dreniny. Nandà mafy ny hanesorana an'ity zaza anefa izy ireo, na dia notantaraina taminy manontolo aza ny zava-nitranga. Nanoro hevitra an'i Bako ny hiverenany amin'ny rain-janany ireo nahitany masoandro sy i Fara sakaizany.

TOKO III: Niomanan-dry Rainibako mianakavy fatratra ny famoahana ity matoan'ny ainy. Tanteraka soa aman-tsara ny raharaha rehetra na dia somary tsikaritry ny mpijery aza ny fahatezeran'i Bako nandritra ny lanonana. Nangotika ny fony. Tsy niara-ory taminy mantsy Ratiaray. Tsapany fa nangidy tanteraka ilay volan-tantelin'izy roa teny Ankeniheny.

FIZARANA III: FILAN'NY FO

TOKO I: Nandalo fotsiny teo anoloan'i Bako ny ora sy ny andro rehetra teny Ankeniheny. Tsy nisy dikany taminy izay nataon-dRatiaray: ny fanomezana manokana ho azy, ny kilalao isan-karazany nomanina ho an-janany. Tsy nisy nahafaly azy. Tokana no nandrian'ny sainy, dia ny varavaran-kely teo andrefana; io no maminy.

TOKO II: Noho ny adin-tsaina be loatra, dia teraka mialohan' ny fotoana i Bako. Na dia sarotsarotra aza ny fiterahana, salama tsara ihany izy sy i Nirina Ratiaray zanany. Tsy naharototra an'i Bako ny handray sy hampinono ity sombin'ny ainy, fa mbola ilay herisetra nihatra taminy fahiny no tsaroany. Tsapany fa nandalo fotsiny teo anatrehan'ny ora nahatongavan'ny mpamangy samihafa. Izy sy ny fahoriany kosa no zary nitoetra teo Ankeniheny.

TOKO III: Fitaka teo anatrehan'i Bako izay rehetra nataon-dRatiaray. Tsy naharototra azy ny fitaizana an-janany. Ny varavarankely no hany nankafiziny. Nandeha naka rivotra kely tany ivelany izy. Lasa lavitra ka tratra alina. Nahatezitra an-dRatiaray izany, saingy tsy noheverin'i Bako akory izay nolazaim-badiny. Niverina namonjy ny varavaran-keliny izy namisavisa sy namerina tadidy ny endrik'ilay mpamily namonjy azy tratra alina omaly. Tsy nety tadidiny anefa. Sorena izy.

TOKO IV: Niverina nitsangantsangana teny Isoavina i Bako. Tafahaona tamin'i Fetra indray izy, ilay tovolahy mpamily nanatitra azy indray andro. Nifamotoana matetika izy ireo. Nifampizara fifaliana, nanjary tena nifankatia. Tsy nosainin' i Bako akory ny tenim-badiny mikasika ny fivoahany matetika. Notsorin'i Bako tamin'i Fetra fa efa niteraka izy. Tohina i Fetra. Nangataka fifindrana ho any Mahajanga izy. Tsy nahasakana ny fitiavan'i Bako anefa ny fisintahana kasain'i Fetra sy ny fisian'i Nirina. Nilaozany ny tokantranony. Nanaraka an'i Fetra izy.

FIZARANA IV: FILAN'NY FANAHY

TOKO I: Tonga soa aman-tsara tany Mahajanga i Fetra sy i Bako. Nisy sento kely ihany teny an-dalana, saingy ampy hanadinoan'i Bako an-dRabontsina ny hafanam-pitiavana natolotr'i Fetra azy. Feno hafaliana ny fiainan'izy roa. Tototry ny asa anefa i Fetra ka nahatsiaro fahanginana i Bako. Nitady zanaka ho namana. Tsy nety nitoe-jaza

anefa izy. Lany fanahy i Fetra ka tapa-kevitra handefa an'i Bako hiakatra hitsabo tena aty Antananarivo.

TOKO II: Tonga teto Iarivo i Bako. Namantana teny amin'i Fara . Nambarany an'ity namana ny anton-dia. Nanjary nifanavao izy roa noho ny tsy fitovian-kevitra. Nampanao fitiliana i Bako. Tapa-kevitra hamangy ny teny Ankeniheny izy hitsidika ny zanany. Nandray tsara azy Ramatoa Razafimaro rafozany. Nalahelo mafy anefa i Bako fa tsy nahalala azy akory ilay Nirina keliny.

TOKO III: nivaly ny fitiliana. I Fetra no tsy miteraka. Nambaran'i Bako an'ireo ray aman-dreniny ny amin'izy sy i Fetra: ny fifankatiavany, ny faniriany, ary ny tsy hahatontosa izany. Tsapan'i Bako fa hafa ihany ny nateraka. Tsy nomen-dRatiaray hoentiny anefa i Nirina. Tapaka ny heviny fa hitoetra eo anilan-janany izy, ka hampahafantatra an'i Fetra izany fanapahan-keviny izany amin'ny alalan'ny taratasy.

Hojerena manaraka ny mikasika ireo singa mandrafitra ny tantara foronina *onjam-pilafila*.

3-3-2 ireo singa mandrafitra ny tantara foronina

Araka ny efa naseho tetsy ambony, dia ny toerana, ny fotoana, ary ny mpandray anjara no singa mandrafitra ny tantara foronina, izany hoe sehatra ivelaran'ny tantara. Hofakafakaina misesy araka ny ahitana azy ao amin'ny boky *onjam-pilafila* izany.

3-3-2-1 ny toerana

Hoy i GOLDEINSTEIN: “*ny fisian'ny toerana no ahafahan'ny tantara mivoatra*”⁷⁶. Izany hoe ny fisian'ireo toerana samihafa ampiasain'ny mpanoratra, dia tokony tsy hanelingelina ny mpamaky fa singa iray miteraka firosoana eo amin'ny vontoatin'ny zavatra tantaraina.

Hojerena manodidina ny toerana, ireo toerana nampiasain'ny mpanoratra hivelaran'ny tantara, sy ireo toerana anolorany fanoritsoritana mazava, na sombim-piainana fanaon'ny olona ao.

⁷⁶ GOLDEINSTEIN, op cit « *l'espace (...) permet à l'intrigue d'évoluer* »

- a) ireo toerana nampiasain'ny mpanoratra amin'ny fivelaran'ny tantara

Antananarivo sy ny manodidina amin'ny ankapobeny no nivelaran'ny tantara foronina *onjam-pilafila*.

Mbola asehon'ny mpanoratra hatrany eto ny maha mponin'Antananarivo azy. Raha niresaka mikasika ny renivohitr' Antananarivo fotsiny ny boky *vakivakim-piainana* eo amin'ny toerana nampiasaina, ny boky *onjam-pilafila* kosa dia nentin'ny mpanoratra nivelatra nankany amin' ireo toerana samihafa manodidina sy manamorona ny renivohitra.

Nisintaka kely nankany amin'ny faritany hafa koa ny mpanoratra mba hivelaran'ny tantara bebe kokoa. Mahajanga io. Fa ankoatra an'Antananarivo sy Mahajanga, dia misy toerana hafa koa nampiasain'ny mpanoratra hita ao amin'ny boky. Ireto avy amin'ny ankapobeny ny toerana tena nampiasain'ny mpanoratra tamin'izany:

Toerana nolazaina	Fehezanteny ahitana azy ao amin'ny boky	Takila misy azy
Imoron'Ikopa	Ety <i>imoron'Ikopa</i> , tsy mba fahaizana intsony no zahana fa ny vola.	15
Ankadimbahoaka sy Andronrakely	Naleony nikarenjy (...) niaraka tamin'ireo nitovy toetra taminy teny <i>Ankadimbahoaka sy Andronrakely</i> . (...) nanaraka ny vahilava ho any <i>Ankadimbahoaka</i>	18- 61-66
Madera sy Anosibe	Tsy dia lavitra an'i <i>Madera</i> ny eny <i>Anosibe</i> nitoeran'i Fara. Nirongatra tan'eritreriny (...) ny vanika hanesoan'ny mponin'i <i>Madera</i> azy atsy ho atsy.	20 -30 -37

	Tsy namotaka ny eny <i>Madera</i> .	
Marohoho	Nanken'ny <i>Marohoho</i> atsinanan'i Tsimbazaza, i Bako sy i Fara.	24
Andrefan'Ambohijanahary	Niroso teny amin'ny Firaiana faha-IV teo <i>Andrefan'Ambohijanahary</i> mba hisoratra sy haka sary. Teo <i>Andrefan'Ambohijanahary</i> izy roa no nandray ny fiara fitaterana.	38 -104
Ankeniheny	Teny <i>Ankeniheny</i> , teny andrefan'Ikopa teny manko, lava maso ny olona. Nadisadisa tsimoramora ny fiainan'i Bako teo <i>Ankeniheny</i> . Eny <i>Ankeniheny</i> moa?	38 -44-66
Isoavina sy Anosizato.	Lasa i Bako, nipàka teny <i>Isoavina</i> izy, dia nitoraka nianavaratra izy... <i>Anosizato</i> indray no teo anoloany. Nandalovany indray <i>Isoavina</i> , <i>Anosizato</i> .	60 -65
Ampasika	Eto alohan' <i>Ampasika</i> aho no tokony hivily	61
Ampitatafika	Saika hanohy ho any <i>Ampitatafika</i> izy	66
Tanjombato	Ho eny amin'ny tohodranon'i <i>Tanjombato</i> aho.	69
Ambodivona	Maraim-be no nidiran'ny fiara teo <i>Ambodivona</i>	100

Fafana 4 : ireo toerana eto Antananarivo nofidin'ny mpanoratra hivelaran'ny tantara.

Hita amin'ireo toerana samihafa nampiasain'ny mpanoratra, fa tsy vahiny eto amin'ny faritra Antananarivo sy ny manodidina izy. Misy ifandraisany betsaka amin'ny tantaram-piainany izany. Nampiasany betsaka, ohatra, ny toerana manodidina an'i

Madera sy Ankadimbahoaka, satria, fantany tsara iny. Teny no fonenany raha mbola notaizan’i Neny Ranombana sy Ramavo izy. Ankoatra ny nitoerany tamin’ny Papa sy Mama teto amin’ny faritra Antananarivo. Ankoatra izany, koa, dia saika toerana manodidina ny lalana lalovan’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA isanandro ireny toerana noresahiny ireny. Itaosy no fonenany, ary eny Andoharanofotsy no toeram-piasany. Tranga hita na fantany teny ho eny, tsikariny tamin’ny lalana nodiaviny no raiketiny ao amin’ny boky, ka apetrany amin’ny toerana fantany tsara mba hampiaiina bebe kokoa ny tantara. Mihoatra noho izany ny zava-pantany rehefa niasa sy nonina teto izy, ka tsy nialasalany ny nampiasa sy naneho izany ao anatin’ny bokiny.

Ireo toerana any Mahajanga:

Tsararano	Nahita trano hofàna teny <i>Tsararano</i> i Bako sy i Fetra	83
Boanamary	<i>Boanamary</i> . Tanàna kely sahabo ho telopolo kilometatra avy eo Mahajanga. Etsy <i>Boanamary</i> no halehantsika. (...) androany, aty <i>Boanamary</i> , mbola atakalona izay Masaja.	92-93-96
Antafia	Tonga teo <i>Antafia</i> izy roa.	93 -95
Ampasika	Tsy maintsy nisara-tsy fidiny teo <i>Ampasika</i> . (I Fetra sy Bako)	99

Fafana 5: toerana any mahajanga

Ny fampiaiinan’ny mpanoratra ny tantaran’i Fetra sy i Bako tany Mahajanga dia manaporofa ilay tenin’i François MAURIAC hoe: “***tsy misy tantara afaka miforona mihitsy ao an-tsaina raha tsy apetraka amina toerana efa niainany sy fantatra mazava***”⁷⁷

Raha iverenana ny tantaram-piainan’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA dia nipetraka naharitra tany Mahajanga tokoa izy.

⁷⁷ (F) MAURIAC, op cit, « ***Aucun drame ne peut commencer de vivre dans mon esprit, si je ne le situe dans les lieux où j’ai toujours vécu*** » tak 89

Tany no nahaterahany. Tao Boanamary no fonenan'idadabe Radavida mivady nitaiza azy. Tsy mahagaga raha fantany tsara ireny toerana ireny, ka tsy misalasala izy manome fanoritsoritana ny mpamaky mikasika izany toerana izany.

b) Ireo toerana tsy nolazain'ny mpanoratra fotsiny fa nasiany fanoritsoritana mazava na ilazany ny fanaon'ny mponina ao aminy

-ny fiainan'ny mponina amin'ny faritra iva no anisan'ny asongadin'ny mpanoratra indrindra ao amin'ny tantara. Somary miady mafy amin'ny fiainana ny ankamaroan'ny mponina eny. Betsaka ny sahirana ara-pivelomana, mitrongy vao homana, nefa miezaka miohitra mba hahitana ny indraim-bava hatokona. Ankoatra izany, betsaka ny mpiasa an-tselika amin'ireny toerana ireny ka manam-potoana hitafàna ny olona. Izany no mahatonga azy ireny ho lazaina fa mpanara-maso sy mpifosa lava ny mpandalo. Dia niteraka fifaninana eo amin'ny samy mpiara-monina ny resaka sendra nentin'ny rivotra teny ho eny; tsy natao ambanin-javatra noho izany ny endrika ivelan'ny tena. Asehon'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA izany ao amin'ny boky *onjam-pilafila*: “ *Imoron'Ikopa: tsy mba fahaizana intsony no zahàna fa ny vola, dia ilay vola hozatry ny fiainana* ”⁷⁸

Asehony ihany koa izany amin'ny resaka nifanaovan'i Bako tamin'ireo ray aman-dreniny, fony izy nivaky tamin'ireo nahitany masoandro fa mitoe-jaza: “ (...) *nifantsika tao am-pony (Ralisoa) ny tondro molotra, ny vanika hanesoan'ny mponin'i Madera azy atsy ho atsy. (...) bevohoka tsy manambady, hono! Mba miseho ho mpivavaka ery ireto ray aman-dreniny, hay olona batritra.* ”⁷⁹

Mbola hamafisin'ny mpanoratra hatrany amin'ny fanehoany ny eritreritry ny mponina eny Ankeniheny: “ *teny Ankeniheny, teny Andrefan'Ikopa teny manko, lava maso ny olona; niandry zava-dehibe...! Nanambady, hono, ilay lahitokan-dRamatoa Razafinimaro. Nitantonanona ny olona, namboly resaka...* ”⁸⁰

-Andrefan'Ambohijanahary: tsy notononin'ny mpanoratra ho haingo ao amin'ny tantara fotsiny io, fa nataony indrindra hanampy amin'ny firosoan'ny toe-javatra tantarainy. Fantatry ny mpanoratra tsara fa eo no misy ny Firaiana faha –IV.

⁷⁸ OP tak 15

⁷⁹ OP tak 30

⁸⁰ OP tak 38

“(...)niroso ho eny amin’ny Firaisana faha-IV teo Andrefan’Ambohijanahary mba hisoratra sy haka sary...”⁸¹. Izany hoe, manome fahalalana mikasika ilay toerana resahany koa ny mpanoratra, ankoatra ny fampivelarany ny tantara amin’izany.

- Ambodivona: toerana fiantsonan’ny fiara fitaterana maro. Mpitatitra olona na entana mankany amin’ny Faritany. “maraina be no nidiran’ny fiara teo Ambodivona”.⁸² Toa izany koa , Ampasika: toerana fiantsonan’ny fiara fitaterana any Mahajanga. “tsy maintsy nisara-tsy fidiny teo Ampasika , toeram-piantsonan’ny fiara fitaterana ao Mahajanga”.⁸³

Tsy Ampasika ihany anefa, araka izay hita ao amin’ny boky *onjam-pilafila* no toerana nampiasain’ny mpanoratra any amin’ny faritanin’i Mahajanga. Eo indrindra koa ireo toerana maro ananan’ny mpanoratra fahalalana ka anomezany fanoritsoritana mazava.

Ohatra amin’izany ireto:

-Boanamary: tanàna kely sahabo ho telopolo kilometatra avy eo Mahajanga, mivily miankavanana amin’iny lalam-pirenena iny, mba hihazo ny helodranon’ i Bombetoka.⁸⁴

-Antafia: mahavariana eo ny ranomasina: manga ny afovoany; mangamaitso ny andininy avy; mena-mavo kosa ny ety an-tsisiny avy. Salotsaloran’ny roatran’ onja fotsy izany rehetra izany, mivalombalon-tsy mitsahatra tsofin’ny rivo-malefaka.⁸⁵

Rehefa fantatra ny manodidina ny toerana, ny fotoana kosa àry manao ahoana?

3-3-2-2 ny fotoana

Hojerena amin’ny ankapobeny aloha ny fitantarana ataon’ny mpanoratra na mifanaraka amin’ny fizotry ny fotoana itantarana na tsia, avy eo hofantarina ny faharetan’ny toe-javatra tantarain’ny boky.

⁸¹ OP tak 38

⁸² OP tak 100

⁸³ OP tak 99

⁸⁴ OP tak 92

⁸⁵ OP tak 93

a) Fanehoana ny toe-javatra tantaraina araka ny fizotran'ny fotoana

Ny fitantarana manaraka ny fizotran'ny fotoana no hanombohana izany.

- Toe-javatra tantaraina manaraka ny fizotran'ny fotoana

-diso fidirana matetika i Bako rehefa hamonjy ny toeram-piasany	- naneho fihetsika mamoaafady taminy ny mpampiasa azy. Nisy ny takalom-patsa teo amin'ny roa tonta, vidin'ilay fahatarana
-nitoe-jaza vokatr'ilay firaisana tamin'ny mpampiasa azy i Bako, nitady izay hevitra rehetra hataony izy	-ny fanambadiana an-tery setra no fara-vahaolana hitan'ny rehetra
- teraka i Nirina kely. Nisy ny fanaraha-maso ataon'ny mpitsabo azy mianaka	- tonga nitsidika azy mianaka ireo Havana aman-tsakaiza
- nikomy i Bako, nitady lalana hivoahany izy, haka rivotra any ivelan'ny trano	- asehon'ny mpanoratra ny lalana rehetra nalehan'i Bako: ny eritreriny, ny harerahany, sns.

Fafana 6: toe-javatra vitsivitsy, tantaraina manaraka ny fotoana itantarana

Santionany ihany ireo, fa saika nanerana ny tantara iray manontolo ny nampiasan'ny mpanoratra io fomba fitantarana manaraka ny fizotran'ny fotoana io.

- Toe-javatra tantaraina tsy manaraka ny fizotran'ny fotoana

Ny fihetsika ataon'ny mpandray anjara amin'ny fotoana itantarana azy	Fampahatsiahivana ny fiainan'ny mpandray anjara tany aloha	Ny fehezanteny anehoan'ny mpanoratra izany ao amin'ny boky
-mitantara ny	-mitantara ny lasan-	<i>Tsy izany no niantsoako</i>

fifonana nipololotra avy eo imolotr'i Ratiaray, rehefa avy nanolana an'i Bako izy	dRatiaray. Ny fahazazany, ny hatanorany... izy sy Ramatoa Razafinimaro reniny	<i>anao, fa te hiala tsiny aminao aho. Fahotana izay nataoko tamin'ny Alatsinainy iny(...) mifona aho ry Bako. Mamelà ahy fa tsy nety tokoa iny nataoko iny... ory loatra Ratiaray. Nahantra fitiavana. Nitambolina tan'eritreriny ny fiainany...Ny fahazazany. Lany teo anilan'ny reniny, Ramatoa Rafinimaro(...) I Tiaray kely! Zaza nosalobonindreniny, notolorany ny ambimpitiavany sisa rehetra(...) nanano-sarotra ny lantompahatanorany, sns.⁸⁶</i>
-mitantara ny namangian'i Fara an'i Bako, fony izy terabao	-mitantara ny fanaon'ny ankizy any am-piasana	<i>Tonga nitsidika i Fara(...) ôdray akia ity izy. Fa dia omenareo inona izy 'ty no dia efa ohatra 'zao sahadry?(...) mihetsiketsika ery, akia ny ankizy ao am-piasana an! Amin'ity karama kely, nefa dia mifaninana mamoka akanjo foana(...) raha hitan-dry ry Vao kely izany!(...) ⁸⁷</i>
-mitantara ny fihaonan'i Fara sy i Bako, rehefa tonga avy any Mahajanga i	-mitantara ny fiovan-dRatiaray, ny toetrany sy izay rehetra nataony, rehefa lasa i Bako.	<i>-I Bako! Tsy efa ho roa taona ve izay, akia? -roa taona mahery aza!</i>

⁸⁶ OP tak 17-18

⁸⁷ OP tak 55

Bako		<i>Hoy i Bako menamenatra(...)</i> <i>nony lasa, ho'aho, indry, mainka koa niova tanteraka Ratiaray. Ho gaga angamba indry raha ilazako hoe: nanjary mpivavaka izy, miangona isaky ny Alahady...nandalo teto anie izy e!(...) tena nampalahelo ahy, akia! Dia nitantara ny alahelony, ny fahoriany...ny fahasahiranana-dRamatoa Razafy reniny mitaiza an'i Nirina kely.</i>⁸⁸
-mitantara ny ahiahy niainan'i Fara sy i Bako teo am-pifanatrehana	-mitantara ny fiainan'i Bako sy i Fetra tany Mahajanga	<i>-I Bako!</i> <i>-eny, akia, ry Fara a: izaho ihany 'ty! Nifamahina saiky tsy nitsahatra izy mirahavavy; fenofeno ny fo, nanganohano ny maso(...) Dia mba nitantara ny fiainan'izy sy i Fetra tany Mahajanga i Bako. Ny evokevoky ny hafanana tsy laitrana'ny rivo-dranomasina; ny tabataba nahaloaka ny alina ao an-tanàna; ny vidim-piainana efa mahasahala ny an'Iarivo; ny moka ao Tsararano; ny asan'i Fetra tsy misy fiatoana(...)</i>⁸⁹

Fafana 7: fitantarana tsy manaraka ny fizotran'ny fotoana itantarana

⁸⁸ OP tak 101-102

⁸⁹ OP tak 101-102

Araka izany, hita fa nampivadian'ny mpanoratra ireo fomba fitantarana roa ireo. Samy manavanana azy ireo, sady mamerina indray ny fifantohan'ny mpamaky amin'ny vontootin-tantara eo am-pamakiana ny boky.

b) Ny faharetan'ny tantara

• Ny fotoana aharetan'ny toe-javatra tantaraina

Na dia lava aza ny tantara foronina raha miohatra amin'ireo asa soratra hafa, dia tsy tantaram-piainana iray manontolon'ny mpandray anjara fototra no tantaraina ao. Ampaham-piainana amin'ny endrika mivelatra kokoa. Ny tantara foronina *onjam-pilafila* dia miresaka ny tantaran'i Bako mandritra ny dimy taona eo ho eo. Toy izao no ahafahana milaza izany:

-25 taona i Bako, eo amin'ny fiandohan'ny tantara: “ *I Bako: tovovavy manodidina ny faha dimy amby roapolo taonany eo ho eo*”⁹⁰.

-fito volana no nitondrany an'i Nirina tao an-kibo. “ *efa fito volana izay. Sempotra izy. Fanina, nianjera(...) saro-piterahana izy (...)tonga aloha ny zaza(...)tsy tonga volana i Nirina. Tsy feno andro.*”⁹¹

-herintaona i Nirina. I Bako nanomboka nitady fiainam-baovao tany ivelan'ny trano. “*niherina ny taona(...) efa nanandrana nitsangana i Nirina(...) dia nizaha lalan-kombana i Bako. Handositra?*”⁹²

-nanaraka an'i Fetra tany Mahajanga i Bako. Roa taona taty aoriana izy vao niverina:

“*I Bako! Tsy efa roa taona ve akia izay ?*

Roa taona mahery aza: hoy i Bako menamenatra”⁹³.

-niara-nahatsiaro ny lasa i Fara sy i Bako. “*niara-nahatsiaro ilay loza fahiny izy roa(...) dimy taona angamba izay... ”.*”⁹⁴

⁹⁰ OP tak 09

⁹¹ OP tak 49-50

⁹² OP tak 58-60

⁹³ OP tak 100

⁹⁴ OP tak 101

Raha zohina ireo, dia dimy taona eo ho eo ny fiainan'i Bako tantarain'ny boky *Onjam-pilafila*. Dimy taona izany no faharetan'ny toe-javatra tantaraina ao amin'ny tantara foronina *Onjam-pilafila*.

- Fotoanan'ny mpamaky

Tsy azo atao tsinontsinona ny mpamaky satria ***“ny fisian'ny mpamaky no loharano miteraka ny famoronana”***⁹⁵ “ hoy i Robert ESCARPIT. Ny fotoana andraisan'ny mpamaky ny asa soratra no resahana amin'izany. Raha ny taona 1995 no nanoratana ny boky *onjam-pilafila*, ny taona 2001 kosa vao nivoaka ho azon'ny besinimaro vakina . Teo anelanelan'ireo taona ireo, dia mety nisy fanamboarana nataon'ny mpanoratra na tsia. Zava-misy tamin'ny vanim-potoana nivoahan'ny boky no tena ifantohan'ny tantara. Na izany aza anefa, dia hita fa tsy mifanalavitra amin'ny zava-misy ankehitriny izay voarakitra ao. Tsy misy fotoana voatokana hamakiana ny tantara foronina. Mazàna dia ny vanim-potoana iainanan'ny mpamaky no amakiany tantara iray. Raha ny boky *onjam-pilafila* no jerena, dia hita fa iray ihany ny vanim-potoana iainan'ny mpanoratra sy ny mpamaky ary ny toe-javatra tantaraina, izany hoe, tsy mifanalavitra amin'ny zava-misy ankehitriny ny zava-misy nambaran'ny mpanoratra ao amin'ny toe-javatra tantaraina na dia efa taona maro aza izay no nanoratana ny boky.

Ny faharetan'ny fotoana amakiana ny tantara kosa, dia miankina amin'ny fahazoan'ny mpamaky ny hevitra tian'ny boky hambara.

Rehefa fantatra ny momba ny toerana sy ny fotoana, dia hidirana ny momba ny mpandray anjara.

3-2-2-3 ny mpandray anjara

Hofantarina manaraka eto hoe, iza avy ireo mpandray anjara amin'ny boky *onjam-pilafila*, ary inona ny hevitra ny anaran'izy ireo avy

- a) Ireo mpandray anjara araka ny sokajiny avy

⁹⁵ ESCARPIT(R), *Sociologie de la littérature*. Collection Que-sais-je ?N° 777. P.U.F. Paris 1964

« autrement dit , un public-interlocuteurs existe aux sources même de la création littéraire. »

Mpandray anjara fototra	I Bako
Mpandray anjara mpanampy	Ratiaray –i Fetra – i Fara –i Nirina -Rainibako mivady – ramatoa Razafinimaro
Mpandray anjara haingo	-ny mpampivelona, ny renin-jaza -Ny mpikabary - ny fianakavian-dRatiaray sy i Bako -ny mponin'i Madera sy Ankeniheny -ny mpitsabo teny amin'ny hopitaly -ny mpiara-miasa tamin'i Bako sy i Fara -ireo vazaha mpampisa an'i Fetra -ny mponin'i Tsarano

Fafana 08: ireo mpandray anjara araka ny sokajiny avy

b) Ny hevitra ny anaran'ireo mpandray anjara

Misy ifandraisany amin'ny vontoatin'ny tantara avokoa ny hevitra ny anaran'ny mpandray anjara.

Bako: milaza hatsaram-bika. Bakobako endrika. Natao hifanandrify indrindra amin'ny endriny ny anarany. *“I Bako, bako toy ny anarany, bakobako mateza dinihina.”*⁹⁶ *I Bako! Bakobako mateza dinihina. Ny endrika amam-bikanao toa tsy mety mankalao*”⁹⁷

Io hatsarany io no nampitsiry ny fitsiriritan-dRabontsina azy. *“nentin'ny fitsiriritako anao efa hatry ny ela aho, ka tsy nahafehy tena, hoy Rabontsina.”*⁹⁸

Ratiaray: ny hoe tiaray araka ny fanazavana nomen'ny mpanoratra, dia midika hoe: tsy ampy. Ny fiainany mihitsy no ambaran'izany anarany izany. Tsy ampy loatra teo amin'ny fivelomana satria nananotena ramatoa Razafy reniny. *“nadiodio matetika ny vilany, toy ny nialan-drom-patsa(...) natakalao hatokona ny sisa entan-kely nitsitokotoko tao (an-trano). Fa ny kitrom-pelatanany no hany fiadiana nentin-dRazafy*

⁹⁶ OP tak 09

⁹⁷ OP tak 67

⁹⁸ OP tak 19

*namelona an' Tiaray kely*⁹⁹. Ankoatra izany, dia tsy ampy fitiavana avy amin'ny Rainy koa Ratiaray satria “zazasary”.

Fetra: ny hoe fetra, voalohany, dia natao ho tanjona. Io ilay tanjona fitiavana marina nezahin'i Bako hotratrarina. Tofoky ny geja izy ka vonon-kitroatra. Tanjony koa ny hamaly faty an-dRatiaray ka tamin'ny alalan'i Fetra no nahatanteraka izany. Faharoa, fetran'ny fijalian'i Bako. Tamin'ny alalan'i Fetra ihany koa no nahafoana ny fijaliany. “(...) fitiavany an'i Fetra no nisarika azy (...) ny fankahalany an-dRatiaray no nanosika azy hamaky ilay fonjany.”¹⁰⁰

Nirina: araka izany anarany izany, nirin-dRatiaray fatratra izy, hanehoany ny fitiavana sy tambitamby rehetra tsy azony tamin'ny rainy. “*Fa ny an-dRatiaray no tena fatratra (ny hafaliany) : ilay tsiky nivaky teo imolony , tsy niaisotra intsony, tsy azo nalàna fa nipetaka naharitra ho anisan'ny endriny*”¹⁰¹. “*nofenoina tao amin'i Nirina kely ny bangam-pitiavana tao amin'i Tiaray fahazaza(...) narahin-tsitrapo satria nirina tokoa.*”¹⁰²

I Fara: fara fialofan'i Bako. Izy hatrany no atonin'i Bako raha sendra fahoriana izy. I Fara no hany tsy nahamenatra an'i Bako. Fara fanantenany. Fara fialokalofany raha ory izy. “(...) *namoron-dia i Bako, handeha hitafa tamin'ity namany nitokiany*”.¹⁰³ “*I Fara. Izy hatrany no nitokian'i Bako: fara fialofany! Nahafantatra ny “ratsiny fahiny” ka tiany hizarana ny ratrany ankehitriny*”.¹⁰⁴

Rehefa hita ireo singa mandrafitra ny tantara foronina, haroso manaraka ny rafitra ankapoben'ny boky *onjam-pilafila*.

3-3-3 ny rafitra ankapoben'ny tantara foronina *onjam-pilafila*

Toy izay natao tamin'ny boky *vakivakim-piainana*, hasesy eto ny mikasika ny toe-javatra fiandohana, ny manelanelana ary ny toe-javatra mamarana.

⁹⁹ OP tak 17

¹⁰⁰ OP tak 82

¹⁰¹ OP tak 52

¹⁰² OP tak 59

¹⁰³ OP tak 20

¹⁰⁴ OP tak 76

Rehefa fantatra ireo singa samihafa mandrafitra ny tantara foronina *onjam-pilafila*, dia hofantarina manaraka kosa ny rafitra ankapobeny nananganana azy. Amin'izany, dia hojerena mifanesy ny toe-javatra iandohana, ny toe-javatra manelanelana, ary ny toe-javatra iafarana.

Mizara telo miavaka tsara ny fiainan'i Bako, mpandray anjara fototra: ny fiainany tao am-piasana, ny tao an-tokantranony, ary ny fiainany niaraka tamin'i Fetra. Ireo ampaham-piainan'i Bako ireo, izay ifamadibadihan'ny olana sy ny vahaolana no mamaritra ny toe-javatra iandohana, manelanelana, ary iafarana. Toy izao izany raha aseho amin'ny endrika mifintina:

- **Ny toe-javatra iandohana:** ny fiainan'i Bako tao am-piasana

OL: tara lava i Bako noho ny fahasahiranana tao an-tokantranony

VHL: nanazava ny anton'izany tamin'ny mpampiasa izy

OL: tsy nanaiky hihaino azy ny mpampiasa. Tsy niraharaha azy akory.

VHL: nanao fiaraisana ara-nofo tamin'ny mpampiasa izy mba hahazoany ny karamany iray volana

OL: nitoe-jaza vokatr'ilay takalom-patsa izy

VHL: vonona ny hampiakatra azy ho vady Rabontsina mpampiasa azy

- **Ny toe-javatra manelanelana:** ny fiainany tao an-tokantranony

OL: an-tery tamin'i Bako ny fanambadiana ka tsy nankasitrahany loatra

VHL: nanambitamby azy fatratra ny vadiny sy ny rafozany

OL: zava-poana tamin'i Bako izany, tsy noheveriny akory ny zanany. Nitady lalan-kivoahana izy

- **Ny toe-javatra mamarana:** ny fiainany niaraka tamin'i Fetra

VHL: nifankatia tamin'i Fetra i Bako

OL: tsy tantin'i Fetra ny nahafantatra fa efa niteraka i Bako. Nikasa handositra tany Mahajanga izy

VHL: tsy nifankafoy ny roa tonta, nanaraka an'i Fetra tany Mahajanga i Bako

OL: difotry ny asa i Fetra, nahatsiaro fahanginana i Bako, nitady zaza. Tsy nety nahazo anefa izy roa

VHL: niakatra nitsabo tena taty Iarivo

OL: fantara tamin'ny valin'ny fitiiana fa i Fetra no tsy miteraka. Tsy nahafoy an'i Nirina zanany i Bako

VHL: niverina tamin'ny vady aman-janany izy

Ny rafitra ankapoben'ny tantara foronina dia ahitana ny fizotran'ny fiainan'ny mpandray anjara amin'ny ankapobeny. Mifamahofaho eo ny olana sy ny vahaolana maro, izay samy setrain'ny mpandray anjara fototra. Anisan'ny maha tantara foronina ny tantara foronina koa ny fahaizan'ny mpanoratra mandanjalanja sy maneho izany.

FAMINTINANA NY FIZARANA VOALOHANY

Tato anatin'ity FIZARANA VOALOHANY ity dia nezahina ny nampahafantatra ny mombamomba an'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA. Notsindriana manokana tamin'izany ny fomba nitaizana azy, sy izay heverina fa namolavola azy ho mpanabe. Ny fahazazany, ny hatanorany, ny asany sy ny andraikitra maro sahaniny no vahavahan'ny Toko voalohany. Miresaka momba ny fanabeazana kosa ny Toko faharoa. Ny famaritana ny fanabeazana araka ny rakibolana sy ny mpandinika samihafa; ireo rehetra heverina fa mpanabe sy mpanatanteraka izany; ary ny endri-panabeazana tanterahin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA no fakafakaina ao. Manodidina ny tantara foronina kosa no velabelarina ao amin'ny Toko fahatelo. Nisy ny famaritana vitsivitsy natolotra. Ny sehatra ivelaran'ny tantara foronina sy ny rafitra ankapobeny. Natsidika sahady koa ny mikasika ny boky *vakivakim-piainana* sy *onjam-pilafila* nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, izay boky ifotoran'ny asa fikarohana ka hanatsoahana fanabeazana. Izany indrindra no hidirana ao amin'ny FIZARANA FAHAROA.

**FIZARANA II : NY BOKY VAKIVAKIM-
PIAINANA SY ONJAM-PILAFILA, TANTARA
FORONINA MIVOY FANABEAZANA**

Araka ny nambaran'i Jean Paul SARTRE hoe : « *ny anjara asan'ny mpanoratra dia ny mampita hafatra ho an'ny mpamaky* »¹⁰⁵ dia tsy natao hampiala voly fotsiny ny literatiora, indrindra ny tantara foronina, fa misy hafatra ampitain'ny mpanoratra ao. Tsy voatery ho moraly io, hoy Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, fa toe-tsaina ampitaina hanabeazana ny mpamaky.

Anjaran'ny mpamaky no misinton-kevitra sy mandray fanabeazana avy amin'ny hevitra samihafa atolotry ny mpanoratra. Hita fa zava-dehibe tamin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ny lafiny fanabeazana. Mitodika betsaka amin'izany mantsy ny boky *vakivakim-piainana*, ary tsy ambakan'izany koa ny boky *onjam-pilafila*. Fanabeazana maro samihafa no azo tsoahana ao amin'ireo boky roa ireo; hojerena aloha ny fanabeazana azo tsoahana amin'ny singa mandrafitra ny tantara foronina, avy eo hohalalinina ny fanabeazana tsoahana avy amin'ny vontoatin'ny tantara, ary farany , ireo hafatra sy fahendrena vitsivitsy resahan'ny mpanoratra ao amin'ny boky.

TOKO I: ny fanabeazana tsoahana amin'ireo singa mandrafitra ny tantara foronina

Araka ny efa nambara teo aloha, dia ny mpandray anjara, ny fotoana, ary ny habaka no singa mandrafitra ny tantara foronina. Hojerena mifanesy ny fanabeazana azo tsoahana avy amin'izany.

1-1 ny mpandray anjara

Raha vao miresaka mpandray anjara, dia ny mpandray anjara fototra no mby antsaina voalohany. Azo resahina ihany koa ny mpandray anjara hafa, nefa ny mpandray anjara fototra no tena ifantohan'ny saina noho izy ivon'ny tantara iray manontolo sy ifotoran'ny fitantarana rehetra.

Mety ho tokana na maromaro ny mpandray anjara fototra anaty tantara foronina iray. Eto amin'ny boky ifotoran'ny fanadihadiana, dia tokana hatrany ny mpandray anjara fototra nampiasain'ny mpanoratra. I Tsiry ho an'ny boky *vakivakim-piainana*, ary i Bako kosa, ho an'ny boky *onjam-pilafila*.

¹⁰⁵ (JP) SARTRE, *Qu'est-ce que la littérature?* Edition Gallimard, Paris 1948. « *la fonction de [l'écrivain] est de délivrer des messages à ses lecteurs* » p.35

Azo isintonan-kevitra sy fanabeazana sahady izany maha olon-tokana ny mpandray anjara fototra izany: tsy mizarazara ny sain'ny mpamaky fa mifantoka tanteraka amin'ny fiainan'io mpandray anjara fototra io. Miainga amin'ny toetra amam-pihetsiny no isintonan'ny mpamaky lesona mba hamakivakiany ny fiainany.

Raha nitondra vokatra tsara ho an'ilay mpandray anjara fototra ny toetra sy fanao nitondrany ny fiainany, dia olona faka tahaka tokoa izy, fitaratra tsara. Raha ny mifanohitra amin'izany kosa no miseho, dia lesona ho an'ny mpamaky izay hitany tao amin'ny boky ka hitandreman'ny amin'ny fiatrehana ny fiainany.

Mora andraisana fampianarana tokoa araka izany ny fampiasana mpandray anjara fototra ho olon-tokana. Azon'ny mpanoratra natao mihitsy ny nanao an'izany ho olona maromaro na antokon'olona, saingy amin'izay fotoana izay dia tsy miantefa amin'ny isambatan'olona ny fanabeazana ampitaina ka mety ho sarotsarotra ny mandray ny hafatra.

Nosafidian'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA tokoa ny mpandray anjara fototra noraisiny. Ny onjan'ny filafila sedrain'ny tanora eo am-pamakivakiana ny fiainany moa no tena tiany hasongadina amin'ireo boky roa ireo ka i Tsiry sy i Bako no noraisiny ho vavolombelon'ny sedra, sady solon-tenan'ny tanora Malagasy rehetra.

I Tsiry, tanora lehilahy iray, kamboty. Nianatra sy niezaka mafy, kanefa tany amponja no niafarany.

I Bako, tanora vehivavy, mbola velon-drain'ny aman-dRen'ny. Niasa, nikofoka mafy, saingy niaritra ny mafaitra vao tafaverina soa aman-tsara teo amin'ny toerana tokony hisy azy.

Ireo mpandray anjara fototra, ao amin'ny boky *vakivakim-piainana sy onjam-pilafila* ireo, izay samy tanora avokoa, dia ampitan'ny mpanoratra fanabeazana ho an'ny tanora mpamaky rehetra, fa miankina amin'ny ataon'ny tanora mandritra ny hatanorany ny ho aviny rahatrizay. *“tanora ratsy fihary hoy ny fitenenana, ka antitra vao ratsy laoka”*

Toy izany i Tsiry: andalam-pahatanorana, ka tokony hitsiry sy hivelatra amin'ny fiatrehana ny ho avy. Izany no toetra andrasana amin'ny tanora; *“kanjo tsiry malazo tsy*

mba handrombona mihitsy! tsiry halazo marefon'ny fiainana¹⁰⁶. Manabe ny mpamaky eto ny mpanoratra fa tokony hiezaka ny tanora mba tsy ho toa an'i Tsiry.

I Bako koa, teo amin'ny ezaka maro nataony, ny fikatsahany vahaolana tamin'izay rehetra nianjady taminy, dia ***“nihevi-tena ho nanan-tsaina nahafehy ny fiainany; kanjo nanjary toa tsy nahalala intsony ny lalan-kivoahany***¹⁰⁷. Eto kosa dia ampitain'ny mpanoratra amin'ny mpamaky, fa tsy misy mahavita tena ny tsirairay fa ilaina ny fivelarana amin'ny hafa.

Araka izany, fanabeazana maro no atolotry ny mpanoratra avy amin'ireo mpandray anjara fototra roa ireo, dia ny ezaka maro takiana amin'ny tanora, ny fivelarany amin'ny hafa, ary ny fitandremana manoloana ny zava-tsarotra lalovana.

Tsy ny mpandray anjara fototra ihany anefa, fa eo indrindra koa ireo rehetra mandray anjara amin'ny fampizorana ny tantara, izay antsoina hoe mpandray anjara asa. Misy ny hery samihafa manampy na manohitra ny hahatratraran'ny mpandray anjara fototra ny tanjony.

Toy izao kosa ny fanabeazana azo tsoahana amin'ireo mpandray anjara asa ireo: na dia teo aza ireo ezaka maro nataon'i Tsiry teny Ankatso dia tsy tontosa hatramin'ny farany izany. Na dia naniry hiara-hiaina am-pilaminana tao amin'i Voahangy anabaviny aza izy, dia hery nanakana ny hahatanteraka izany ny toetran-dRamily zaodahiny.

Toy izany koa i Bako: nifofotra mafy mba hanampiany ny tenany sy ny ankohonany izay tena sahirana mafy. Tsy afaka nanohy izany anefa izy noho ny fanolanana nataon-dRabontsina mpampiasa azy.

Asehon'ireo tantara roa ireo, fa na dia eo aza ireo hery manampy ny mpandray anjara fototra: toy ny herin-tsaina sy herim-batana, na koa olona hafa manampy azy hahatratra ny tanjony, dia mety hisy ny toe-javatra miseho tsy azo vinaniana ary tsy azo ivalozana.

Ny fanabeazana tsoahana eto izany, dia izao: tsy maintsy misy hatrany ireo toe-javatra tsy azo anoharana eo amin'ny fiainana ka manakana antsika tsy handroso. Tsy tokony ho kivy anefa, tsy ho ketraka, fa hiezaka hioitra hatrany na inona na inona zava-miseho.

¹⁰⁶ VKP tak 28

¹⁰⁷ OP tak 115

Hidirana manaraka ny fanabeazana tsoahana amin'ny fotoana

1-2 ny fotoana

Raha ampifandraisina amin'ny fotoanan'ny mpanoratra ny fotoanan'ny zavatra tantaraina, dia hita fa manodidina ny faha 40 taona sy faha 50 taonany teo izy no nanoratra ireo boky roa ireo. Nandia ny faramparan'ny fanjanahantany ny mpanoratra, ary nivelatra tao anatin'ny fahaleovantena ny hatanorany. Ny taona 1995 nivoahan'ny boky *vakivakim-piainana*, dia efa nahafantatra tanteraka izay niainan'ny tanora ny mpanoratra. Fantany tsara ny hasarotry ny fitadiavana asa vokatry ny tolon'ny mpianatra tamin'ny 1972. Hitany koa ny fiainan'ny tanora naloaky ny fianarana ambony ka tsenain'ny asa an-tselika isan-karazany na ny orinasa afa-kaba. Azo lazaina fa zava-nisy manodidina ny fotoana nanoratan'ny mpanoratra no ambaran'ireo boky roa ireo. Manaporofo izany izay lazain'i Rado hoe: ***“Any aoriana any, raha misy tehanontany izay fiainan'ny tanàn-dehibe eto Madagasikara, teo an-katoky ny taona 2000, dia tsy ny tarehimarika na ny antontan'isa ihany akory no ahalalana izany, fa ny famakiana ity vakivakim-piainana ity indrindra koa”***¹⁰⁸

Raha faritana akaiky kokoa, dia ny toe-javatra iainan'ny tanora tsy nahatontosana ny fianarana hatramin'ny farany no ampitaina eto. Azo ambara miainga avy amin'izany, fa raha hanolotra fampianarana sy fanabeazana ho an'ny hafa, dia zava-misy natrehina ary ananana fahalalana marina no aroso. Mitombina kokoa ny hevitra amin'izay.

Mirona kokoa amin'ny zava-misy nandritra ny vanim-potoana fahafahana sy fahaleovan-tena ny mpanoratra; nofinidiny manokana izany satria fantany fa hilona tanteraka ao anatin'ny fanatontoloana ny tanora manomboka eo amin'ny vanim-potoana anoratany. Na ny fiainan'i Tsiry na i Bako, dia samy anabeazan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ny mpamaky. Beazina ho vonona hatrika ny olana maro samihafa, ary hiaroka vahaolana na aiza na aiza mety hahitana izany, toy izay niainan'ireo mpandray anjara fototra roa ireo.

Tsy mifanalavitra ny fotoanan'ny mpanoratra sy ny fotoanan'ny mpamaky, ary ny vanim-potoana nametrahany ny tantara mba hifanakaiky ny fampitana hafatra ka ho mora raisina ny fanabeazana.

¹⁰⁸ (G) ANDRIAMANANTENA, Teny fanolorana *vakivakim-piainana*, Fanontana Fanindroany, FARIBOLANA I.P.A, Antananarivo 2003

Horesahana manaraka ny fanabeazana azo tsoahana amin'ny toerana.

1-3 ny toerana

Tsy nivalampatra loatra tamin'ny toerana ny boky *vakivakim-piainana*. Hita anefa fa ny ankamaroan'ny toerana rehetra nalehan'i Tsiry dia nahitany faisana avokoa. Anabeazan'ny mpanoratra ny mpamaky izany, fa na aiza na aiza no aleha, dia mety hahitana fahoriana avokoa. Hazavain'ny mpanoratra kokoa izany ao amin'ny boky *onjam-pilafila*. Nizara roa ny toerana niainan'i Bako, dia Antananarivo sy Mahajanga. Toa fahoriana sesilany no niainany teto Antananarivo. Niaina tamim-pifaliana kosa izy tany Mahajanga; ary izay sombim-pahasambara tsy hitany tany Mahajanga, dia nofenoiny teto Antananarivo. Manabe ny mpamaky eto ny mpanoratra fa tsy tokony hionona fotsiny amin'ny zava-misy ny tsirairay, fa tokony hiaroka hevitra sy vahaolana hatrany, satria *“tsy misy mafy tsy lairy ny zoto, ary tsy misy mangidy tsy telina”*. Tsy mora anefa izany fa ilaina indrindra ny finiavana hoenti-miatrika ny fiainana iray manontolo.

Ankoatra izany, dia efa fanabeazana sy fanomezana fahalalana ny mpamaky no nataon'ny mpanoratra amin'ny fampiasana ireo toerana samy hafa nizoran'ny fitantarana. Araka ny efa nambara tao amin'ny firazarana voalohany, dia misy fanoritsoritana vitsivitsy nomen'ny mpanoratra momba ny toerana iray:

Ohatra: Boanamary, Antafia...¹⁰⁹

misy koa fampahafantarana ny fomba fanaon'ny faritra sasantsasany, ary fanomezana zava-misy vitsivitsy hita eo amin'ny toerana iray.

Ohatra: -ny fanaon'ny vehivavy mpantsaka eto andrenivohitra,¹¹⁰

-ny fiainana eny Tsaralalana,¹¹¹

-ny fiainan'ny mponin'i Madera sy Ankeniheny...¹¹²

Ary misy koa fanomezany fahalalana mikasika ny zava-misy eo amin'ny toerana iray,

¹⁰⁹ OP tak 92-93

¹¹⁰ VKP tak 03

¹¹¹ VKP tak 19

¹¹² OP tak 15-30-38

Ohatra: -ny fisian'ny fitsarana mpanao famotorona eny Ambohibao,¹¹³

-ny fisian'ny Firaiana IV eo Andrefan'Ambohijanahary,¹¹⁴

-ny lafaorobe ao Amboanio¹¹⁵

Ny fampiasan'ny mpanoratra ireny, dia fanomezana fahalalana sahady hibeazan'ny mpamaky. Tsy ny fandehanana mamakivaky an'i Madagasikara iray manontolo noho izany no ahafantarana toerana samihafa, fa afaka manampy amin'izany ny famakiana ny boky *vakivakim-piainana sy onjam-pilafila*. Maro noho izany ny fahalalana sy fanabeazana azo tsohana avy amin'ireto boky ireto.

Rehefa fantatra àry ny fanabeazana notsoahana avy amin'ny singa maha tantara foronina ny tantara foronina, dia hofakafakaina manaraka ny fanabeazana tsoahana amin'ny vontootin'ny tantara.

TOKO II: ny fanabeazana azo tsoahana avy amin'ny hevitra ao amin'ny tantara

Nohadihadiana tetsy aloha ny endriky ny fanabeazana natolotry ny mpanoratra azo notsoahana tamin'ireo singa mandrafitra ny tantara foronina. Tsy ambaka amin'izay voalaza tamin'izany anefa ny fanabeazana omen'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ao amin'ny vontootin'ny tantara : voaresaka ao ny momba ny fifampitondran'ny mpihavana, ny amin'ny zanaka sy ny ray aman-dreny ary ny mpiray tam-po.

2-1 momba ny fifampitondran'ny mpianakavy

Hojerena amin'izany ny momba ny fihavanana, ny ray aman-dReny sy ny zanaka, ary ny amin'ireo mpiray tam-po.

¹¹³ VKP tak 70

¹¹⁴ OP tak 38

¹¹⁵ OP tak 92

2-1-1 ny fihavanana

Hovahavahana izay ambaran'ny boky momba ny atao hoe fihavanana, horeshina manaraka kosa ny fifandraisana amin-kavana.

2-1-1-1 momba ny fihavanana

Zava-dehibe tamin'ny Malagasy ny fihavanana. Malaza ho tia sy fatra-pankamamy izany tokoa ny Malagasy. Io no mamatotra ny fianakaviana sy ny ankohonana, araka ny nambaran-dRAHARIMANGA sy RAVELOARIMANANA hoe: ***“ny fihavanana sy ny fifankatiavana no kofehy saro-bahana mamatotra ny fianakaviana”***¹¹⁶

Koa tsy nataon'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ho ambanin-javatra izany, fa noresahany ao amin'ny boky, mba hanabeazana ny mpamaky, satria fototra maha Malagasy ny Malagasy tokoa ny fihavanana.

Samy miresaka momba io fihavanana io, na ny boky *vakivakim-piainana*, na ny boky *onjam-pilafila*. Lafin-kevitra roa toa mifanipaka no ambaran'ny mpanoratra amin'izany:

- andaniny, zava-dehibe eo amin'ny fiainana ny fananan-kavana:

Tsy mandeha fotsiny amin'izao ny fiainan'ny olona rehetra, fa tsy maintsy misy ny fifaneraserana sy ny fifampikasohana amin'ny hafa. Ny hazo tetiarana, izay maneho ny taranaka samihafa sy ny loharano nipoiran'ny olona tsirairay, no mamaritra ny mpihavana sy ny mpianakavy. Rohim-pifandraisana voajanahary ny fihavanana, sarobidy loatra izany. Zava-dehibe ny ra iombonana, ka tsy azo atao tsinontsinona .

Porofoin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA amin'ny alalan'ny fiainan'i Bako izany.

Fony i Bako mbola tany Mahajanga, raha narary izy, kanefa tsy afa-nikarakara azy i Fetra noho ny asany, dia ho nangina irery izy, hany ka: *“Tsaroany ireo havany eny Madera(...) mainka koa nangaina i Bako”*¹¹⁷

¹¹⁶ RAHARIMANGA, (MS) RAVELOARIMANANA, Rakoto Ratsimamanga Albert, *Ny Malagasiny ny Taon-jato Faha-XX*, « Ny Androko Vololona 1907-1931 », imp Mamy, Ambondrona, Antananarivo 2000

¹¹⁷ OP tak 91

Ary raha niverina teto Antananarivo izy, nahita ny korana tao amin'ny ray amandreniny, dia nahatsiaro ny fahanginany irery tany Mahajanga. Nahatsapa izy fa: *“izay vitsy [tokoa] lanin'ny vitsika(...), , ary toa ny havana tokoa no harena”*¹¹⁸.

Asehon'ny mpanoratra amin'izany ny fahasamihafan'ny fiainan'i Bako tany Mahajanga sy ny fiainany teo anivon'ny havany teto Antananarivo. Nanohana sy nanampy azy tamin'ny fomba maro samihafa ireo havany ireo.

Niaiky izy fa sarobidy loatra ny havana, indrindra fa ny fianakaviana akaiky.

Manabe ny mpamaky hankamamy ny havana ny mpanoratra, ary mampirisika ny tsy hanadinoana fa ny fihavanana no mampifamatotra ny tena amin'ny hafa.

• Ankilany, kosa, mety ho sakana amin'ny fivelarana eo amin'ny fiainana ny havana:

Rohy azo avela sy foanana arakaraka izay maha resy lahatra ny tsirairay, ny fihavanana, hoy ny boky *vakivakim-piainana*. Ny fananana havana sy ny fiarahan'ny mpihavana matetika loatra dia mety tsy hampiezaka ny ory fa hanosika azy hiankin-doha lava amin'ireo hitany fa tafita.

Hoy Ramily milaza izany: *“ty fihavanana ity koa anie no tena manimba ny fiainan'ny gasy e! io no atao fialàna amin'ny fahalain-kisahirana”*¹¹⁹

Mazava ny tian'ny boky hambara: ny fihavanana sy ny fitandroana izany, dia mety tsy hampandroso velively, fa vao mainka aza hampihemotra azy, satria hampihena ny fahavononana ao anatin'ny tsirairay. Mitarika ny olona hiankin-doha lava, fa tsy mba hiezaka ny hahaleo tena.

Beazin'ny mpanoratra ny mpamaky hoe, tsy mampandroso ny mialokaloka amin'ny hafa; tsy tsara ny miantehitra be loatra amin'ny havana raha sanatria tojo fahavoazana. Ny fiantrana lava ny sahirana mantsy, dia mety hamotika izay mba finiavana ao aminy. *“mampiana-dratsy ny havana ory ny fiantrana lava azy”*¹²⁰ hoy Ramily.

¹¹⁸ OP tak 117

¹¹⁹ VKP tak 06

¹²⁰ VKP tak 16

Toy izao ny hevitra azo tsoahana avy amin'ireo tantara roa ireo: tsy tsara ny irery, tsy misy ny mahavita tena tanteraka satria tondro tokana tsy mahazo hao; zava-dehibe ny fananana havana, saingy ilàna fandanjalanjana ny fifandraisana.

Ahoana no hanatanterahana izany?

2-1-1-2 ny fifandraisana amin-kavana

Voalaza tetsy ambony fa ny havana no voalohan-karena. Ny havana izany no fifandraisana voalohany. Ilaina fitandremana anefa izany. Izay mahavangivangy tian-kavana ,hoy ny ntaolo, nefa koa ny havan-tiana tsy iaraha-monina. Midika izany fa tsy tsara ny monina ela na manao vahiny sary monina any amin-kavana, satria tsy mitovy ny foto-pisainan'ny tsirairay.

Avohitry ny boky *vakivakim-piainana* ny latsa taman-kanina nataon-dRamily an'i Tsiry raha nonina naharitra tao aminy izy: “*tonga manko ny fotoam-pisakafoana ka tambavy fentiny mampazoto ahy [ny tabataba] (...), ity latsa taman-kanina ity no ninoako ilay vazivazin-dry zalahy hoe ny zaodahy tsy mba Havana*”¹²¹

Ankoatra ny fitandremana tokony hatao raha mivahiny any amin'ny havana, dia zava-dehibe ihany koa ny fahaizan'ny tsirairay mitondra ny tenany. Raha sanatria misy fahavoazana mahazo ny tena mantsy ohatra, noho ny hadalana natao, dia ny fianakaviana iray manontolo no hotondroin'ny olona molotra. Hoy Ramily teny Anosy raha teo anatrehan'ny fampanoavana i Tsiry: “*Faizo mihitsy fa manala Baraka ny fianakaviana*”¹²²

Toraka izany koa i Bako raha nikasa hanala zaza. Notenenin'ny reniny mafy izy. Ankoatra ny fadim-pinoana sy ny fadin-drazana, hoy ny reniny, dia “*tsy mbola nisy sahy nanao an'izany ny fianakaviansika*”¹²³. Zava-dehibe eo imason'ny fianakaviana ny fitondrantenan'ny tsirairay, ka tandremana fatratra mba tsy ho ny ray aman-dreny niteraka no ho voakora sy ho voalatsa.

Fa mbola endriky ny fifampitondrana amin-kavana ihany koa, ny fahaizana maneho fiombonana amin'izay rehetra mitranga, na mamy na mangidy. Asehon'ny

¹²¹ VKP tak 08-09

¹²² VKP tak 71

¹²³ OP tak 31

mpanoratra izany tamin'ny raharahan'i Bako sy Ratiaray: na dia somary an-kamehana ihany aza ny nanatanterahana azy, dia tsy nohadinoina ny nanasa havana vitsivitsy . Ny fianakaviana mantsy dia sady mpanotrona no vavolombelon'ny fahavitàn'ny raharaha.

Araka izany, tokony hampandrenesina ny havana na dia tsy ho ny rehetra aza, raha misy raharaha atao, indrindra moa eo amin'ny ankasovavana, mba tsy ho amin'ny ankaratsiana ihany no hihaonana.

2-1-2 ny fifampitondran'ny ray aman-dreny sy ny zanaka

Ny Ray aman-dReny sy ny zanaka amin'ny ankapobeny no mandrafitra ny ankohonana iray. Io no fiarahamonina kely indrindra. Ilàna firindrana koa ao, mba hisorohana ny disadisa mety hitranga.

Amin'izany, dia tsara raha manaja ny lamina napetraka, ary ifanarahana ny tsirairay.

Ndeha àry hosoritsoritana ny andraikitry ny ray aman-dreny, sy ny fihetsika takina amin'ny zanaka.

2-1-2-1 ny andraikitry ny ray aman-dreny

Efa hita tany amin'ny fizarana voalohany ny adidy aman'andraikitry ny ray aman-dreny amin'ny maha mpanabe azy. Izay voalazan'ny boky momba ny ataon'izy ireo amin'ny zanany no hifantohana.

Ny boky *vakivakim-piainana*, manambara ny fahabangan'ny ray aman-dreny niteraka teo amin'i Tsiry. Kamboty izy. Kamboty ka tsy mba nanan-kianteharana angamba. Raha toa mbola teo ny rain'i Tsiry na ny reniny, dia mety ho hafahafa kokoa ny fiainany. Mety ho tsaratsara kokoa angamba. Midika izany fa, misy andraikitra goavana sahanin'ny ray aman-dreny amin'ny fiatrehan'ny zanaka ny fiainany.

Maneho amin'ny ampahany ny fomba nitondran'i Voahangy anabavin'i Tsiry anjanany ny boky. Nobedesin'i Voahangy i Miaro zanany: “*efa impiry moa ianao, ry Miaro, no noraràna tsy hanao ialahy an'i Tsiry? Dadanaivonao anie io e!*” ¹²⁴. Izany

¹²⁴ VKP tak 14

hoe, mbola kely izy dia efa ampianarina hahay manaja ny hafa, hitandrina ny fihetsiny sy ny fomba fitondran-tenany.

Manazava misimisy kokoa ny andraikitry ny ray aman-dreny ny *Onjam-pilafila*.

Ohatra amin'izany:

-ny nanabeazan-dRamatoa Razafinimaro an'i Tiaray: na dia nanano tena aza ramatoa Razafinimaro, dia tsy nilavo lefona tamin'ny fikarakarana an-janany . *“I Tiaray kely, nentiny nanaraka azy isan'andro nanerana ireo toeran-tsamihafa namelomany tena: teny amoron-drano fanasany lamba, teny am-pamoloana nivelezany vary, teny an-tsaha nifakoany kitay...”*¹²⁵

Nahantra sy sahirana tanteraka izy mianaka, kanefa nifofotra reniny, mba hidirany an-tsekoly, nanambitamby sy nitia azy tao anaty fahasahiranana, nanao izay hitoviany tamin'ny zanaky ny olona. Hatramin'ny entana tao an-trano aza no namidy mba hananana sakafo hohanina *“[...] natakalo hatokona ny sisa entan-kely nitsitokotoko tao”*¹²⁶

-teo koa ny nataon-dRainibako sy Ralisoa vadiny, tamin'i Bako zanany. Raha nitoe-jaza i Bako, tsapan-drainy tsara ny fahasahiranana aterak'izany: ny vola tsy misy, ny vava homana hitombo. Hitan-dreniny koa ny tondro molotry ny mpiara-monina hihatra amin'izy mianakavy. Tsy nanosi-bohon-tanana an'i Bako anefa izy ireo fa nihaino azy tsara, nanoro hevitra azy, ary niara-nikaroka taminy ny vahaolana.

Ny fikarakarana tamin'ny andro fampakarana, ny tolo-kevitra samihafa, dia nanehoan'ny mpanoratra ny santionan'ny andraikitry ny ray aman-dreny amin-janany.

Ary tsy mifarana eo amin'ny andro fampakarana ihany akory izany andraikitra izany. Asongadin'ny mpanoratra ny tambitamby sy ny fandraisana natao tamin' i Bako raha niverina avy any Mahajanga izy: *“ fa tsy nanaiky mihitsy ny reniny raha tsy namonoana akoho ity matoan'ny ainy (...) mba nanana anie aza aho, ho namonoako vorom-be ianao, anaka!”*¹²⁷. Maneho izany, fa manao izay tratry ny heriny mihitsy ny ray aman-dreny mba hikarakarana ny zanaka.

¹²⁵ OP tak 17

¹²⁶ OP tak 17

¹²⁷ OP tak 117

-farany, dia momba an'i Bako sy i Nirina zanany: na dia tsy nahim-pon'i Bako aza ny nahazoany an'i Nirina, fa noho ny filàna ara-nofon-dRabontsina, dia nahatsapa ny hasarobidin'ny zanaka ihany izy taty aoriana, ka nivonona ny hanonitra izay rehetra tsy vitany tamin-janany.

Ambaran'ny mpanoratra fa tokony ho voajanahary ao amin'ny reny ny fitiavan-janaka sy ny fikarakarana azy. *“Hanafaingana ny fahasitrana ny nofony ny hafaliam-panahiny eo am-pikolokoloana ilay silaky ny ainy. Hasambaran'ny reny rehetra manko izany! Fery inona no tsy ho sitrana eo am-piandrasana ilay menavava keliny!”*¹²⁸ Tsy tao amin'i Bako anefa izany fitiavan-janaka izany teny am-boalohany. Naverin'ny mpanoratra ho amin'izany fitiavana sy toetra tokony ho nananany izany izy, mba ho fanabeazana ny mpamaky.

Tsy misy avahana na ny ray na ny reny, fa samy manana ny andraikiny ireo.

Izany voalaza rehetra izany, dia entin'ny mpanoratra mampahatsiahy ny andraikitry ny ray aman-dreny . Fanamafisana izany, ho an'ireo ray aman-dreny efa manao izay tratry ny heriny amin'ny fikarakarana an-janany; ary fanairana sy fanetsehana kosa ho an'ireo izay mbola mihalangalana.

Tsy ho an'ny ray aman-dreny irery anefa ny fanabeazana eto, fa ho an'ny zanaka indrindra koa: beazina ny zanaka hahatsapa fa, na tambitamby, na teny mahery, eny mety ho kapoka ihany koa aza ataon'ny ray aman-dreny, dia ny hahasoa azy no tanjony. “Ny ray aman-dreny tsy hanolo-bato mafana ny zanaka”, hoy ny ntaolo, ka tokony tsy hatao tsinontsinona mihitsy izay anatra atolony.

Raha izany ny mikasika ny andrakitry ny ray aman-dreny, manao ahoana kosa àry ny fihetsika takina amin'ny zanaka?

2-1-2-2 ny tokony ho fihetsiky ny zanaka ao an-tokantrano

Sarobidy loatra amin'ny ray aman-dreny ny zanaka. Ny ditran'ny zanaka, dia henatry ny ray aman-dreny. Miezkaka ny mikolokolo sy manabe ny zaza mba ho tonga olom-banona ny ray aman-dreny. Ny zanaka koa, dia manana adidy amin'ny valim-

¹²⁸ OP tak 51

babena. Diany mbola tsy miasa, mbola monina ao an-tokantranon-drany aman-dreny ny zanaka, dia efa afaka mamaly babena azy amin'ny alalan'ny fahendrena. Izany hoe, manaraka tsara izay rehetra lazainy, tsy mamalivaly ary manaja tsara azy ireo. Mampijaly ny nahitana masoandro ny ditra.

-Hoy i Vony tamin'i Tsiry: “*raha vao maditra be, hono, aho, hoy i Neninay, vao maty izy. Ianao angaha naditra be dia maty ny neninareo?*”¹²⁹. Nampidirin'i Voahangy reniny tao an-tsain'i Vony izany teny izany, mba hitandremany ny amin'izay hataony. Tsy ho an'i Vony amin'ny maha zaza azy ihany anefa izany anatra izany, fa ho an'ny zanaka rehetra, na dia efa lehibe aza izy. Jereo ny nanjo an-dRamatoa Razafinimaro nanoloana ny ditran-janany: “*Latsa-dranomaso Ramatoa Razafinimaro... I Tiaray: tanora nandrongatra!*”¹³⁰

- taty aoriana, latsa-panenenana i Mino noho ny nataony tamin-dreniny ka loabava hoe : “*Mba tia ahy i neny, nefa ...menatra aho raha hahavaly fitia azy. Nandratra ny fony loatra ny hadalako...*”¹³¹.

Tsy ny ditra goavana toy ny nataon'i Mino sy Rabontsina ihany anefa no mampaharariry ny ray aman-dreny, fa hatramin'ireo fihetsika madinidinika sy teny tsy voahevitra ataon-janany:

-nangotika ny fon'i Voahangy raha nandre ny valin-tenin' i Miaro hoe: “*hay ve e! anadahinareo ve ka tsy harovanareo, sa ahoana Rabesapàka? hoy izy sady lasa nivoaka ny trano*”.¹³²

-toy izany koa Ramatoa Razafinimaro nanoloana ny valy boraingina nataon'i Tiaray: “*nony mba nanariny, dia valy boraingina sy ompa variraraka no azony. Latsa-dranomaso Ramatoa Razafinimaro*”.¹³³

-toy izany koa ny renin'i Fetra raha tsy afaka nisakana azy handositra tany Mahajanga:

“*hontsa ny fon'i Fetra nahita an'ity reniny latsa-tomany. Menatra ny tenany izy, toa fandositrana adidy tokoa ity fandositrana an'i Bako ity*”¹³⁴

¹²⁹ VKP tak 08

¹³⁰ OP tak 18

¹³¹ VKP tak 31

¹³² VKP tak 14

¹³³ OP tak 18

-nitoloko ny renin'i Bako raha nahita azy nirifatra nivoaka: *"lasa nivoaka nirifatra nandositra i Bako. Henony ihany ny antson'ny rainy fa tsy niverina izy. Reny koa ny tolokon-dreniny fa tsy niherika izy"*.¹³⁵

Ireo tranga samihafa ireo dia samy anabeazan'ny mpanoratra ny mpamaky. Fitiavana no ananaran'ny ray aman-dreny ny zanaka, ka tokony ho am-pitiavana koa no hamalian'ny zanaka izany.

Manao ahoana kosa ny mikasika ny fifandraisan'ny mpiray tam-po?

2-1-3 ny mpiray tam-po

Ny hoe iray tam-po, dia izay iray kibo, iray reny niteraka. Ny iray tam-po no namana voalohany, na rahalahy io, na rahavavy, na koa anadahy, na anabavy.

Ny fara vady anadahy, hoy, ny ntaolo. Izany hoe tsy tokony hifanary ny mpiray tam-po. Ny boky *vakivakim-piainana* dia maneho fa tsy nahafoy an'i Tsiry i Voahangy anabaviny. I Tsiry koa toraka izany. Nonina tao amin'i Voahangy i Tsiry, rehefa tsy nahatontosa ny fianarany teny Ankatso. Niala tao izy, rehefa nanaovan-dRamily toetra tsy zaka. Tsy afa-nanoatra i Voahangy, saingy na izany aza, dia tsy navelany ho irery i Tsiry, fa nampitondrainy vatsy kely: *"mba nisy vola kely nampitondrain-dranabavy ahy ihany manko"*¹³⁶

Ary na dia efa tany am-ponja aza i Tsiry, dia mbola tsy nanary azy hatrany i Voahangy: *"efa mba nandalo nijery ahy ny Havana aman-tsakaizako. I Voahangy nanatitra ranomaso. Antenainy tsy ho ela, hono, ny fivoahako."*¹³⁷

Tsy hoe, rehefa samy lehibe ihany anefa ny mpiray tam-po vao tokony hifanampy. Ilaina foana ny fifanehoam-pitiavana, toy ny nataon'ireo zandrin'i Bako rehefa niverina avy any Mahajanga izy: *"izy dimy mianadahy zandrin' Ibako, nisomebiseby, tsy nitsaha-nanontany, dia nitantara tsy niato ny fiainany teo Madera: ary tsy nety fa namikitra, nisavitsavika an'ity zokiny"*¹³⁸

¹³⁴ OP tak 79

¹³⁵ OP tak 32

¹³⁶ VKP tak 18

¹³⁷ VKP tak 74

¹³⁸ OP tak 117

Rehefa hita ny fifampitondran'ny mpianakavy, horeshina manaraka ny fanabeazana arosan'ny mpanoratra manokana ho an'ny tanora.

2-2 ny fanabeazana arosan'ny mpanoratra ho an'ny tanora

Ao anatin'ny fahatanorana tanteraka Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA no nanoratra ny boky *vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila*. Manana traikefa ifampizaràna amin'ireo tanora mpamaky izy, noho izany. Nanolotra fanabeazana manokana ho an'ny tanora ny mpanoratra amin'ireto lafiny ireto: ny fitondran-tena, ny fiainam-pitiavana, ary ny momba ny namana. Hojerena mifanesy izany.

2-2-1 momba ny fitondran-tena

Ilana fandinihana lalina ny zavatra rehetra atao mandritra ny fahatanorana satria, tanora ratsy fihary, hoy ny ntaolo, ka antitra vao ratsy laoka. Ny fotoam-pahatanorana no fotoana tena ivelaran'ny olona tsirairay; anisan'ny antony anomezan'ny mpanoratra lanja manokana ny tanora izany.

Raha momba ny fitondran-tena, dia zavatra roa no asongadin'ny mpanoratra : voalohany, ny ezaka atao hiatrehana ny fiainana, ary faharoa, ny fitandremana samihafa mba hialana amin'ny fandrika mety handavo.

2-2-1-1 ny ezaka tokony hatao

Ny tanora no ho avin'ny firenena. Ho avy mampiratra sy fitaratra jeren'ny taranaka rahatrizay. Manabe ny ray aman-dreny, mitarika ny mpampianatra, mamolavola ny fiarahamonina, saingy zava-poana izany rehetra izany raha tsy omban'ny tanora ezaka manokana avy aminy.

Ohatra maro samihafa no anehoan'ny mpanoratra izany ao amin'ireo boky ireo, toy izao izany: momba ny fianarana, ary ny mikasika ny asa.

Izany fanasokajiana izany dia efa milaza sahady, fa tokony tsy hipetrapetraka ny tanora tsirairay, satria, **“ny mandry maraina tsy mba hanana, fa ny mifoha maraina hanam-be”**¹³⁹

Noho izany, izay tanora tsy mianatra, dia tokony hiasa. Na ny asa anefa, na ny fianarana, dia sady soa ho an’ny tena, no fandraisana andraikitra amin’ny ampahany sahady eo anivon’ny firenena.

- momba ny fianarana

Ny fianarana no lova tsara indrindra. Miankina amin’io ny ho avy rahatrizay. Tsy tokony hatao ho ambanin-javatra velively ny fianarana. Ary ny ray aman-dreny koa dia tokony hampirisika sy hanampy ny zanany hatrany amin’ny fanatanterahana izany. Ny rain’i Mino izao dia nananatra azy mafy: *“Mianara tsara! Tsy mba manan-kolovana afa-tsy ny fahaizana ianareo. Mianara dia ho tafita.”*¹⁴⁰

Tsy fahazoana naoty sy fifaneraserana amin’ny hafa fotsiny no atao any antsekoly. Fahalalana maro no azo amin’ny famonjena lakilasy. Ny fahalalana dia an’ny tena manokana, tsy azon’iza esorina ao anaty. Manampy ny tena amin’ny fiatrehana ny fiainana iray manontolo ny fahaizana. Izany no anasongadinan’ny mpanoratra fa lovan’ny tena samirery ny fianarana. Io no tena lova, ary lova tsara indrindra, hoy izy. Manabe ny tanora ny mpanoratra mba tsy hiantehitra amin’ny lova avelan’ny ray aman-dreny, fa hiezaka kosa, hanao izay rehetra azo atao hahatafita amin’ny fianarana.

Ohatra i Tsiry: niezaka mafy izy, araka izay tratrany, mba hahatafita azy tamin’ny fianarana: *“(…) niezaka ihany aho; niari-tory tamin’ny labozia sy ny hatsiaka fa te ho afaka. Nifoha maraina talohan’ny masoandro sy ny olo-miadana fa te ho mari-pidirana; nisakafo rivotra teny ho eny fa te hitsitsy ny vatsy”*¹⁴¹. Izany hoe, samy niaretany avokoa, na ny hatsiaka mamirifiry, na ny torimaso tsy ampy, hatramin’ny sakafo tapa-kibo, satria te ho tafita izy.

Raha mbola any amin’ny ambaratonga fototra, voalohany na faharoa, angamba an-kavitsiana ny mpianatra no miaina toy izay niainan’i Tsiry . Mampiomana azy ireo

¹³⁹ *Memoire de l’Academie Malgache, Ohabolan’ny Ntaolo, Exemples et proverbes des anciens*, Ed critique, tradition et classification de Bakoly Dominichini-Ramiaramanana, Tananarive, 1972, tak 616

¹⁴⁰ Vkp tak 26

¹⁴¹ VKP tak 10

sahady anefa ny mpanoratra, fa mitaky finjavana sy ezaka lehibe toy izany ny fianarana eny amin'ny ambaratonga ambony.

Na izany aza anefa, tsy izay rehetra miezaka no tsy maintsy ho tafita. Hoy i Tsiry. *“Mba nataoko avokoa izay tokony ho fihafian'ny mpianatra te ho tafita [hoy izy]. Indrisy anefa! Vao nihodina indroa taona fotsiny aho dia fanina, fanina noho ny rimorimom-piainana sy ny fianarana (...) ka naverina tany amin'ny ray aman-dreny”*

142

Araka izany, tena ilaina ny ezaka atao sy ny fihafiana raha te ho tafita: tsy manapatapaka fianarana, resena ny fakam-panahin-dalao sy ny fandanium-potoana betsaka amin'ny zavatra tsy misy dikany. Ilana fandanjalanjana anefa izany sao lasa tafahoatra loatra ka hanimba ny tena indray. Izany hoe, mila miala voly kely indraindray mba hialana amin'ny fiasan'ny saina matetika. Tsy voatery atao be loatra anefa izany. Atao ny fihafiana, saingy asiana fetrany; ilain'ny mpianatra koa ny torimaso ka tsy tokony hatao ambanin-javatra.

zava-dehibe ny fahavononana hianatra sy ny fifantohana tanteraka any andakilZsy, ka famerenan-desona sy fanaovana enti-mody sisa no tontosaina any an-trano. Ary azon'ny mpianatra atao koa ny mikaroka fanampim-panazavana sy fampiasana samihafa hanatevenana ny fahalalana azo tany an-tsekoly. Ezaka manokana takina amin'ny mpianatra izany.

Momba ny fiatrehana ny fiainana kosa àry, manao ahoana?

- momba ny asa

Ampaham-piainana atrehin'ny tsirairay ny asa . Araka ny nolazaina tetsy ambony, dia tokony hiasa izay rehetra tsy mianatra. Maro karazana ny olona miasa amin'ny ankapobeny: ao ireo nahavita soa aman-tsara ny fianarany ka manana asa mifanandrify amin'izany, ao kosa ireo sendra ny olana samihafa tsy nahatontosany ny fianarany ka mikaroka asa araka izay hitany mba hivelomany. Ity farany no resahin'ny boky bebe kokoa ka hisintonana ny ezaka tokony hatao hiatrehana ny fiainana.

Tsy misakana ny tanora tsy hiasa ny mbola maha mpitovo azy.

Voalohany, mitaky fahavononana sy finiafana ny asa sy ny tontolony. Betsaka ny zava-miseho ao anatin'ny asa no mety tsy hifanaraka akory amin'izay noheverin'ny tena. Misy azo ihafiana ihany izy ireny, ary na ho aiza na aiza, dia misy hatrany ny tsindry hazo lena mahazo ny mpiasa. Ambaran'ny mpanoratra fa tsy tokony hatao mahakivy loatra izany, fa natao indrindra aza, hamoha ny hambom-pon'ny madinika ka hahatonga azy hiezaka.

Ohatra, fony i Tsiry nandray ny voalohan-karamany: *“karama ambilom-bazana iny ve ka dia hanalana vidin-kafe indray? Ny asa anefa misary fanompoana: ny maraina no mody avelany hiala sasatra, fa ny tolakandro manontolo fenoiny irakiraka, batabata, fanasana fiara, fisorohana tokotany.(...) ny fiambenana indray no manginy fotsiny”*¹⁴³. Tsy nifanaraka tamin'izay neritreretin'i Tsiry ny nataon'Ingahy Aziz mpampiasa azy; kivy tanteraka izy. Izay toe-tsaina kivy sy te hihemotra vokatry ny fahadisoam-panantenana izay anefa no tian'ny mpanoratra hialan'ny tanora. Nataony eo ambavan'i Fano ny hevitra tiany hampitaina: *“ialahy koa no te hankarary fo amin'izany! hkoy i Fano(...) . Ataovy izay hahatafita eto, leity, dia mikopaka elatra avy eo a!”*¹⁴⁴

Na dia tezitra sy diso fanantenana tanteraka aza i Tsiry, dia nangina satria: *“raha mampahatsiahy [ny mpampiasa] ny fifanarahana tany amboalohany, hono, dia efa mivonona handeha!”*¹⁴⁵

Toy izany koa, ireo tanora maro miaritra sy mihafy eny amin'ny orinasa afakaba: *“vavahadin'ny afobe satria “afaka haba”(…) isaky ny mandalo [ny sefo] , dia hitady ny rembiny izy izay. Hizaha izay tokony ho mpiasa hanan-tsiny hatolotra hosazian'ny patirao be. Dia misy fandroahana, misy karama tapaka, misy tombokandro tsy azo, misy levilevy farafaharatsiny.”*¹⁴⁶

Niaritra toy izany koa ireo tanora ireo, ary nanaiky hilefitra hatrany mba hahitana izay sakafo indray mandrapaka.

Na ny asan'i Tsiry tao amin'ny orinasan-karana, na ireo tanora maro miaritra ny hamafin'ny asa sy ny ataon'ny mpampiasa eny amin'ny orinasa afaka haba , dia samy azo anatsoahana hafatra toy izao: tsy tokony hanapa-kevitra amin-katezerana ny tanora

¹⁴³ VKP tak 42

¹⁴⁴ VKP tak 43

¹⁴⁵ VKP tak 42

¹⁴⁶ OP tak 42

mpiasa raha mahita zava-tsy mety ao amin'ny toeram-piasana. Tsy mora ny mitady asa, ary ny zavatra rehetra miseho, dia tokony hamoha ny fahavononana hatrany, hiarina sy hiezaka mba hahavitana zavatra tsara mihoatra noho izay efa vita teo aloha. Ilay toetra vonona hiaritra sy tia ezaka izay indrindra no tian'ny mpanoratra hananan'ny mpamaky.

Ao kosa ireo miasa tena, tsy fehezin'ny mpampiasa. Mitaky ezaka koa anefa ireny araka ny nambaran'ny mpanoratra.

Asongadin'ny mpanoratra fa endrika maro no isehoan'ny ezaka ataon'ny olona miasa. Misy izy ireny no miasa alina, misy kosa mifoha maraina vao mangiran-dratsy. Tsy mifidy fotoana ny asa, ary ilàm-piniavana tanteraka ny fanatanterahana azy.

Ohatra:

-ny alina eny Tsaralalàna: *“tsy mahalala alina tokoa ny fitadiavana, mahazaka maniraka ny vola”*¹⁴⁷

- I Meja sy ny asany: *“ny tolakandro izy, misolo olona amin'ny fandrosoan-tsakafom-bahiny; ny alina indray, manolo-tena ho an'ny vahiny mandalo. Izay mba vola azony no nivelomanay”*¹⁴⁸

Tsy ny asan'i Meja akory sanatria no itondran'ny mpanoratra fanabeazana eto, fa ilay ezaka mifono finiavana ao anatin'ny no tiana hasongadina. Tsy hampirisika ny mpamaky hanao ny asan'i Meja koa ny mpanoratra. Porofon'izany ny nanehoany ny aretina azon'i Mino tamin'io asa io. Ny saina vonona sy tia ezaka nananan'i Meja no tian'ny mpanoratra hampitaina mba hahatonga ny tanora ho vonona sy ho be finiavana koa.

Fa ankoatra ireo miasa alina, misy koa ireo mampandefitra ny torimaso maraina.

Ohatra:

*“nandalo ireo mpivarotra anana, nivikiviky niloloha ny sobikany, nanao valala nanjohy. Natambatro an'eritreritra ny vidin'entana ka toa tsy hahazo ny kiraron'i Beminahy akory! Kanefa dia ataony an-doloha sy amakiam-panala maraina”*¹⁴⁹

¹⁴⁷ VKP tak 19

¹⁴⁸ VKP tak 27

¹⁴⁹ VKP tak 55

Toy izany koa “*Nony maraina [...]any ivelany any ny koropadropaky ny olona natosiky ny fitadiavana ilay hanina isanandro*”¹⁵⁰

Antitranterin’ny mpanoratra amin’ny alalan’ireo ohatra ireo ny ezaka samihafa ataon’ny olona hiatrehany ny fiainana. Tiany hampitaina amin’ny tanora izany, mba hahatonga ny tanora hanam-pikirizana sy ho vonona hiezaka tokoa, ary ho tanora sahy sy vonona handray andraikitra .

Raha iverenana mantsy ny fahazazan’ Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, dia nandray andraikitra madinidinika sahady izy fony mbola kely: solom-pitandrina tao an-trano, sns, ary hitany fa nahatsara sy nampandroso azy izany.

Ohatra maro toy izany no ampirisihan’ny mpanoratra ny tanora hiezaka sy tsy hipetrapetraka satria “tsy sitraky ny mpanarato tokoa, hoy ny fitenenana, ny hiroboka rano maraindraina, fa teren’ny famelomana ny anaka”. Koa raha mbola manana hery enti-mihetsika, dia tokony tsy hipetrapetraka velively ny tanora satria, “*ady sy tolona ny fiainana*”¹⁵¹

Ao anatin’izany ezaka rehetra atao izany, dia mila mitandrina ihany koa ny tanora amin’ireo tranga samihafa mety hamotika azy.

2-2-1-2 ny fitandremana samihafa

Ireto toe-javatra ireto no resahina amin’ny fitandremana: momba ny fanajana ora, ny fahasalamana, ary ny fakam-panahy mety handavo.

- ny fanajana ora

Samy maneho ny hasarobidin’ny fotoana ireo boky roa ireo. “*vidina lafo ny iray minitra, vola ny fotoana*”¹⁵². Tsy tokony hohamaivanina mihitsy io fanajana fotoana io.

Ny fanajana ny ora nifanomezana mantsy, na tamin’iza io, na tamin’iza, dia sady fanajana ny tena, no fanajana ny hafa ihany koa. Fanabeazana azon’Iharilanto Patrick

¹⁵⁰ OP tak 33

¹⁵¹ OP tak 89

¹⁵² OP tak 10

ANDRIAMNAGATIANA tamin'idadabe Radavida izany, ka ampitainy amin'ny mpamakiny.

I Tsiry: raha mbola nianatra teny amin'ny ambaratonga ambony dia *“nifoha maraina talohan'ny masoandro sy ny olo-miadana fa te ho mari-pidirana”*¹⁵³. Maneho ny fitiavany fianarana sy ny filofosana tao anatiny izany.

Raha nipetraka tao amin'i Voahangy anabaviny izy, nitantana sy nisahana ny raharaha tao an-tokantrano, dia voahajany tsara avokoa ny ora rehetra tao:

ORA ARAHINA	Raharaha atao	Takila misy azy
5	Mifoha, mantsaka rano, mikarakara ny sakafo maraina	3
6:30	Misakafo	4
7- 11	Manasa lovia, mampiri-trano, manokona sakafo,	5
11	mitsena mpianatra	6
12: 30	Misakafo	8
1:30	Mandeha ny mpianatra sy ny mpiasa	10
2-8	Mikosoka, mamafa, mandamina, manjaitra, manasa, mipasoka,	10
9	misakafo hariva, mandamindamina,	11
10:30	Matory	12

Fafana 09: ny ora arahin'i Tsiry isan'andro

Tsy misy fanovany loatra io zotran'asa arahan'i Tsiry isanandro io. Voahajany hatrany anefa izany. Nambarany, *“fa na dia tsy mpiasam-birao aza izy, dia manana ora tsy maintsy nohajaina tsara tokoa”*¹⁵⁴

¹⁵³ VKP tak 10

¹⁵⁴ VKP tak 12

Raha hanomboka hiasa koa, ka nifamotoana tamin'Ingahy Aziz, i Tsiry sy i Meja: “*dia tonga tamin'ny ora voatondro izahay*”¹⁵⁵ hoy izy. Maneho ny fahasahiana sahady sy ny fahavononany hiasa izany fanajany ny fotoana nifanaovana izany.

Toy izany koa ny boky *onjam-pilafila* raha miresaka mikasika ny fotoana sy ny fanajana ora.

Asehony mpanoratra ao ny endriky ny hazakazaka niainan'ny mpiasan'ny orinasa afaka haba momba io fotoana io. “*(...) mpiasa mizotra maraina, fehezin'ny amin'ny 7 ora sy sasany*”¹⁵⁶. Amin'ny atoandro kosa, rehefa hisakafo dia “*mihazakazaka satria voafetra ny fotoana*”¹⁵⁷

Nampandefitra zavatra maro ireo mpiasa ireo mba hanajany ny ora sy ny fotoana ifehezan'ny orinasa azy.

Ny boky *Onjam-pilafila* iray manontolo, dia maneho ny voka-dratsy ateraky ny fahadisoam-pidirana: “*fahadisoam-pidirana tokoa manko no nanolana ny zotram-piainan' i Bako*”¹⁵⁸

Izany indrindra no tian'ny mpanoratra hampitaina : sarobidy ny ora, volamena ny fotoana ka tokony hohajaina.

Fanabeazana azo tsoahana avy amin'ny alalan'ireo ohatra ireo: zavatra maro no mety hiova noho io tsy fanajana fotoana io. Ny tanora indrindra no tokony hiezaka voalohany hanao izay azony atao amin'izany fanajana ora izany. Ary amin'ny maha mpanabe an'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, dia asehony fa ny mpampianatra no tokony ho fitaratra voalohany amin'ny fahatongavana ara-potoana; ary fatiantoka ho an'ny mpianatra ny fahadisoam-pidirana ataony ; tsy eo amin'ny fianarana ihany izany, fa eo amin'ny asa sy ny fiainana iray manontolo indrindra koa.

- ny fahasalamana

“ny fahasalamana no voalohan-karena”. Tokony hatao ho vaindohan-draharaha ihany koa ny fitandroana azy, satria ho very maina ny ezaka rehetra atao raha manaiky

¹⁵⁵ VKP tak 34

¹⁵⁶ OP tak 15

¹⁵⁷ OP tak 09

¹⁵⁸ OP tak 101

holazoin'ny aretina lava eo. *“Ny fahasalamana dia anisan'ireo zo fototra mifandray amin'ny fahafahana tokony hananan'ny tsirairay amin'ny maha olombelona azy*¹⁵⁹. Tranga vitsivitsy momba izany no resahin'ny boky:

-nanao izay azony natao tamin'ny fikarakarana an-dreniny narary i Bako. Nikofoka nitady vola sy nisahana raharaha maro tao an-trano izy vokatr'izany.

-narary mafy i Mino: nanao izay ho afany i Tsiry sy i Meja tamin'ny fanampiana azy. Nahantra anefa ry Tsiry; maro tamin'ny fanafody nasain'ny mpitsabo novidiana no tsy takatry ny volany, dia hoy izy tamin'i Mino: *“tsy nahavidy ilay fanafodinao tsy azo intsony ny karamako, fa dia ny sakafo no hatao tsaratsara ho solony. Ny fihinana tsara ve tsy mba hahasolo fanafody e!”*¹⁶⁰

-raha tazoina i Bako tany Tsararano, niezaka nanampy azy ireo mpifanolo-bodirindrina taminy. Ary nitady fitsaboana hafa taty Antananarivo koa izy roa. *“Ary rehefa lany aiky tamin'ny fitsaboana tany Mahajanga i Fetra sy i Bako! Dia tapa-kevitra fa ampiakarina hizaha tena any Antananarivo ravehivavy”*¹⁶¹

Izany hoe, niezaka nitady vahaolana hatrany izy ireo, raha manoloana marary iray. “Izay marary andrianina”, koa mampirisika sy mikitika ny sain'ny mpamaky ny mpanoratra, tsy hanome laka ny tsy fahasalamana raha mbola azo atao, sy takatry ny fahefa-manatanteraka.

Momba io fahasalamana io, dia avohitry ny mpanoratra ny heviny manao hoe *“aza mandrimandry manana aretina, sao hanenenana”*¹⁶². Aleo tokoa mantsy misoroka toy izay hitsabo.

Ny fanabeazana tsoahana amin'izany, dia: fadiana ny manao dokotera tena, tsy atao ambanin-javatra ny fanarahana ny torohevitra ny mpitsabo, ary tsy hadinoina ny mihinana sakafo madio sy voalanjalanja.

¹⁵⁹ Famelabelarana momba ny Fahafahana sy Fandrosoana niainga tamin'ny *“Triangle de Maslow”*, ENS, Taona Fahefatra, 2013-2014

¹⁶⁰ VKP tak 45

¹⁶¹ OP tak 98

¹⁶² OP tak 76

Fa ankoatra ny fanajana ora sy ny fiahiana ara-pahasalamana, dia hazavain'ny mpanoratra, fa ny zavatra rehetra ataon'ny tanora mihitsy no ilana fandinihana lalina mba hisorohana ny fakam-panahy mety handavo.

- fandinihana lalina izay eo anoloana

Ny boky *vakivakim-piainana* dia mamelabelatra lalina ny lalam-piainana nizoran'i Tsiry, ny fandrika nahazo azy ka nahatonga azy tany am-ponja. Asehon'ny mpanoratra fa zavatra maro no tokony ho nofantarin'i Tsiry vao nanaiky ny ho any Maorisy izy.

Tsy fantany tsara akory, ohatra, ireo entana nanirahana azy fa halaina any Maorisy. *“ny momba ireo entana alaina, izay tsy voalaza tamiko ny momba azy, dia efa misy manomana ary raisim-potsiny, hoe”*¹⁶³

Toy izany koa ilay karana lahy: Houssen, nolazaina fa namana hiaraka aminy. Nony nifankahita teny Ivato izy ireo dia hoy i Tsiry: *“nanandrana ny nitsiky taminy aho, kanjo nianjonany dia nanodinany loha; [...]ny hany mba tsipalotro dia ny fanondroa-molotra natao tamin'ireo valiha notrotoiko”*¹⁶⁴

Tsy nanam-po ireo fandrika nataon'Ingahy Aziz taminy i Tsiry. Raha mba nanadihady lalina sy namakafaka manodidina io diany io izy, dia mety tsy ho tafalatsaka tamin'ilay fandrika . Ny tokony ho nataony dia ny namantatra tsara ny entana halaina, ny momba ny olona hivantanany, niezaka nanatona sy nanakaiky an'ilay namana hiaraka aminy, ary nanontany ny antony nifanondroan'ireo karana molotra an' ilay valiha nentiny.

Mbola vahiny any amin'ilay toerana haleha mantsy , “ka aleo manontanintany foana hihomehezana, toy izay hanaotao foana hitezerana”, indrindra raha nahatsikaritra fihetsika na zavatra somary tsy mazava eo am-panomanana zavatra iray. Tokony ho nofotopotoran'i Tsiry tsara ny manodidina ny diany iray manontolo.

Inona àry ny tian'ny mpanoratra holazaina amin'izany? Ny hialàn'ny tanora amin'ny toe-tsaina toy ny an'i Tsiry mihitsy no tian'ny mpanoratra hampitaina. Efa ela i Tsiry no naniry ho any an-dafy, ka raha vao notenenin'ny mpampiasa azy izy, fa halefa any Maorisy, dia tsy nanan-koheverina afa-tsy ny hoe, handeha..., tafita. Izy rehetra manodidina izany anefa tsy misy fantany akory. Tsy nisy voavaliny izay

¹⁶³ VKP tak 64

¹⁶⁴ VKP tak 66

nanontanian'i Mino sy i Meja azy: *“tsy fantatro e! ho any Andafy fotsiny aho, izay ihany aloha no fantatro! [...] tsy nisy nifantohan'ny saiko loatra. Ny hany tokana masaka tan-tsaiko , dia ny hoe: handeha marina aho! Tafita!”*¹⁶⁵

Azon'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA natao tsara toy izao ny fizotran'ny tantara, araka ny nambarany¹⁶⁶: voaporofon'ny fitsarana fa tsy meloka i Tsiry ka nahazo fahafahana malalaka; notazomina kosa Ingahy Aziz naniraka azy, sy i Houssen, ilay karana namany, niray tsikombakomba taminy tamin'ny fandefasana an'i Tsiry ho any Maorisy. Azo natao toy izany ny fizotry ny tantara, hoy izy, saingy misy hafatra sy fanabeazana tena tiana hampitaina amin'ny tanora ao. Tia manandrakandrana sy mora lavo amin'ny fakam-panahy samihafa ny ankamaroan'ny tanora; mety hamotika tanteraka ny ho aviny anefa izany. Ny fahavoazana nihatra tamin'i Tsiry dia azo anatsoahana anatra, fa tokony tsy ho sodokan'ny zavatra ivelany ny tanora, na amin'ny lafiny inona na inona izany, fa hahay handinika sy handanjalanja ny fihevitra sy ny fihetsika iray manontolo .

Raha toy izany ny anatra sy fanabeazana naroson'ny mpanoratra momba ny fitondran-tena tokony hananan'ny tanora, manodidina ny ezaka sy ny fitandremana samihafa, dia ny tanora sy ny fitiavana kosa no hifantohana manaraka.

2-2-2 ny fiainam-pitiavana

« Firaiketam-po amin-javatra na olona iray izay tiana ho an'ny tena, ary irina ho sambatra sy ho finaritra »¹⁶⁷ no antsoin'i RAJEMISA-RAOLISON hoe fitiavana. Tsy misy ny olona tsy manam-pitiavana na miaina tsy misy fitiavana. Raha fitiavan'olon-droa no resahina manokana, dia mandritra ny fotoam-pahatanorana no mampitsimoka sy mampiroborobo izany. Manana anjara lehibe amin'ny fahaveloman'ny olona tsirairay ny fitiavana. Fantraty ny mpanoratra tsara, fa io fitiavana io no anisan'ny mandavo ny ankamaroan'ny tanora, koa tsy nataony ho ambanin-javatra izany, fa anomezany ohatra vitsivitsy ao amin'ny boky mba

¹⁶⁵ VKP tak 64

¹⁶⁶ resadresaka nifanaovana tamin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, ny 03 Novambra 2014, tamin'ny 3 ora tolakandro, teny amin'ny ENS Ampefiloha

¹⁶⁷ RAOLISON (R.R), *Rakibolana Malagasy*, op cit

hahafahan'ny tanora mandray anatra sy mivoy fanabeazana. Momba ireto no hodinihina amin'izany: ny atao hoe fitiavana, ny fiatrehana izany, ary ny momba ny fanambadiana.

2-2-2-1 izay lazain'ny boky hoe fitiavana

“Lalam-piainana izoran'ny manana aina rehetra ny fitiavana” hoy Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA¹⁶⁸. Fihetsem-po ananan'ny olona tsirairay, tsy hay tohaina fa mamikitra, mety hamotika sy hanimba raha tsy hay ny mitondra azy, kanefa fototry ny fahasambarana sy ny fiainan-ko avy kosa, raha hay ny mandanjalanja azy.

Eo amin'ny fitiavan'olon-droa, dia hazavain'ny mpanoratra tsara, fa misy ny mizotra milamina tsara mandra-pahatongany eo amin'ny lafiny fanambadiana; misy kosa iharan'ny filafila mafy sy ny olana samihafa vao tafarina kely. Hoy izy milaza izany: *“ny fitiavana: ao ny mideza mitety havoana, ao ny tsy mahita afa-tsy karao-bato. Ao ny misosa tsy ahitana olakolaka, ao ireo azeran'ny malama maina. Lalam-piainana izany...”*¹⁶⁹

Izany hoe, misy ny fifaliana sy ny fijaliana indrindra ao amin'ny fitiavana, koa ny tanora izay miditra amin'ny sehatr'io fitiavana io, dia azo lazaina fa tanora efa matoy na andalam-pahamatorana. Ny olona raiki-pitia mantsy dia mandalo fiovana *“manova olona ny fitiavana, ary izay tia resy”*¹⁷⁰. Ilana fandanjalanjana betsaka ny fitiavana. *“Mora kokoa [hono]ny miaina rehefa tantanim-pitiavana”*¹⁷¹, saingy ny *“ratram-pitiavana tsy tsaboina, manonitra”*¹⁷².

Izany hoe, misy ratra ihany koa aterak'io fitiavana io. Nefa nilaza ny mpanoratra fa *“tahaka ny poizin'ny maingoka ny ratram-pitia, ao aminy ao ihany ny fanafodiny”*¹⁷³. Aretina tsy sitran'ny dokotera ny aretim-pitiavana; ny tsirairay izay miaina ao anatin'ny ihany no mahita ny fanefitra hisorohana ny fijaliana entiny.

¹⁶⁸ OP tak 87

¹⁶⁹ OP tak 87

¹⁷⁰ OP tak 29

¹⁷¹ OP tak 86

¹⁷² OP tak 76

¹⁷³ OP tak 78

“Ny fitia latsaka am-po, tsy voaesotry ny zavatra ivelany”¹⁷⁴, hoy ny mpanoratra, izany hoe, tsy miankina velively amin’ny endrika ivelany, fananana, hatsarana, sns ny fitiavana.

Nolazain’ny mpanoratra aza, fa tsy misy fitsipika mazava ny fitiavana: *“lalao (...)ny fitiavana, saingy samy manana ny lanjany, samy manana ny haavony. Samy manao izay saim-pantany, sy izay takatry ny fony? (...) Ny fitsipi-dalaon’ny fitiavana mihitsy no sarotra soritana”¹⁷⁵*.

Izany fahalalahana amin’ny fitiavana izany indrindra no anabeazan’ny mpanoratra ny tanora mba tsy hahasolafaka an-dalana azy ireo.

Ahoana àry ny fomba hiatrehana sy hitondrana io fitiavana io?

2-2-2-2 ny fiatehana ny fitiavana

Na dia “saro-pehezina aza ny fitsipiky” ny fitiavana, dia azo nanatsoahana ireto toetra sy fihetsika samihafa ireto ny vondrona ambara, hanampiana ny tanora hiatrika ny fiainam-pitiavany.

• *Fanehoana safidy malalaka*: voalohany, dia tokony ho afaka misafidy malalaka ny olona hotiaviny ny tsirairay. Asehon’ny boky amin’ny alalan’ireto tranga ireto izany:

I Mino, tovovavy be mpitsiriritra tokoa teny Ankatso, saingy i Tsiry no nosafidiany. Miainga avy ao anaty izany. Fiombonana mazàna no hevitra ny safidy, satria fitiavana no tena dikany, ary fankahalana kosa no setrin’ny fanerena.

I Bako: voatery nanambady an’i Tiaray izy. *“zava-tsy zaka ny fanambadiana antery setra”¹⁷⁶*. Ka nitohy hatrany an-tokantrano ny fankahalan’i Bako azy.

Zava-dehibe ny fahafahana misafidy ny olona hotiavina. Ilana fitandremana anefa izany sao fatra-pifidy ny tsara, ka ho tojo ny ratsy. Voafitaky ny safidy nataony i Mino taty aoriana, rehefa teo afovoan’i Tsiry sy ilay vazaha iray sakaizany: ity farany no nosafidiany, kanjo namotika ny fiainany: *“nolazain’ily vazaha fa nanelingelina ny*

¹⁷⁴ OP tak 78

¹⁷⁵ OP tak 38

¹⁷⁶ OP tak 36

fiarahan'izy roa, hono, ny fianarana[...] dia natsahatra ny teny Ankatso" ¹⁷⁷. Nampanantena koa izy fa hoentiny hovadiana any an-dafy i Mino "*kanjo roa volana talohan'ny hahavelomany, lasa ilay vazaha! Tsy fantatra izay nalehany fa dia tsy niverina intsony.*"¹⁷⁸. Simba tanteraka ny fiainan'i Mino; ny fianarana nafoy, ny olona nantenainy namitaka. Nandamoka ny ezaka nataony. Voafandriky ny safidiny izy!

Tsara ny manan-tsafidy; ilana fandinihana ihany anefa, sao sodokan'ny zava-baovao tsy fahita ka hiantampy amin'ny hazo tsy fantatra.

• *Ny fifampiresahana*: "raha mpifankatia tsy mifampiteny, hono, very ny androatokon'ny fitiavana", ary "ny itokotokoan'ny loha: izarazaran'ny hevitra". Izany hoe, na dia iray safidy aza ny mpifankatia, dia tsy maintsy misy ny fijery tsy mitovy. Tena ilaina ny fifampiresahana mandritra ny fiarahana sy ao an-tokantrano mba hampaharitra ny fitiavana.

Ohatra:

Nahita fiovana teo amin'i Mino i Tsiry. Raha mba nanontany sy niezaka nanatona an'i Mino izy momba izany fiovany izany, dia mety ho voaavotra ihany ny fiarahan'izy roa. Na farafaharatsiny, mba fantatr'i Tsiry ny tena hevitr'ilay malalany, hahafahany mionona mialoha: "*nanao nanapatapaka tamin'ny fianarana izay i Mino; somary nilanila vaniny tamiko, dia izay, tsy hitako intsony...Herintaona no nanantenako azy ihany, tsy niverina*" ¹⁷⁹.

Diso fanantenana i Tsiry. Azo lazaina fa vokatry ny tsy fahampian'ny fifampiresahana teo amin'izy roa izany.

Tena ilaina ny fifampiresahana eo amin'ny mpifankatia mba hahafahana mahafantatra izay tena ao an-tsain'ny iray. Toy izay nataon'i Bako sy i Fetra. Nahatsiaro nangina lava i Bako tany Tsararano; niresaka tamin'i Fetra momba izany izy. Koa na dia nisy aza ny tsy fitovian-kevitra teo amin'ny roa tonta, dia ny fifampiresahana no nahafahana nandravona ny dinika. "*na dia noveherin'i Fetra ho*

¹⁷⁷ VKP tak 23

¹⁷⁸ VKP tak 23

¹⁷⁹ VKP tak 22

lasa alohan'ny mety aza [ilay zaza hanala fahanginana] , dia nekeny ihany: sao mba hahatsara an'ity olon-tiany(...)"¹⁸⁰

Manaporofa izany, fa ny fifampiresahana ihany no lalan-tokana ahafantarana ny hevitra ny ankilany.

Ao anatin'izany fifampiresahana izany, dia tsy tokony hanafina izay zavatra mety hampisy olana any aoriana ny tsirairay.

Ohatra: i Bako, nilaza tamin'i Fetra fa efa niteraka. Voatohina i Fetra, saingy anjarany avy eo ny mieritreritra na hotohizana ny fiarahana na tsia. Raha aty aoriana mantsy, "*sao hamoizana ny olon-tiana ny filazana ny marina rehetra*" ¹⁸¹. Tokony hiezaka hifanatona sy hifampiresaka ny mpifankatia, indrindra amin'ny famahana ny olana rehetra. Ny fifampiresahana dieny any amboalohany no antoka ahafaha-misoroka ny disadisa mety hitranga any aoriana.

• *Ny fifampitsinjovana*: matoa mifanaiky hiara-dalana, dia misy ny fifankatiavana. Io fitiavana io dia mampandefitra ny "izahon'ny tena" mazàna. Dia mijery ny ankilany. Tokony hifampitsinjo sy hifanampy ny mpifankatia raha araka ny hevitra Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA. Nasehony ny eritreritra nibosesika tao an-dohan'i Tsiry manoloana ny fitiavany an'i Mino. "*tiako hovidina ho azy ny fanafody rehetra, ny sakafo rehetra, ny tsara rehetra.*"¹⁸². Nitsinjo an'i Mino tamin'ny lafiny rehetra i Tsiry. Teny an-dalana nody aza izy, raha mbola namisavisa ny fiainany, ka nahatsiaro an'i Mino, dia "*nividianany voasary ho azy ilay roapolo fara volany*"¹⁸³

I Mino koa dia nitsinjo hatrany an'i Tsiry na dia tsy salama aza. Vatrany ny nikiry nisolo an'i Tsiry tamin'ny raharaha tao an-trano rehefa hitany fa reraky ny asa i Tsiry.

Toy izany koa, i Fetra sy i Bako: nikaroka hevitra mba hahafahan'izy roa maka rivotra ivelan'ny tanàna i Fetra rehefa nahita fa tototry ny asa loatra izy, ka tsy afanikarakara an'i Bako. "*Nony efa nihafana i Bako taorian'ilay tazony, dia nikaro-*

¹⁸⁰ OP tak 98

¹⁸¹ OP tak 82

¹⁸² VKP tak 30

¹⁸³ VKP tak 28

kevitra i Fetra mba hitondra azy hivoaka lavidavitra, mba hiala voly kely”¹⁸⁴ Nitsinjo an’ i Bako izy, nalahelo azy, ka niezaka nikaroka hevitra hampifalifaliana ny olon-tiany.

Toy izany ny fifampitsinjovana resahin’ny mpanoratra. Halavirina ny fitiavan-tena. Tsy voatery ho fanomezana goavana sy lafo vidy no hanehoana sy hanaporofoana ny fitiavana. Fihetsika tsotra toy izany dia maneho fa sarobidy ny olon-tiana.

2-2-2-3 ny fanambadiana

Anisan’ny tanjona iray ezahin’ny mpifankatia hotratrarina ny fanambadiana. Ny fanambadiana araky RAJEMISA-RAOLISON dia ***“Fikambanan’ny lehilahy sy vehivavy mifanaiky hiara-kanorina tokantrano, araka ny lalàna sy ny fomban-tany mba hahazo taranaka*”**¹⁸⁵

Ny vodiondry, ny soratra, ary ny mariazy amin’ny ankapobeny no toko telo maha masa-nahandron’ ny fanambadiana. Misy zava-baovao maro hitan’ny tanora ao anatin’io fanambadiana io: olona vaovao, fiaraha-monina vaovao, trano vaovao... izay samy mety hitarika sy hanova ny tena hanana toetra sy fisainana vaovao avokoa.

Ahoana izany?

Ny saina no amboarina voalohany rehefa miroso eo amin’ny sehatry ny fanambadiana: hanaiky izay rehetra fiovana mety hitranga.

Araka ny hita sy re any anatin’ireny fomba malagasy ireny , dia miara-mandidy sy miara- manapaka ny tokantrano ny mpivady. Ny lehilahy no mitady vola sy mamelona , ny vehivavy kosa misahana ny raharaha ao an-tokantrano. Asehon’ny mpanoratra tamin’ny tokantranon’i Bako sy i Tiaray izany: I Tiaray nitady vola sy nanome toky : *“aza manahy foana fa voaantoko ny fivelomantsika!”* ¹⁸⁶. Izany hoe, na dia miasa aza ny vehivavy, ny vola ampidirin’ny lehilahy ao an-trano, dia tokony haantoka ny fiainan’ny mpianakavy, satria izy no lohan’ny tokantrano ary miantehitra aminy ny vady aman-janany.

¹⁸⁴ OP tak 91

¹⁸⁵ (R.R) RAOLISON, *Rakibolana Malagasy*, op cit

¹⁸⁶ OP tak 44

Ny vehivavy kosa dia tokony hisahana manontolo ny filaminana sy ny fikarakarana madinidinika ao an-tokantrano. Asehon'ny mpanoratra fa tokony hialan'ny tanora ny toetra amam-pihetsika toy izay nataon'i Bako tao an-tokantranony.

Tsy nihetsika firy izy “*nandokoroka teo am-baravarankely teo izy manontolo andro*”¹⁸⁷. Hany ka kivy ny rafozany nahita izany: “*efa nionona ela Ramatoa Razafy, toa tsy hahakarakara tokantrano ity vinantovaviny!*”¹⁸⁸.

Araka izany, dia tokony hiezaka mafy amin'ny fikarakarana tokantrano ny vehivavy, hanao izay rehetra azony atao mba “*ho tokantrano irin'olona tokoa fa tsy haniry olona sanatria*”. Azo atao ihany koa anefa ny hoe, samy miasa mitady vola ny lehilahy sy ny vehivavy, toa an-dRamify sy i Voahangy, ao amin'ny boky *Vakivakim-piainana*.

Tokony holanjalanjaina tsara ihany koa ny fotoana ivoahana any ivelany sy ijanonana ao an-trano.

Hoy Ramatoa Razafy: “*sao mba tokony hivoaboaka ianao, anaka, mba mitsangantsangana, manatanja-tena? Tsy tsara anie ny mitoe-poana ato an-trano e! mba makamaka rivotra eny ivelany, mba manatsotsotra lamosina...*”¹⁸⁹. Kanefa ambaran'ny mpanoratra ihany koa fa “*raha vehivavy tsy miasa no mivoa-dava sao hakorain'ny olona ho fotsy varavarana:*”¹⁹⁰

Izany hoe, tokony holanjalanjain'ny vehivavy ny fivoahany ao an-tokantrano, indrindra raha tsy miasa izy. Misy antony mazava tsara vao mandeha any ivelany, mba hialàna amin'ny vavan'ny manodidina. Mifanabe mantsy ny fiarahamonina araka ny efa nambara tany aloha, ka tokony hotandremana ihany ny fihetsika.

Na dia izany aza anefa, dia fadiana koa ny mihaino vavan'olona. Tokony hanadihady sy haka porofo ny tsirairay mialoha ny hanapahana hevitra, na koa mifampiresaka. Na inona mantsy atao na inona, dia tsy maintsy hiresaka ny mpiaramonina, ka anjaran'ny tsirairay ny maka fepetra hisorohana ny ady mety haterak'izany. Hoy indrindra ny boky: “*ny olona ve tsy hiresaka e! ho azonao rarana tsy hifosa izy?*”

¹⁸⁷ OP tak 44

¹⁸⁸ OP tak 45

¹⁸⁹ OP tak 45

¹⁹⁰ OP tak 71

Raha izay vavan'ny tsy tia rehetra izao no henoina, any an-danitra sisa vao hisy ny tsara. ”¹⁹¹

Ankoatra izany, momba ny rafozana. Solon-dray sy reny niteraka ny rafozana. Tokony hampitoviana lanja amin'ny ray aman-dreny izy. Tokony horaisina ampitiavana ny anatra sy ny torohevitra omeny. Ary ny fomba fiteny sy firesaka koa, dia tokony holanjalanaina tsara mba tsy handratra ny hafa.

Ary farany, ny fanambadiana dia toy ny tenon-jiafotsy ka vao tsy ialan-kasokasoka, tonta tsy ialan-dromoromo, hoy ny ntaolo. Kanefa koa toy ny lamban'akoho izy ka faty no isarahana. Izay rehetra manapa-kevitra ny hiroso amin'io fanambadiana io, dia tsy tokony hitady lalana hivoahana avy ao indray. Tsy tokony hisy ny fisaraham-panambadiana araka izay lazain'ny boky. Na inona na inona olana misy dia azo vahana izany. Fitsapana sy filafila no betsaka. Nanana olana goavana, ohatra, i Bako tao an-tokantranony, nefa nasehon'ny mpanoratra fa tsy vahaolana ny fisarahana. Niverina soa amantsara tao an-tokantranony ihany izy. Marina tokoa fa “*tahaka ny poizin'ny maingoka ny ratram-pitia, ao aminy ihany ny fanafodiny*”¹⁹². Izany hoe, raha misy ny olana ao an-tokantrano, tsy lavitra ny vahaolana fa ao an-tokantrano ao ihany. Izany no anabeazan'ny mpanoratra ny mpamaky. Aminy, tsy vahaolana ny fisintahana.

Ampaham-panabeazana azo notsoahana tao amin'ny boky *Onjam-pialfila* sy *Vakivakim-piainana* momba ny fanambadiana ireo. Heverina fa misy toetra amampihetsika vitsivitsy azon'ny tanora hitondrana ny diany amin'ny tontolon'ny fanambadiana izany, rahatrizay ka tafiditra amin'io sehatra io izy.

2-2-3 ny namana

“Ny namana dia olona niara-dava tamin'ny tena noho ny fifankahazoan-tsaina sy fitovian-kevitra”¹⁹³ hoy RAJEMISA-RAOLISON. Matetika, ny namana no itarainana, ary manavanana kokoa aza hizarana ny tsiambaratelo sy ny hadalana madinidinika.

¹⁹¹ OP tak 71

¹⁹² OP tak 78

¹⁹³ (R.R) RAOLISON, *Rakibolana Malagasy*, op cit

Ilana fisafidianana tsara anefa ny namana. Misy mantsy ireo naman-dratsy, mitarika ho amin'ny ditra sy hadalana samihafa: mifoka sy misotro zava-mahadomelina, miaina amin'ny teny ratsy sy mivoky ompa, sns. Tokony hohalavirin'ny tanora ireny naman-dratsy ireny sao hamotika azy. Ny aretina mantsy no mora mifindra fa tsy ny fahasalamana.

Misy kosa ny namana, tena namana, toy ny iray tam-po, mifanakaiky sy mifanampy amin'ny tena, na amin'ny mora na amin'ny sarotra. Ambaran'ny boky amin'ny alalan'i Meja ao amin'ny *Vakivakim-piainana*, sy i Fara ao amin'ny *Onjam-pilafila* izany:

-I Meja: mpiara-miasa i Meja sy i Mino. Tojo ady sarotra i Mino ka very hevitra tanteraka. Tsy nanary azy i Meja, fa nanohana azy hatrany. Na dia reraka mafy aza izy, dia tsy nataony ho ambanin-javatra mihitsy ny fahasalaman'ity sakaizany nolazoin'ny aretina efa ela.

Ankoatra an'i Mino, dia mbola nanaiky hitoeran'i Tsiry tao an-tranony, ary namelona azy koa i Meja. *“ny aretin'i Mino mahavaka ny saina; ny tsy fahitako asa, mahavaky ny loha. Hita ho sasatra tokoa i Meja nibaby irery ity tokantrano kelinay telo”*¹⁹⁴. Nanampy an'i Tsiry i Meja. Nikaroka asa ho azy izy. Na i Voahangy anabaviny, na Ramily zaodahiny aza tsy nahavita izay vitan'i Meja taminy. Tsy mba nihevitra ny hitady asa ho azy mantsy Ramily fa variana nandatsa tamin'ny *“Ratsiry tsy an'asa”*¹⁹⁵ lava fotsiny. Nanam-panahy loatra i Meja. Nahatsapa izany i Mino sy i Tsiry: *“fa manam-panahy, ho 'aho iny zazavavy iny. Aza mitsara azy ivelany”*¹⁹⁶

-I Fara: sakaizan'i Bako: *“zaza indray nihira i Fara sy i Bako, niara-nilalao, niara-nianatra, niara-niasa, niray tsikombakomba matetika, tena nifankatia tokoa”*¹⁹⁷. Tena fara fialofan'i Bako tokoa i Fara, tena nanampy azy na mivantana na ara-kevitra. Niditra an-tsehatra tamin'ny fitadiavam-bahaolana tamin'ny olana rehetra nahazo azy.

Raha nitoe-jaza tamin'ny tsy nampoizina i Bako, niara-dalana taminy teny hatrany i Fara. Tsy namela azy ho irery fa nanolo-tanana azy. Ary amin'ny maha namana akaiky azy, dia tsy nisorona izy nilaza ny heviny momba ilay fanalan-jaza nokasain'i Bako hatao. *“aza atao mahatezitra andry, akia ry Bako, fa raha ny hevitra dia izao: sao*

¹⁹⁴ VKP tak 27

¹⁹⁵ VKP tak 04

¹⁹⁶ VKP tak 30

¹⁹⁷ OP tak 20

haningotra ny ain-dehibe tokoa, lahy, ity finiavana hanala zaza ity! Izay no tena mampanahy ahy, ankoatra ny resaka finoana izay efa tsy iverenako intsony...”¹⁹⁸.

Nandiso sy nandrara mafy an’i Bako i Fara. Koa na dia nisy aza ny fifamaliana vokatr’izany teo amin’izy roa, dia tsy nanaiky ny hamela an’ity sakaizany hizotra ho any amin’ny fahaverezana mihitsy i Fara.

Araka izany, abaribarin’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, fa tsy ratsy avokoa akory ny namana. Misy ny namana tena mahavita mihoatra noho izay ataon’ny havana amin’ny tena aza. Ny tena namana, dia izay tsy mandao, na anatin’ny mora na amin’ny sarotra, ary tsy misorona fa manitsy raha mitady hanao fihetsika kitoatoa ny tena.

Toy izany sy toy izany ny fanabeazana atolotry ny mpanoratra ho an’ny mpifankatia, ho an’ny mpivady, ary ho an’ny mpinamana, raha araka ny hita ao amin’ireo boky roa ireo. Etsy andanin’izany, dia mandefa hafatra ho an’ny fitondram-panjakana ihany koa izy.

2-3 hafatra vitsivitsy ho an’ny fitondram-panjakana

Araka ny efa nolazaina tany am-boalohany, dia tsy mihevitra ny tenany ho mena ambonin’ny mena velively Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, ka hanome moraly ny mpamaky. Aretim-piarahamonina hitany no ambarany, mba hiarahamisaizaintsaina izay mety ho vahaolana . Hita taratra ao amin’ny boky *Onjam-pilafila* sy *Vakivakim-piainana* ihany anefa, fa ankoatra ny tanora izay nokendreny manokana tamin’ireo boky ireo, dia maneho tranga samihafa ihany koa izy mba hanairana ny tompona andraikitra samihafa sy ny fitondram-panjakana.

Misarika ny sain’ny tompona andraiki-panjakana Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA amin’ireto lafin-javatra ireto: ny zava-misy eny anivon’ny fiarahamonina, ny rafitra sy izay hita any amin’ny sehatra samihafa. Hojerena mifanesy ireo, ary raha efa izany, hovahavahana ny tolo-kevitra arosan’ny mpanoratra amin’ny fomba ankolaka mba hanarenana ny tsy mety.

¹⁹⁸ OP tak 33

2-3-1 zava-misy eo amin'ny fiarahamonina

Tamin'ny taona namolavolana ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*, dia tsapa fa mbola torovan'ny fitokonana tamin'ny 1991 ny vahoaka malagasy. Niaina tao anatin'izany ny mpanoratra ka fantany tsara ny vokatry naterak'io raharaha politika io teo amin'ny fiainam-piarahamonina. Voadona ny lafiny toe-karena, ary dia nisy fiantraikany teo amin'ny sosialim-bahoaka izany.

Nitombo, ohatra, ny elanelana teo amin'ny fari-piainan'ny mponina. Ny mahantra dia nihanahantra hatrany, ary ny mpanankarena kosa, vao mainka nitombo fananana. Asehon'ny tantara koa, ny fahasahiranana iainan'ny madinika vokatry ny fanjakakazakan'ny vahiny amin'ny sehatra maro samihafa, toy ny asa sy ny tsena. Hovahavahana ny momba izany, mialoha ny hiresahana ny tsy fandriampahalemana izay tsy tokony hataon'ny mpitondra ho ambanin-javatra ihany koa.

Mahazo laka eo amin'ny sehatra rehetra ny vahiny. Raha somary nihafihafy na nipetrapetraka izy teo aloha, ankehitriny kosa, efa mihahasahisy sy tsy mihevitra ny tenany ho vahiny intsony. Maro amin'ny tanimbary sy ny tany malalaka mantsy no efa novidiany hananganana foto-drafitr'asa ka efa lasany tanteraka. Ohatra amin'izany ny anjara lovan-dRamatoa Razafy: "*novidin'ny orinasan-karana ilay tanimbary kely anjara lova*"¹⁹⁹. Raha tsy mandray fepetra mikasika io fivarotan-tany io ny mpitondra, hoy ny mpanoratra, dia mety ho lasan'ny vahiny avokoa i Madagasikara manontolo.

• ny asa

Samy mitantara ny fiainan'ny tanora malagasy miasa any amin'ny orinasam-bahiny ireo boky roa ireo: ny fihafian'ny mpiasa marobe eny amin'ny orinasa afaka haba no ambaran'ny boky *Onjam-pilafila*, ary ny antsipirihany amin'ny fiainan'ny mpiasa madinika eny amin'ny orinasan-karana iray kosa ny an'ny boky *Vakivakim-piainana*.

Abaribarin'ny mpanoratra, fa miaritra sy mizaka ny mafy tokoa ireny mpiasa madinika ireny. Toa tsy asa, fa fanompoana mihitsy no ataony, kanefa ny karama, vary masaka.

Tsy ny mpiasan'ny orinasa afaka haba tahaka an'i Bako, na ny mpiasa madinika toa an-dry Fano sy i Tsiry na Rakotovao ihany no miaina toy izany. Santionany ihany

¹⁹⁹ OP tak 18

ireo. Manaitra ny tompona andraikitra ny mpanoratra mba hijery ireny tanora miasa amin'ny orinasa vahiny ireny, fa ara-bakiteny tokoa ny hoe tena miaritra ny “*tsikalankalan'olona*” izy ireny.

Tsy eo amin'ny sehatry ny asa sy ny fananan-tany ihany no anjakazakan'ny vahiny. Ataony mizaka ny mangidy ihany koa ny tovovavy malagasy noho ny fananany vola. Niharan'izany i Mino sy i Meja.

-I Mino: voafitaky ny rendrarendram-bahiny ka namoy ny fianarana ary nanary ny hasin'ny tenany. Tsapany fa , simba tanteraka ny ho aviny. Hoy izy: “*dia navenjivenjin'ny fitadiavana aho; nikarama varimasaka tetsy sy teroa; trotraka... dia nozarin'ny lehilahy manam-bola “hanakalo” izay nananako; nalainaina tany ampiandohana saingy natosiky ny vola moramora*”²⁰⁰

-I Meja: ny fifaneraserana tamin'ny vahiny no hany fivelomany: “*ny tolakandro izy, misolo olona amin'ny fandrosoan-tsakafo-m-bahiny, ny alina indray, manolo-tena miroso ho an'ny vahiny mandalo*”²⁰¹.

Toy izany no zakain'ny tanora malagasy, mba miezaka ny hioitra amin'ny fiainana.

Momba ny tsena sy ny raharaha-barotra koa, dia anjakan'ny vahiny tanteraka izany. Mirona kokoa amin'ny entana vokarin'izy ireo ny mponina , noho ny sarany mirary kokoa. Ambaran'ny mpanoratra, fa teny Ivato raha hiainga ho any Maorisy i Tsiry, dia nahatsikaritra fa manan-java-tsoa sarobidy maro i Madagasikara: “*manan-karena tokoa ny nosintsika, manana harena ho an'ny manam-bola fa tsy manan-katolotra ho an'ny mahantrany! [...], saingy ireto harena: vatosoa, hazo sarobidy, hoditra sarobidy... hosoloana “plastika”m-bazaha no mahalasa vinany ahy*”²⁰². Ny vahiny sy ireo mpanam-bola anefa no hany liana sy mahatakatra ny vidin'izy ireny.

- ny tsy fandriampahalemana

Fa manampy trotraka izany fanjakazakan'ny vahiny izany ihany koa ny tsy fandriampahalemana, na any ambanivohitra na eto andrenivohitra.:

²⁰⁰ VKP tak 24

²⁰¹ VKP tak 27

²⁰² VKP tak 65-66

-hoy ny resak'i Meja tamin'i Aziz raha nangataka asa taminy ho an'i Tsiry izy: “avy any ambanivohitra [I Tsiry], mba te hiasa aty Tanà fa be dahalo loatra any”²⁰³

-ary hoy i Fano nanazava tamin'i Tsiry ny antony itiavany ny alina: “izay fahavaloko [amin'ny alina] , matahotra ny sandry be ka mandositra. Izany mihitsy, leitsy, no itiavako ny alina: manjaka ao ny sandry be (...)”²⁰⁴.

Ambaran'ny mpanoratra, fa anisan'ny mahatonga ny tsy fandriampahalemana an-drenivohitra ny fifindra-monin'ireo tantsaha mandositra ny ambanivohitra: “vahoaka tsy nahazo ny avon'larivo ka nanorim-ponenana eny an-tanimbary, nanampina tsikelikely an'i Betsimitatatra fivelomany [...] ady ateraky ny toeran-tery isisihan'ny olo-marò be loatra [...] dia raikitra ny ady! Manjaka eo ny sandry be”²⁰⁵

2-3-2 sehatra hafa tokony hojeren'ny Fanjakana

Tsy amin'ireo sehatra voalaza ireo ihany no izakan'ny vahoaka Malagasy ny mangidy fa amin'ireto ihany koa: ny fitsarana, ny fahasalamana, ny fifamoivozana ary ny endri-pitantanana any amin'ny orinasa.

- ny fitsarana: maneho amin'ny ampahany ny tandrevaka ataon'ny Fitsarana ny boky Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila. Ireto avy izany:

-i Tsiry: nampidirina am-ponja tamin'ny raharaha fanondranana vovo-bolamena nasisik'Ingahy Aziz tany anaty entany. Afaka madiodio anefa Ingahy Aziz. “Dia vita ny famotorana teny Anosy. Tsy nisy olona azo notanana tamin'ity fitondrana volamena an-tsokosoko ity afa-tsy izaho irery [...]ny fiarovan-tenako maivana, tsy misy porofo!”²⁰⁶.

Tsy vahaolana koa ny fampijaliana izay voarohirohy mandritra ny famotorana. Ny fanadihadiana lalina ihany no ahafantarana ny marina: “ [rehefa] nojambenana tamin'ireo jiro be, toy ny triatra ny ati-dohako! Nikofoka aho, ka injany nisitrika tany anaty nofoko ireo tady vahoho natao fato-maty. Nangirifiry [...]mba aina ihany ny ahy! Resy nony ela! Nekeko avokoa izay tian'ireo mpampahory ahy hoekeko. Ny

²⁰³ VKP tak 35

²⁰⁴ VKP tak 39

²⁰⁵ OP tak 45

²⁰⁶ VKP tak 73

hitsaharan'ny fangotsohako no sisa niriko. Nosoniaviko ny taratasy natolotra ahy, raha izay no hampiato ny hirifiriko! Dia mba navela hatory amin'izay aho..."²⁰⁷.

Raha ny marina, dia tsy azo lazaina hoe famotorana izay niseho teny Ambohibao, fa fampijaliana sy fampahoriana ny voampanga mba hiaiky izay toe-javatra nahiana ho nataony. Tsy misy fanadihadiana natao fa fanerena ankolaka hanaiky izay tian'ny tompona andraikitra ho valin'ny famotorana fotsiny; mitaky fidinana ifotony avy amin'ny tompona andraiki-panjakana izany toe-javatra izany.

-ny boky *Onjam-pilafila*: raha naolan'ny lehibeny mpampiasa azy i Bako, dia hoy izy: *"hitory? Hevitra nitsiry voalohany tao an-tsain'i Bako tokoa io [...] saingy vao mamisavisa ireo dingana hahatongavana any amin'ny "marina" izy, dia kivy; [...] ny fanazavana, ny fandresen-dahatra, fanomezan-karama ny mpisolovava [...] haharitra firy andro, firy volana, firy taona ny fivezivezena amin'izany? [...] Hitory? Tsy vahaolana izany [...] tsy hahazo rariny na oviana na oviana eo anatrehan'ny "olona" akory raha izay mafy ady kely ohatra ahy:"*"²⁰⁸.

Asehon'ny mpanoratra, fa tsy matoky intsony ny Fitsarana ny olona, indrindra ireo madinika. Manjaka loatra mantsy ny vola. Tsy izay "voa" no mahazo rariny, fa an'ny mpanam-bola ny fahamarinana. *"An'ny vola ny rariny eto an-tany"*²⁰⁹.

Anisan'ny mampitombo ny tsy fandriampahalemana izany, satria indraindray dia mahazo famotsorana, na afaka madiodio mihitsy tamin'ny didim-pitsarana ny meloka na ny olon-dratsy.

Ankoatra ny lafiny Fitsarana, dia nasian'ny mpanoratra teny koa ny momba ny tontolon'ny fahasalamana sy ny fomba fiasan'ny mpitsabo sasany.

- ny fahasalamana: mikasika ny mpitsabo amin'ny sehatra tsy miankina, tokony hasiana fiheverana izy ireny. Resahin'ny boky *Onjam-pilafila* ny momba ny renin-jaza sy ny mpampivelona, izay samy mpampiteraka manara-maso ny fahasalaman'ny vehivavy mitondra vohoka.

Ambaran'ny mpanoratra anefa, fa misy izy ireny, tsy mamelona fa mamono. *"Nalain-kanirina, kanjo nampivandravandra"*, satria tokony hamelona sy hanamarina ny

²⁰⁷ VKP tak 71

²⁰⁸ OP tak 22-23

²⁰⁹ VKP tak 45

fahasalaman'ny reny, kanjo lasa fitaovana manampy ny tanora amin'ny fanalana zaza indray.

Fantatry ny mpampivelona tsara, fa voararan'ny lalàna izany, satria misy tokoa ny lalàna mandrara ny fanalana zaza. Dia mailo ihany izy eo am-panaovana ny asany: *“zava-tsy ara-dalàna ity kasaina, ka nihisitrisitra aloha ilay Ramatoabe, nanadinadina, namotopototra, mailomailo. Ndrao haningotra azy ireto ka mody nitsapatsapa fanahy fotsiny ihany! Dia nilaza Ramatoa fa raha tsy misy toro-marika mazava avy any amin'ny dokotera, hono, tsy afaka hanao ilay “asa” izy”*²¹⁰.

Tsy ny mpampivelona ihany no voalaza fa manao io “asa” io, fa misy koa renin-jaza. Ny renin-jaza araka ny fanazavan'i MASSEUSE JEANINE, dia ***“toy ny mpampiteraka, saingy tsy nahazo fiofanana manokana toy ny mpampivelona fa fahaizana nentim-paharazana no ampiasainy”***²¹¹.

Ambaran'ny boky tamin'ny alalan'i Bako hoe: *“renin-jaza hoe: tsy te ho faty aho! Maro loatra ny tantaran'ankizivavy efa reko hoe matin'ireny”*²¹². Ankoatra izany, dia hoy i Fara: *“(…)eny amin'ny hopitaly eny koa, hono, toa misy dokotera na profesora manao io fanalana zaza io ihany koa...”*²¹³.

Izany hoe, na ny dokotera vita fianianana, na ny mpampivelona nanatrika fiofanana manokana momba ny vehivavy mitondra vohoka, eny fa hatramin'ny renin-jaza izay heverina fa miasa noho ny fahalalany fotsiny, dia samy manao io fanalana zaza io avokoa. Ilana fiheverana lalina izany.

Azo tsoahana avy amin'izay nolazain'ny mpanoratra, fa famonoana olona ny fanalana zaza. Ny fanekena ny hanatanteraka izany, dia firaisana tsikombakomba amin'ny famonoana olona.

•ny fifamoivoizana: asehon'ny tantara fa zary fahazaran-dRamily ny nahazo vola tamin'ireo fiara nosakanany: *“bokotra be efa-joro fenoin'ny mpamily fiara vola isan'andro! Sakaizany avokoa manko, hono, ireny, ka raha vao sakanany dia manome*

²¹⁰ OP tak 24

²¹¹ Resadresaka nifanaovana tamin'i MASSEUSE JEANNINE (mpitsabo amin'ny alalan'ny hotra), ny 09/04/2015, tamin'ny 9: 15, tao amin'ny vondrona FITSABOANA ADY GASY, noforonin'Atoa Desiré RANAIVOSOA

²¹² OP tak 26

²¹³ OP tak 26

azy saram-pisakaizana”²¹⁴. Nataon-dRamily ho karama ambony ampanga ireny saram-pisakaizana ireny; tena nahazo tokoa izy ka nahatsiaro ho very fihinanana rehefa nafindra teny amin’ny Sampana Fikarohana. Hoy izy, “*Any amin’ny Fikarohana angaha misy fiara? [...] fiarakodia hosakanana [...], fiara misy mpamily manome pitik’afo*”²¹⁵

Tsy zava-baovao izany fihetsika fanararaotam-pahefana ataon’ny zandary sasany izany. Raha toa misy fandikan-dalàna ataon’ny mpamily, dia io saram-pisakaizana io no mamafa izany hadisoana izany. Mba hisorohana ny mety hahavoasintona ny taratasin’ny fiarakodia, dia tandremana fatratra ny fifandraisana amin’ny mpitandro filaminana misahana ny fifamoivoizana.

Endrika kolikoly vokatry ny fanamparam-pahefana izany. Andraikitra ny Ministeran’ny fifamoivoizana sy ny filaminana anatiny ny mijery akaiky izany.

- ny endri-pitantanana: Fahafaha-manao zavatra na manatanteraka asa iray no atao hoe fahefana. Tsy mitovy ny fahefana ananan’ny olona eo anivon’ny fiarahamonina sy ny firenena, fa miankina amin’ny toerana misy azy.

Misy ny mampiasa ny fahefana ananany ho fitaovana hahazoan-tombontsoa manokana.

Ohatra:

ireo mpiasa manana andraikitra ambony dia manampatra ny fahefany amin’ny mpiasa madinika, toy izay miseho eny amin’ny orinasa afaka haba araka ny hita ao amin’ny *Onjam-pilafila*: “*Tamy àry i Sefo! Iza indray no handraingiraingy? Iza indray no hahita faisana? Isaky ny mandalo manko Rabontsina, dia hitady ny rembiny izy izay.*”²¹⁶. Koa na ny fitondran-tenany, na ny fomba fifandraisany amin’ny mpiasa, dia samy nanehoany ny fahefany. “*zava-tsy tantiny ny valivaliana!*”²¹⁷. Nasehony tamin’izay rehetra nataony fa sefo izy, manana fahefana manokana. “*(...)teny ratsy, ompa variraraka, vazivazim-betaveta [...] Atao ahoana anefa moa?sefo izy: nahazo nanao izay sitrany! [...] natao daholo manko izay tsy hahasosotra ny sefo! Na ireo*

²¹⁴ VKP tak 11

²¹⁵ VKP tak 13

²¹⁶ OP tak 08

²¹⁷ OP tak 10

tanany nitsapelika tany an-damosina sy tany ambanimbany rehetra tany aza, nihafian'ireo tovovavy nofeheziny. Sefo izy tsinona e!”²¹⁸

Ahariharin'io tantara *Onjam-pilafila* io moa ny fanararaotam-pahefana tafahoatra nampiharina-dRabontsina tamin'i Bako, dia ny nanereny azy hiray taminy raha tsy tiany ho banga ny karamany iray volana. Hoy i Bako: “*manararao-pahefana! Mba natera-behivavy ihany anefa*”²¹⁹

Tena mitondra ny mangidy tokoa ny tanora Malagasy any amin'ireny toerana ireny: ny asa mafy, ny mpampiasa mampijaly, hany ka “[...]mba faly ery ny madinika; afa-niaina kokoa ireo ankizivavy narahi-maso”²²⁰ rehefa tsy eo ny mpampiasa hampihorohoro.

Any amin'ireo manam-pahefana eny amin'ny sehatra samihafa no iantefan'ny fanabeazana atolotry Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA eto. Tsy takona afenina tokoa mantsy ny fisian'ny manam-pahefana manao izay danin'ny kibony amin'ireo madinika. Hoy ny Gazety *Diva*: “***mbola maro eo amin'ny fiarahamonina Malagasy tokoa ny endrika tsindry hazolena sy ireo ady mafy atrehan'ny sahirana eo ambany ziogan'ny mpanana***”.²²¹

2-3-3 ny fanabeazana atolotry ny mpanoratra ankolaka ho fanarenana ny lesoka

Matoa mamotsipotsitra ireny trangan-javatra samihafa ireny Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, dia misy fanabeazana tiany hatolotra ny mpamaky ao, na dia tsy nolazainy mivantana aza izany. Izany fanabeazana izany dia nataony ho an'ny sokajin'olona samihafa, fa ny nasiany teny manokana araka ny fanadihadiana tetsy aloha, dia ny momba ny rafi-pampianarana, ny tontolon'ny asa sy ny fihetsiky ny vahiny, ny fitsarana, ny mpitandro filaminana, ary ny fahasalamana.

²¹⁸ OP tak 08

²¹⁹ OP tak 16

²²⁰ OP tak 18

²²¹ GAZETY *Diva*, Sabotsy 11 Aprily 2015, laharana 784, tak 5, “**Tsindry hazo lena sy herin'ny vola**”

2-3-3-1 momba ny rafi-pampianarana

Rafi-pampianarana tsy mamolavola tanora hanatevin-daharana ny tsy an'asa no tokony hijoro. Tompon'andraikitra voalohany amin'izany ny mpitondra fanjakana, ka anjarany ny mandinika sy mandanjalanja ny endri-pampianarana atolotra ny vahoaka. Fantany rahateo ny fari-piainana sy ny fomba amam-pisainan'ny vahoaka entiny. Mba tsy hitrangan'ny toe-javatra toy izay nahazo an'i Tsiry ,ohatra, raha tsy afaka nanohy ny fianarany teny amin'ny ambaratonga ambony intsony izy, dia ho voavonjy ihany raha toa ka mba nisy rafitra nandray azy sy ny toa azy rehetra ho amin'ny fanofanana araka asa. Tsapa ihany koa moa, raha araka ny fahitana ny hafaliam-pon'Ingahy Aziz tamin'ny asa nataony tao aminy, fa toa mba tovolahy nahay ihany i Tsiry.

2-3-3-2 ny tontolon'ny asa sy ny fihetsiky ny vahiny

Mifandray amin'izay voalaza tetsy ambony ihany ity sehatra iray ity. Noho ny tsy fahitana asa mifanaraka amin'ny fianarana nataony no nahavoatery an'i Tsiry hanaiky hanao asa fiambenana, ary an'i Bako hiasa any amin'ny orinasa afaka haba. Ary dia eo no manararaotra ny tompona orinasa izay ny ankamaroany dia vahiny. Ny tsy fisiana ihany koa moa no manery ireo tanora hanao izay asa hitany. Heverin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, fa fihetsika tokony hahamenatra ireo mpanana ny manao tsindrio fa lavo toy izany. Tsy ny fihetsiky ny mpanana ihany akory no tsikerain'ny mpanoratra, fa ny an'ireo mba nahazo fahefana kely toa an-dRabontsina ihany koa. Toa te hiteny koa izy hoe: ny ataon'ny vahiny aza efa tsy hita izay hanaovana azy, kanefa toa vao mainka manampy trotraka izany koa ny ataon'ny Malagasy iray ra amin'ny tena. Antenainy fa ho voarain'ireo Rabontsina rehetra izany teniny izany.

2-3-3-3 momba ny fitsarana

Ny fanaraha-maso akaiky, sy ny famotorana ary ny fanadihadiana samihafa momba ny zava-mitranga marina no tokony hiankinan'ny didim-pitsarana. Asehon'ny tantara fa mbola misy fanararaotan'ny mpanam-bola ihany koa io lafiny fitsarana io. Porofon'izany ny nampidirana am-ponja an'i Tsiry kanefa tsy meloka akory, araka izay asehon'ny *vakivakim-piainana*. Tsapan'ny madinika izany, ka mahatonga azy ireo hihemotra na dia misy toe-javatra hita fa tena tsy rariny aza mihatra aminy, tahaka izay

nanjo an'i Bako ao amin'ny *Onjam-pilafila*. Ny fidirana an-tsehatra amin'ny famotorana sy fanadihadiana lalina, miampy fikarohana porofo mazava no hany hahalalana ny marina. Tsy vahaolana ny fampijaliana ny voarohirohy, toy izay natao an'i Tsiry teny Ambohibao. Azo notsoahana tamin'izay nasehon'ny mpanoratra fa tokony hisy fanaraha-maso avy amin'ny tompona andraikitra ambony ireny toerana samihafa mandray famotorana ireny mba hivoaka araka ny tokony ho izy tokoa ny didim-pitsarana.

2-3-3-4 ny mpitandro filaminana

Tsy afa-miala amin'ny mpitandro filaminana ny resaka fifamoivoizana. Tokony hohatsaraina ny sampam-pianarana manofana sy mamolavola ny olona ho tonga mpitandro filaminana mba hanatsarana ny fomba fiasany. Nasehon'ny mpanoratra fa ilana fandraisana andraikitra avy amin'ny fanjakana izany, mba hanafoanana ny mpitandro filaminana manararao-pahefana toa an-dRamily.

Tokony hohamafisina noho izany, ny andraikitra samihafa sahanin'izy ireny, ary ny fanabeazana maha olona koa, dia tokony hoantitranterina tsara mba hahay hanaja olona: tsy hizahozaho sy hanambany ny hafa; hanaja ny asa, ary tsy ho variana amin'ny tombontsoany manokana, fa hanatanteraka ny andraikitra manandrify azy antsakany sy andavany. Tokony handray andraikitra amin'ny fanaraha-maso ny fomba fiasan'ny mpitandro filaminana ny Ministeran'ny filaminana anatin'ny.

Tsy ho an'ny mpitondra fanjakana irery anefa izany hafatra sy fanabeazana izany, fa ho an'ny mpitandro filaminana ihany koa, indrindra ireo izay rehetra manana fisainana sy fomba fiasa toa an-dRamily.

2-3-3-5 ny fahasalamana

Tokony hohamorain'ny Fanjakana ny fahazoana fitsaboana sy fanafody, mba hanampiana ireo lazoin'ny aretina kanefa tsy manana fahefa-mividy toa an-dry Mino. Tokony hohamafisin'ny Fanjakana ihany koa ny lalàna mifehy ny fitsaboana, ary ny Ministeran'ny fahasalamana dia handray ny andraikitra manandrify azy amin'ny fanaraha-maso ny mpitsabo, na any amin'ny hopitaly, na any amin'ny sehatra tsy miankina, mba ho fanampiana ireo rehetra tsy salama, sy ho fiarovana ireo tanora

sasany toa an'i Bako sendra ny vohoka tsy nirina. Tokony hampiharina ny sazy mifandraika²²² amin'ny fandikan-dalàna miseho, toy ny fanalana zaza ataon'ny mpitsabo sasany.

Ny tompona andraikitra ambony misahana ny fahasalamana indrindra no iantefan'izany fanabeazana resahin'ny mpanoratra momba ny fahasalamana izany.

TOKO III : ny Fahendrena voizin'ny fanabeazana resahin'ny mpanoratra

Ny tanjon'ny fanabeazana dia ny famolavolana ny olona hanam-pahendrena. Koa satria fanabeazana no nifantohan'ny asa fikarohana natao, dia hojerena manokana koa ireo fahendrena samihafa resahin'ny mpanoratra noho ny fifamatorany amin'izany fanabeazana izany.

Mialoha ny hidirana amin'ireo fahendrena samihafa ireo anefa, dia hofantarina aloha ny atao hoe fahendrena.

« Fahalalana ny tokony hatao, fahaizana mitondra tena sy mandanjalanja »²²³ no atao hoe fahendrena araka ny boky LOVAKO T 11. Izany hoe, ny fahendrena dia toetra mendrika vokatry ny fahaiza-mandanjalanja ny fahalalana rehetra ananana.

RAKOTONDRAIBE Michel, dia nilaza, fa ny fahendrena amin'ny Malagasy dia **« toetra voajanahary efa nananan'ny Malagasy fahagolantany; izay azo heverina fa efa toetra niainany hatramin'ny nonenany teto amin'ity nosy nametrahana'Andriamanitra Andriananahary azy ity, izay efa ninoany ny fisiany ao an-tampon'ny loha »**.²²⁴

Raha izany famaritana izany no jerena, dia hita fa mety ho samy manana ny famaritany ny antsoina hoe fahendrena ny firenena tsirairay. Amin'ny malagasy kosa, dia toetra voajanahary nisy efa hatry ny ela tao aminy izany. Fomba fisainana notoavina

²²² Code Penal Malagasy, mis-à jour 30 Juin 1998, article 307: "ny mpitsabo rehetra, na amin'ny sampana inona na inona, ka manaiky hanala zaza olona iray, na amin'ny endrika manao ahoana na ahoana, dia foanana mandritra ny 5 taona ny andraikiny, voaheloka higadra 5 ka hatramin'ny 10 taona ary mandoa lamandy 90 ka hatramin'ny 1800 tapitrisa ariary".(dikanten'ny malalaka)

²²³ (J. A) LALA-RAKOTOSON RAOLISOA, *Lovako T 11*, Editions Ambozontany Analamahitsy- Antananarivo, tak 168

²²⁴ (M) RAKOTONDRAIBE, *Ny fahendrena Malagasy*, TPFLM, Mars 2014, tak 6

sy nokolokoloin'ny ntaolo fatratra, satria nitondra vokatra tsara teo amin'ny fiarahamonina nisy azy. Ireny foto-pisainana aman-toetra tsara nananan'ny ntaolo ireny no nantsoina hoe fahendrena malagasy.

Nanana ny famaritany manokana ny atao hoe fahendrena ny Baiboly : « ***Indro, ny fahatahorana ny Tompo no fahendrena, ary ny fialana amin'ny ratsy no fahalalana*** »

225

Izany hoe, amin'ny kristiana, dia ny fanarahana ny tenin'ny Tompo no fahendrena. Ny fanekena sy fankatoavana antsakany sy andavany ny didy napetrakan'Andriamanitra, sy ny fitsipika lazain'ny Baiboly no antsoina hoe fahendrena araka ny baiboly.

Miresaka fahendrena malagasy, sy fahendrena kristiana sasantsasany Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ao amin'ireo bokiny *Onjam-pilafila* sy *Vakivakimpianana*. Hojerena misesy eto izany, ary hofantarina koa ny fifangaroan'ireo fahendrena roa ireo, araka ny anehoan'ny mpanoratra azy.

3-1 ny fahendrena malagasy

Anisan'ny mampiavaka ny ntaolo malagasy ny fananany fahendrena, nentiny nandrindra sy nandamina ny fiainam-piarahamonina. Tsapa anefa fa efa maro tamin'ireny fahendrena ireny no latsaka an-dalana rehefa samy nifamahofaho teo ambany mason'ny tanora ny fandrosoana sy ny fanatontoloana.

Nilaza anefa RAJEMISA-RAOLISON fa « ***raha tiana ny hahatonga [ny tanora] ho olom-pirenena vanona, misaina amin'ny fisainana malagasy, dia tsy maintsy ho fantany mazava sy hiainany mandrakariva ny haren-tsaina navelan'ny razana*** »²²⁶. Ny fahitan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ny fahaverezan'ireny haren-tsaina sy fahendrena ireny no anisany nahatonga azy hampahatsiahy fahendrena malagasy vitsivitsy ao amin'ireo tantara roa ireo.

²²⁵ Ny Baiboly, Joba 28-28

²²⁶ (R.R) RAJEMISA, Teny Fanolorana nataon'i Samuel RAJAONA, *Fomba amam-pahendrena Malagasy*, Kilasy faha 6 sy 5, Librairie Mixte, Ambondrona-Analakely-Antaninandro-Antananarivo 1972

Ohatra amin'izany, ny fanajana. Anisan'ny fahendrena malagasy ny manaja ny zokiolona, ray aman-dreny, na zoky. Notoavin'ny Malagasy izany, satria ny rafitra antanan-tohatra malagasy mihitsy no manome lanja ny zokiolona.

Voalohany, eo amin'ny fiaraha-misakafo: ***“misy fomba narahin'ny ntaolo teo am-pisakafoana. Raha misakafo, dia tsy nandray sotre alohan'ny olona tokony hohajaina; tahaka izany koa raha misotro, tsy maintsy mangata-dalana raha hisotro alohan-joky”***²²⁷ Nasehon'ny mpanoratra izany fahendrena izany ao amin'ny tantara Vakivakim-piainana: *“nandoatra ny vary, nandray sotre, dia niandry an-dRamily handrapaka”*²²⁸.

Toy izany koa ny ohabolan'ny ntaolo hoe: manan-joky afaka olan-teny, mananjandry afaka olan'entana. Ambaran'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, fa nipetraka tamin'ny maha zandry olona azy tokoa i Tsiry, nanaiky ho irakiraka ary nisahana ny asa aman-draharaha rehetra tao an-tokantranon'ny anabaviny.

Ankoatra izany, dia fanehoana fanajana ihany koa, ny fanatonana ireo ray aman-dreny hila hevitra aminy mialoha ny hanatanterahana zavatra iray.

Toy izay nataon' i Bako: rehefa tsy nahita fahombiazana tamin'ny vahaolana rehetra nokatsahiny izy: *“ny hany sisa noheveriny hiankinana dia ireo nahitany masoandro”*²²⁹. Nitodi-doha tany amin'ireo ray aman-dreniny izy. Koa na dia efa nanana hevitra tsy azo nohozongozonina aza i Bako, dia nanenjika azy ihany ny eritreriny raha tsy hivolana tamin'ireo ray aman-dreniny izy. Sady filàn-kevitra no mari-panajana azy ireo no notanterahiny.

Toy izany koa i Fetra, raha handeha ho any Mahajanga. Efa tena tapa-kevitra izy, saingy tsy nandry ihany ny sainy raha tsy nandeha nanao veloma ireo ray aman-dreniny tany ambanivohitra. Fihetsika mifono fanajana sy fanomezan-danja ireo nahitana masoandro izany.

Ankoatra ny fanajana, dia haren-tsaina mifono fahendrena nananan'ny Malagasy koa ny soatoavina eo amin'ny fitondran-tena sy ny fanambadiana.

Ahariharian'ny mpanoratra ny lanjan'ny “vodiondry” teo amin'ny foto-pisainana malagasy. Ny vodiondry araka ny fanazavan' ANDRIAMANALINARIVO

²²⁷ (R.R) RAJEMISA, *Fomba amam-pahendrena Malagasy*, op cit, tak 31

²²⁸ VKP tak 04

²²⁹ OP tak 28

Rainibemirindra, dia *“hajam-bolana, omen’ny zazalahy ny ray aman-drenin-drazazavavy, mba ho fehin’ny fiombonan’izy ireo, ary marika fa mpivady eo anatrehan’ny fianakaviana sy ny fiarahamonina izy roa”*²³⁰.

Nasehon’ny mpanoratra tamin’ny tenin-dRamatoa Ralisoa ny hasarobidin’izany vodiondry izany eo amin’ny fanambadiana malagasy. Raha nitoe-jaza i Bako, dia hoy ny reniny: *“Fa ahoana izany, anaka? [...] vodiondry tsy hita ka zaza no hialoha lalana”*²³¹. Mbola manamarina izany ihany koa ny fomba fiteny malagasy manao hoe: *“ny mitari-bady tsy lasam-bodiondry, henatra eo amin’ny fiarahamonina ka ifanondroan’ny olona molotra”*.

Izany no mahatonga ny mpanoratra hampahatsiahy fa, *“ny tovovavy bevohoka tsy manam-bady dia maditra”*²³². Fototra iorenan’ny fanambadiana tokoa ny vodiondry araka ny fahendrena malagasy.

Izany tenin’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA izany, ambonin’ ny fanabeazana efa natolony momba ny fitondran-tena, dia mampahafantatra ny mpamaky koa, fa ankoatra ny maha kolontsaina malagasy ny vodiondry, dia tena fahendrena malagasy ny manatanteraka izany, mialoha ny fanambadiana.

Ankoatra ny fanateram-bodiondry hanorenana ny tokantrano malagasy, dia mbola anisan’ny soatoavina koa ny fiaraha-misakafo aorian’ny fivoriana atao, na an-karatsiana izany, na am-pihobiana.

Hoy i Alphonse RAHARIJAONA: *“tsy maintsy faranana amin’ny fiaraha-misakafo ny lanonana Malagasy, ny firaisana latabatra dia manambara firaisankina, fifankatiavana, ary fiombonana”*²³³. Ampahafantarin’ny mpanoratra ny mpamaky izany fahendrena malagasy izany. Nasehony fa nisy tokoa io fiaraha-misakafo io tamin’ny raharahan’i Bako sy Ratiaray. Hoy izy manambara izany: *“ary satria lanonana malagasy no natao: tsy maintsy misy ny fiarahan-komana”*²³⁴

Etsy ankilan’ ny fahendrena Malagasy, naneho fahendrena hafa koa ny mpanoratra, dia ny fahendrena kristiana izany.

²³⁰ Fampianarana notontosain’ ANDRIAMANALINARIVO Rainibemirindra, ny mpianatra kabary Andia ANDRIAMANANONY Jules, FI.MPI.MA, Sampana J.J RABEARIVELO, taona 2009

²³¹ OP tak 29

²³² OP tak 20

²³³ Fampianarana literatiara am-bava, ENS Ampefiloha, Taona Fahefatra, taom-pianarana 2013-2014, ny 13 Aogositra 2014 tamin’ny 8:30 maraina

²³⁴ OP tak 38

3-2 ny fahendrena kristiana

Araka ny nambara tetsy aloha, dia anisan'ny lehibe indrindra amin'ny fahendrena kristiana ny tahotra an'Andriamanitra. Io fahatahorana an'Andriamanitra io no miteraka ny toetra tsara rehetra, ary mahatonga ny olona hitodika amin'Andriamanitra hatrany amin'ny zavatra rehetra miseho eo amin'ny fiainany.

Amin'ny maha kristiana an'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, dia ahatarafana izay fahendrena kristiana izay ny tantara. Maneho ampahany amin'ny fanarahan'ny mpandray anjara izay ambaran'ny Soratra Masina ny boky.

Ohatra:

-I Voahangy: anisan'ny fitaratra tamin'ny fitondran-tena izy satria, hoy ny mpitantara: *“vehivavy tia vady i Voahangy”*²³⁵. Milaza io fitiavam-bady io tokoa ny Baiboly *“hianareo vehivavy, maneke ny vadinareo araka izay mety”*²³⁶. Koa ny fihetsiky Voahangy tao anatin'ny tantara iray manontolo, dia maneho fa nitia sy nandefitra nanoloana an-dRamily vadiny izy.

Manambara fahendrena kristiana koa ny tantaran' i Tsiry sy i Bako, izay nampifandraisin'ny mpanoratra tamin'ny tantaran'ilay zanaka adala.

-rehefa niainga avy tao an-tranon'i Voahangy anabaviny i Tsiry, ka tapa-kevitra ny hitsidika azy indray taty aoriana dia : *“akory ny hafalian'i Voahangy teo am-pahitana ity anadahiny! Nataony ho very ka tonga indray”*²³⁷

Toy izany koa i Bako. Nandositra tany Mahajanga izy, nanaraka an'i Fetra. Taty aoriana, dia niverina teny Madera izy hijery ireo ray aman-dreniny. Hoy ny mpanoratra: *“tsy hay lazaina ny hafalian'izy mianakavy teo am-pahitana an'i Bako. Nahatsiaro ilay “tantaran'ny zanaka adala” tafaverina soa aman-tsara indray, ka toa voakosoka ny fahoriam-panahiny nateraky ny fisarahana. Nihorakoraka ny eran'ny trano”*²³⁸. Fahendrena lalina eo amin'ny kristiana ny fiverenana amin'ny “fitiavana voalohany” toy izany. Maneho ny fialan'ny kristiana tamin'Andriamanitra mantsy ny tantaran'ny

²³⁵ VKP tak 09

²³⁶ Ny Baiboly, Kolosiana 4: 18

²³⁷ VKP tak 46

²³⁸ OP tak 116

“zanaka adala”: nandositra sy niala ny akany misy azy; ary tamin’ny fotoana niverenany no nahatsapany fa tsy misy toa ilay niandohany sy nikarakara azy hatramin’izay.

Mbola manamarika ny fampianaram-pahendrena kristiana koa, ny fahaizana misaotra sy mankasitraka an’Andriamanitra amin’ny zavatra rehetra. Ny vavaka no serasera sy firesahana amin’Andriamanitra araka ny finoana kristiana. Io koa no maha kristiana ny kristiana. “*ny vavaka no mandan’ny fanahy*”²³⁹. Koa na inona na inona zavatra miseho, na tsara izany na ratsy, dia isaoran’ny kristiana an’Andriamanitra hatrany. Maneho izany ny boky *Vakivakim-piainana*. Na dia nahantra sy nisakafo ambany foitra lava aza ry Mino, dia tsy nanadino ny nisaotra an’Andriamanitra izy rehefa hitany fa mba nahiratra kely ny masoandrom-piainany. Hoy izy nanandratra vavaka: “*Misaotra Anao izahay, ry Andriamanitra. Fa na inona hadalanay, tianao foana; na toy ny inona hamavomavoanay, zanakao ihany. Mbola tsy very anjara avy aminao izahay na dia voaliky ny olombelona efa nitsara anay mialoha ho ratsy sahady aza! Misaotra Tompo ô!*”²⁴⁰

Ankoatra izany, dia mbola fahendrena kristiana koa ny fahaizana mamela heloka. Araka ny ampahany amin’ny vavaka nampianaran’ny Tompo hoe: “mamelà ny helokay, tahaka ny namelanay izay meloka taminay”. Dia toy izany koa ny nolazain-dRamatoa Ralisoa an’i Bako, mba hahay hamela heloka an-dRabontsina: “*na tsy hanadino ny ratsy nataony aza ianao, mamelà azy! Fahendrena Kristiana nanabeazana anao izany anaka...*”²⁴¹.

Raha aravona izay voalaza izay, dia azo lazaina fa naneho, na dia amin’ny ampahany ihany aza, momba ny fahendrena kristiana ny mpanoratra ao amin’ny *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*. Tsy nivalampatra loatra tamin’izany anefa izy, satria tsy boky natao ho fanabeazana kristiana ireo. Ny fahendrena, izay tanjona manokan’ny fanabeazana nanompanan’ny mpanoratra ny boky no nezahina notsongaina.

Raiki-tampisaka tao amparahatok’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ny maha kristiana azy, noho ireo fanabeazana samihafa namolavolan’Idadabe Radavida ary Nenibe Ranombana sy Ramavo azy; notezaina tao anaty finoana kristiana tokoa izy. Amin’ny maha mpampianatra mpanabe ny taranja Malagasy azy anefa, dia miorina

²³⁹ VKP tak 58

²⁴⁰ VKP tak 57

²⁴¹ OP tak 35

amin'ny foto-piasainana sy fahendrena Malagasy koa izy. Samy lalim-paka ao aminy ireo finoana roa ireo. Vokatry'izany, hita miara-miseho amin'ny hevitra ambarany ny fifangaroan'ireny matetika, ka mifamahofaho amin'ny fanabeazana atolony.

3-3 ny fahendrena mifangaro

Ny hoe fahendrena mifangaro, dia foto-pisainana ifangaroan'ny fahendrena roa noresahina teo aloha, dia ny fahendrena Malagasy sy ny fahendrena kristiana.

Ohatra: ny fihetsiky Rakotovao manoloana ny fitsentsefana nataon'Ingahy Aziz mpampiasa azy: *“misy ady tsy fiady. Hany ka fahanginana no asetriny ny tsy rariny mihatra aminy”*²⁴². Raha io teny io no jerena, dia mifangaro ao ny fahendrena malagasy sy ny fahendrena kristiana, satria, ho an'ny mpanara-dia an' i Kristy, dia ady tokana ihany no tokony hatao, dia ny ady tsara amin'ny finoana. Hoy ny Soratra Masina manambara izany: *“Miadia ny ady tsaran'ny finoana, hazony ny fiainana mandrakizay; fa ho amin'izany no niantsoana anao”*²⁴³. Ny fahendrena malagasy kosa, araka ireo fomba fiteny samihafa dia manao hoe *“izay mangina volamena”*. Na dia misy fifangaroam-pahendrena aza anefa eto, dia hita ihany fa samy mampirisika ho amin'ny fifandefarana manoloana ady na tsy fifankahazoana, na ny fahendrena Malagasy, na ny fahendrena kristiana.

Momba ny fanalan-jaza resahin'ny mpanoratra koa, dia ahitana fifangaroam-pahendrena toy izao.

*“tsy azo atao ny mamono olona! Zavatra hafa heverina, fa ny hanala zaza kosa, aoka itsy! [...] hevitra mazava nalentiky ny finoana izany. Impiry tokoa moa I Môpêra no nihiaka fa tsy zanak'ny Eglizy, tsy zanak'Andriamanitra izay manala zaza? Impiry nahitritrika taminy fa habibibiana tsy roa aman-tany, asan'ny devoly sy ny Fanahy ratsy ny fanesoran-jaza? [sady] zanakao ka tsy ho tinao[...]naloaky ny kibonao! Sombin'ny ainao”*²⁴⁴

Toy izao ny fifangaroam-pahendrena hita amin'izany:

²⁴² VKP tak 42

²⁴³ Ny Baiboly 1Tim 6:12

²⁴⁴ OP tak 31-32

-ny fanalan-jaza, araka ny finoana kristiana, dia fandikana ankitsirano ny didin'Andriamanitra hoe "Aza mamono olona". Fahotana lehibe izany eo anatrehan'Andriamanitra.

-amin'ny fahendrena Malagasy kosa, ny hasarobidin'ny zanaka sy ny hamafin'ny atao hoe "tsy miteraka" no tena tsy nankasitrahany ny fanalan-jaza: "Hoy RAJEMISA-RAOLISON: *"ny Malagasy dia malaza ho tia anaka. Jereo ny angolangolan'anarana ilazany ny zanany: sombin'ny aina, menaky ny aina, silaky ny aina, vahatry ny aina, vololon'ny aina[...].mbola nisy zavatra hafa koa nanehoany ny fitiavan-janaka, dia ny fahorany lehibe raha tsy niteraka izy [...]"*²⁴⁵

Ankoatra izany, dia ahitana fahendrena mifangaro koa ny fiarahaban-dRasazy an'i Bako, fony izy niteraka an'i Nirina. *"arahabaina fa tafita soa aman-tsara! Marina raha tsy efa saika naningotra ny ain-dehibe! Hoy ny mpampivelona... dia nomen'Andriamanitra ny fara e!"*²⁴⁶

Toy izao ny fifangaroam-pehendrena hita eo:

-amin'ny Malagasy, *"ny arahaba dia voaloham-panajana, fanehoam-pifaliana velon'aina sy tafahoana soa aman-tsara, na koa fiderana noho ny nahavitana dingana iray noheverina fa nila ezaka manokana"*²⁴⁷.

Tsy nohadinoin'ny Malagasy ny mifampiarahaba amin'ny ankasoavana, andro, na tonon-taona ihaonana. Zava-tsoa tamin'ny Malagasy ny teny hoe "arahaba" ka nofadiana ny nampiasa azy tamin'ny fahoriana. Teo amin'ny fiterahana, dia nihevitra ny Malagasy fa nandresy sy tafita tamin'ny sakana samihafa ny vehivavy tera-bao. Ary raha sanatriavina ka niteraka tsy nahazo dia arahabainy hoe :*"arahabaina tsy naningotra ny ain-dehibe"*.

-amin'ny fomba fijery kristiana kosa, dia maneho fahendrena toy izao io teny io: Andriamanitra no nanome sy miaro hatrany amin'izay zavatra rehetra miseho. Izy no nanome fara sy dimby ary ny anjara rehetra sahaza ho an'ny tsirairay.

²⁴⁵ RAJEMISA (R.R), *Fomba amam-pahendrena Malagasy*, op cit, tak 9

²⁴⁶ OP tak 51

²⁴⁷ resadresaka nifanaovana tamin-dRAJA OBELISON(mpanoratra-mpikabary) teny an-tranony teny Itaosy, volana Febroary 2011

Dia toy izany ny fifangaroam-pahendrena hita ao amin'ireo tantara roa ireo:

Na ny soatoavina, foto-piasainana amam-pahendrena malagasy, na ny fahendrena kristiana mantsy dia samy nentin'ny mpanoratra hanamafisana ny fanabeazana atolony avokoa.

FAMINTINANA NY FIZARANA FAHAROA

Ny fanabeazana atolotr'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ao amin'ny boky *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila* no nimasoana tao anatin'ity FIZARANA FAHAROA ity. Ny Toko voalohany, dia maneho fa efa nisy fanabeazana azo notsoahana sahady tamin'ny singa mandrafitra ny tantara foronina, dia avy amin'ny mpandray anjara, ny fotoana ary ny habaka izany. Ny fanabeazana azo notsoahana avy amin'ny hevitra ao amin'ny tantara kosa no novelabelarin'ny Toko faharoa. Naseho tamin'izany, ny fanabeazana atolotr'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA momba ny fifampitondran'ny mpianakavy, dia ny eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka ary ny mpiray tam-po izany. Nosinganiny manokana koa ny tanora: notolorany fanabeazana hoentina miatrika ny fiainana, ny fitiavana, ary indrindra ny fanambadiana. Nanome hafatra vitsivitsy sy fanabeazana ankolaka ho fanarenana ny lesoka amin'ireo sehatra samihafa ilàm-piheverana ihany koa izy ao amin'io Toko faharoa io: nitodihany manokana tamin'izany ny fitondram-panjakana. Ny Toko fahatelo kosa, dia mampahatsiahy fahendrena malagasy sy fahendrena kristiana, nentiny nanamafy ny fanabeazana natolony; hita ao ihany koa ny fifangaroan'ireo fahendrena roa ireo ao amin'ny boky. Fampiharana izany fanabeazana resahin'ny mpanoratra ao amin'ny boky *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila* izany any an-tsekoly no haseho ao amin'ny FIZARANA FAHATELO.

FIZARANA FAHATELO: FOMBA HAFA
NANEHOAN'IHARILANTO PATRICK
ANDRIAMANGATIANA NY FANABEAZANA, SY
FAMPIFANDRAISANA IZANY AMIN'NY
FANDAHARAM-PIANARANA

Hojerena ato amin'ity Fizarana fahatelo ity ny momba ny fandaharam-pianarana, ny endrika nanehoan'ny mpanoratra izany ao amin'ny boky *Vakivakim-pianana* sy *Onjam-pilafila*, ary andrana fampiharana fampianarana miainga amin'ireo boky ireo.

TOKO I : ny fandaharam-pianarana

Mba hahafahana mampifandray ny fanabeazana samihafa resahin'ny mpanoratra amin'ny fandaharam-pianarana misy, dia ndeha aloha hofantarina ato amin'ity toko ity ny momba ny atao hoe fandaharam-pianarana. Ezahina hovahavahana amin'izany ny atao hoe fandaharam-pianarana, hidirana lalina kokoa avy eo ny fandaharam-pianaran'ny ambaratonga faharoa, ary ny tanjony

1-1 fampahafantarana ny atao hoe fandaharam-pianarana

Hofaritana aloha ny antsoina hoe fandaharam-pianarana, ary haseho avy eo fa iraisan'ny mpianatra amin'ny sekoly malagasy rehetra izany, satria misy ny lalàm-panjakana nentina namolavola azy.

1-1-1 famaritana ny fandaharam-pianarana

Ny fandaharam-pianarana no anisan'ny fototra ifaharan'ny fampianarana sy fanabeazana any an-tsekoly. Azo heverina araka izany, fa ny fisian'ny fandaharam-pianarana tsara rafitra no miantoka ny mpianatra hahatsangy no ary.

Ny fandaharam-pianarana dia sehatra midadasika ahitana ny ezaka tokony hotanterahina eo amin'ny fanabeazana, fehezin'ny tanjona sy ny zava-kendrena ao amin'ny ambaratongam-pirosoana arahin'ny mpianatra. Adidy tsy maintsy sahanin'izay rehetra misahana ny fampianarana ny fanantanterahana izay ambara ao. Izany hoe tsy ny mpianatra sy ny mpampianatra ihany no tompona andraikitra amin'ny fanatontosana izay voalazan'ny fandaharam-pianarana, fa eo indrindra koa ny tompon'andraikitry ny sekoly sy ny Misteran'ny Fanabeazana.

Ao anatin'ny fandaharam-pianarana no misy ny vontootin'ny fampianarana sy ny fanazavana ireo hevi-dehibe. Ao ihany koa no ahitana ireo singa samihafa ilaina

amin'ny fomba fampitana ny lesona sy ny fitaovana isan-karazany ary ny fototra ara-pedagôjia mifanaraka amin'izany.²⁴⁸

Noho izany, tsy afa-misaraka amin'io fandaharam-pianarana io ny fampianarana: io no iaingana sy ifaharan'ny fanabeazana rehetra atao any an-tsekoly.

1-1-2 ny lalàna miresaka ny fandaharam-pianarana

Tsy nataotao foana ny fandrafetana ny fandaharam-pianarana sy ny fampiharana azy. Iombonan'ny mpianatra amin'ny sekoly malagasy rehetra manerana an'i Madagasikara izany, ary misy ny lalàna mifehy ny andinindininy sy manapororofo ny maha ara-dalàna azy eo anivon'ny Fanjakana. Toy izao izany raha fintimpintinina:

Ny lalàna 94-033, ny lalàm-panorenana 28 septambra 1992, ny didim-pitondrana 1617/ 96-MEN ny 02 Aprily 1996²⁴⁹

•Io lalàna 94-033 io, dia ahitana andininy 106 ao anatiny, ary misy lohahevitra telo lehibe. Fa ny volavolan-dalàna mamaritra ny fanabeazana eto Madagasikara ihany no hatolotra eto noho ny fifandraisany amin'ny asa fikarohana atao. Ny lohateny voalohany mametraka ny paika fototra hitondrana ny fanabeazana no tena asongadina ato amin'ity lalàna ity. Toy izao ny ambangovangon'izany:

Ny fanabeazana sy ny fiofanana eto Madagasikara dia:

-mijery ny fampiroboroboana sy ny fampivelarana ara-batana, ara-tsaina, ara-moraly, ara-kanto ny maha izy azy ny tsirairay.

-mikendry ny isam-batan'olona mba handray andraikitra sy hanana fahaizana eo amin'ny fiarovana ny tontolo iainana, fiarovana ny vakoka, ny teny sy ny kolontsaina Malagasy.

²⁴⁸ Zoltan BATHORY, *Un nouveau type de programme scolaire*, in *Perspective* n° 57 UNESCO « (...) le programme est la partie absolument essentielle du corpus central de documents éducatifs qui énonce les objectifs du processus d'enseignement et d'apprentissage, décrit les tâches à accomplir, définit les grands axes du contenu de l'enseignement, établit les principes de base de système d'évaluation et énumère les matériels et les ressources pédagogiques dont l'utilisation est recommandée (...) »

²⁴⁹ RAZAIMALALANIAINA Mino Dorcy Augustine, *Mémoire de C.A.P.E.N*, « sava ranonando momba ny fanatsarana ny fandaharam-pianaran'ny taranja malagasy any amin'ny lisea » Antananarivo 2013

-mamolavola ny isam-batan'olona eo amin'ny sehatry ny asa mba hampandrosoana ny lafiny sosialy, toe-karena. Noho izany dia tsy maintsy mampitsiry ny finivana sy manaitra ny toe-tsaina famoronana ao amin'ny mpianatra.²⁵⁰

Voasoritra ato amin'ity lalàna ity ihany koa ny pôlitikan'ny tenim-pirenena izay voalazan'ny lalàm-panorenana dia hoe: ny Malagasy ôfisialy no tenim-pirenena. Ny teny enti-mampianatra dia ny teny Frantsay ho an'ny taranja rehetra, afa-tsy ny taranja Malagasy.

- Ny didim-pitondrana laharana 1617/96- MEN ny 02/04/96²⁵¹

Ity volavolan-dalàna ity no mamaritra ny fandaharam-pianarana eto Madagasikara.

Ireto avy no hita ao:

- ny zava-kendren'ny fanabeazana amin'ny ankapobeny
- ny tanjon'ny fanabeazana
- ny endriky ny mpianatra nahavita ny ambaratonga 1,2,3
- ho an'ny ambaratonga fahatelo, dia ahitana ny tanjona isan'ambaratonga manomboka amin'ny tanjon'ny taranja ka hatrany amin'ny tanjona manokana isaky ny seho.

- ny vontootin'ny fandaharam-pianarana
- ny tombana
- ny seho
- ny fitaovana ampiasaina

Marihana fa volavolan-dalàna isaky ny taranja ny fandaharam-pianarana. Isaky ny kilasy ihany koa. Asehony ao ny tanjon'ny taranja sy ny tanjon'ny seho.

Rehefa fantapantatra tamin'ny ankapobeny ny atao hoe fandaharam-pianarana, sy ny didim-panjakana mandrafitra azy, dia hifantohana manaraka kosa ny fandaharam-pianaran'ny ambaratonga faharoa.

²⁵⁰ RAZAIMALALANIAINA Mino Dorcy Augustine, *Mémoire de CAPEN*, cf supra note n° 2

²⁵¹ RAZAIMALALANIAINA Mino Dorcy Augustine, *Mémoire de CAPEN*, op cit

1-2 ny fandaharam-pianaran'ny sekoly ambaratonga faharoa

Haseho misesy eto ny fandaharam-pianaran'ny ambaratonga faharoa sy ny tanjona kendrena amin'izany. Hanombohana izany ny kilasy faharoa, dia ny kilasy voalohany, ary ny kilasy famaranana.

1-2-1 fandaharam-pianaran'ny kilasy faharoa sy ny tanjona²⁵²

Mizara roa miavaka ny zana-taranja ianarana ao amin'ny kilasy faharoa, dia ny literatiora sy ny riba.

Haseho fohifohy ny momba izany sy ny tanjona kendrena.

- Ora 20 no ampianarana ny zana-taranja literatiora ao amin'ny kilasy faharoa. Ny tanjona amin'izany, araka ny ambaran'ny fandaharam-pianarana, dia toy izao: amin'ny fiafaran'ny fandinihana ny lohahevitra, ny mpianatra dia afaka:

- mamaritra ny antsoina hoe kanto

- mamaritra ny antsoina hoe literatiora

- manavaka ny karazana literatiora araka ny fanatontosana azy, sy ny endrika isehoany

- manavaka ny asa literera araka ny vanim-potoana sy ny toe-javatra teo amin'ny tantara izay niteraka ny fipoirany

- mikirakira sy manatsoaka hevitra avy amin'ny lahatsoratra nodininy

- Eo amin'ny riba kosa, dia voatondro ho 24 ora ny hampitana ny lohahevitra ao, dia ny fandrosoana sy ny fahafahana. Amin'ny fiafaran'ny fandinihana ny lohahevitra, ny mpianatra dia afaka:

- mamantatra ny fomba sy ny toetry ny heverina hoe olo-mandroso ary ny andraikitra sy adidy tokony hotanterahina mba hananana izany toetra izany:

- mamaky teny sy mamantatra ny sokajin-kevitra raketin'ny lahabolana na lahatsoratra.

- mandinika ny fomba fanoratra ny mpanoratra, na ny fanehoan-kevitra ny mpanakanto.

²⁵² MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SECONDAIRE ET DE L'EDUCATION DE BASE, Programme scolaire à partir de l'année scolaire 1998-1999 (Version Numérique)

- mandrindra hevitra ary mihaino ny hevitra ny hafa
- mamintina hevitra sy manao tatitra am-bava sy an-tsoratra.

Marihana fa mizara roa ny tanjona, dia ny tanjona ankapobeny sy ny tanjona manokana. Ny tanjona ankapobeny ihany no hasian-teny eto noho izy mifandray kokoa amin'ny fampifandraisana ny fanabeazana resahin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA amin'ny fandaharam-pianarana.

1-2-2 fandaharam-pianaran'ny kilasy voalohany²⁵³

Mba hisian'ny rindra, dia mitovy amin'izay natao tamin'ny kilasy faharoa ihany no atolotra amin'ny kilasy voalohany. Hasongadina amin'izany ny zana-taranja literatiora sy riba ary ny tanjona ankapobeny ao anatin'izany.

- ho an'ny kilasy voalohany, dia 34 ora no ampianarana ny literatiora ho an'ny sokajy A, 30 ora kosa ho an'ny sokajy C sy D, satria tsy mianatra momba ny mpanoratra sy ny asa soratra ireto farany. Ny tanjona amin'izany dia:

- mpianatra mitia sy mikolo ny haren-tsaina malagasy
- manatsara kokoa ny famaritana ny antsoina hoe “literatiora” sy ny “kanto”
- mamolaka ny fahaiza-mikirakira sy manatsoaka hevitra avy amin'ny literatiora nodiniany,
- manazatra tena sy mankamamy vaky boky mba hanabe voho ny vakomanitra ananany indrindra eo amin'ny sehatry ny literatiora malagasy
- mampiasa ny fahalalana norantoviny ho fitaovana hamohazana ny talentany, na hamolahana ny haiforona eo amin'ny sehatry ny literatiora;

- ho an'ny zana-taranja riba kosa, ny rafi-pisainana malagasy tarafina amin'ny fomba fiainany, ny hasin'ny tanindrazana ary ny fahefana amam-pitondrana no tena imasoana.

Toko roa no resahina ao anatin'ity rafi-pisainana ity: ny Marina, ny Rariny, ny Hitsiny, ny Fahalalana sy ny Fahendrena. Ora 30 no hampitana azy amin'ny mpianatra. Toy izao ny tanjona amin'izany: aorian'ny fampianarana, ny mpianatra dia afaka:

²⁵³ MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SECONDAIRE ET DE L'EDUCATION DE BASE, cf supra n° 5

-manakatra ny rafi-pisainana malagasy tarafina amin'ny teny sy ny fihetsika ary ny fomba amam-panaony

-mandrindra ny fihetsiny sy ny fahalalana azony amin'ny soatoavin'ny fiarahamonina misy azy sy ny fifandraisany amin'ny mpiara-belona aminy

-mampiasa ny fahalalana azony mikasika ny haiteny ho fitaovam-pitrandrahana sy fanehoan-kevitra eo amin'ny sehatra samihafa.

Aorian'ny fampianarana ny fahefana amam-pitondrana sy ny hasin'ny tanindrazana izay ampitaina mandritra ny 40 ora kosa, ny mpianatra dia afaka:

-manakatra ny rafi-pisainan'ny malagasy tarafina amin'ny lamina sy ny fitantanan-draharahany

-mandrindra ny fahaizana norantoviny amin'ny soatoavina sy ny filan'ny fiarahamonina nipoirany

-mamadika izany ho hery mampivoitra ny tenany sy ny firenena

-mampiasa ny fahaizany eo amin'ny lafiny haiteny ho fitaovam-pitrandrahana sy fanehoan-kevitra

-mifehy ny endri-pifandraisana sy fifaneraserana ara-kevitra: mihaino ny hevitra ny ny hafa ary mahay maneho sy manohana ny heviny, na an-tsoratra na am-bava.

1-2-3 fandaharam-pianarana kilasy famaranana²⁵⁴

Sahala amin'ny kilasy roa noresahina teo aloha no haseho amin'ity fandaharam-pianaran'ny kilasy famaranana ity.

• ho an'ny sokajy A, dia 30 ora ny fampianarana literatiora, raha 20 ora kosa ho an'ny sokajy C sy D. Ny fampivadiana ny haitsikera sy ny momba ny mpanoratra malaza no maha samy hafa azy. Tsy mitovy ihany koa ny tanjona kendrena amin'izany, saingy haravona toy izao:

Amin'ny fiafaran'ny fianarana, ny mpianatra dia afaka:

-mampivoatra sy mahafehy ny ambaratongan'ny famakiana ny literatiora takin'ny fahazoana azy

-mamolaka sy mahay mampivady haitsikera maromaro

²⁵⁴ MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SECONDAIRE ET DE L'EDUCATION DE BASE, op cit

-manitatra lalindalina kokoa ny fanadihadiana asa literera amin'ny maha fitaovam-panabeazana sy fitahirizana azy: fihetseham-po, fiheverana ny tontolo,...

-ho tia miaina ary mahita fahafinaretana amin'ny kolontsaina malagasy ka manabe voho ny vakomanitra ananany

-mampivoatra sy mahafehy ny ambaratongan'ny famakiana ny literatiora takin'ny fahazoana

•Ny riba ianarana ao amin'ny kilasy famaranana, dia nofintinina amin'ny hoe “Ny Malagasy sy ny fifandraisany amin'ny tontolony”. Azo sokajiana roa ny lohahevitra ianarana ao, ankoatra ny fitsimbinana ny aina, sy ny faharetan'ny taranaka; ny Marina, ny Rariny, ny Hitsiny, ny Fanahy (ao amin'ny tsangan-kevitra); ny tsiny sy ny tody, ny Anjara, ny Lahatra, ny Vintana, ny Tendry, Andriamanitra, Zanahary, ny Razana (ao amin'ny finoana). 50 ora no hampitana ity zana-taranja ity, ho an'ny sokajy rehetra.

Ny mpianatra nahavita ny kilasy famaranana dia afaka,

-mampitaha ny haren-tsaina malagasy amin'ny an'ny firenen-kafa

-manaiky ny fahasamihafana eo amin'ny lafiny kolontsaina, ary tsy manao izany ho sakana amin'ny fampivelarany ny tenany sy ny manodidina azy

-mandrindra ny fahaizana amam-pahalalana norantoviny amin'ny soatoavina sy/na ny filan'ny fiarahamonina misy azy araka ny fivoaran'ny tantara

Raha fintinina ny fandaharam-pianaran'ny ambaratonga faharoa dia mizara roa mazava tsara toy izao:

•Ny literatiora: dia mizara fanabeazana sy fahalalana maro: maro karazana ny literatiora, mety hiseho amin'ny endrika samihafa izany. Zava-kanto vita amin'ny teny ny literatiora, ary vavolombelon'ny tantara ny literatiora.

Ny mpianatra nahavita ny ambaratonga faharoa dia afaka manatsara kokoa ny famaritana ny antsoina hoe kanto, mahafehy izay rehetra natao tany amin'ny ambaratonga voalohany, toy ny karazan-dahateny, sns ary afaka mandinika ny fomba fanoratra ny mpanoratra sy ny fanehoan-kevitra ny mpanakanto.

•Ny riba sy ny lohahevitra kosa dia ahafantarana ireo rafi-pisainana malagasy, miainga amin'ny fomba fiteniny, fomba fanaony ary ny fiheverany.

Ny fampifandraisana izany amin'ny fanabeazana araka ny anehoan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA azy ao amin'ny tantara foronina *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila* no himasoana ao amin'ny toko faharoa.

TOKO II :ny endrika ahitana ny tanjon'ny fandaharam-pianarana ambaratonga faharoa ao amin'ny boky *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila*

Tao amin'ny fizarana faharoa, dia nivoitra kokoa ny fanabeazana sy ny hafatra natolotr'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ho an'ny vondrona na sokajin'olona samihafa. Samy mandray ny anjara tandrify azy avy ny mpamaky amin'ireny fanabeazana samihafa ireny.

Hasongadina manomboka eto, ny endrika mifanaraka amin'ny filàn'ny mpianatra, araka ny ahitana azy ao amin'ireo tantara foronina roa ireo, satria dia misy ifandraisany betsaka amin'ny fandaharam-pianarana taranja malagasy indrindra izany.

Ho an'ny boky *Vakivakim-piainana*, dia saika hita taratra ao ny ankamaroan'ny lohahevitra riba sy foto-pisainana malagasy. Azo heverina fa anisan'ny nahazoan'io boky io ny loka voalohany tamin'ny fifaninana na « Concours des belles lettres » nokarakarain'ny UPEM izany, ary nahavoafantina azy koa ho anisan'ny boky ianarana ao anatin'ny fandaharam-pianaran'ny kilasy famaranana. Tsy ambaka amin'izany velively ihany koa anefa ny boky *Onjam-pilafila*.

Ho hita ato amin'ity toko faharoa ity àry :

-voalohany, ny fomba fanehoan-kevitr'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA mampiseho fa zava-kanto vita amin'ny teny ny literatiora , araka ny ahitana azy ao amin'ny boky *Onjam-pilafila sy Vakivakim-piainana*,

-faharoa, ny momba ny karazan-dahatsoratra azo anatoahana fanabeazana sy itondrana fampianarana.

-ary farananana amin'ireo lohahevitra riba mifandray amin'izay hita ao amin'ny fandaharam-pianarana.

2-1 ny literatiora : zava-kanto vita amin'ny teny

Mampiavaka ny asa soratra, sady mahakanto azy ny fisian'ny rindra eo amin'ny fomba fanoratry ny mpanoratra iray. *“eo amin'ny literatiora, ny asa soratra mantsy dia zava-kanto vita amin'ny teny²⁵⁵, [...] ary fanehoana an-tsoratra sy amin'ny fomba kanto ny hevitra sy ny fihetseham-po ary ny aingam-panahy²⁵⁶ izany.*

Ny hoe “kanto” dia izay manintona sy tsara satria miavaka amin'izay fahita andavanandro. Endrika maro no azo anehoana izany arakaraka ny mpanoratra. Raha ny maha kanto ny asa soratra *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila* no jerena, dia hosokajiana toy izao: ny fampiasan'ny mpanoratra ohabolana sy oha-pitenenana malagasy; ny andian-teny mirindra mifameno sy mandravon-kevitra, ary ny fanehoan-kevitra nampiasana rima.

2-1-1 ny fampiasana ohabolana sy oha-pitenenana malagasy

Anisan'ny mampiavaka ny Malagasy, sady mifono fahendrena maro ny fomba fiteny sy ohabolana. Tsy nampandeferin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ny fananana izany, fa nampihariny sy nampiasainy ho fanehoan-kevitr'ireo mpandray anjara ao amin'ny asa sorany.

Maro ny ohabolana sy fomba fiteny nampiasan'izy ireo. Misy ny novàna endrika sy nasiana fanamboarana ny fomba nilazàna azy, mba hampifantoka kokoa ny mpamaky amin'ny hevitra tiany hampitainy.

Ohatra:

Ohabolana sy fomba fiteny novàna endrika	Ny ohabolana na fomba fiteny heverina fa nanatsoahana izany
<i>-“ila tsy hahalala voky ileidala izany” hoy ny fikomikominy, dia napetrako</i>	<i>“ Ny hendry mody voky fa ny adala manesika ihany”</i>

²⁵⁵ Teny taterin'i Siméon RAJAONA, *Ny zava-kanto vita amin'ny teny*, G. BACHELARD: *“c'est l'expression, plus encore que la pensée, qui doit se révéler”*. tak 14

²⁵⁶ Lovako T 10, tak 6

ny sotro. Mody hendry indray leidala izao!” ²⁵⁷ .	
-“ <i>nihevi-tena ho very fihinanana rangahy, ka tsy nahatsindry kidoro maraina. Nahatsiaro ho very sakaiza, ka tsy nahandry masoandro hiposaka</i> ” ²⁵⁸ .	“Ny lazolazoim-paniriana no mianjaika tsy vaky masoandro, ny tsindritsindriam-pikasana no manintsana ando vao maraina.”
- “ <i>fara-fialofana anabavy</i> ” ²⁵⁹	“fara-fialofana anadahy”
-“ <i>aleo very tsikalankalam-pihavanana, toy izay very tsikalankalam-bola</i> ” ²⁶⁰	“Aleo very tsikalankalam-bola , toy izay very tsikalankalam-pihavanana”
-“ <i>na dia niezaka ny saiko hanary dia ny kiboko tamin’ny fandinihana ny fiainako nitsimberivory, ny olana tsy mba vatsy</i> ” ²⁶¹	“ny tsinay tsy mba vatsy, ny kibo tsy mba lamosina”
-“ <i>na dia tsy laviko aza ny maha ondry botry fanositosik’Ingahy karana anay, dia nanahirana ahy ity nahita an’i Fano hanao kambana amin’ny horonan-damba</i> ” ²⁶²	“Aza atositosika ny ondry botry fa tsy fantatra izay hanao kambana”
- <i>nanomboka ho hazo avo aho! Nodiako tsy re anefa ireo rivotra samihafa nankahala ahy.</i> ²⁶³	“ny hazo avo halan-drivotra”
-“ <i>indrisy r’ilay jamba! Voa vao hisoroka! Fa narary loatra ity tora-bato ka nizaha fierena aho</i> ” ²⁶⁴	“soro-baton’ilay jamba ka voa vao mihilana”

²⁵⁷ VKP tak 09

²⁵⁸ VKP tak 13

²⁵⁹ VKP tak 15

²⁶⁰ VKP tak 16

²⁶¹ VKP tak 18

²⁶² VKP tak 53

²⁶³ VKP tak 62

²⁶⁴ VKP tak 69

-Hay ity izaho no adrisa be nampandriany tamin'ireny siotsiokany ²⁶⁵	“Siotsioka mampandry adrisa”
---	------------------------------

Fafana 10: ohabolana sy fomba fiteny, novàna endrika ao amin'ny tantara foronina Vakivakim-piainana.

Toy izany koa, ao amin'ny boky *Onjam-pilafila*:

Ohabolana sy fomba fiteny novàna endrika	Ny ohabolana na fomba fiteny heverina fa nanatsoahana izany
-“ety amoron’Ikopa, tsy mba ny fahaizana intsony no zahàna fa ny vola, dia ilay hozatry ny fiainana ” ²⁶⁶	“Ny vola no hozatry ny fiainana”
-“efa ho iray volana mahery izay ilay takalom-patsa teo amin'i Bako sy ny sefony [...]nony nandray ny karamany i Bako, feno tanteraka izany; tsy nanalana na dia ariary zato aza! Izay ve ilay hoe vidim-pihinana ” ²⁶⁷	“Takalom-patsa, vidim-pihinana”
-“zava-tsy zaka ny fanambadiana an-tery setra ” ²⁶⁸	“tsy misy zava-tsy zaka, toy ny fanambadiana an-tery setra”
-“namono biby tsy nahafaty izy: niforitra sy nidingina taminy ny rambony ” ²⁶⁹	“Namono biby tsy nahafaty izy, ka nifoteran'ny rambony”
-“fa n'inona efa zava-nisy, n'inona fianarana hitany, dia mbola nahery ihany ilay hoe: ny lehilahy tsy mba momba ” ²⁷⁰	“ny lehilahy tsy mba momba”

²⁶⁵ VKP tak 69

²⁶⁶ OP tak 15

²⁶⁷ OP tak 19

²⁶⁸ OP tak 36

²⁶⁹ OP tak 72

²⁷⁰ OP tak 98

-“ <i>zanaka tokoa izy ka mahafofy ray aman-dreny</i> ” ²⁷¹ -“ <i>fa ny zanaka tokoa, hono, no mahafofy ray aman-dreny</i> ” ²⁷²	“ny ray aman-dreny tsy mahafofy zanaka, fa ny zanaka no mahafofy ray aman-dreny”
-“ <i>ravin-kazo nanintsana, dia nihevitra ny hampaniry ny sisa Ramatoa Ralisoa</i> ” ²⁷³	“ravin-kazo nanintsana, ka ny sisa no ampaniriana”
-“ <i>moa va tsy toy ny fandoto iray tandroka tao amin’ny sinim-piainany</i> ” ²⁷⁴	“fandio iray siny tsy mahaleo ny fandoto iray tandroka”
-“ <i>nandalo dia raikitra ny alahelo ao amin’ny foko tsipolitra, antitry ny fitadiavana anao</i> ” ²⁷⁵	“mandalo dia raikitra tahaka ny tsipolitra antitra”

Fafana 15 : ohabolana sy fomba fiteny novàn’ny mpanoratra endrika, ao amin’ny tantara foronina *Onjam-pilafila*

Ny fampiasan’ny mpanoratra ireny ohabolana sy fomba fiteny ireny, dia mampahatsiahy ny mpamaky fa manankarena voambolana mifono fahendrena lalina navelan’ny ntaolo ny Malagasy. Somary novàn’ny mpanoratra ny fomba filaza azy sy ny fomba fanehoany azy, mba hampiaiainany bebe kokoa ny mpamaky ilay hevitra tiany havoitra. Asehon’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA tamin’ny alalan’ireny fomba fiteny samihafa ireny, fa na ny zavatra hita sy ny fomba firesaka amin’ny andavanandro aza, dia azo kantoina sy hatsaraina tokoa mba hahamiramirana ny fo sy ny saina amam-panahy.

2-1-2 ny fampiasana tamberin-teny sy andian-teny mirindra, mifameno sy mandravon-kevitra

²⁷¹ OP tak 79

²⁷² OP tak 111

²⁷³ OP tak 119

²⁷⁴ OP tak 126

²⁷⁵ OP tak 127

Ankoatra ny fampiasana ireo ohabolana sy fomba fiteny samihafa, dia nampiasa andian-teny, andian-tsoratra vitsivitsy: mirindra, mifameno, mandravon-kevitra, koa ny mpanoratra mba hanehoany fa zava-kanto vita amin'ny teny ny literatiora, ary anisan'izany ny tantara foronina nosoratany.

Ny tamberin-teny sy ny andian-teny mirindra, mifameno sy mandravon-kevitra, dia karazana sarinteny. Ny sarinteny dia ***fanehoan-kevitra mihataka amin'ny andavanandro; tsy misy mivantana fa ankolaka avokoa ny fomba filazan-javatra***²⁷⁶. Momba ireo karazana sarinteny fanovana endri-javatra sy fanovana anarana kosa, dia efa nohalalinin'ny zoky²⁷⁷ mpikaroka teo aloha tamin'ny fanadihadiana ny tantara foronina *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila*. Koa dia ireo sarinteny momba ny tamberin-teny sy ny andian-teny mitovitovy rafitra ihany no hifotorana.

2-1-2-1 ny tamberin-teny

Saika hita manerana ny tantara foronina *Onjam-pilafila* sy *Vakivakim-piainana* ny sarinteny tamberin-teny na “anaphore”. Ny ***“anaphore” dia fiverenana na tamberina eo amina teny na voantenany andohan-pehezantenany na andohan'andalana na andininy mifanesy***²⁷⁸.

Ohatra amin'izany:

- “menatra aho manko. Menatra sao ho hitany eo. Menatra ny fifosan'ireo mpantsaka ireo ahy”²⁷⁹

- “saikatra aho manko. Saikatra sao hita ho nankafy. Saikatra noho ny fijerin-dRamily”²⁸⁰

- “ I Mino: na dia notapahin'ny lamaody aza ny volony, na dia nolazoin'ny aretina aza ireo takolany, na dia nalentiky ny fahantrana aza ireo masony dia i Mino tokoa no nanatrika ahy”²⁸¹

²⁷⁶ COHEN (J.), *Structure du langage poetique*, Paris, Flammarion 1966

²⁷⁷ Luciana NOROLALAO, *Mémoire de CAPEN, Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, mpitondra tenin'ny tanora tarafina amin'ny boky Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila*, Antananarivo 2011

²⁷⁸ COHEN (J.), cf note n° 3

²⁷⁹ VKP tak 03

²⁸⁰ VKP tak 04

- “nahoana no tsy nolazainy mialoha izay tena ho karamako? Nahoana no mamely am-pitaka izy? Nahoana no manao tsindrio fa lavo tahaka izao?”²⁸²

- “toa tena tsiky ilay tsikin-dRabontsina, toa tena fanaraha-maso ny asa ilay fijeriny, toa tsy mila remby tokoa Rasefo?”²⁸³

- “tanoran’ny faritra afaka haba: zaza nateraky ny tsy fananana asa sy ny fanalalahana ara-toe-karena; zaza nateraky ny tsy fahampiana sy ny fitomboan’ny mponina; zaza naloan’ny fianarana ambony tsy zakan’ny atidohany”²⁸⁴

- “zaza indray nihira i Fara sy i Bako: niara-nilalao, niara-nianatra, niara-niasa”²⁸⁵

- “olona afa-po, olona lanaky ny dihy, olona etsaky ny matsiro”²⁸⁶

- “tsy niandry na inona na inona anefa izy, tsy niandry ny vadiny, tsy niandry ilay vahiny kely ho avy, tsy niandry ny hariva hirotsaka”²⁸⁷

- “impolokely soloina ny akanjo. Impolokely bangoina ny bolo. Impolokely nijery famataranandro”²⁸⁸

Ankoatra ny fitanisana sy fomba filazan-javatra somary amin’ny endrika filaza masaka, dia ny fanantitranterana sy ny fanamafisana amin’ny hevitra na ny hetsika ataon’ny mpandray anjara no tena asongadin’ny mpanoratra amin’ny fampiasana ireny tamberin-teny ireny.

2-1-2-2 ny andian-teny mirindra, mitovitovy rafitra, mandravon-kevitra

Ohatra:

²⁸⁹Tsy mba mety ho tantara ny fiainako. Tsotra loatra manko. Tsotra ka tsy mahasrika ny fifantohana. Tsotra ka vao miandoha dia fanta-piafarana. Tsy mba tsara

²⁸¹ VKP tak 22

²⁸² VKP tak 41

²⁸³ OP tak 08

²⁸⁴ OP tak 15

²⁸⁵ OP tak 20

²⁸⁶ OP tak 41

²⁸⁷ OP tak 45

²⁸⁸ OP tak 86

hotantaraina. Ny tantara manko natao hahaliana. Ny fiainako kosa tsy mahaliana an'iza n'iza. Izaho tompony aza tsy liana aminy... toa tsy mba naoriko izy fa dia voaorina ho ahy. Faty entina alina aho, saingy... maty fahavelona angaha...

²⁹⁰izany no nilazako fa tsy mba mety ho tantara ny fiainako. Mahantra loatra manko. Mahantra ka tsy mahasarika ny fifantohana. Mahantra ka vao miandoha dia fanta-piafaràna. Tsy mba tsara hotantaraina. Ny tantara manko natao hahaliana: tantaran'olon-tsoa, tantaran'olon-tsambatra. Ireny no fitantara. Ny fiainan'ny mahantra kosa tsy mahaliana an'iza n'iza. Ny tompony aza tsy liana aminy. Tsy mba finidiny manko fa nofidina ho azy... Faty entina alina izy...maty fahavelona. Vonoina satria manelingelina, manalokaloka ny efa sambatra...Fa an'ny olom-pinaritra ny tena fiainana; ny ho an'ny olo-mahantra kosa dia ny vakivakiny sisa...

Voalohany, nisarika ny fifantohan'ny mpamaky ny mpanoratra. Nisy fanetren-tena natao tamin'ny alalan'ilay mpandray anjara fototra tao. Somary nohamaivaniny sy nolazainy fa tsinontsinona ny fiainany. Izany anefa no vao mainka manintona sy miteraka fahalianana eo amin'ny mpamaky. Mampanontany tena azy, ary isainany lalina kokoa momba ny fiainana sy ny ngidin'ny fahantrana.

Amin'ny faran'ny tantara kosa, namerina nanamafy ny haratsian'ny fiainany sy ny fahantrany i Tsiry, sady namintina izay nambaran'ny tantara iray manontolo. Toa nandravon-kevitra aza io andian-teny mirindra io: zara fa miaina, hoy izy, ny olo-mahantra; tsy manan-tsafidy fa very fanahy mbola velona.

Ahitana andian-teny mitovitovy toy izany koa ny resaka nifanaovan'i Tsiry sy i Voahangy

- ...saingy tsy mba neken'ireto mpantsaka ho nitovy zara taminy aho: hany ka noraiketiny hoe I Be saina mpaka rano. Dia menatra aho.

Mba nivaky tamin-dranabavy ihany aho ny amin'izany henatro izany. Mafy loatra ity hoe: Besapàka ity!

-I Tsiry ity koa! hoy ny fihomahiny. Izay vavam-behivavy avy ka atao mahataitra.

-ka mavesatra anie ry Voahangy e! mavesatra noho ny daban-drano !

-aoka re ry Tsiry a ! Odio tsy fantatra fotsiny e!

-ka fantatro foana anie e!

²⁸⁹ VKP tak 02

²⁹⁰ VKP tak 75

Dia vita teo ny resaka. Vehivavy malemy paika i Voahangy ka nalain-kiady taman'olona. Tsapany anefa ny alaheloko. Somary nangala-pijery ahy izy, saiky mbola nisoka-bava, kanjo nangina ihany. Toa henoko nisento...Dia vitan'izay ny resaka.

*-andao hisakafo fa miandry Ramily.*²⁹¹

- *...saingy tsy mba neken'ity zaodahiko ho ara-dalàna izany; hany ka notebahiny hoe: Ratsiry tsy an'asa. Dia saikatra aho.*

Mba nitaraina tamin-dranabavy ihany aho momba izany fahoriam-panahiko izany. Nangidy loatra ity hoe: Ratsiry tsy an'asa lava ity!

-ity Tsiry ity koa! hoy ny fitsikiny maloka. Izay ngerongeron-jandary avy ka atao mahagaga.

-ka mavesatra anie ry Voahangy e! mavesatra noho ny efa henatro rahateo ny fanantsafany ahy !

-aoka re ry Tsiry a! Odio tsy re fotsiny e

-ka reko foana anie e!

Dia toy izany hatrany ny resakay. Vehivavy mataho-bady i Voahangy anabaviko ka nalain-kiaro ny anadahiny. Tsapany anefa ny alaheloko. Tena nalahelo ahy izy, te hampahery ahy kanjo nangina ihany. Toa tsinjoko nisefosefo... Dia toy izany ihany ny resakay.

*-handeha hiasa izahay e.*²⁹²

Resaka nifanaovan'i Tsiry sy Voahangy anabaviny ireo. Heverina fa resaka tsotra, nentin'i Tsiry nitarainana fa tsy tantiny ny miaina ny "Besapàka" sy ny "Ratsiry tsy an'asa lava". Ny marina, dia toy ny resaka fahita andavanandro ihany. Eto anefa dia hain'ny mpanoratra ny nanova izany ho amin'ny endrika tena kanto sy mahaliana. Mitovy tsy misy anavahana ny fomba ilazan'i Tsiry ny heviny sy ny zava-tsy tantiny. Misy fandravonan-kevitra ihany koa hita eo. Mifantoka kokoa ny sain'ny mpamaky eo am-pamakiana ny asa soratra satria, ahitana fanatitrannerana ny fonjan-kevitra eo amin'ireo andian-tsoratra sy andian-teny ireo.

Tsy mifanalavitra amin'izany izay hita ao amin'ny boky *Onjam-pilafila*:

²⁹¹ VKP tak 3-4

²⁹² VKP tak 4-5

- *Misy fiainana mizotra misary lala-marina zara raha ahitana lesoka amam-piakarana, mamonjy ny fasana itodiany. Fiainana mivohitra irin'ny mpiara-belona ka andrandrana hotahafina na angarihana ialonana. Na fiaina-misitrisitrika tsy ho tazana'ny hafa ka tsy hitodihana hotsiriritina, tsy iherehana halain-tahaka... Samy lala-marina ireny: ny rihan-dalana izorany no tsy mitovy haavo. Endri-piainan'ny ankabeazan-dRaolombelona, na dia heverin'ny tsirairay ho hafa hatrany aza ilay lalamasany...*²⁹³

- *Fa misy kosa ny fiainana manonja aoka izany, tsofin'ny rivo-maherin'ny Vintana ka asavoanany hanaka-danitra vao alentiny hidona any am-paran'ny tany, atopatopany, avalombalony dia akarapony amin'ny haram-bato vao atorany eny amin'ny tora-pasika hiala sasatra na hiala aina... Fiaina-miavaka tsy voaavaky ny saim-panavahan'ny sarambabe mana-maso anili-dava ny tsy toa ny azy. Fiainan'ireo maherifo na mahery voan'ny Vintana mahery.*²⁹⁴

Toa hevitra roa mifanipaka no ambaran'ny mpanoratra amin'ireo andinin-teny ireo. Nahakanto ny fanehoan-kevitra ny mpanoratra ny fampifanatrehany ny lalana samy hafa izoran'ny fiainan'ny zanaka olombelona. Mampirisika ny mpamaky hanao fampitahana izay hitany sy iainany marina ny mpanoratra, ary mahatonga ny mpamaky hamahavaha izay tantaram-pitiavana sy ny onjan'ny fiainana nosedrain'ny mpandray anjara ao amin'ny tantara foronina *Onjam-pilafila* izany.

- *Aleo, hono, mandao toy izay ilaozana; fa mankarary kokoa ny mitazana, tsy mihetsika, tavela an-toerana, noho ny tazanina, miherika, handeha lavitra. Mamoin'ny dia ny mpandeha ka maivamaivana tokoa ny alahelony.*²⁹⁵

- *Aleo, hoe, mandao toy izay ilaozana? Eny tokoa! Mamoin'ny dia ny mpandeha; manalefaka ny alahelony izany...Eny, manatombo ny manatrika fa tazana kokoa. Ny any ivoho kosa, miafina angamba ka mora hadino.*²⁹⁶

Ny fifandaozan'i Fetra sy i Bako no resahina eto. I Fetra nikasa handeha tany Mahajanga, ary i Bako niverina hitsabo tena taty Antananarivo. Ny fitiavana niredareda tao am-pon'izy roa ka nahatonga azy ireo halain-kisaraka, kanefa tsy maintsy hanao

²⁹³ VKP tak 06

²⁹⁴ VKP tak 06

²⁹⁵ OP tak 79

²⁹⁶ OP tak 100

izany noho ny fitadiavana ny tsaratsara kokoa no tian'ny mpanoratra hasongadina eto. Fanantintranterana ny hevitra tiana hambara no heverina fa nampitoviana ny andianteny nilazana izany, ankoatra ny kanto izay efa miharihary eo amin'ny fomba filazan-javatra rahateo.

Eo amin'izay fanehoan-kevitra sy fanehoana ny kanto ao amin'ny literatiora izay ihany, dia nahitana andian-tsoratra mamintin-kevitra nampiasana rima koa ny fanehoan-kevitr'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA.

2-1-3 fanehoan-kevitra nampiasana rima

Ny “rima” araka ny ambaran'i R. RAOLISON, dia *“fitoviam-peo eo amin'ny teny roa, hatreo amin'ny zana-peo farany misy tsindrim-peo no ho midina”*²⁹⁷. Nahitana fanehoan-kevitra vitsivitsy nampiasan'ny mpanoratra izany ao amin'ireo tantara foronina roa ireo.

Ohatra:

- *“Iarivo manko no nofinofiko fahiny fony tany Anativolo. I Tanà ity no nofy ratsy ankehitriny nony atolotra ahy bontolo”*²⁹⁸

- *“mba rahoviana ihany ialahy 'ty ry Tsiry, vao hitsahatra hikamenona? Tsy manana, mitaraindraina; omena, minainaina; isan'andro, miferin'aina!...”*²⁹⁹

- *“Ra-Seza! Sarobidy tokoa ianao: izay eo amboninao, miteronterona andrianina. Izay very anao: mipapapapa tsy vanona!”*³⁰⁰

- *“Vodiondry tsy hita ka zaza no hialoha lalana? Ilay vavimatoan'ny ainy ity no toa nivarin-dia nivalambalana”*³⁰¹

- *“misy fiainana manonja- manonja dia manonja! Kinanjo tsy mamono: topatopa ihany, toa filafilan'onja atao hoe mavàny, dia fiainana eto an-tany... Tsy Vintana*

²⁹⁷ RAOLISON (R.), *Rakibolana Malagasy*, op cit

²⁹⁸ VKP tak 18

²⁹⁹ VKP tak 56

³⁰⁰ VKP tak 62

³⁰¹ OP tak 29-30

mahery, tsy Anjara tsy tandrify: tsy hoe izany akory! Fa filàna samihafa, miteraka onjaonja, tetezina an-tanila: dia onjam-pilafila ”³⁰²

Ny rima, izay heverina fa anisan’ny mahakanto ny asa soratra no nampiasain’ny mpanoratra eto mba hanehoany fa tsy any amin’ny tononkalo ihany no azo ampiasaina izany, fa eo amin’ny fiainana iray manontolo. Nampiharina izany tao amin’ny *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila*: teo amin’ ny eritreritry Tsiry sy ny fahadisoampanantenany niaina teto Antananarivo , teo amin’ny resaka nifanaovan’i Fano sy i Tsiry, ary i Bako sy ny reniny, ary teo amin’ny fandravonan’ny mpanoratra ny hevitra ny lohatenin’ny boky araka ny ohatra nomena tetsy ambony.

Hita teo fa miseho amin’ny endrika maro tokoa ny mahakanto ny literatiora. Mateza roritina ny literatiora sy ny asa soratra, ka ny fifotorana sy ny fandinihana maharitra azy no vao mainka hampitombo ny tsiro sy ny kanto hita ao aminy. Momba ireo karazan-dahateny kosa no hasian-teny manaraka.

2-2 ny fanabeazana naseho tamin’ny karazan-dahateny

Ankoatra ny fomba fanoratra sy ny fomba filazan-javatra nampiasain’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, dia tsy azo hamaivanina koa ny fisian’ireo karazan-dahateny maro nasehon’ny mpanoratra ao amin’ireo tantara foronina roa ireo.

Resahina manokana ny karazan-dahateny ato amin’ity toko ity, satria mialoha ny hidiran’ny mpianatra amin’ny ambaratonga faharoa, dia heverina fa efa nahafolaka ireo karazan-dahateny ireo tany amin’ny ambaratonga voalohany ny mpianatra.

Tsy mifanohitra velively ny fandaharam-pianaran’ny sekoly ambaratonga voalohany sy faharoa. Ny tena marina aza, dia mifampiankina sy mifampitohy ary mifameno. Ny fampahatsiahivana ny fisian’ny karazan-dahateny aty amin’ny ambaratonga fahatelo, dia manetsika indray ny angona amam-pahalalana efa ananan’ny mpianatra, ka manampy azy ireo amin’ny fanakaran-kevitra, sy fanadihadiana lahatsoratra.

Amin’ny ankapobeny, dia hita ao anatin’ny boky *vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila* avokoa ireo karazan-dahateny efatra misy. Koa na dia fandaharam-pianaran’ny

³⁰² OP tak 130

kolejy aza izany, dia niezaka ny mpanoratra hivelatra amin'ny fanabeazana atolony, satria boky ho an'ny daholobe ny boky *Vakivakim-piainana* sy ny boky *Onjam-pilafila*.

Efatra ireo karazan-dahateny efa hita tany amin'ny kolejy, dia ny lahateny mampahalala sy manazava, ny lahateny mitantara, lahateny manoritsoritra ary ny lahateny mandresy lahatra.

2-2-1 ny lahateny mampahalala sy manazava

Hofantarina voalohany ny famaritana sy ny mombamomba ny atao hoe lahateny mampahalala. Ezahina avy eo ny hanome ohatra mazava miainga amin'ny boky *vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*.

2-2-1-1 famaritana ny lahateny mampahalala

Maro ny manafangaro ny lahateny mampahalala sy manazava hoy i B. COMBETTES sy R. TOMASSONE³⁰³. Hazavainy fa samy manana ny manavaka azy anefa ireo.

Ny lahateny manazava dia miavaka amin'ny fisian'ny fanontaniana miharihary na tsia atao teboka iaingana, toy ny hoe ahoana, nahoana, manao ahoana, izay vahavahana sy porofoina ao amin'ny vontoatiny, ary amin'ny farany dia misy tosa-kevitra na fandravonana.

Ny lahateny mampahalala kosa, araka ny fanazavan'i COMBETTES ihany, dia sady tsy mikendry ny hanaporofa no tsy manao tosa-kevitra fa manome fahalalana fotsiny. Mety hikendry na tsia ny hametraka hevitra manokana ao andohan'ny olona itenenana.

Ny hoe manazava dia manome ny antsipiriany amin'ny hevitra natolotra, izany hoe mamaofy na mamelabelatra hevitra iray.

Raha fintinina, ny hoe manazava, dia manome fahalalana betsaka sy lalindalina kokoa raha miohatra amin'ny mampahalala.

³⁰³ R.COMBETTES sy R. TOMASSONE, tanisain'i J.M ADAM, *Les textes : types et prototypes*, 1995, tak 128 « un texte explicatif a sans doute une base informative(...) structure d'une sequence informative : qui ? quoi ? quand ? où ? pourquoi ? comment ? »

2-2-1-2 ohatra amin'ny lahateny mampahalala araka izay hita ao amin'ny boky Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila

- *Fantatro Antananarivo antoandro, ikarenjen'ny karazan'olona: mba haiko tsara iny. Fa Antananarivo mamatonalina, isangian'ny karazan'olona, izay vao hitako. Miampofo aina samihafa ny aloka isan-tsokajiny: ny aloky ny rindrina ifonosan'ny "katimia", ny aloky ny andrin-jiro itampifian'ny mambo, ny aloky ny lavarangana iafenan'ny "mpialina", ary ny aloky ny ati-fiara ifankatiavan'ireo mpifamofa miserana. Antananarivo mamatonalina manko tsy mba matory. Mitepotepo ny fony, fa tsy hamohatry ny "olo-marina"; miefonefona ny havokavony, fa tsy hamindra aretina amin'ny olom-pinaritra. Natao ho an'ny manan-kotadiavina ny andro, fa ny alina ikarohan'ny tsy manan-koraisina...Mifanaretsaka ireo aina samihafa mamelona ny haizina, matoatoa miserana etsy sy eroa, tsy re tsaika, tsy re dona...Antananarivo manko fiangonan'ny avelo...*"³⁰⁴

- *"tanoran'ny faritra afakaba: zaza nateraky ny tsy fananana asa sy ny fanalalahana ara-toe-karena; zaza nateraky ny tsy fahampiana sy ny fitombon'ny mponina; zaza naloan'ny fianarana ambony tsy zakan'ny atidohany... Afakaba: faritra mpitanty izay tsy te handry fotsy ka vonona hikarama na dia ho vary masaka ihany aza!"*³⁰⁵

Momba an'Antananarivo mamatonalina, sy ny tanora mpiasa amin'ny orinasa afaka haba no anomezan'ny mpanoratra fahalalana eto.

2-2-2 ny lahateny mitantara

Famaritana sy filazana ny mombamomba ny lahateny mitantara no hatolotra voalohany; hoporofoina amin'ny ohatra avy ao amin'ireo tantara foronina ifotoran'ny fanadihadiana izany avy eo.

2-2-2-1 famaritana ny atao hoe lahateny mitantara

Ny hoe mitantara, dia milazalaza izay zava-nitranga. Ny lahateny mitantara, dia mampahafantatra tranga na toe-javatra iray. Tsy maintsy misy mpandray anjara izany amin'ny lahateny mitantara izay, mety ho olona na biby. Ary mazàna misy resaka ifamaliana.

³⁰⁴ VKP tak 37

³⁰⁵ OP tak 15

Araka ny hevitr'i BREMOND, izay taterin'i J.M ADAM, ny lahateny mitantara dia mikendry ny fampahafantarana trangan-javatra mifototra amin'ny fifaneraseran'ny toe-javatra andraisan'olona anjara, izay mitambatra ho trangan-javatra feno iray. Araka izany, fehezin'ny fotoana sy ny habaka ireo toe-javatra ireo, ary manaraka lôjika izay mamaritra ny maha tantara azy: dia ny fisian'ny toe-javatra iandohana, ny toe-javatra manelanelana, ahitana olana sy fivoarany ary vahaolana na toe-javatra iafarana.

Amin'ny fitantarana dia misy zavatra eken'ny saina mety hiombonan'ny roa tonta na tsia, dia ny mpamaky sy ny mpitantara izany. Mikendry fahazoana ihany koa ny "lahateny mitantara". Mazàna no misy ny "singam-panova" manova ny zotry ny fitantarana, ary mety ho voaravona na tsia ny olan'ny mpandray anjara fototra any amin'ny faran'ny fitantarana.

2-2-2-2 ohatra amin'ny lahateny mitantara ao amin'ny tantara foronina, Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila

- *"niraondraona ny feon'ilay mpiantso ireo mpandeha. Nanomboka nitondra ireo entana aman-taratasiny ny olona: ao ny savaina, ao ny lanjaina; dia niroso teny amin'ny efi-piondranana. Niandry ho faramparany aho fa mbola nasain'ny mpampiasa ahy nijery izay fanaon'ny mpandeha rehetra aloha, hono: ny faritra aleha, ny taratasy avoaka, ny toerana iverenana. Tsy hita moa tsinona! Mpanavao ny tena ka sao manaonao foana hihomehezana eo! Sao tsy ho mendrika ity palitao mivatsy valiha ka ho afa-baraka! Mba be keninkenina koa ity fandehanana any Andafy ity!... Nony efa akaiky tokoa ny ora fiaingana, ka olom-bitsy sisa nikorapaka nanatona ny efitra heva, vao nilazan'ny mpampiasako aho mba handeha amin'izay, ho eny. Niontana iray ihany ny foko!*

Tonga teo amin'ilay rangahy mpikarakara ny fandehanana aho. Tsapako ho sorena izy noho ity izaho efa niandry ho farany loatra. Noraisiny ilay entan-kely novimbiniko: nojereny koa ireo taratasy samihafa natolotro azy: navadibadiny teo. Nisompirana ery izy nandinika ahy. Asa! Tsy bikan'olona tokony mba ho any Maorisy angamba aho! Tsy nahoako anefa izany. Ara-dalàna aho, ary manan-jo handeha amin'izay tiako haleha!...efa hamerina ireo taratasiko izy vao nahatsikaritra ireo valiha nosakelehiko.

-Atao inona ireny valiha ireny?

-ho fanomezana ho an'ilay olona hivantanako, tompoko.

-azafady kely hoe! hoy izy, sady noraisiny ireo valiha.

Nodinihiny tsara ny anankiray. Nolanjalanjainy avy eo, toy ny hoe hatorany. Dia niverenany nodinihina indray. Farany, nahontsany, nahontsahontsany, natontony mafy teo amin'ny latabatra.

-sao hosimbainao eo ity valihako! Hoy aho tezitra.

Tsy reny akory ny teniko; feon-javatra nigoboka tao anatin'ilay valiha no nahasarika azy.

-inona izany? Hoy izy niantso ahy. Inona no ato anatin'ity valihanao ity?

-tsy fantatro, hoy aho gaga. Valiha toy ny valiha rehetra iny.

Niantso namana ilay rangahy mpisava. Nifampiresaka teo ry zareo, dia namoaka antsipika ilay vao tonga. Nosokiriny ny tampintonon'ilay volo; niampeka. Dia nahontsany. Indry nivoaka avy tao, fonosan-taratasy mamirapiratra, mbola nahatazanana dity niraikidraikitra taminy. Novonjen'izy roalahy nosokafana ilay izy; mbola nisy fonosan-taratasy toa sosona, izay vao nahitana vovo-javatra mavomavo mangirangirana:

-volamena! Hoy izy roalahy niara-niteny.

Efa nitangorona teo ny olona maromaro, mpiasan-tseranana sy mpandeha hafa koa. Ny tsy sahy nanatona kosa nanalava tenda nijery sy nihaino.

-manondrana volamena an-tsokosoko ise a! hoy ny fitreron'ireo mpisava.

Badenina tanteraka aho, fanina sy nipararetra toa rano an-dravina.

-tsia, tompoko! tsy manao izany aho.

-efa tratra izao ise ka mbola mandà ihany? An'iza ity valiha ity, tsy an'ise? Avy aiza ireto vovo-bolamena ireto, tsy avy ao anatin'ny valihan'ise? Ka mbola handà ahoana indray ise? Andao ho any amin'ny birao!

Noraofiny ny taratasiko sy ny entako. Dia indreny izahay namakivaky namonjy ilay birao. Ny henatra olona, nampivoraka ny lohako. Ny tahotra, nampifamatotra ny tongotro. Reko ny akora sy ny esoeso nanaraka ahy teny an-dalana: “tratra! Tratra ny mpanao afera! Ireny no fanetriben'ny firenena! Mitady hanan-karena tampoka! Mpivarotra tanindrazana! Akory izay!”. Raha nisy lavaka azoko nisitrihana, ho nandevin-tena aho. Zary famonjena ho ahy ilay fikatonan'ny varavarana tao ivohoko.³⁰⁶

³⁰⁶ VKP tak 66-67-68

- “ ny faran’ny herinandro taorian’ny fandraisan-karama, nankeny Marohoho, atsinanan’i Tsimbazaza, i Bako sy i Fara. Teny manko no henohenony fa misy mpampivelona afaka hanala azaza. Tsy nahaleo tohika an’i Bako tokoa i Fara tamin’io hevitra io, ka nony farany nanaiky ny hanampy azy ihany...

Zava-tsy ara-dalàna ity kasaina, ka nihisitrisitra aloha ilay Ramatoabe, nanadinadina, namotopototra, mailomailo. Ndrao haningotra azy ireto tovovavy ireto ka mody nitsapatsapa fanahy fotsiny ihany! Dia nilaza Ramatoa mpampivelona fa raha tsy misy toro-marika mazava avy any amin’ny dokotera, hono, tsy afaka hanao ilay “asa” izy...

Rehefa nifanazava naharitra teo anefa izy telo mianaka, nahazo toky ihany ilay Ramatoabe.

-ka firy volana moa ny kibonao? hoy izy nitodika tany amin’i Bako.

-telo volana eo ho eo!

Dia nasainy nandry i Bako notsapaina.

-...efa telo volana mahery mihitsy ity, hoy ramatoabe mpampivelona nihatokatoka. Efa tena lehibe!

Menamenatra i Bako, nanamboaboatra ny akanjony, toy ny zaza tratra teo ampanaovan-dratsy. Nohararaotin-dRamatoabe izany “amolosana” azy:

-ka izao no izy: ny “fanaovako” dia iray alina isaky ny volana iray: miampy ny vidim-panafody eo amin’ny iray alina ariary eo koa. Dia efatra alina ariary izany no aloanareo. Ka efa nivonona ny amin’ny vola ve ianareo?

Nifampijery i Bako sy i Fara. Efatra alina ariary! Vola be tokoa izany! Vola be loatra ho an’ny olon-tsy manana.

-dia tsy mba misy adivarotra ve? Hoy i Bako saingisaingy, nipitrapitra.

Nihomehy naneso Ramatoabe mpampivelona:

-na dia Gasy aza isika telo mianaka, misy kosa ny zavatra tsy mba fiady varotra e! efa tena nataoko amin’ny antonony mihitsy izany! Iray alina mahery aza ny vidim-panafody, fa noboriboriko ho iray alina fotsiny...

Efa tsapany tamin’ny fanazavan’i Bako fa may dia may ity tovovavy, ka dia “nokapohiny” mafy! Tsy mba entam-barotra mety ho lo rahateo no namidiny, ka sahinany ny namilafila. Mba nisisika hanampy ity namany i Fara, saingy tsy azo naronjina ilay mpampivelona. Mbola nahodina ihany ny resaka:

-efa nanala zaza angaha indriako talohan’izao? Hoy izy nibanjina tsara an’i Bako.

-tsia, tompoko.

-E izany izy koh! Hoy ilay ramatoabe. Mbola tsy zatra ady indriako, ka tsy azo anaovana kitoatoa mihitsy, indrindra fa amin'ny fanafody!sao satria maninomaninona eo...!ka izay no izy e; efatra alina raha hanao indriako! Tsy hahita mora noho izany ianareo!... raha tsy mbola vonona anio, mandehana aoha mody! Mieritrereta tsara, dia miverena raha toa ka...

*Fandrendrehan-dresaka ihany izany, saingy narahin'i Bako sy i Fara arabakiteny tokoa. Lafo loatra. Nangata-dalana hivoaka moramora izy roa, fola-paniriana ka menamenatra...ny sitra-po tokoa tsy an'olona ory! Naleony nanao tari-dositra.*³⁰⁷

Ny trangan-javatra niseho teny Ivato fony i Tsiry hiainga ho any Maorisy, ary ny fanatonan'i Bako sy i Fara mpampivelona hanalana ilay zanaky Rabontsina no tantaraina teto.

2-2-3 ny lahateny manoritsoritra

Toa izay natao tamin'ny famahavahana ny lahateny manazava sy mitantara, dia ny famaritana hatrany aloha no hanombohana ny fampahafantarana ny lahateny manoritsoritra, avy eo dia hanome ohatra araka izay hita ao amin'ny tantara foronina Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila.

2-2-3-1 famaritana ny lahateny manoritsoritra

Ny hoe manoritsoritra dia mampahalala sy manome fanazavana bebe kokoa, saingy manasongadina indrindra ny singa mandrafitra ilay olona na zavatra dinihina miaraka amin'ny toetra amam-bikany. Ny lahateny manoritsoritra dia mampihanjanja zavatra eo amin'ny habaka amin'ny alalan'ny fitanisana mifandimby.

Ny fanontaniana hoe “manahoana” no ezahin'ny lahateny manoritsoritra hovaliana mba hahazoan'izay itenenana mahazo sary an-tsaina ny momba ilay olona na toerana na zavatra soritsoritana.

³⁰⁷ OP tak 24-25-26

Ny famahavahana eo amin'ny lahateny manoritsoritra dia hamoraina kokoa mba hisian'ny fifantohana eo amin'ny mpamaky. Anisan'ny tanjon'ny fampiasana lahateny manoritsoritra ny fahalianana maharitra eo amin'ny mpamaky, ny fanomezana fahalalana manokana momba ny olona, toerana, na zavatra iray, ka mitarika ny mpamaky hisaina sy hahatsikaritra zavatra kokoa.

2-2-3-2 ohatra lahateny manoritsoritra araka ny ahitana azy ao amin'ny Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila

- “...dia nandany fotoana tao an’efi-bahiny tao aho mazàna. Ilay fitara-be no nahavariana ahy tao. Nifanandrina teo “Ratsiry be saina mpaka rano tsy an’asa” sy izaho. Nodinihina tsara ny endriny. “Endrey! Ty volony! Misaritadritaka toa vody kifafa!ary ‘ty handrina!mandondona ila hianjera! Marina tsy mila fanohanana io! ‘Reto maso e! lalina dia lalina, fianjeran’izao karazan’alahelo rehetra izao...ireto molotra aza toa mangovim-pahanterana sahady! Ratsy loatra tokoa raha ity “Ratsiry be saina tsy an’asa ity!”, hoy aho. Nojereko indray ny bikany; notombanako tsara. “Dray! Ty tratrany! Mitrakitraky toa tany vatoina! Ary ‘ty kibo e! mitofeza-dava tsy mety ho voky: marina tsy kankanina io! Reto sandry e! hozatina dia hozatina, fisavilian’ny daban-drano. Ireto fe aza toa mihenam-pahanterana sahady! Mahonena tokoa raha ity Besapàka ity! Hoy aho...dia nihomehy irery teo ilay omby hantsika”; nihomehy satria tsy afa-nitomany. Hitomany teny ary ve...? Toy izany ny fialam-boliko nialoha sy taorian’ny raharahako. Tsy an’asa manko ka tsy nanan-katao. Na nanan-katao tsy tamin’ny asany!”³⁰⁸

- “Niditra i Bako. I Bako. Tovovavy nanodidina ny faha dimy amby roapolo taonany eo ho eo. Saingy toa nihoatra an’izany ny fitazanana azy. Nanantitra azy ny fahoriana nitandavana ka ilay endriny soa iny, nomarihin’ny fotoana sahady: lalina kokoa ireo kentrony, hentitrentitra ny fitopian’ny masony, ary ilay volony lava nandrakotra ny lamosiny, mazàna no nofatorany ho bango tokana hanahaka ny fihetsiny miatrana. Ny fitsanganany, toa nahohezina ireo kapa fisaka fitondrany. Bako hatrany anefa ny fijidiny, narotsadrotsaka. Izay nandinika dia nahatsinjo ny hatsaran’ny endriny, mateza jerena amin’izato orona miavoavo toa te hanaloka ny hodi-tavany mivolon-dronono sy ireo takolany efa marirandrirana sahady. Ary tsy

³⁰⁸ VKP tak 5-6

takon'ny fahatsoran'ny fitafiany ny filanton'andriana nitokian'ny famindrany sy ny fihomahiny. I Bako, bako toy ny anarany, bakobako mateza dinihina.”³⁰⁹

Ny mpandray anjara amin'ny fototra mihitsy no anomezan'ny mpanoratra fanoritsoritana mazava eto. Na dia miditra lalina sy misary fanomezan-tsiny aza izany fanoritsoritana izany teo amin'i Tsiry, dia hita fa nilaza ny zava-misy tokoa ny mpanoratra mba hahafahan'ny mpamaky maka sy mahazo sary an-tsaina tokoa ny amin'izany endriky ny mpandray anjara izany.

2-2-4 ny lahateny mandresy lahatra

Mialoha ny hanomezana ohatra mazava amin'ny lahateny mandresy lahatra, dia hofaritana aloha ny antsoina hoe lahateny mandresy lahatra.

2-2-4-1 famaritana

Ny atao hoe mandresy lahatra dia mampanaiky, mampino, ary manova ny hevitra efa ananana. Ny lahateny mandresy lahatra dia lahateny misarika ny mpamaky hanaiky ny hevitra ny tena ka mitondra fomba fanehoana sy fandaharana tohan-kevitra isan-karazany hahatonga azy hiandany amin'izany. Mety ho hevitra tiana hotohanana na hevitra tiana harodana no anaovana fandresen-dahatra. Ny lahateny mandresy lahatra, dia mila tohan-kevitra mafonja ary hevitra mifanesy.

Anisan'ny tanjon'ny lahateny mandresy lahatra ny manao izay hampiaiaky sy hampilavo lefona ny mpamaky amin'ny fandresen-dahatra ataony, amin'ny alalan'ny filazana toe-javatra marina tsy azo iadian-kevitra, ary fametrahana fanontaniana tsy miandry valiny. Na koa mitatitra tenina mpanoratra sy olo-malaza miampy ohabolana sy fomba fiteny mba hampanaiky ny maro, izany no antsoina hoe “doxa”³¹⁰

2-2-4-2 ohatra amin'ny lahateny mandresy lahatra araka izay hita ao amin'ny boky *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila*

- “...tsara ve ny karama lavitra ny ara-dalàna omen'I Aziz antsika? Ny fanambakany amin'ny vidin'ny kafe isa-maraina, tsy mampikomy an'ialahy ve? Tsara

³⁰⁹ OP tak 09

³¹⁰ Doxa, Ruth Amossy, doxa.muse.jhu.edu/journals/poetics...23.3 amossy 01.html

ny fampiasany antsika mamatonalina hampiditra entana maizina an-tsokosoko ao amin'ny magazay, dia omeny roanjato isika avy eo ho tambin'ny asa adiny dimy na enina? Ireny ve no tsara? Tsara ny fanabotoany olona mandritra ny roapolo taona ka tsy hanam-piafarana afa-tsy ny lamba eny an-kodiny toa an-dRakotovao? Sa rehefa ny ngetroka ohatra azy roalahy ireny no miray petsapetsa amin'ny fangalarana dia tsara? “tsara” satria be vola ka tsongoin'olom-bolo eo amin'ny fiaraha-monina na dia harena azo tamin'ny fanambakana aza! Fa ny nataoko lazaina hoe “ratsy”, nefa dia horonan-damba iray no mba nalaiko tamin'ireo an-jatony maro avy nahodikondiny tany ho any! Heverin'ialahy ve fa mifanentana akory amin'ny hasasarana teo ny sandan'ity horonan-damba ity? Ary ny efa nanambakany hatrizay, ohatrinona koa? Ratsy ve raha maka ny tokony ho anjarany ny madinika?”³¹¹

- “Aza mitsara amin'ny zavatra tsy ananan-dry fandanjana marina indry ry Fara! Fa ny mpitsara anie, matoa mitsara, dia mahalala ny diso. Diso nosoritan'ny lalàna nianarany. Fa indry kosa, raha hitsara ahy: inona no fandanjana anamarinana izany? Ny fitaizan'ny ray aman-dreny? Ny môtoralim-pivavahana? Ny fanabeazan'ny filôzofia sa ny dinidinika aman-dresadresaka teny ho eny? Sa ny vaky boky mba natao? Raha hitsara indry, ny fetran'ny fitsaran-dry ve tsy izay fetran'ny zava-pantatr'indry ihany?...koa raha izany, hitsara indry, saingy hitsara ny tenan-dry fa tsy hitsara ahy akory!...reko tany ho any hoe: “aza mitsara mba tsy ho tsaraina!” izaho kosa milaza hoe amin-dry hoe: aza manatsara ny ratsy nihatra tamin'ny hafa.”³¹²

Fifandresen-dahatra teo amin'i Tsiry sy i Fano momba ilay horonan-damba nangalarina no naseho tetsy aloha, ary ny tohan-kevitra nisary fanomezan-tsiny nataon'i Bako an'i Fara ity farany. Samy maneho tohan-kevitra misesy sy manolotra fanontanina sésilany tsy miandry valiny mba hampiaiky ny ankilany.

2-2-5 tsoa-kevitra momba ny fanabeazana azo tsoahina avy amin'ny karazan-dahateny nampiasain'ny mpanoratra.

Marihana fa ohatra iray isaky ny boky, sy isaky ny karazan-dahateny ihany no noraisina teto. Misy koa, mifaningotra sy mifampiditra ny lahateny roa na telo, izany hoe anaty lahatsoratra iray dia ahitana karazan-dahateny roa na mihoatra. Midika izany,

³¹¹ VKP tak 53-54

³¹² OP tak 108

fa mifameno sy mifanampy hanehoana hevitra koa ny fahafolahana ireo karazan-dahateny efatra ireo.

Na dia tsy nanome lesona mivantana ny teôria momba ny lahateny aza Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, ny famakiana ireo tantara foronina nosoratany ireo kosa, dia nampisongadina ny fahasamihafana teo amin'ireo karazan-dahateny ireo. Nikitika ny sain'ny mpamaky rehetra izy: nanome *fanazavana* sy tombom-pahalalana maro momba zavatra na tontolo na toerana; naneho *fitantarana* zava-nisy na tranga vitsivitsy mifono lesona samihafa; nampifanakaiky kokoa ny mpamaky sy ny mpandray anjara tamin'ny alalan'ny *fanoritsoritana* nataony; ary amin'ny maha tantara foronina mizara fanabeazana ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*, dia nanipy teny sy nizara toe-tsaina ho liam- pandinihana izy niainga tamin'ireo *fandresen-dahatra* nataony teo ambavan'ny mpandray anjara.

Ireny lahatsoratra samihafa ireny, dia azo iaingana hampianarana ny karazan-dahateny sy hanaovana fampiasana hamolahana ny mpianatra amin'ny fanadihadiana lahatsoratra. Ankoatra izay, dia heverina fa hanampy ny mpianatra ambaratonga faharoa amin'ny fanamafisam-pahalalana ny Fitsipika sy ny Literatiora, ary ny fanakaran-kevitra hataony izany.

Rehefa hita ny fomba filazan-javatra nanehoana fa kanto ny literatiora, ary noresahina koa ny momba ireo karazan-dahateny samihafa, dia hojerena manaraka kosa ireo lohahevitra Riba vitsivitsy hita ao amin'ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*.

2-3 ireo lohahevitra fandaharam-pianarana vitsivitsy hita ao amin'ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*

Ankoatra ny finoana an'Andriamanitra teo amin'ny fiarahamonin'ny Malagasy, fahiny, dia nisy ny foto-pisainana na tsangan-kevitra najoro hoentina mandrindra sy mandamina ny fiaraha-miaina. Teo koa ireo hery hafa heveriny fa miditra an-tsehatra eo amin'ny fiainany ka ninoany sy notandrovin'ny fatratra.

Koa araka izay voalazan'ny fandaharam-pianarana, ary hita taratra tao amin'ny vondrona ambara, dia hovahavahana misesy ny amin'ny tsangan-kevitra: ny Marina, ny

Rariny, ny Hitsiny, ny fitsimbinana ny aina; ary ny amin'ny finoana: ny Tsiny sy ny Tody, ny Vintana, ny Anjara, ny Lahatra, ary ny Tendry.

2-3-1 ny Marina, ny Rariny, ny Hitsiny

Ankoatra ny tsangan-kevitra: ny fanahy, ny fitsimbinana ny aina sy ny faharetan'ny taranaka, dia ianarana ao amin'ny kilasy famaranana koa ny amin'ny olombelona sy ny fifandraisany, dia ny Marina, ny Rariny ary ny Hitsiny. Hojerena tsirairay ireo:

2-3-1-1 ny Marina

Ny marina, dia *filazana zavatra na hevitra mifanaraka amin'ny tena izy, eken'ny saina mandinika sy mieritreritra, mitombina, azo porofoina, tsy azo hozongozonina, mifanohitra amin'ny lainga sy ny diso.*³¹³ Araka izay hita tao amin'ny vondrona ambara, dia manana toetra samihafa tahaka izao ny “marina”: tokana, voavidy vola, azo ifanarahana.

• Tokana ny marina

Porofoin'ny boky *Onjam-pilafila*, fa amin'ny toe-javatra rehetra miseho, dia tokana ihany ny marina “*...izany no marina, ary dia izany ihany, tsy misy afa-tsy izany*”³¹⁴. Iankinan'ny fifampitokisana eo amin'ny fiarahamonina ny marina, tsy azo afenina, tsy azo totofana, ary na asitrika aza, dia tsy maintsy hiseho ihany na ho ela na ho haingana, satria amin'ny maha tokana azy, dia ny marina tsy mba maty.

• Voavidy vola ny marina

Maneho anefa ny boky *Vakivakim-piainana*, fa maro ny tranga niseho, nampandefitra ny marina. “*ny tompon'ny fahefana eto an-tany dia ny (...) manankarena (...) ny mariny no atao hoe “Marina”.*”³¹⁵ Izany hoe voatototry ny vola ny marina, voavidy sy voasanda harena rehefa omena vahana ny mpanambola sy ny mpanankarena.

³¹³ Lovako T12 tak 37

³¹⁴ OP tak 31

³¹⁵ VKP tak 45

- Azo ifanarahana ny marina

Misy karazany telo ny marina. Voalohany, ny marina ara-tsiansa: tsy azo hozongozonina fa ny siansa no manaporofa sy manamarina azy. Faharoa, ny marina arapinoana: tsy ifandresen-dahatra izany fa ny finoan'ny tsirairay no mahamarina azy. Fahatelo farany dia ny marina ifanarahana. Fifanarahan'ny samy mpiray teny, na mpiara-monina no mahamarina na mahadiso ny zavatra iray.

Io marina ifanarahana io no nanomezan'ny mpanoratra fanazavana manao hoe: ***“hatraiza moa ny marina amin’izay lainga tsara lahatra nifanarahan’ny daholobe? Mino aho; rehefa hiara-kiaiky izao tontolo izao fa mainty ny fotsy, dia ho mainty tokoa izany! Izay ihany”***³¹⁶

Raha aravona, ny marina izany, na dia lazaina fa tokana aza, dia toa azo ampandeferina ihany amin'ny alalan'ny vola sy ny fifanarahana atao. Izany indrindra no anisany nilazan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA fa ***“an’Andriamanitra ny fahamarinana”***³¹⁷. Izany hoe, ny marina eo amin'ny olombelona dia marina mety efa nisy fanamboarana na fanovana sy fifanarahana, fa ny marina amin'Andriamanitra ihany no inoana sy ekena, ary tena marina.

2-3-1-2 ny Rariny

Ny antsoina hoe Rariny, dia ***fametrachana ny tsirairay amin’ny toerana tokony hisy azy, izay mitaky fandanjalanjana toetra amam-pihetsika mifanaraka amin’izany mba hampirindra ny fiaraha-miaina, izany hoe, fandanjalanjana fihetsika sy toetra mba hifanaraka amin’ny zava-misy, amin’ny olona ifandraisana, amin’ny toe-javamitranga, amin’ny fotoana sy ny toerana samihafa mba hisorohana ny korontana***³¹⁸.

Ny vondrona ambara dia naneho endrika maro nisehoan'ny tsy rariny natao tamin'ny madinika. Ohatra amin'izany:

-ny tsikalankalam-pihavanana sy ny tsikalankalan'olona nahatra tamin'i Tsiry ka nahalavo azy tanteraka

³¹⁶ OP tak 128

³¹⁷ VKP tak 45

³¹⁸ Lovako T12, tak 44

-teo koa ny fanolanana, takalom-patsa vidin'ny fahataran'i Bako teny amin'ny orinasa afaka haba.

Ireny dia samy manambara fa anjakan'ireo manana fahefana araka izay tiany ny rariny ka mandefitra ny madinika. Manaporofo izany izay lazain'ny boky hoe ***“an’ny vola ny rariny eto an-tany (...) ny tompon’ny fahefana eto an-tany dia ny (...) manan-karena. Ary io fahefana io no ajorony ho rariny”***³¹⁹. Koa na dia nahatsapa fa niharana'ny tsy rariny aza izy ireo, dia nilefitra; ninoany mantsy fa ***“tsy hahazo rariny na oviana eo anatrehan’ny “olona” akory raha izay mafy ady kely ohatra azy!”***³²⁰

Ny tsy fahampian'ny fandinihana lalina no anisany tsy ihainoan'ny olona ny feon'ny fieritreretany ka mahatonga azy tsy hampanjaka ny rariny. Fisaka ny rariny ka saro-tadiavina, hoy ny ntaolo; ilana fifehezan-tena lalina izany. Nilaza anefa RATREMA William fa ***“ny rariny tonga lafatra mifanaraka amin’ny zava-misy eo amin’ny tsirairay dia toa nofinofy ihany”***³²¹

2-3-1-3 ny Hitsiny

Ara-piarahamonina ny hoe Hitsiny, ***dia sori-dalana na fitsipi-piainana manoritra ny fitsipi-pitondran-tena, tsy maintsy arahin’ny rehetra mba tsy ho meloka***³²². Koa na dia tsy nahitana endriky ny Hitsiny mazava aza tao anatin'ny vondrona ambara, dia aseho kosa fa tsy afa-misaraka amin'ny Marina sy ny Rariny, ny Hitsiny.

Ny mpanao ny Hitsiny mantsy, dia ireo antsoina hoe olo-marina, tsy miangatra, tsy maka ny anjaran'ny sasany, tsy mampiasa teti-dratsy eo amin'ny fitondrana ny fiainana ary niala tamin'ny hadalana fanaony.

Araka izany, tsangan-kevitra nentina nanabe sy nanintsy ny toe-tsaina sy ny fitondran-tenan'ny Malagasy ny tsangan-kevitra ny Marina, ny Rariny, ny Hitsiny. Noho izany, ny atao hoe tena olo-marina teo amin'ny fiarahamonina Malagasy, dia ilazana ny toetran'olona manaraka sy mandala ny Rariny sy ny Hitsiny.

³¹⁹ VKP tak 45

³²⁰ OP tak 23

³²¹ RATREMA(W), *Riba sy Lohahevitra*, Trano Printy FJKM, Imarivolanitra, 1985, tak 75

³²² Lovako T12, tak 46

2-3-2 ny fitsimbinana ny aina

Maro ny endrika nisehoan'ny fitsimbinana ny aina teo amin'ny Malagasy. Mialoha ny hidirana amin'ny santionany maneho izany ao amin'ny tantara foronina *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila*, dia hotsiahivina aloha, izay atao hoe “aina”.

Ny aina, araky RAJEMISA-RAOLISON, dia **“izay mahatonga ny zavatra ho velona...hery sy fahatanjahana”³²³**. Ny aina no fototry ny fahavelomana ao amin'ny zava-boahary manana aina rehetra. Sarobidy loatra io satria “lahy tokana ny aina”, hoy ny fomba fiteny Malagasy. Manana toetra marefo, mihelina, mora afoy ary tsy fantatra izay fotoana mety hamoizana azy ka tandremana sy tsimbinina fatratra.

Maneho ampahany amin'izany fitandrovana ny ainy izany ny mpandray anjara fototra ao amin'ny boky *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafil*

Ohatra:

-ny naneken'i Tsiry ny fiampangana natao azy mba hiarovany ny ainy: **“nitohy ny fampijaliana...indray andro maninjitra no nizakako izany. Mba aina ihany ny ahy: resy nony ela! Nekeko avokoa izay tian'ireo mampahory ahy hoekeko. Ny hitsaharan'ny fangotsohako no sisa niriko. Nosoniaviko ny taratasy natolotra ahy, raha izay no hampiato ny hirifiriko.”³²⁴**

-toy izany koa i Bako, na dia naniry fatratra ny hanaisotra ilay noheveriny fa kambon-dRatiaray aza izy, dia natahorany ihany ny hahavery ny ainy. Hoy izy: **“Reninjaza hoe? Tsy te ho faty aho! Maro loatra ny tantaran'ankizivavy efa reko hoe matin'ireny...”³²⁵**

Nanamafy izany koa ny tenin'i Fara sakaizany manao hoe: **“raha ny hevitra dia izao: sao haningotra ny ain-dehibe tokoa, lahy, ity finiavana hanala zaza ity!”³²⁶** Hita araka izany, fa notahitahian'ny Malagasy tokoa ny ainy, sy ny fananany izany.

Azo afindra amin'ny taranaka koa ny aina. Tsy latsa-danja amin'izay niarovan'ny Malagasy ny ainy ihany koa ny fiarovany ny ain'ny zanany. Hoy RAHAJARIZAFY: **“mamy ny aina ary ny naha-mamy azy indrindra dia ny fihavanana; ka mangidy amin'ny Malagasy mihoatra izay azo lazaina rehetra, ny handao ny fiainana sy**

³²³ RAJEMISA(R.R), Rakibolana Malagasy, op cit

³²⁴ VKP tak 71

³²⁵ OP tak 26

³²⁶ OP tak 33

hisaraka amin'ireo olon-tiana izay nantsoina hoe: sombin'ny aina, menaky ny aina, na vahatry ny aina³²⁷

Nahitana taratra izany tokoa ny tantara foronina *Onjam-pilafila*, dia ny nitandrovana fatratra an'i Bako sao hisy fiantraikany any amin'i Nirina zanany:

“Latsa-dranomaso i Bako. Nifokofoko, nigogogogo saika tsy hay hampanginina...

-aoka izay anaka! (hoy ny rafozany) sao hankarary anao! Sao hampivadika ny nononao ka hanimba ny zazakely!

Efa isan'olona i Nirina, nilàm-pitandremana³²⁸

Ny fahatsapana ny hasarobidin'ny aina no mahatonga ny olona hitandrina fatratra amin'izay ataony na amin'ny tenany, na amin'ny hafa. Fanabeazana atolotry ny mpanoratra ho an'ny mpamaky ihany koa izany fa fanomezan'Andriamanitra amin'ny maha tompon'ny aina azy io aina io, ka tsy azo atao tsinontsinona, tsy azo vonoina.

Ankoatra ny tsangan-kevitra resahin'ny fandaharam-pianarana, dia hita tao amin'ny vondrona ambara koa ny finoan'ny Malagasy ireo hery hafa mifaningotra amin'ny zotram-piainany: ny Tsiny sy ny Tody, ny Vintana, ny Anjara, ny Lahatra ary ny Tendry.

2-3-3 ny Tsiny sy ny Tody

Tsy diso anjara tamin'ny tantara foronina ny *Vakivakim-piainana* sy ny *Onjam-pilafila* koa ny fanehoan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ny finoan'ny Malagasy ny Tsiny sy ny Tody. Hofantarina tsirairay ny endrika isehoan'izany sy ny fifandraisany tamin'ny zotram-piainan' ireo mpandray anjara.

2-3-3-1 ny Tsiny

Hoy RAJEMISA RAOLISON, ***“ny Tsiny dia fanamelohan'ny mpiara-monina noho ny hadisoana nataon'ny tena taminy; ota, fahotana***³²⁹. Izany hoe, ny Tsiny, dia

³²⁷ (A.) RP RAHAJARIZAFY, *Filozofia Malagasy*, Ambozontany-Fianarantsoa 1970, tak 98,

³²⁸ OP tak 52-53

fanamelohana na fanakianana noho ny hadisoana teo amin'ny fiaraha-monina, hadisoana niniana natao na tsia.

Mety hahavao ny olona rehetra ny Tsiny, ary mety hahazoana Tsiny koa izay tsy mety rehetra atao: ny teny, ny fihetsika tsy voatandrina, ny toetra tsy marina, ny asa ratsy, ny tsy fanaovana izay tokony hatao: fanatanterahana ny adidy sy ny andraikitra³³⁰. Noho izany, mety hahazoan-tsiny avokoa ny atao rehetra sy ny aleha rehetra raha tsy tandremana, satria **“be tsiny ao amin’ny tontolon’ny olon-dehibe”**³³¹.

Ny finoana io tsiny io, dia nahatonga ny Malagasy hitandrina ny fihetsiny sy ny fitondran-tenany. Natahoran’ny Malagasy izany, ka teo am-bavany mandrakariva ny teny fialan-tsiny mba tsy hahavao-tsiny azy.

Raha nahatsapa nanao hadisoana, ohatra, ny Malagasy, dia niala tsiny fatratra, na koa eo am-panombohana resaka na toe-javatra iray, dia tsy nohadinoiny mihitsy ny niala tsiny ny amin’izay mety ho tsy fahatomombanana.

Ohatra:

-Ratieray niala tsiny sy nangataka fifonana tamin’i Bako: **“...te hiala tsiny aminao aho. Fahotana izay nataoko taminao (...) mifona aminao aho ry Bako. Mamelà ahy fa tsy nety tokoa iny nataoko iny...”**³³².

Toy izany koa i Bako, raha nila resaka tamin-dRatieray: **“Miala tsiny aminao aho, raha toa nanery anao hivoaka”**³³³

Farany, dia ny fialan-tsiny nataon’i Tsiry tamin’i Meja noho ny fitaka nataony azy: **“nandainga aho, fa aza tsiny”**³³⁴

Araka izany, azo ialana ny tsiny, azo sorohina amin’ny teny, na amin’ny atao. Nanan-kery sy nanan-danja teo amin’ny Malagasy ny Tsiny. Hoy RAKOTO Paul : **“...ny fombam-panajana no nolalain’ny Ntaolo, dia noho ny fahatahorana ny Tsiny”**³³⁵.

³²⁹ RAJEMISA (R.R), Rakibolana Malagasy, op cit

³³⁰ Lovako T12 tak 51

³³¹ VKP tak 47

³³² OP tak 16

³³³ OP tak 123

³³⁴ VKP tak 25

³³⁵ (P) RAKOTO, in *Tsileondrika*, lah 6, Oktobra 1972

Ankoatra izany, dia eo koa ny Tody, izay tsy azo ialana, ka nahatonga ny Malagasy hitandrin-tena fatratra amin'izay rehetra ataony. Ny tsiny mantsy mbola azo sorohina fa ny tody tsy misy fanefitra.

2-3-3-2 ny Tody

Ny tody dia ***“fiverenan’ny natao, na tsara na ratsy, amin’izay nanao azy na amin’ny olona akaiky azy. Tsy azo idifiana na ialana ny tody fa tsy maintsy mivaly, tsy afaky ny teny fialan-tsiny na ny fanamarinan-tena, fa mamatotra sy manaraka ny tsirairay hatrany. Ka raha tsara ny natao dia toy ny valisoa ny fiantraikany, fa raha ratsy dia toy ny sazy ny fianjerany”***³³⁶.

Izany hoe, fahalalana miteraka fahendrena ny Tody. Mety hitovitovy karazana amin'izay natao ny Tody miantraika amin'ny tena. Endrika Tody iray nasehon'ny boky *Vakivakim-piainana*, ny nandaozan'ilay vazaha sakaizany an'i Mino, taorian'ny nandaozan'i Mino an'i Tsiry. Tsapan'i Mino izany, dia hoy izy: ***“Todin’ny nataoko izao angamba, izay no marimarina kokoa. Raha tsy nampahory anao aho, ry Tsiry, tsy ho tahaka izao no niafarako. Todim-pitia ka manody!*** ³³⁷

Araka izany, tena natahoran'ny Malagasy ny finoana ny Tsiny sy ny Tody. Anisany nanitsy ny diany sy ny foto-pisainany ary ny fitondran-tenany eo anivon'ny fiarahamonina misy azy izany. Fanabeazana iray, niteraka rindra sy filaminana teo amin'ny Malagasy ny fatahorana ny Tsiny sy ny Tody ka tsy nataon'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA tsinontsinona ny fampahatsiahivana izany tamin'ireo mpamakiny. Momba izany Tsiny sy ny Tody izany mantsy, dia nilaza i Emilson Daniel ANDRIAMALALA, fa ***“tsy misy firenena afaka hivelona tsy manan-javatra hajaina sy atahorana. Ary avy amin’io zavatra atahorana sy hajaina io no nahaterahan’ny Tsiny sy ny Tody teo amin’ny Malagasy”***³³⁸.

2-3-4 ny Vintana, ny Anjara, ny Lahatra, ny Tendry

Tsy mizotra ho azy amin'izao ny fiainan-janak'olombelona, fa misy hery ivelan'ny tenany heverina fa mitantana azy. Ny Malagasy koa dia nino fa misy ireo hery samihafa mifaningotra amin'ny zotram-piainany. Hohasinkasinina tsirairay ny momba

³³⁶ Lovako T12, tak 56

³³⁷ VKP tak 23

³³⁸ (E.D) ANDRIAMALALA, *Ny fanagasiana*, Antananarivo, TPFJKM, Imarivolanitra, tak 41

ny Vintana, ny Anjara, ny Lahatra, ary ny Tendry araka izay ahitana izany ao amin'ny vondrona ambara.

2-3-4-1 ny Vintana

Finoana tafiditra teto Madagasikara nentin'ny Arabo ny finoana ny Vintana. Hery inoana fa napetraky ny Zanahary teny amin'ny Kintana tamin'ny fotoana nahaterahana izy io, mba hifehy sy handrindra ny fiainan'ny zanak'olombelona tsirairay. Izany hoe ny Vintana dia ***hery miaraka amin'ny olombelona miankina amin'ny tononandro nahaterahany***.³³⁹ Ny vintana izany, dia arakaraka ny fipetraky ny kintana teny amin'ny habakabaka tamin'ny fotoana nahaterahana... ***“(...) marina tokoa fa mifamatotra ny kintana sy ny vintana”***³⁴⁰, ary io Vintana io no iainkinan'ny fanambinan'ny tsirairay.

Manana toetra an'ankina ny Vintana, izany hoe mety ho tsara mety ho ratsy, mahery na malefaka. Azo arenina na hatsaraina anefa izany, amin'ny alalan'ny fanarenam-bintana na amin'ny ezaka mafy atao.

Manoloana ny tsy fahalavorariana miseho eo amin'ny fiainana, ohatra, dia mazàna no ailiky ny olona any amin'ny Vintana sy ny faharatsiam-bintan'ny olona akaiky azy izany.

Ohatra:

-rehefa nikorosy fahana ny fiainana tao an-tokantranon-dRamily, dia nailiny ho vokatry ny vintan-dratsin'i Tsiry izany: ***“Misy halam-bintana mihitsy ato amin'ity tokantrano ity, hoy izy, aiza koa (...) olona efa tsy nahovoka tany no iaraha-mitoetra! Ka tsy hifindran'ny aretiny ve ny tena?”***³⁴¹

-toy izany koa i Bako raha nandinika ny fianany. Nahatsapa ny fifamahofahoan-javatra maro nolalovany izy, dia nanontany tena ny amin'ny Vintany: ***“ ny vintany ve no nitondra azy teo amin'ilay orinasa nisy sefo nampilanja hazo fijaliana azy e? dia***

³³⁹ Lovako T12 tak 70

³⁴⁰ OP tak 89

³⁴¹ VKP tak 16

mbola ny vintany koa ve no nifankahitany tamin'i Fetra indray hariva iny, ka nanova ny helony ho hasambarana? Vintana sa asan'olombelona ihany³⁴²

Manoloana ny fitiavan'olon-droa tsy mety mifandray tsara koa, na tsy tontosa araka izay niriny, dia atolaky ny olona any amin'ny vintana foana ny tsy fetezan'izany.

Nilaza izany tamin'i Mino i Tsiry, rehefa nihaona indray izy roa taty aoriana: ***“Ny vintana no tsiniako; izy no nanova ny zotram-piainantsika ho tahaka ireny. Azony navily tany amin'ny lalan-kafa izany***³⁴³

Araka izany, dia ninoan'ny Malagasy, fa tsy miankina amin'ny sitra-po na ny faniriana ny Vintana; izany no nilazany fa ny *“faniriana tsy takatry ny vintana”*. Hamafisin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA amin'ny alalan'ny tenin'i Tsiry izany manao hoe: ***“angamba izay ho safidinao ry Mino, tsy hahatosika ny sitraky ny Vintana***³⁴⁴.

Tsy azo ialàna na andosirana ny vintana araka ny fiheveran'ny Malagasy. Ninoany fa tsy afa-miala amin'izany izy: hoy ihany i Tsiry: ***“Vintana izany amiko. Vintana daholo. Ka hisy afaka hihambo ho afa-patorana amin'ireny tanteraka ve isika?”***³⁴⁵

Tsy azon'ny olombelona baikoina ny Vintana. Manamafy izany izay ambaran'ny vondrona ambara hoe: ***“ireo izay mino ny vintana dia milavo lefona: tsy misy fanovany, hono! Efa zotram-piainana voatokana ho an'ny tsirairay, ka mbetika misosa, mbetika manonja***³⁴⁶

Taty aoriana, dia efa nisy fiovana izany fiheverana izany, ka nolazaina fa ***miankina amin'ny tsirairay, amin'ny filofosany sy ny herim-po iatrehany ny adim-piainana no mahatsara na maharatsy ny vintana.***³⁴⁷ ***“Ady sy tolona ny fiainana (...) toa tsy sakaizan'ny kanosa ny tsikin'ny vintana ”*** hoy Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA³⁴⁸. Hamafisin'i Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA koa

³⁴² OP tak 88

³⁴³ VKP tak 44

³⁴⁴ VKP tak 29

³⁴⁵ VKP tak 29

³⁴⁶ OP tak 88

³⁴⁷ Lovako T12 tak 70

³⁴⁸ OP tak 89

izany: “(...) *tolona, tolona sy ady ny fiainana ka zara ho an’izay manam-piniavana handresy! (...) fa tsy misy akory ny vintana mipetraka ho an’ny tsirairay*”³⁴⁹

2-3-4-2 ny Anjara

Ampahany azon’ny tsirairay amin’ny fizarana izay iombonany amin’ny hafa ny anjara. RANDRIAMAROLAZA Louis Paul dia nilaza fa: “*ampahan-kery, ahazoana ampahan-toerana, ahazoana ampaham-pananana mifanitsy aminy eo amin’ny tontolo sy ny fiarahamonina (ny anjara)*”³⁵⁰. Manana toetra tahaka ny vintana izy. Tsy ananan’ny olona fahefana, ary tsy azo ihodivirana.

Misy ny anjara iombonana dia ny fahafatesana, sns; misy koa ny anjara natao ho an’ny tsirairay dia ny amin’ny fanambadiana, fananan-janaka, asa, fari-piainana. Tsy azo idifiana na ialana izany, fa tsy maintsy zakaina sy ekena, satria noheverina fa avy amin’Andriamanitra.

Koa na dia tsy nankasitrahany i Bako loatra aza ilay “anjarany”, dia tsy maintsy nanaiky izany izy: “*Nanempotsempotra azy (...) ity hoe “Anjarany”. Ny fahatanorany nofenjain’ny fahanginana, ny fitiavany nakifiky ny fanambadiana an-tery setra, ny zanaky Rabontsina nanotika tao an-kibony, ny rafozany toa nangeja sahady ny fahalalahany*”³⁵¹

Na dia te handositra izany anjarany izany aza i Bako: nikaroka hevitra sy ninia namoy izay rehetra momba an-dRatieray, dia tsy afa-niala tanteraka tamin’izany izy. Vaky volana i Fara, nampahatsiahy azy ny hoe “Anjarany” ka tsy tokony ho laviny. Hoy izy: “*Fa raha amiko gasigasy fisainana, dia ataoko hoe misy ny Anjara. Anjaran-dry Ratieray sy i Nirina ka sarotra lavina. Efa niala nenina indry, efa nandoa-danitra, saingy toa manao tampody fohy hatrany ny lasa! Izany no ilazako hoe: sao izany, akia ry Bako no atao hoe “Anjara!”*”³⁵²

Araka izany, ny boky *Onjam-pilafila* dia maneho fa: “*Anjara tsy maintsy ekena ny tolotra*”³⁵³, tsy maintsy toavina, ary tsy afindra amin’ny hafa, hoy ny mpanoratra:

³⁴⁹ (C.) RATSIFANDRIHAMANANA *Ny Zanako II*, Tranom-printim-pirenena, 1969, tak 44

³⁵⁰ (L.P) RANDRIAMAROLAZA, *Hanitra*, lah I, tak 118

³⁵¹ OP tak 45

³⁵² OP tak 126

³⁵³ OP tak 41

“ny hany mitoetra, ny hany tavela, ny hany tsy miova dia ilay natao hoe “Anjara”, tsy misy fanovany. An’ny tsirairay tokoa ny hazo fijaliany: tsy azo ifampizarana!”³⁵⁴

Nanomezan’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA fanabeazana hafa somary mifanohitra amin’izany ao amin’ny tantara foronina *Vakivakim-piainana*. Ambarany ao fa azo iadiana, tadiavina na ombana ezaka manokana ny fiainana mba hahatsara ny anjara tandrifin’ny tena. Ny ezaka sy ny finiaivan’i Tsiry nioitra tamin’ny fahasahiranany no maneho izany; hoy izy : ***“tsy izay fiantran’(ingahy Aziz) no ilaiko, fa ny tokony ho ahy! Tsy mangataka aho fa mitaky ny Anjarako”³⁵⁵***. Izany fahavononana hiezaka, hiady sy hitraka izany dia vokatry ny fahatsapana fa misy ny fiheverana hoe: ***“ny anjaran’ny mahantra, dia izay atolotry ny mpanana azy ihany!”³⁵⁶***. Koa raha tolotra no iheveran’ny boky *Onjam-pilafila* ny anjara, ny boky *Vakivakim-piainana* kosa dia maneho fa azo iadiana izy. Izany fifanoheran-kevitra nampiasain’ny mpanoratra izany dia manome fanabeazana ankolaka ny mpamaky hisaintsaina ny anjarany, sy ny ezaka heverina fa tokony hataony mba hahafahany manatsara kokoa ny lafim-piainany satria “raha miraviravy tanana tsy manao, hoy ny fomba fiteny Malagasy, avela hivarina aman-tany”.

2-3-4-3 ny Lahatra

Ny hoe Lahatra, dia fitondran’Andriamanitra mihatra amin’ny olombelona sy ny zava-boahary tsirairay. Araka ny FIRAKETANA, ***“ny lahatra dia manambara fa tsy mandeha ho azy na kisendrasendra fotsiny ny zava-miseho rehetra na ny eo amin’ny zava-boahary na ny eo amin’ny fiainan’ny olombelona, fa araka ny fandamin’Andriamanitra avokoa izany...”³⁵⁷***

Mamaritra ny anjara natao ho an’ny tsirairay ny Lahatra; samy manana izay andaharan’Andriamanitra azy ny olona tsirairay. Tsy miankina amin’ny fahaizana na ezaka manokana atao ny Lahatra; izany no mahatonga ilay fitenenana hoe: aza manantena hery fa ny Lahatra tsy azo rombahina.

³⁵⁴ OP tak 56

³⁵⁵ VKP tak 45

³⁵⁶ VKP tak 45

³⁵⁷ RAVELOJAONA, Firaketana, op cit

Tsy azo ihodivirana ny lahatra. Anisan'ny toe-javatra tsy afaka misaraka amin'ny olombelona, izay mpiray lahatra, ohatra, ny fahafatesana. Koa na dia mamy aza ny miaina, dia nankahery tena tamin'ny alalan'ny fitenenana toy izao ny Malagasy: “*mahereza fa izao no lahatra*”, “*lahatra izao ka tsy maintsy ekena*”. Dia toy izany koa no hita taratra tao amin'ny tantara *Onjam-pilafila*: “*izany tokoa ve no Lahatra ka tsy maintsy toavina*”³⁵⁸

2-3-4-4 ny Tendry

Fahatanterahan'ny lahatra, ny Tendry. Andriamanitra no tompo-marika amin'ny fanendrena izay rehetra miseho amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona. Ny tendry, dia fanondroana mahatonga ny olombelona hiharan'izao sy izao izay tsy itovian'ny rehetra ka mahatonga ny fiavahana.

Na dia tsy nahitana endrika isehoan'ny tendry mivantana aza ny vondrona ambara, dia nasiana fanamarihana ihany izany, satria misy ny fifandrohizan'ireo hery ireo araka ny nampifandraisan'ny fandaharam-pianarana azy. Tsapa tokoa fa misy ifandraisany betsaka ny finoana ny Vintana, ny Anjara, ny Lahatra, ary ny Tendry... izay samy hery mifaningoatra amin'ny zotram-piainan'ny Malagasy, ninoany ka notandremany fatratra. Anisany nampirindra sy nitondra lamina teo amin'ny fiarahamonina tokoa izany, fahiny, ary hita taratra teo amin'ny zotram-piainan'ny mpandray anjara *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila* mba hanamafisany ny fanabeazana natolony.

Ankoatra ny rindram-piarahamonina nentiny koa, dia nampiasain'ny Malagasy izany, mba hifanalarany sy hifampiononany amin'ny tranga samihafa nolalovany. Hoy i Bernard RAVELOHARISON: “*soa ihany fa nisy ny teny hoe: anjara, vintana, lahatra, mba hanilihan'ny olona ny zavatra tsy takatry ny sainy sy entina hampiononany ny hafa.*”³⁵⁹

Naseho teo ny lohahevitra vitsivitsy nambaran'ny fandaharam-pianarana ka hita taratra tao amin'ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*. Hojerena manaraka kosa ny andrana fampiharana izany any an-dakilasy amin'ny alalan'ny fananganana takela-panomanan-desona miainga amin'ny vondrona ambara.

³⁵⁸ OP tak 118

³⁵⁹ (B.) RAVELOHARISON, *Lanja miakatra*, Fiantsohahana ny boky Malagasy 1980, tak 84

TOKO III : santionana takela-panomanan-desona niainga tamin'ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*.

Tsy najanona teo amin'ny fanadihadiana ny tara-kevitra na ny fomba fanoratra ny mpanoratra fotsiny izao asa fikarohana izao, fa neza hana ihany koa ny hahatonga ny asa soratra ho fitaovana azo kirakiraina hampitana lesona any amin'ny « lycée », amin'ny maha tantara foronina mivoy fanabeazana ireo boky nifotoran'ny asa. Ho fanamafisana ny maha boky tafiditra anaty fandaharam-pianarana ny boky *Vakivakim-piainana*, sy ho santatry ny fampiasana ny boky *Onjam-pilafila*, eo amin'ny sehatry ny fampianarana, dia atolotra ireto takela-panomanan-desona ireto :

-fampiasana izàrana amin'ny lesona ny Marina ,ao amin'ny lohahevitra : ny Marina ny Rariny, ary ny Hitsiny

-ary takela-panomanan-desona hampianarana ny lesona ny Vintana , ao amin'ny lohahevitra : ireo hery mifaningoitra amin'ny zotram-piainan'ny olona, dia ny Vintana, ny Anjara, ny Lahatra, ary ny Tendry.

3-1 ny marina

TAKELA-PANOMANAN-DESONA(fampiasana)

Taranja : Malagasy

Kilasy : Famaranana

Zana-taranja : Riba

Faharetany : ora 2

Asa atao: famakafakana sy fitsikerana

Lohahevitra : ny Marina, ny Rariny, ny Hitsiny

Lohateny: ny Marina

Tanjona ankapobeny: mpianatra afaka mamantatra ireo tsangan-kevitra notoavin'ny Malagasy mba hampirindra ny fiarahamoniny

Tanjona manokana:

Ara-pahalalana: mpianatra afaka mandinika ireo ohabolana sy fomba fiteny mikasika ny marina manoloana azy

Ara-pahaiza-manao: mpianatra afaka mamantatra ny marina amin'ny tranga samihafa hitany

Ara-toetra amam-pihetsika: mpianatra afaka mandala ny marina, ary mahay mandanjalanja ny fihetsiny eo anivon'ny fiarahamonina.

-fitaovana: *Vakivakim-piainana*, I.P. ANDRIAMANGATIANA

-fanamarihana: mpianatra efa nahavita ny lesona momba ny Marina, ary efa mahay ny teknikan'ny famakafakan-kevitra.

Faharetany	Dingana	Vontoatiny	Fanamarihana
5mn	Famerenana ny tekinkan’ ny	F:Inona no mahasamy hafa ny fanadihadiana lahatsoratra sy ny famakafakan-kevitra amin’ny ankapobeny? V: amin’ny famakafakan-kevitra dia afaka mampiasa tenina mpandinika/ mpanoratra, ary ohabolana hatao tohan-kevitra, fa amin’ny fanadihadiana lahatsoratra kosa dia tsy mahazo mivoaka ny lahatsoratra.	Fanaitairana ny mpianatra ny amin’ny fanadinam- panjakana hatrehiny
15mn	famakafakan- kevitra	F:Ahoana ny endriky ny drafitra raha hoe “fakafakao” ny laza olana? V: -manaiky ny laza adina (thèse) - Mandà ny laza adina (antithèse) - Manao fandravonana (synthèse)	Atao am-bava
7mn		F: manao ahoana kosa ny drafitra raha hoe “fakafakao sy tsikerao”? V: -izay tsy hevitrao momba ny laza adina - Ny hevitrao -fandravonana	
12mn		F: Momba ny teny fampidirana, inona avy no tokony ho hita ao, raha famakafakan-kevitra? V: -tari-dresaka -Fanolorana ny tenin’ny mpandinika/ mpanoratra sy ny loharano nanovozana azy - Fanolorana ny lohahevitra -Fanolorana ankapobeny ny	

10mn 45mn	Fampiasana hitsapana ny fahazoana ny lesona, sy hampiharana izay famerenana natao teo	drafitra(ireo renihavitra) F: ary ny tokony ho hita ao amin'ny teny famaranana? V: -fandravonana izay rehetra voalaza -fanitarana (fanokafana lalan-kevitra hafa, na ady hevitra vaovao) Hoy I.P ANDRIAMANGATIANA: “an’Andriamanitra ny fahamarinana”, in <i>Vakivakim-pianana</i>, tak 46 Fakafakao sy tsikerao. F: inona no ambaran’ny laza adina?ny FD sns...? V: FD: ny marina KLA: “an’Andriamanitra ny fahamarinana” I.P ANDRIAMANGATIANA, <i>Vakivakim-piainana</i>, tak 46 FTK: ny endrika isehoany OF: ny marina ao amin’Andriamanitra irery no tena marina F: Atsangano ny fafana vaky raoka.	TR:miainga amin’ny mpanoratra, na laza adina, na ny foto-dresaka, na vanim-potoana literatiora, na fiainana andavanandro, na lohahevitra ao amin’ny fandaharam-pianarana Raisina anaty kahie fampiasana Avela handinika ny laza adina sy hisaintsaina aloha ny mpianatra. Arahi-maso ny mpianatra, sao misy tsy manao.
-------------------------	--	---	---

Toy izao ny fafana vaky raoka andrasana amin'ny mpianatra; hanamora ny fandrindrana an-tsoratra ny asa izany avy eo.

RH1: milaza ho manana ny marina koa ny olombelona

Zana-kevitra	Porofon-kevitra	Fanazavana
Mifikitra amin'ny heviny izy	“izaho olo-marina tsy manao ratsy” I.P ANDRIAMANGATIANA, in <u>vakivakim-piainana</u> , tak 72	tsy manaiky disoina ny olona ka miaro tena amin'ny fananana ny marina
Sahy mitsara ny hafa ny olona	“marina sady malina loatra ianareo (...) mino tanteraka aho” Michel ANDRIANJAFY, in <u>Orimbaton'ny Fiadanana</u> , tak 164	Misy toetra sy fihetsika takin'ny mpiara-belona mba hanekena fa manana ny marina ny olona iray
Manana fahasahiana hanome torolalana ho an'ny hafa ny olona	“ <i>ny olo-marina toy ny ombilahy ampandronjinana: tsy folaka anio, tsy maty mandrakizay</i> ”	Mampirisika hanao ny marina ny olona satria miavaka foana ny olo-marina

RH2: tsy misy manana ny marina afa-tsy Andriamanitra irery ihany.

Zana-kevitra	Porofon-kevitra	Fanazavana
Andriamanitra irery no mahalala ny zavatra rehetra	“ <i>tsy misy tsy fantatr'Andriamanitra akory, saingy minia miondrika izy</i> ” “ <i>avo fijery Andriamanitra ka mahita ny takona</i> ”	Tsy mitovy laharana amin'ny olombelona Andriamanitra. Fantany avokoa izao rehetra izao na dia tsy milaza izany mivantana aza Izy.

Andriamanitra tsy mba manao fijery mitanila na miangatra	<i>“Andriamanitra Rain’i Jesoa Tompo, Izy isaorana mandrakizay, mahalala fa tsy mandainga aho” Baiboly, II Kor 11: 31</i>	Andriamanitra no vavolombelona tena marina sy azo itokiana.
Andriamanitra tsy miovaova, tsy mandainga	<i>“Andriamanitra tsy miova omaly sy anio, ary mandrakizay, fa tsy mba mamitaka” Hira FFPM 164</i>	Manana fijery tsy miangatra Andriamanitra, tsy mitovy laharana amin’ny olombelona Izy

RH3: an’ankina ihany ny marina eo amin’ny olombelona

Zana-kevitra	Porofon-kevitra	Fanazavana
Marina voafetra ihany	<i>“Ny marina rehetra tsy filaza avokoa.”</i>	Iniana takonana indraindray ny marina
Marina azo hozongozonina	<i>“Ny marina mitavozavoza tsy mahaleo ny lainga tsara lahatra.”</i>	Mety ho vokatry ny fahaizana miresaka na fahaizana mandaha-teny ny marina.
Marina vokatry ny fifanarahana	<i>“Ny tompo’ny fahefana eto an-tany, dia ny mpanankarena(...) ny mariny no ataony hoe hoe:marina”</i> I.PANDRIAMANGATIANA, in <u>Vakivakim-piainana</u> , tak 45	Azo ifanarahana amin’ny alalan’ny vola sy ny fahefana ny marina.

faharetany	Dingana	vontoatiny	Fanamarihana
25mn	Fanitsia na ny fafana vaky raoka. Fanitsiana faobe	F:Ahoana àry no handravonana ny RH1 sy ny RH2? <u>Valiny andrasana</u>: RH3: lesona momba ny toetran'ny marina sy ny endrika isehoany.(arakaraka izay hevitra ny tena: nanohitra na nanaiky ny laza adina tany amin'ny RH1 no asongadina ao amin'ny RH3) -azo amboarina sy ifanarahana ny marina -vokatry ny finoana ny marina -ny fandio iray siny tsy mahaleo ny fandoto iray tandroka. -ny marina tsy mba maty → ny marina ao amin'Andriamanitra ihany no azo ekena satria sarotra fantarina ny tena marina eo amin'ny olombelona: misy fanovàna sy fanamboarana mantsy izany.	Atao eny amin'ny solaitrabe, ny fafana vaky raoka rehefa hita fa samy nahavita ny azy ny mpianatra; miainga any amin'ny mpianatra ihany izany. Raisina antsoatra satria hanampy azy ireo amin'ny teny fampidirana sy teny famaranana hataony avy eo. Asaina manao teny fampidirana ny mpianatra. Mpianatra 2 na 3 no asaina mamaky. Ahitsy ny diso tamin'izay nambarany, izay vao manolotra ny
20mn			

20mn		TENY FAMPIDIRANA: Boky nahazo ny laharana voalohany tamin'ny “concours de belles lettres Malagasy” ny <u>Vakivakim-piainana</u>, nosoratan' I.P ANDRIAMANGATIANA. Misandrahaka amina lohahevitra maro ao amin'ny fandaharam-pianarana io boky io. Iray amin'izany ny voalazany ao amin'ny tak 46 manao hoe :« an'Andriamanitra ny fahamarinana ». Ambarany eto fa ny marina ao amin'Andriamanitra ihany no azo antoka ho marina. Mba hamakafakana izany, dia hojerena aloha, fa mety hanana ny marina ihany koa ny olombelona, kanefa kosa, dia ny marin' Andriamanitra irery ihany no tena marina. Ary farany, dia hatao ny fandravonana ireo hevitra roa. TENY FAMARANANA: Hita teo amin'ny famelabelarana fa sarotra ny mitady ny marina. Voalaza fa an'Andriamanitra ny fahamarinana ary ao Aminy ihany no azo inoana sy ekena izany, satria Izy no mahalala ny zavatra rehetra sady Izy koa no Ilay tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay. Ny olombelona koa anefa eo amin'ny fiatrehany ny	mpampianatra. Mpianatra 2 na 3 asaina mamaky ny teny famaranana nataony . Ahitsy izay hita fa diso tao amin'izay nambarany. Raisina anaty kahie
------	--	---	---

		fiainany , dia sahy milaza fa manana ny marina, ary itompoany teny fantatra izany. Mandiso izany fiheverana izany anefa RAHELISON Berchmans ao amin'ilay tononkalo nampitondrainy ny lohateny hoe: “Ny marina hoe?” hoy izy: <i>“na aiza na aiza ambonin'ny tany Ny marina hoe? Tsy hita ao izany! Izay manam-bola, izay manam-bava Ireo no marina eke-lalandava...”</i>	
--	--	--	--

3-2 ny Vintana

Ho fampianarana ny lesona momba ny Vintana, dia lahatsoratra roa samy hafa nalaina avy tao amin'ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila* no iaingana. Omena ny mpianatra mialoha izany.

LHT 1: (...) Angamba izay ho safidinao ry Mino, tsy hahatosika ny sitraky ny vintana. Hery lehibe loatra izy; Hery be dia be no mitambatra ho Vintana: ny nahaterahana, ny fiarahamonina, ny firazanana, ny hery nampitsimoka ny fisiana ... Ireny no nanosika anao, ary saro-pehezina ireny! Vintana izany amiko, Vintana daholo. Ka hisy afaka hihambo ho afa-patorana amin'ireny tanteraka ve isika?... Fa rehefa naveriny ho eto anilako indray ilay “fofombadiko” fahiny, dia ampy ahy izay. Ampy hampisinda ny alaheloko...

Vakivakim-piainana, tak 29

LHT 2: Dia ny vintany ve no nitondra azy tao amin'ilay orinasa nisy sefo nampilanja hazo fijaliana azy e? Dia mbola ny vintany koa ve no nifankahitany tamin' i Fetra indray hariva iny, ka nanova ilay helony ho hasambarana? Vintana sa asan'olombelona ihany? Ireo mino ny Vintana dia milavo lefona: tsy misy fanovany, hono! Efa zotram-piainana voatokana ho an'ny tsirairay, ka mbetika misosa, mbetika manonja! I Bako kosa anefa nihevitra fa tokony hanan-tsafidy ihany ny Olombelona. Rehefa asesiky ny tena fitiavana hihoatra ilay fefy-tsy-azo-aleha, hanangasanga ihany ny tara-pahazavana! Fa “ady sy tolona ny fiainana”, hoy ilay mpanoratra malaza iray. Toa tsy sakaizan'ny kanosa ny tsikin'ny Vintana... I Bako, nisafidy ny hiady izy.

Onjam-pilafila, tak 88-89

TAKELA-PANOMANAN-DESONA

Taranja: Malagasy

Kilasy: Famaranana

Zana-taranja: Riba

Faharetany: ora 2 sy

sasany

Asa atao: lesona ny Vintana, miainga amin'ny fanadihadiana lahatsoratra

Lohahevitra: ireo hery mifaningoatra amin'ny zotram-piainan' ny olona: ny Vintana, ny Anjara, ny Lahatra, ny Tendry

Lohateny: ny Vintana

Tanjona ankapobeny: mpianatra afaka mamantatra ireo karazan-kery mifehy ny fiainan'ny olona, sy mifaningoatra amin'ny zotram-piainany

Tanjona manokana:

-ara-pahalalana: mpianatra afaka manavaka ny vintana amin'ireo tsangan-kevitra nijoroan'ny Malagasy, sy ireo hery hafa ninoany fa mitantana ny fiainany.

-ara-pahaiza-manao: mpianatra afaka misinton-kevitra avy ao amin'ny asa soratra ka afaka milaza mazava ny atao hoe vintana, ny endrika isehoany, ary ny vokatry ny finoana azy. Afaka mikirakira ihany koa ohabolana mikasika ny Vintana.

-ara-toetra amam-pihetsika: mpianatra afaka mandanjalanja ny fihetsiny vokatry ny fahafantarany ny atao hoe vintana.

Fitaovana:- ohabolana sy fomba fiteny

-ampahan-dahatsoratra roa, tao amin'ny *vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*

Tahirin-kevitra: -Lovako T12, Lala RAKOTOSON

-vakivakim-piainana, I.P ANDRIAMANGATIANA

-onjam-pilafila, I.P ANDRIAMANGATIANA

Faharetany	Dingana	Vontoatiny	Fanamarihana
25mn	Fitarihan-desona	Fandraisan'ny mpianatra tsirairay ny lahatsoratra -Vakiteny mangina. F: Miresaka momba ny inona ireo lahatsoratra roa ireo? V: miresaka momba ny vintana -Vakiteny ataon'ny mpampianatra. -famintinana ny <i>Onjam-pilafila</i> (jereo tovana TPD) -Vakiteny mpianatra vitsivitsy.	-efa nadika tamin'ny fihaonana farany ny lahatsoratra Anontaniana ihany ny mpianatra sao efa nisy namaky ny boky OP. Raha toa ka misy, dia asaina mamintina izany fohy. VKP: boky fandaharam-pianarana
40mn	LESONA VAOVAO: - Fandinihana	<u>Famaritana:</u> F: Raha araka ireo LHT roa ireo, inona no atao hoe Vintana? V: vintana= hery Hery manao ahoana? V: "hery lehibe loatra <u>Loharanon'ny Vintana:</u> F: avy aiza ny vintana? V: hery be dia be no mitambatra ho	Atao am-bava ny fandinihana (ny LHT hatrany no

		vintana: -ny nahaterahana, -ny fiarahamonina, -ny firazanana, -ny hery mampitsimoka ny fisiana...” <u>Ny endrika isehoany:</u> Ratsy na tsara no endrika isehoan’ny vintana eo amin’ny fiainan’ny olona F: avaho izay endrika tsara sy ratsy isehoan’ny vintana eo amin’ny fiainan’ny olona, araka izay hita ao amin’ny LHT? V: <u>endrika ratsy:</u> -fanolanan’ny mpampiasany an’i Bako, izay nanova tanteraka ny zotram-piainany satria nitarika azy ho amin’ny fanambadiana an-tery setra. LHT2 -ny naneken’i Mino vazaha iray, izay nanararaotra azy ka namotika tanteraka ny fiainany. LHT1 <u>Endrika tsara:</u> -ny nahitan’i Bako an’i Fetra. LHT2 -ny niverenan’ny fifankatiavan’i Tsiry sy i Mino. LHT1 <u>Vokatry ny finoana ny Vintana:</u>	ifotorana)
--	--	--	------------

		F: araka ireo LHT ireo, ahoana ny vokatry ny finoana ny Vintana eo amin'ny fiainan'ny olona? V: misy vokatra tsara ary misy voka-dratsy eo amin'ny fomba fanao sy fisainan'ny olona ny finoana ny fisian'ny vintana. F: avaho izay hita fa naterak'izany finoana izany teo amin'ny olona, araka ny LHT hatrany? V: <u>Vokatra tsara</u>: mampiezaka ny olona ny fahatsapany fa ratsy vintana izy. <i>“I Bako, nisafidy ny hiady izy (hiezaka)</i> LHT2 <i>-ady sy tolona ny fiainana. LHT2</i> <u>Vokatra ratsy</u>: mionona fotsiny amin'izay zava-misy ny olona sasany, manaiky fotsiny ny zava-miseho satria inoany fa avy amin'ny vintana izany: <i>“vintana izany, vintana daholo (...), tsy afa-patorana tanteraka amin'ireny isika (...)</i> LHT1 <i>-“ampy ahy izay” (hoy i Tsiry)</i> LHT1 1-1 andram-pamaritana 1-1-1 ara-piforonan-teny Araka ny “<i>Malagasy et Majaan</i>”, dia avy amin'ny INC “bitan” ny hoe	
--	--	---	--

45mn	Famak afakana sy fandalinana + fanitarana	vintana, ary tafiditra ao amin'io teny io ny teny hoe “Kintana” Ny mpandinika ny kintana(astrologue) dia milaza fa misy ifandraisany amin'ny toetoetry ny kintana mifanandrify amin'ny vaninandro nahaterahany ny ho toetoetran'ny olona 1-1-2 ara-kevitra. F: araka ny hevitra nisongadina tamin'izay hita tao amin'ny LHT sy araka ny famaritana ara-piforonan-teny, inona àry no atao hoe Vintana? V: hery lehibe ny Vintana, tsy azo sakanana, fa hery napetraky ny Zanahary eny amin'ny Kintana mba hifehy sy handrindra ny fiainan'izao rehetra izao, ary anisan'izany ny fiainan' ny zanak'olombelona. F: Manomeza àry ohabolana na tenina mpandinika hafa manaporofa izany famaritana izany? <i>-“ny finoana dia milaza fa ny vintana dia lalàna natoraly tsy azo fehezina.”</i> Paul Louis RANDRIAMAROLAZA, <i>Hiratra</i>, lah 1, tak 137	
------	--	---	--

		-« (...) io Vintana io no mitondra ny fizotran'ny fiainana iray manontolo: tsara io dia inoana fa ho sambatra ilay olona; ratsy io dia ho sahiran-dava ilay olona » ANDRIAMAMPIHATONA, kabary Betsileo, tak 34 1-2 ny loharano nipoirany Betsaka no azo heverina fa loharano nipoiran'ny Vintana. Tsy ny kintana miseho eny amin'ny habakabaka amin'ny fotoana ahaterahana ihany, fa ny zavatra rehetra manodidina ny fiainan'ny olona dia heverina fa mamaritra ny ho vintana avokoa. F: manomeza tenina mpandinika/ mpanoratra manambara izany loharanon'ny vintana izany? “Hery be dia be no mitambatra ho vintana : ny nahaterahana, ny fiarahamonina, ny firazanana, ny hery nampitsimoka ny fisiana...” (LHT1) I.P ANDRIAMANGATIANA, <u>Vakivakim-piainana</u>,tak 29 -“(tsy ny andro nahaterahanao ihany) fa miditra amin'ny vintanao koa ireo toe-javatra rehetra mitranga eran-tany sy eran-danitra amin'izay fotoana ahaterahanao izay ka tsy maintsy mifamahofaho(...) R.P Antoine RAHAJARIZAFY, in	Raisina anaty
--	--	--	-----------------------------

		<u>Filôzôfia Malagasy</u>, tak 107 <i>-(...)ny Vintana? heverin'ny ntaolo sasany ho miankina amin'ny andro sy volana nahaterahana, na indraindray ny razana nipoirana, na koa ny natiora (manodidina ilay olona) amin'ny ankapobeny.</i> Louis Paul RANDRIAMAROLAZA, in <u>Hiratra</u>, Lah 1, tak 137 1-3 endrika isehoany Mety ho tsara, mety ho ratsy ny endrika isehoan'ny vintana eo amin'ny fiainan'ny olona. Raha ratsy vintana izy, dia toa ratsy hatrany no miseho eo amin'ny fiainany; mifanohitra amin'izay kosa, raha toa ka tsara vintana izy. Ankoatra izay hita tao amin'ny fandinihana dia marihana fa tsy eo amin'ny resaka fitiavan'olon-droa ihany no mety hahitana izany endrika tsara sy/na ratsy izany, fa eo amin'ny fiainana iray manontolo mihitsy. F: Manomeza , endrika isehoan'ny vintana ratsy sy tsara eo amin'ny fiainana andavanandro.	kahie Manao fanitarana avy hatrany mba tsy hiverenana iray manontolo amin'ny drafitra indray avy eo.
--	--	--	---

		Tsara:..... Ratsy:..... F:Porofoy amin’ny tenina mpandinika/ mpanoratra fa misy tokoa ny endrika ratsy isehoan’ny vintana: 1-3-1 ratsy hatrany no miseho eo amin’ny fiainan’ny olona. -“<i>izany vokatry ny fahantran’ny tena amin’ny hafa izany, vao mainka koa manavesatra ilay entana efa entin’ny tena.</i>” Andry ANDRAINA, in <u>Mitaraina ny tany</u>, tak 23 -“<i>ratsy vintana mihitsy ve aho, ka ho enta-mavesatr’izay miantra ahy</i>” I.P ANDRIAMANGATIANA, in <u>Vakivakim-piainana</u>, tak 28 1-3-2 tsara hatrany ny fisehony eo amin’ny fiainan’ny olona. -“<i>Indraindray mba nisy zava-baovao nifalian’izay tsara vintana tandrifin’izany.</i>” Andry ANDRAINA, in <u>Mitaraina ny tany</u>, tak 21 -“<i>Andriamanitra anie lakalaka, izay manana ihany no omeny</i>”	Fanitarana
--	--	---	------------

		1-4 vokatry ny finoana ny vintana Toy ny zavatra rehetra, dia misy lafiny tsara sy sy lafiny ratsy koa ny finoana ny vintana. Misy fiovana toetsaina na fomba fiheverana, tsara na ratsy ateraky ny finoana ny fisian'ny Vintana. 1-4-1 vokatra tsara: Ankoatra izay voalazan'ny LHT, dia inona koa no hitanao fa tsara, vokatry ny finoana ny vintana? Porofoy amin'ny ohabolana na fomba fiteny hatrany izany? -Mety hahatonga ny olona tsy hitsiriritra na hialona ny fahasoavana azon'ny hafa: <i>“Tsy misy vavaka miankandrefana fa samy miatsinanana ihany, ny harena mila vintana ka raha tsy anjara tsy tonga”</i>. -Manaiky ny fahefan'Andriamanitra ny olona satria Izy no nanome ny vintana: <i>“Raha vintan-ko faty tsy mba azo tazonina ny aina, raha vintan-ko velona tsy mba azo azonina ny aina”</i>. -Mampilamina ny fiarahamonina ny fanekena ny tolo-bintana. -Mahay mifanampy: <i>“Raha manao ny tsy ambinina, iantrao fa havana ory.”</i> F: ankoatra izay voalaza tao amin'ny LHT, Inona no vokatry ratsy	Raisina anaty kahie Ny faharanitan-tsain'ny mpianatra sy
--	--	--	--

10mn	Fitsapana am-bava hoe, hatraiza ny fahazoan'ny mpianatra izay nambara -fampiasana	ateraky ny finoana ny vintana eo amin'ny fiainana sy toe-tsain' olona ? -Mahatonga ny olona hionona fotsiny amin'izay tsy fahombiazana mihatra aminy: -Manafonana ny ezaka sy ny finiavana tokony hananan'ny olona: <i>“Mino ny fahamarinan'izany ny olona ka tsy miezaka intsony hanova volo ny efa misy.”</i> Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA, in <u>Ny Zanako II</u> -Manjary ataon'ny olona sasany fanafenana ny rafi-piaraha-monina izay anjakan'ny fanararaotana ny faharatsian'ny vintana: <i>“Dia ny fisian'ny vintana, anjara(...) no arangaranga mbaentina hanaronana izany zara miangatra izany.”</i> ANDRIAMAMPIHATONA in <u>Kabary Betsileo</u> -Mahatonga ny olona tsara vintana hatoky tena loatra sy hisehoseho indrindra fa ireo mahery vintana. <i>“Manao an'Andriamanitra tsy misy ka mitsambiki-mikipy”</i> Mangataka mpianatra hanao famintinana izay hevi-dehibe voalaza. -Famaritana -loharanon'ny Vintana -Ny endrika isehoany -Vokatry ny finoana azy	ny fanarahany ny vaovao miseho isan'andro no takiana amin'ny mpianatra eo Atao am-bava, raisina anaty kahie Tsiahivin a aloha ny vokatry ny finoana ny vintana araka izay hita tao amin'ny LHT (iBako: niezaka, i Tsiry kosa; nionona tamin'izao fotsiny) Mpianatra iray avy Am-bavaEnti- mody
------	---	---	--

		-avaho sy hazavao ny amin'ny vintana kisendrasendra sy ny Vintana tononandro.	
--	--	---	--

TOVANA TAKELA-PANOMANAN-DESONA

Ny *onjam-pilafila*, dia tantara foronina mitantara ny fiainan'i Bako. Tovovavy niasa teny amin'ny orinasa afaka haba. Mpiasa an-tselika ny rainy; narary mafy anefa ny reniny ka sahirana izy mikarakara ireo zandriny 5 mianadahy. Noho izany, dia tara lava izy isaky ny handeha hiasa. Rabontsina na Ratiaray, anisan'ny tompon'andraikitra tao amin'ny orinasa raha nahita izany, dia nanararaotra azy, ka nilaza ny tsy hanome ny karamany iray volana, raha tsy manao firaisana aminy i Bako. Voatery nanaiky tsy fidiny i Bako noho ny fahasahiranana tao an-tokantrano sy ny aretin'ny reniny. Nitoejaza vokatr'io fanolanana io anefa izy ka noterena hanambady io rain-janany io. Tsy nahita fifaliana tao an-tokantranony izy noho izany satria nahatsapa fa an-tery hatrany ny fiainany. Taty aoriana dia tojo an'i Fetra izy; tena nifankatia izy roa, ary nahatsiaro hasambarana i Bako. Nilaozany ny tokantranony. Nimpody tao amin'ny vady aman-janany ihany anefa izy taty aoriana.

FAMINTINANA NY FIZARANA FAHATELO

Ireo fomba hafa nanehoan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA fanabeazana, sy ny fampifandraisana izany amin'ny fandaharam-pianarana no nifotorana tato amin'ity FIZARANA fahatelo, sady farany ity. Koa mba hahafahana mampifandray ny fanabeazana asehon'ny tantara foronina *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila* amin'izay lohahevitra ny fandaharam-pianarana, dia ny fampahafantarana ny atao hoe fandaharam-pianarana aloha no natao tao amin'ny TOKO VOALOHANY. Noresahina amin'izany fa fototra ifaharan'ny fampianarana sy ny fanabeazana any an-tsekoly ny fandaharam-pianarana; iombonan'ny mpiray firenena izany, satria misy ny lalàna manan-kery nentina nampijoro azy. Ny endrika ahitana ny tanjon'ny fandaharam-pianarana ambaratonga faharoa ao amin'ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*, kosa no novahavahan'ny TOKO FAHAROA. Naseho tamin'izany ny fomba fanoratr'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA manaporofa fa zava-kanto vita amin'ny teny tokoa ny literatiora. Notsiahivina koa ny karazan-dahateny samihafa hita tao anatin'ireo tantara foronina ireo ka heverina fa hanampy ny mpianatra ao amin'ny ambaratonga faharoa amin'ny fanadihadiana lahatsoratra. Ary farany dia nasongadina ireo lohahevitra fandaharam-pianarana vitsivitsy hita taratra tao amin'ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*. Ary santionana takela-panomanan-desona niainga avy amin'izany no natolotra tao amin'ny TOKO FAHATELO, mba hanaporofa fa tena tantara foronina mivoy fanabeazana tokoa, ary azo itondrana fampianarana ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila* nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA.

TENY FAMARANANA

Asa soratra maro no novokarin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA: ao ny tononkalo, ny sombin-tantara, ... ary ny tantara foronina. Ny tantara foronina *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila* no nohadihadiana tamin'ity asa fikarohana nataonay ity. Notsoahana avy tao anatin'izany ny fanabeazana naroson'ny mpanoratra.

Ny antony, dia ho fanohizana ny fanadihadiana efa nataon'ireo zoky teo aloha, ho fanakarana amin'ny fomba hafa ihany koa, ireo tena hevitra ny tantara, ary ho fanampiana ny mpamaky hahazo ny hafatra tian'ny mpanoratra hampitaina.

Efa nisy ireo zoky no nijery sy nanadihady ny asa soratr'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, araka ny efa nambara tary aloha. Iombonanay hevitra amin'izy ireo fa mateza roritina ny asa soratr'ity mpanoratra ity noho ny hakantony sy ny hafonjan'ny hevitra raketiny. Izany no mbola nahafahanay nanangana indray ny lohahevitra manao hoe: ***“Ny fanabeazana azo tsoahana amin'ny tantara foronina Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila, nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA”.***

Teo ihany koa ny fahitana fa mbola velona ny mpanoratra, ka mety hanamora ny fanatrarana ny tanjona kendrena amin'ity asa fikarohana ity izany. Heverina mantsy fa any aminy ihany ny fanalahidin'ny fahafantarana feno ny momba azy sy ny asa sorany.

Ankoatra izany, dia tara-kevitra heverina fa tsy tokony hatao ho ambanin-javatra ny “fanabeazana”, noho izy famolavolana ny maha olona feno, ary fototry ny fivoarana sy ny fampandrosoana maharitra eo amin'ny firenena.

Ao anatin'ny fandaharam-pianaran'ny kilasy voalohany ihany koa ny fanadihadiana tantara foronina ka mety hanampy ny mpampianatra izao asa fikarohana izao amin'ny fomba fitrandrahana tantara foronina, ankoatra ny mety ho efa mahazatra.

Teo am-panatontosana ny asa, dia nisy ny olana nosedrainsa. Ny lehibe indrindra tamin'ireny, dia ny tsy fahampian'ny tahirin-kevitra teo am-pelatanana. Ankoatra ny fanatonana mivantana ny mpanoratra, dia ny fitetezana ny tranomboky samihafa teto andrenivohitra sy ny fampiasana aterineto, ary ny fifanarahana tamin'ireo namana nanana ny boky sasany no nentinay ho vahaolana tamin'izany.

Rehefa manao asa fikarohana toy izao, dia tsy maintsy mampiasa haitsikera mba tsy hampivaona ny asa. Ny haitsikera ara-tantaram-piainana na “approche

biographique” no nampiharina ary nampivadiana tamin’ny haitsikera ara-piarahamonina na “approche sociologique”. Ho fanampin’ireo dia mbola nisy koa ny lalan-tsaina hafa nampiasaina, anisan’ireny ny haitsikera tematika mirosan’i Jean Paul WEBER. Tsy ampy mantsy ny haitsikera tokana. Hoy ny tenin-dRANARISON hoe “*tsy misy mantsy haitsikera tokana ahazoana mandinika asa soratra. Petra-kevitra samy hafa no iaingan’ny mpahay tsikera arakaraka izay lafiny kendrena havoitra*”³⁶⁰

Mizara telo lehibe ny asa fikarohana natao:

-Tao amin’ny FIZARANA LEHIBE VOALOHANY, dia nahitana toko telo. Ny toko voalohany dia miresaka momba an’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA sy ireo toe-javatra samihafa namolavola azy ho tonga mpanabe. Hita ao anatin’izany fa ny fomba nitaizana azy, ny fianarana nolalovany, ary ny ezaka manokana nataony no nanosika azy ho tonga amin’izany andraikitra izany. Ny toko faharoa dia mamelabelatra momba ny fanabeazana. Ahasinkasina ao ny famaritana ny atao hoe fanabeazana, ireo heverina ho mpanabe, ary ny endri-panabeazana taloha sy ankehitriny, miampy ny sehatra samihafa ivelaran’ny fanabeazan’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA sy ny endrika isehoany. Ny toko fahatelo kosa, dia mampahatsiahy ny amin’ny tantara foronina. Nasongadina ao ny atao hoe tantara foronina, ary nidirana lalina kokoa ny amin’ny tantara foronina *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila*. Naseho tamin’izany ny mombamomba ireo boky ireo, ny singa mandrafitra azy, ary ny rafitry ny tantara amin’ny ankapobeny.

-tao amin’ny FIZARANA FAHAROA, dia ny fanabeazana resahin’ny tantara foronina *Vakivakim-piainana sy Onjam-pilafila* no tena nifotorana. Mizara ho toko telo koa io fizarana io, ka ny toko voalohany no nanehoana ny fanabeazana azo tsoahana avy amin’ireo singa mandrafitra ny tantara foronina. Ahariharin’ny toko faharoa kosa ny fanabeazana azo tsoahana avy amin’ny vontoatin’ny tantara. Nojerena misesy tao, ny fanabeazana arosan’ny mpanoratra ho an’ny mpianakavy, ho an’ny tanora manokana, ary hafatra vitsivitsy ho an’ny fitondram-panjakana. Ny toko fahatelo kosa, dia mamelabelatra momba ny hafatra sy ny fahendrena voizin’ny fanabeazana resahin’ny mpanoratra.

-ny FIZARANA FAHATELO sady farany, dia maneho ny endrika hafa nanehoan’Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ny fanabeazana, sy ny

³⁶⁰ (B.D) RANARISON, *Aingam-pivoarana*, Loharano manokana, Avo, 1979, tak 71

fampifandraisana izany amin'ny fandaharam-pianarana. Toko telo samy hafa ihany koa no nitondrana ity fizarana ity: ny fanazavana momba ny atao hoe fandaharam-pianarana no nanombohana izany ao amin'ny toko voalohany, ny endrika ahitana ny tanjon'ny fandaharam-pianarana kilasy faharoa ao amin'ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila* no nohalalinina tao amin'ny toko faharoa. Nohazavaina tao anatin'izany fa zava-kanto vita amin'ny teny ny literatiora, ary azo nitarafana izany ny boky *Onjam-pilafila* sy *Vakivakim-piainana*; nasongadina koa ireo karazan-dahateny samihafa, ary ny lohahevitra anaty fandaharam-pianarana hita sy resahin'ny mpanoratra ao amin'ireo boky roa ireo. Ny toko fahatelo, no nanolorana santionana takela-panomanan-desona vitsivitsy hanaporifoana fa tantara foronina mivoy fanabeazana tokoa ny boky *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*, ary azo ampiasaina tsara ho fitaovana enti-mampianatra.

- Fetran'ny asa:

Nasiana fetrany ihany ny asa fikarohana natao, satria tsy ary ho voavahavaha avokoa ny momba ny fanabeazana rehetra. Niainga tamin'izay hita tao amin'ny *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila* ihany no tena nohalalinina.

Amin'ny maha literatiora, tantara foronina mateza dinihina ireo boky ireo koa, dia hita fa, na dia efa maromaro ihany aza ny asa fikarohana efa vita, dia inoana fa mbola betsaka ny lohahevitra azo trandrahina ao; ohatra, ny fitiavana tarafina amin'ny asa soratr'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, na ny lanjan'ny zanaka sy ny fianakaviana, sns.

Koa na dia tsy feno tanteraka aza ity asa ity, dia heverinay fa samy ho afaka manovo hevitra sy ampaham-pahalalana ato avokoa ny sokajin'olona rehetra: ny ray aman-dreny, ny olom-panjakana, ny vahiny... ary indrindra ny mpianatra any amin'ny Lycée. Tsy mifidy hiantefana mantsy ny fanabeazana; ny olona rehetra no tokony hobeazina mba ho tonga olom-banona feno hampandroso ny tenany sy ny manodidina azy.

LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA :

Boky amin'ny teny Malagasy :

- | | |
|--|---|
| -ANDRIAMALALA (ED),
1985 | <i>Ny Fanagasiana</i> , Avo, TPFJKM, Imarivolanitra,
Antananarivo, 59 tak |
| -COUSINS (WE),
1963 | <i>Fomba Malagasy</i> , Trano Printy , Trano Printy II
marivolanitra, Antananarivo, |
| -LALA RAKOTOSON (JA)
2003 | <i>LOVAKO T12</i> , Editions Ambozontany-Analamahitsy-
Antananarivo, 288 tak |
| | <i>LOVAKO T11</i> , Editions Ambozontany-Analamahitsy-
Antananarivo, 240 tak |
| - MICHEL (F),
1985 | <i>Fanabeazana sy fiainam-pirenena</i> , Imprimerie
fanontam-boky Malagasy, Antananarivo, 38tak |
| -Raozin'Imahamanina[pseud]
RAKOTONDRAIBE (M),
1994 | <i>Ny fahendrena Malagasy</i> , Trano Printy Fiangonana
Loterana Malagasy, 101 tak |
| -RANDRIAMIADANARIVO,
1968 | <i>Sekolin'ny ntaolo</i> , Edisiona Antso, TPFLM,
Imarivolanitra, 44 tak |

- R.R RAOLISON,
1972 ***Fomba amam-pahendrena Malagasy***, Kilasy faha 6 sy faha 5, Librairie Mixte, 161 tak
- RABEMOLALY (F), ***Fary Mamy***, Kilasy faharoa, edision Salohy
- RAHAJARIZAFY (A),
1970 ***Hanitra nentin-drazana***, Librairie Ambozontany, Fianarantsoa
- 1970 ***Filozofia Malagasy***, Ambozontany, Fianarantsoa, 155 tak
- RAHARIMANGA, &
RAVELOARIMANGA, RAKOTO-
RATSIMAMANGY ALBERT ***Ny malagasin'ny Taonjato faha XX***, Imprimerie MAMI, Ambondrona Antananarivo
- RAKOTOMAMONJY,
1968 ***Ny fianarana sy fiainam-bahoaka***, Edisiona Salohy ;
- RAJAONA (S),
2006 ***ny zava-kanto vita amin'ny teny***, natonta fanindroany, Edisiona Ambozontany-Analamahitsy, Antananarivo, 144 tak
- RATSIFANDRIHAMANANA (C.) ***Ny zanako II***, tranom-printim-pirenena, 180 tak
1969

-RATREMA (W.) ***Riba sy Lohahevitra***, trano printy FJKM Imarivolanitra,
1985 Antananarivo

Boky amin'ny teny Frantsay:

-ANDRIAR(S.), ***Philosophie de l'éducation vues à travers***
 les lois sur l'Education à Madagascar,
 mai 2007 Antananarivo,

-BOURNEUF et OUELET, ***l'univers du Roman***, PUF, 4ème editions,
 Janvier 1985, Paris,

-CHASSANG et SENNIGER ***Les lettres littéraire généraux***, Collection
 1958 « H », Classique Hachette, Paris, 459p ,

-COHEN(J), ***Structure du langage poetique***, Edition
 1966 Flammarion, Paris ,

-COMBETTES(R.) sy TOMASONE , ***Les textes: types et prototypes***, J.M
 1995 ADAM, 128p

-CUVILLIER, ***Textes choisis des auteurs psychologiques***
 1984 Armand Colin, Paris

-DURKHEIM	<i>Education et sociologie</i> , 4ème edition PUF,
-GOANACH (D) et GOLDER (C),	<i>Manuel de psychologie pour l'enseignement</i> , HachetteEducation, Imprimé en Italie par G. Canal et C.S, 576p
-GOLDEINSTEIN 1991	<i>Pour lire le Roman</i> , Editions J. duculot, Paris
-MIALARET, 1968	<i>Education nouvelle et monde moderne</i> , Collection. SUP. Edition PUF, Paris
-MICHAUD (G.) 1983	<i>L'œuvre et ses techniques</i> , Librairie Nizet, Paris,
-MAURIAC (F), 1970	<i>Le romancier et ses personnages</i> , Ed Buchet Chastel, Imprimerie Jean-Grou. Radenez Paris , , 222 tak
-REUTER(Y), 1991	<i>Introduction à l'analyse du Roman</i> , Bordas, Paris
-SARTRE(JP), 1948	<i>Qu'est-ce que la littérature</i> , Editions Gallimard, Paris, 384p

- STENDHAL, *Roman et société*, Dictionnaire
- TODOROV (T), *Poétique*, Coll. Points. Ed du Seuil, Paris
1968
- WELLEK(R.) et WARREN (A), *La théorie littéraire*, Editions Seuil,
Collection Poétique, paris, 399p
- ZERAFFA(M), *Roman et société*, P ? réf Coll Sup, Paris
1980 1971
- Rakibolana :**
- CLAUDE (R.), *Descriptions Critique, Dictionnaire Larousse* Argon
1992-1993 Romancier, Dictionnaire de Citations Lingua-Tech.
International , Le Logiciel de Grand livre électronique
édité par Larousse
- DICTIONNAIRE *Encyclopedia Universalis*, Editions 2010
- LAROUSSE, *Dictionnaire du français contemporain*. Imprimerie
1980 HERISSEY, Evreux
- LAROUSSE, *Larousse Elementaire*, rue d’Arcueil, Montrouge (haut-
de-Seine)-989 p
Mars 1967

- LAROUSSE **Pluridictionnaire** Imprimerie Berger 19 Levrault Nancy,
1977

- RAVELOJAONA, **Firaketana ny fiteny sy ny zavatra Malagasy**, in
1985 , *Fiainana*, Imprimerie industrielle-Antananarivo, 512tak

- MALZAC (RP), **Dictionnaire Français-Malagasy**, Edition
2003 ambozontany-Analamahitsy-Antananarivo, 860 p

- RAOLISON (R.R) **Rakibolana Malagasy**, Editions Ambozontany-
2003, Analamahitsy-Antananarivo-Madagasikara, 1061tak

Boky-gazety-hafa:

- **Aingam-pivoarana**, Lahatsoratra nosoratan-dRANDRIAMIADANARIVO,
laharana 5,
1995

- **Hanitra**, Laharana I Lahatsoratra nosoratan'i Louis Paul
RANDRIAMAROLAZA, tak 118

- **Mpanolotsaina**, Notsoahina tao amin'ny lahatsoratra **"Tsy kivy, tsy**
laharana 159, **ketraka, sambatra"**, nosoratan' i Joseph
RABETAFIKA

- ***Tselatra***, laharana 8 Notsoahina tao amin'ny lahatsoratra ***“Ny fokonolona”***, nosoratan'i Charles RAVOAJANAHARY

- ***Tsileondriaka***, laharana 6 Lahatsoratra nosoratan-dRAKOTO Paul, Imprimerie
Oktobra 1972 Hélioplan Multiservice
janoary 1942

-DIVA, sabotsy 11 aprily 2015, laharana 784, tak 5

-article 307, Code penal Malagasy 30 Juin 1998

-lalam-panorenana Malagasy, taona 2010, Code penal, Section IV, attentats aux mœurs

Boky hafa momba ny asa fikarohana:

-NOROLALAO (L.), *“Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, mpitondra tenin'ny mpanoratra tarafina amin'ny boky Onjam-pilafila sy vakivakim-piainana”*, Memoire de CAPEN 2011

-RANOMEZANTSOA(F.T), *“Irako ANDRIAMAHAZOSOA Ammi sy ny fanabeazana”*, memoire de CAPEN

- RAZAIMALALA (M.A), *« sava ranonando momba ny fanatsarana ny fandaharam-pianarana any amin'ny Lisea”*, memoire de CAPEN
Antananarivo 2013

-memoire de l'Academie Malagasy,
Antananarive, 1792

*Ohabolan'ny Ntaolo, Exemples et
Proverbes des anciens. Editions Critique.
Traduction et Classification de Bakoly-
Dominichini-Ramiaramanana. 651 tak*

-Ny Baiboly,

La société Biblique malgache UBS.
EPF, Antananarivo 1965, 1145 pages

-fampianarana/ dinidinika sy famelabelarana :

-fampianarana notontosain'Andriamanalinarivo RAINIBEMIRINDRA,
mpampianatra kabary, andiany ANDRIAMANANONY Jules, FIMPIMA, Sampana J.J
Rabearivelo, taona 2009

-fampianarana Konfirmanda sy katekomena, notontosain'i Pst RABARIMANANA
Herimandimby Alfred, teny amin'ny FLM Ambatovinaky ny taona 2012

-famelabealarana momba ny Fahafahana sy fandrosoana niainga tamin'ny
"triangle de Maslow", ENS, Taona fahefatra, 2013-2014

-Fampianarana literatiora am-bava notontosain'Atoa Alphonse RAHARIJAONA,
ENS Ampefiloha, taona fahefatra taom-pianarana 2013-2014

-resadresaka nifanaovana tamin'Iharilanto patrick ANDRIAMANGATIANA, ny 03
Novambra 2014 tany amin'ny ENS Ampefiloha

-dinidinika natao tamin'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA, teny Itaosy ny
12 Janoary 2015

-famelabelarana notontosain'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA sy
Ramatoa RAMANAMBELINA Henriette, filohan'ny Faribolana IPA, tao Ankazobe ny 01
Mei 2015

-famelabelarana nataon-dRATREMA William, mitondra ny lohateny hoe: "Ny
maha andraikitra feno ny famolavolana ny maha olombelona feno", ENS Ampefiloha
tamin'ny 21 Mei 2015

WEBOGRAPHIE:

-Microsoft Dictionnaire Encarta 2008

-www.erudit.org

-www.scienceshumaines.com/max-weber

-www.pagesjaunes.fr/..//jean-paul.weber

-www.cegos.fr/../-20156486-2015.htm mis à jour 1mai 2012

- Doxa, Ruth Amossy, doxa.muse.jhu.edu/journals/poetics...23.3_amosy01.html

FAMINTINANA

Nasongadina tamin'izao asa fikarohana izao ny fanabeazana azo notsoahana tamin'ny tantara foronina *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila* nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA.

Ankoatra ny maha mpanabe azy, dia olon'ny fiarahamonina sy ny vanim-potoana samihafa koa izy, ka heverina fa mahafantatra ny zava-misy sy ny lesoka samihafa mila arenina.

Mizara telo lehibe ny asa:

I-ny toe-javatra samihafa namolavola an'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ho tonga mpanabe; teôria vitsivitsy momba ny fanabeazana, ary ny momba ny boky *vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila* amin'ny ankapobeny

II- ny fanabeazana samihafa azo tsoahana amin'ny tantara foronina *vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*, miainga amin'ireo singa mandrafitra ny tantara foronina sy ny vontootin'ny tantara, ary fahendrena vitsivitsy voizin'ny fanabeazana resahin'ny mpanoratra

III- ny endrika nanehoan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ny fanabeazana, sy ny fifandraisan'izany amin'ny fandaharam-pianarana, ary santionana takela-panomanan-desona niainga tamin'ireo boky roa ireo, hanehoana fa tantara foronina mivoy fanabeazana ary azo ampiasaina ho fitaovana ho enti-mampianatra ny tantara foronina *vakivakim-piainana* sy *onjam-pilafila* nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA

RESUME

Dans cette recherche, on a valorisé l'éducation du roman *Onjam-pilafila* et *Vakivakim-piainana* écrit par Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA.

Il est autant de même éducateur et sociologue contemporaine, on suppose qu'il connaît la réalité dans une société et aussi le problème qu'on y trouve et qu'on doit résoudre.

La recherche s'est divisée en trois parties :

I- Les différentes situations qui poussent Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA de devenir un éducateur; quelque théorie sur l'éducation; et la généralité sur le roman *Onjam-pilafila* et *Vakivakim-piainana*.

II- Les différentes éducations qu'on peut inspirer et tirer de *Onjam-pilafila* et *Vakivakim-piainana* en se référant du critère du roman, de son contenu et de la sagesse que l'auteur veut transmettre de son message et son éducation.

III- Les différentes manières dont Iharilanto Patrick ADRIAMANGATIANA transmet l'éducation et sa relation avec les programmes scolaires; quelque fiches de préparation en partant de *Onjam-pilafila* et *Vakivakim-piainana* pour montrer qu'ils mettent en valeur l'éducation et qu'on peut les utiliser comme support d'enseignement.

SUMMARY

It can enhance the educations has hold for this search on this novel by Patrick Iharilanto ANDRIAMANGATIANA on *Vakivakim-piainana* title and *Onjam-pifaliana*

He is educator social more is old enough to see the different default in life that we can correct it

This work is divided into 3 main parts

I- The different situations that lead Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA to become educator and some theory of educations and about *Vakivakim piainana* and *Onjam pilafila*

II- The educational messages that can be held in this novel causes and wisdom operates by author

III- The manner of transmission of education the report during the school year and base preparation sheet on this novel to show us that we can used the



Anarana : MALALASOA

Fanampiny : Hanitriniaina

Adiresy: Lot II G 1. Öbis IBP
Ambatomaro

Téléphone: 033 79 077 33/ 034 74 731 86

Lohatenin'ny asa Fikarohana : NY FANABEAZANA AZO TSOAHANA AO AMIN'NY TANTARA FORONINA VAKIVAKIM-PIANANA SY ONJAM-PILAFILA NOSORATAN'IHARILANTO PATRICK ANDRIAMANGATIANA

Isan'ny takila : 221

Isan'ny sary : 1

Isan'ny fafana : 11

FAMINTINANA:

Nasongadina tamin'izao asa fikarohana izao ny fanabeazana azo notsoahana tamin'ny tantara foronina *Vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila* nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA.

Ankoatra ny maha mpanabe azy, dia olon'ny fiarahamonina sy ny vanim-potoana niainany koa izy, ka heverina fa mahafantatra ny zava-misy sy ny lesoka samihafa mila arenina.

Mizara telo lehibe ny asa:

I-ny toe-javatra samihafa namolavola an'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ho tonga mpanabe; teôria vitsivitsy momba ny fanabeazana, ary ny momba ny boky *vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila* amin'ny ankapobeny

II- ny fanabeazana samihafa azo tsoahana amin'ny tantara foronina *vakivakim-piainana* sy *Onjam-pilafila*, miainga amin'ireo singa mandrafitra ny tantara foronina sy ny vontootin'ny tantara, ary fahendrena vitsivitsy voizin'ny fanabeazana resahin'ny mpanoratra

III- ny endrika nanehoan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA ny fanabeazana, sy ny fifandraisan'izany amin'ny fandaharam-pianarana, ary santionana takela-panomanan-desona niainga tamin'ireo boky roa ireo, hanehoana fa tantara foronina mivoy fanabeazana tokoa ary azo ampiasaina ho fitaovana hoenti-mampianatra ny tantara *vakivakim-piainana* sy *onjam-pilafila* nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA

Teny fototra: Asa soratra, Fanabeazana, Fampianarana, Mpanabe, Tanora, Tantara foronina,

Mpitarika: ANDRIAMANATSILAVO Seth, Maître de Conférences